JOYCE MEYER

#1 Mpanoratra nandafo boky betsaka indrindra araka ny New York Times

MAHERIN'NY 3 TAPITRISA EFA LAFO!

Mandresy amin'ny saina



Mandresy ny ady ao an-tsainao

Mandresy amin'ny saina

Mandresy amin'ny saina

Mandresy ny ady ao an-tsainao

JOYCE MEYER

JOYCE MEYER MINISTRIES®

P.O. Box 5, Cape Town, 8000, South Africa

Unless otherwise indicated, all Scripture quotations are taken from *The Amplified Bible* (AMP). *The Amplified Bible, Old Testament,* copyright © 1965, 1987 by the Zondervan Corporation. *The Amplified New Testament,* copyright © 1954, 1958, 1987 by The Lockman Foundation. Used by permission.

Scripture quotations marked NKJV are taken from *The New King James Version* of the Bible. Copyright © 1979, 1980, 1982 by Thomas Nelson, Inc., Publishers. Used by permission.

Scripture quotations marked KJV are taken from the *King James Version* of the Bible.

Copyright © 2014 by Joyce Meyer Ministries

All rights reserved. No part of this publication may be reproduced, distributed, or transmitted in any form or by any means, or stored in a database or retrieval system, without the prior written permission of Joyce Meyer Ministries - Asia.

Joyce Meyer Ministries - Asia
Nanakramguda, Hyderabad - 500 008
Phone: +91-40-2300 6777
Website: www.jmmindia.org

Battlefield of the Mind - Malagasy
Winning the Battle in Your Mind

Free Distribution for Festival of Hope 2014 - Madagascar

Printed in India at:
Caxton Offset Pvt. Ltd.
Hyderabad-500 004

Fanolorana

Tiako arolotra ny "Tontolon'ny ady ao an-tsaina" ho an'ny zanako lahimatoa, David.

Fantatro ny toetranao izay sahala ny amin'ny ahy ihany izay nizaranao ny fahasarotana any amin'ny tontolon'ny saina. Mahita fitomboana aminao hatrany aho, ary fantatro fa miaina ny fandresena izay azo avy amin'ny fanavaozana ny saina ianao.

Tiako ianao, David, ary tena mirehareha ny aminao aho. Tohizo hatrany !

Contents

Part I *Ny Maha Zava-Dehibe Ny Saina*

Fampidirana 11

1. Ny Saina No Sehatry ny Ady 15
2. Ny Zavatra Tena Ilaina 29
3. Aza Milavo Lefona 35
4. Tsikelikely 43
5. Aoka Ho Pôzitiva 51
6. Fanahy Mamatotra Ny Saina 65
7. Saino Izay Tokony Hosainana 73

Part I I *Toetry ny Saina*

Fampidirana 83

8. Oviana ny Saiko ho ara-dalàna 89
9. Saina Mivezivezy, Misalasala 99
10. Saina Vaka 107
11. Saina Feno Fisalasalana Sy Tsy Mino 119
12. Saina Matahotra Sy Manahy 135
13. Saina Mitsara Mitsikera Ary Miahiahy 153
14. Saina Tsy Miasa 171
15. Ny Saina'I Kristy 183

Part I I I *Toe-tsain'ny Tany Efitra*

Fampidirana 211

16. Toe-tsaina efitra #1: Faritan'ny Lasako Ny Ankehitriniko Ny Hoaviko 217

17. Toe-tsaina efitra #2: Nisy Olona Iray Manao Izany Ho Ahy, Tsy Te Handray Andraikitra Aho 225

18. Toe-tsaina efitra #3: Ataovy Mora Re Ny Zavatra Rehetra Tsy Zakako Raha Mafy Loatra Ny Toe-Javatra 237

19. Toe-tsaina efitra #4: Tsy Zakako Izany; Zatra Amin'ny Fimonomononana, Fitsikerana, Ary Fitsikerana Aho 247

20. Toe-tsaina efitra #5: Aza Mampiandry Ahy Na Inona Na Inona Mendrika Ny Zavatra Rehetra Miaraka Amin'izay Aho 259

21. Toe-tsaina efitra #6: "Mety Ho Diso Ny Fitondran-Tenako Nefa Tsy Fahadisoako Izany" 271

22. Toe-tsaina efitra #7: "Tena Mahonena Ny Fiainako; Malahelo Ny Tenako Aho Satria Tena Potika Ny Fiainako" 283

23. Toe-tsaina efitra #8: "Tsy Mendrika Ny Fitahian'Andriamanitra Aho Satria Tsy Misy Vidiny" 291

24. Toe-tsaina efitra #9: "Nahoana Aho No Tsy Hialona Sy Haniry Ny Hafa Rehefa Tsara Noho Izaho Ny Olona Rehetra" 301

25. Toe-tsaina efitra #10: "Hanao Araka Izay Tiako Aho Na Tsy Hanao Na Inona Na Inona" 311

Bibliography 319

Momba ny Mpanoratra 320

PART I

Ny Maha Zava-Dehibe Ny Saina

Fampidirana

Ahoana no fomba anehoantsika ny maha-zava-dehibe ny fisainanantsika amin'ny fomba ampy mba ilazana ny dikany marina an'ny Ohabolana 23:7: **"fa tahaka ny heviny (ny olona) ao am-pomy ihany ny toetrany"?**

Arakaraka ny fahaelan'ny fanompoako an'Andriamanitra sy ny fianarana ny teniny, no nahazoako antsaina ny maha-zava-dehibe ny saina sy ny teny. Amin'ny fomba mitohy, no ahitako ny fitarihan'ny Fanahy Masina ahy amin'ireo rehetra ireo.

> *Fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay (fiadian'ny nofo sy ra), fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy, (satria izahay) mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana (marina) an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'I Kristy (ny Mesia, ilay voahosotra).*
>
> II Korintiana 10:4-5

Nolazaiko, ary heveriko fa marina izany, fa raha mbola eto ambonin'ity tany ity isika dia ilaina isika mianatra amin'ireo sehatry ny saina sy ny teny ireo. Tsy mampaninona ny habetsahan'ny fahalalantsika amin'ny sehatra izay misy mandrakariva ny zava-baovao ilaina ianarana, ary misy zavatra izay nianarantsika teo aloha no ilaintsika ho velombelomina.

Inona no tena dikan'ny ohabolana 23:7? Ny baiboly King James dia milaza hoe **"Araka izay sain'ny** (olona) **ao am-pony no maha izy azy"**. Ny dikan-teny hafa dia manambara hoe "Araka izay heverin'ny olona ao am-pomy no tonga toetrany".

Ny saina no mitarika na mandeha mialohan'ny fihetsika rehetra. Ataon'ny Romana 8:5 mazava fa **"Izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo, ary baikon'ny faniriana tsy masina dia**

mametraka ny fisainany amin'izany ary mitohy amin'ireo zavatra izay mahafa-po ny nofo, fa ireo izay araka ny fanahy ary baikon'ny fanirian'ny fanahy dia mametraka ny sainy amin'izay ary mikatsaka ireo zavatra izay maha-po ny fanahy (masina)".

Ny fihetsika ataontsika dia vokatra mivantana avy amin' ny saintsika. Raha manana saina ratsy isika dia hanana fisainana ratsy. Raha etsy an-daniny, Avaozintsika araka ny tenin'Andriamanitra ny saintsika, araka izay ampanantenain'ny Romana 12:2, dia voaprofo ao amin'ny traikefantsika "ny sitrapon'Andriamanitra tsara sy ankasitrahana ary tanteraka" ho an'ny fiainantsika.

Nozaraiko telo lehibe ity boky ity. Ity fizarana voalohany ity dia miresaka ny maha-zava-dehibe ny fisainana. Tiako haorina mafy ao am-ponao mandrakizay fa mila manomboka misaina izay saininao amin'izao fotoana izao ianao.

Maro be ny olona no miorim-paka amin'ny fomba fisainana izay mitondra mazava ho azy ny olana izay tsapany eo amin'ny fiainany. Satana dia manolotra saina diso ho an'ny olona rehetra, nefa tsy voatery hanaiky izay atolony isika. Fantaro hoe karazana fisainana manao ahoana no eken'ny Fanahy Masina sy tsy ekeny.

Faharoa ny I Korintiana 10:4-5 dia milaza mazava fa tsy maintsy fantantsika tsara ny tenin'Andriamanitra mba ahafahantsika mampitaha izay ao an-tsaintsika amin'izay ao an-tsain'Andriamanitra, izay mety ho fisainana miezaka ny isandratra ambonin'ny tenin'Andriamanitra dia tsy maintsy esorintsika ary babointsika ho an'i Jesosy Kristy.

Mivavaka aho mba hanampy anao hanao izany ity boky ity.

Ny saina no toeram-piadiana. Tena ilaina ny hanitsintsika ny fisainantsika amin'ny fisainan'Andriamanitra. Izany dia asa izay mila fotoana sy fianarana.

Aza milavo lefona mihitsy, satria miova tsikelikely ianao. Arakaraka ny hanovanao ny sainao ho tsaratsara kokoa, no hiovan'ny fiainanao ho tsaratsara kokoa. Rehefa manomboka azonao ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fisainanao, dia hanomboka handeha amin'izany ianao.

Toko

1

Ny Saina No sehatry ny Ady

Toko

Ny Saina No Sehatry ny Ady 1

Avy amin'io Soratra Masina io dia hitantsika fa miady isika. Ny fianarana tsara io andininy io dia milaza amintsika fa ny adintsika dia tsy amin'ny olombelona fa amin'ny devoly sy ny demoniny. Ny fahavalontsika, Satana, dia miezaka ny handresy antsika amin'ny paik'ady sy ny famitahana, amin'ny alalan'ny drafitra maty paika sy famitahana efa nomanina.

> *"Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà (tsy miady fotsiny amin'ny fahavalo ara-nofo), fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana (ny fanahy manapaka izay) mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy (surnaturel) eny amin'ny rivotra."*
>
> EFESIANA 6:12

Mpandainga ny devoly. Antsoin'I Jesosy hoe **"rain'ny lainga sy izay zava-diso rehetra"** (Jaona 8:44). Mandainga aminao sy amiko izy. Milaza zavatra momba antsika, momba ny olon-kafa sy ny trangan-javatra izay tsy marina mihitsy. Tsy milaza amintsika ny lainga rehetra in-dray mandeha anefa izy.

Manomboka manafika ny saintsika amin'ny sain-dratsy kely manorisory, fiahiahiana, fisalasalana, tahotra, fanontaniana, ary hevitra mievaeva izy.

Mandroso miadana sy amim-pahamalinana izy (ny drafitra maty paika aloha dia mila fotoana). Tsarovy fa manana paik'ady amin'ny adiny izy. Efa nofantariny mandritra ny fotoana ela isika.

Fantany izay tiantsika sy izay tsy tiantsika, fantany ny tsy fahalementsika, ny fahalementsika ary fahatahorantsika. Fantany izay manelingelina antsika indrindra. Vonona izy ny haka ny habetsaky ny fotoana ilaina mba handresena antsika. Ny iray amin'ireo teboka matanjaka an'ny devoly dia ny faharetana.

Fandravana Ireo Manda Mafy

Fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadin'ny tafikay (fiadin'ny nofo sy rà), fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy, (satria izahay) mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana (marina) an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy (ny Mesia ilay voahosotra).

II KORINTIANA 10:45

Amin'ny alalan'ny paik'ady voahevitra sy famitahana amin'ny fahafetsena, Satana dia miezaka manangana "fiarovana mafy" ao amin'ny saintsika. Ny fiarovana mafy dia sehatra izay iazonana antsika amin'ny famatorana (amin'ny fonja) noho ny fomba fisainana iray.

Eto amin'ity ampahan-tsoratra ity, ny Apostoly Paoly dia milaza amintsika fa manana ny fitaovam-piadiana izay ilaintsika mba handresena ny fiarovana mafin' ny Satana. Hianarantsika bebe kokoa ny momba ireo fitaovam-piadiana ireo any aoriana any, nefa ankehitriny izao, dia mariho azafady fa hitantsika indray fa tafiditra amin'ny ady isika, ady ara-panahy. Ny andininy 5 dia mampiseho antsika mazava ny toeran'ny ady izay ataontsika.

Ny "Baiboly amin'ny dika-teny hafa" dia mandika io andininy io fa tokony handray ireo fitaovam-piadiana sy mandrava ny fisainana. Mifamaly amintsika ny devoly, manolotra antsika saina sy fiheverana izy. Ireo hetsika rehetra ireo dia miasa ao amin'ny saina.

"Ny saina no sehatry ny ady"

Famintinana Ny Toe-Javatra

Noho izany, hatreto dia hitantsika fa:

1. Ao anaty ady isika.
2. Satana no fahavalontsika.

3. Ny saina no toeram-piadiana.
4. Miasa mafy ny devoly hanangana fiarovana mafy ao amin'ny saintsika.
5. Ataony amin'ny alalan'ny paik'ady sy famitahana izany (amin'ny alalan'ny paik'ady maty paika sy famitahana efa nomanina)
6. Tsy maika izy; maka fotoana izy mba hanomanana ny drafiny

Andeha ho jerentsika lalina amin'ny fomba mazava amin'ny alalan'ny fanoharana izany.

Momba An'i Maria

Maria sy ny vadiny Jaona dia tsy miaina tokantrano sambatra. Misy ady mandrakariva eo amin'izy ireo. Samy tezitra izy ireo, mangidy sy feno lolom-po. Manan-janaka roa izay voakasiky ny olana ao amin'ny tokantranony izy ireo. Ny ady dia miseho amin'ny eti-mody sy ny fitondran-tenany. Ny iray amin'ireo ankizy ireo dia marary vavony noho ny fahakizintinana.

Ny olan'ny Maria dia tsy hainy ny fomba hamelana an'i Jaona ho lohan'ny ankohonana. Mpanjakazaka izy - tiany ny mandray fanapahan-kevitra rehetra, mitantana ny vola ary mifehy ny ankizy. Te hiasa izy mba hanam-bola ho azy "manokana". Mahazaka tena izy, maherisetra, sarotiny ary manorisory.

Hatreo dia mety hisaina ianao hoe, "Izao no vahaolana hitako ho azy. Mila mahalala an'i Jesosy izy."

Izy dia tena fantany! Nandray an'i Jesosy ho mpamonjiny iMaria dimy taona lasa izay – telo taona tao aorian'ny nivadian'izy sy Jaona.

"Milaza ve ianao fa tsy nisy fiovana teo amin'i Maria hatramin'ny nandraisany an'i Jesosy ho mpamonjy?"

Eny, nisy fiovana. Mino izy fa ho any an-danitra, na dia ny fitondran-tenany aza dia mahatonga azy ahatsapa fa fanamelohana mitohy.

Manana fanantenana izy ankehitriny. Mialoha ny nihaonany tamin'i Jesosy, dia nahantra sy tsy nanam-panantenana izy, ankehitriny izy dia mbola mahantra.

Fantatr'i Maria fa ratsy ny toe-pony. Te hiova izy. Nahazo tolotsaina avy amin'ny olona roa izy. Noararaotiny ny fahafahana mba ho entina amam-bavaka sy angataka fandresena amin'ny hatezerana, ny fikomiana, ny tsy famelan-keloka, ny fahasorisorenana ary fangidiana. Nahoana izy no tsy mahita fahatsarana be loatra?

Ny valiny dia hitanao ao amin'ny Romana 12:2 **"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao(izao vanim-potoana izao), (novolavolaina sy nampifanojoana amin'ny fomba fanao ivelany), fa miova amin'ny fanavaozana (feno) ny saina [amin'ny alalan'ny tajona vaovao sy ny toe-po vaovao], hamantaranareo [ho an'ny tenanareo] ny sitrapon'Andriamanitra dia izay tsara sady ankasitrahana no marina[eo imasomy ho anao]."**

Misy fiarovana mafy ao an-tsain'i Maria. Efa teo nandritra ny taona maro izy ireo. Tsy azony akory ny nahatonga azy ireo teo. Fantany fa tsy tokony ho mpikomy, mpanjakazaka, manorisory, ets... izy nefa tsy fantany izay tokony hatao mba hanovana ny toetrany. Toa mihetsika amin'ny fomba tsy tokony ho izy, izy amin'ny toe-javatra sasany satria tsy mahafehy ny fihetsiny.

Tsy afaka mahafehy ny fihetsiny izy satria tsy mahafehy ny fisainany. Tsy mahafehy ny fisainany izy satria tsy fantany fa ny fanaovany izany dia safidy avy aminy. Misy ireo fiarovana mafy ao an-tsainy izay nantsangan'ny devoly tany aloha be teo amin'ny fiainany.

Manomboka mampihatra ny drafitra maty paika sy mamafy ny famitahany efa nomanina Satana tamin'izy vao zaza. Ny momba an'i Maria, ny olany dia nanomboka efa ela, tamin'ny fahazazany.

Fony mbola zaza iMaria dia nanjakazaka diso tafahoatra ny rainy ka nikapoka azy satria tezitra. Raha misy fihetsika diso nataony

dia ampiariny aminy ny fahatezerany. Nandritra ny taona maro dia nijaly mafy izy noho ny fampijalian-drainy azy sy ny reniny. Feno tsy fanajana ny vadiny sy ny zanany vavy izy tamin'ny fombany rehetra. Ny anadahin'i Maria anefa dia tsy mba diso. Tahaka ny hoe notiavina kokoa izy satria lehilahy.

Tamin'ny faha enina ambin'ny folo taonany, dia nosasan'ny Satana ati-doha Maria ary nilaza lainga taminy Satana izay toy izao: "Ny lehilahy dia tena mihevitra fa zavatra. Mitovy daholo izy rehetra, tsy azonao atao ny mahatoky azy. Handratra anao izy ary hanararaotra anao. Raha lehilahy ianao dia mety ny fiainanao. Afaka manao izay mety ho tinao ianao. Afaka mibaiko ny olona rehetra ianao, "patron", mitondra ny olona araka izay tianao ary tsy misy olona (indrindra ny vehivavy na zanaka vavy) afaka hanao na inona na inona."

Vokany, tapa-kevitra iMaria hoe "Rehefa miala ato aho, dia tsy misy olona afaka hanindrinindry ahy intsony."

Satana dia efa niady teo amin'ny sehatry ny sainy. Mamerimberina tsy mitsahatra ireo fisainana ireo ao an-dohanao

efa an'hetsiny na mihoatra ny folo taona, ary manomana fa raha vonona ny hanambady ianao ary ho lasa vehivavy malemy fanahy, manaiky, feno fitiavana. Na dia noho ny fahgagana aza dia te ho toa izany ianao, nefa tsy fantatra hoe ahoana no ahatonga izany! Izany no karazana fikorontanana misy an'i Maria ankehitriny. Inona no azony atao? Inona no azontsika atao amin'ny toe-javatra toy izany?

Ny Fiadian'ny Teny

"Raha maharitra amin'ny teniko ianareo [miazona mafy ny fampianarako sy miaina mifanaraka amin'izany], dia ho mpianatra tokoa. Ka ho fantatrareo ny Marina sy ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo."

JAONA 8:31-32

Eto Jesosy dia milaza amintsika ny fomba hahazoantsika ny fandresena amin'ny laingan'i Satana. Tsy maintsy ananantsika ao anaty ny fahalalana ny fahamarinan'Andriamanitra, manavao ny saintsika amin'ny Teniny, avy eo mampiasa ny fiadian'ny II Korintiana 10:4-5 mba handravana ny fiarovana mafy ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra.

Ireo "fiadiana" ireo dia ny Teny raisina amin'ny alalan'ny fitorianteny, ny fampianarana, ny CD, DVD, kaoferansa, ary ny fianarana ny Baiboly samy irery. Nefa isika dia tsy maintsy "mitoetra" (mitoky) amin'ny teny mandra-pahatongan'izany ho fanambarana nomena tamin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy Masina. Zava-dehibe ny fitohizana. Milaza i Jesosy ao amin'ny Marka 4:24, "Araka any ohatra [n'ny fisainana sy fianarana] anoharanareo [amin'ny fahamarinana renareo] no fanoharana ho anareo [amin'ny fahamarinana sy fahalalana] ay homena mihoatra aza ianareo." Averiko fa tsy maintsy "mitoky" mampiasa ny fiadian'ny Teny isika.

Ny fiadiana ara-panahy roa azontsika ampiasaina ihany koa dia ny fiderana sy ny vavaka. Ny fiderana mandresy haingana kokoa ny devoly noho ny drafitr'ady hafa, nefa tsy maintsy ho fiderana tena izy ao ampo, fa tsy fanompoana eo imolotra fotsiny na fomba andramana ka ho jerena raha mahomby. Ao anatin'ny vavaka sy ny fiderana ihany koa ny Teny. Midera an'Andriamanitra araka ny Teniny sy ny Fahatsarany isika.

Ny vavaka dia fifandraisana amin'ny Tsanganan'Andriamanitra. Manatona ary mangatak fanampiana na firesahana amin'Andriamanitra momba ny zavatra izay manelingelina antsika. Izany dia fifaneraserana, fisakaizana ary fahafahana maneho fankasitrahana amin'izay rehetra maha Izy an'Andriamanitra sy izay ataony.

Raha te hanana fiainam-bavaka mahomby ianao, dia ampitomboy ny fifandraisana tsara amin'ny Ray. Fantaro fa tia anao Izy, ary feno famindram-po, ary hanampy anao Izy. Fanataro Jesosy. Sakaizanao Izy.

Maty ho anao Izy. Fantaro ny Fanahy Masina. Miaraka aminao amin'ny fotoana rehetra Izy ho mpanampy anao. Avelao Izy hanampy anao.

Mianara ny hameno ny vavakao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Lazain'ny Salamo 9:10 fa mikatsaka an'Andriamanintra isika amin'ny fahefan'ny Teniny ary ny zon'izay ilaintsika.

Noho izany, ny fiadiantsika dia ny Teny ampiasaina amin'ny fomba samihafa. Afaka mivavaka amin' ny teny isika, miteny ny teny, mihira ny teny ary mianatra izany. Araka ny ambaran'i Paoly ao amin'ny II Korintiana, ny fiadian-tsika dia tsy fiadiana ara-nofo; fa ara-panahy. Mila fiadiana ara-panahy isika satria miady amin'ny fanahy manapaka, eny, ny devoly tenany mihitsy. Na Jesosy aza dia nampiasa ny fiadian'ny Teny tany an'efitra mba

handresena ny devoly (jereo Lioka 4:1-13). Isak'izay nandainga Taminy ny devoly, dia namely Jesosy tamin'ny "Voasoratra hoe" ary nilaza ny Teny taminy.

Rehefa mianatra ny mampiasa ny fiadiany i Maria, dia hanomboka handrava ny fiarovana mafy izay naorina tao an-tsainy. Ho fantany ny marina izay hanafaka azy. Ho hitany fa tsy ny lehilahy rehetra ety an-tany dia toy ny rainy. Ny sasany toy izany fa maro no tsy toa azy. Ny vadiny, Jaona dia tsy toy izany. Tena tia an'i Maria tokoa iJaona.

Momba An'ny Jaona

Ny lafiny hafan'ny tantara dia misy an'i Jaona. Izy ihany koa dia manana olana izay mahatonga ny toetra atrehany sy Maria ao amin'ny fanambadiana, tokantrano ary ny ankohonana.

Tokony handray ny toerany amin'ny maha lohan'ny fianakaviana azy i Jaona. Nomanin'Andriamanitra ho azy ny hanome fitarihana ara-panahy ao an-tokantranony. Jaona ihany koa dia efa nateraka indray ary mahalala ny lamina mety ho an'ny fiainan'ny fianakaviana. Fantany fa tsy tokony avelany hanapaka ny tokantrano ny vola, ny ankizy ary ny tenany, ny vadiny. Fantany daholo izany, nefa tsy misy

ataony momba izany afa-tsy ny fahatsapana ho resy ary misintona ao amin'ny televiziona sy ny fanatanjahan-tena.

Miafina amin'ny amin'ny andraikiny iJaona satria mankahala ny fifanandrinana. Aleony tsy mandray andraikitra ary mihevitra fa, "eny, rehefa avelako amin'izao fotsiny ny toe-javatra, angamba handeha ho azy". Na manala tsiny ny tenany izy amin'ny tsy fihetsehana amin'ny filazana hoe "ho entiko amam-bavaka". Mazava ho azy tsar any mivavaka fa tsy mety raha fomba fialana andraikitra fotsiny.

Mamela ahy hanazava izay heveriko rehefa milaza aho fa iJaona dia tokony handray ny toerana nomen'Andriamanitra ao an-tokantrano. Tsy milaza aho fa tokony ho tahaka an'i "Ramose Macho", amin'ny fitakiana ny fahefany sy ny vinitra noho izany! Ampianarin'ny Efesiana 5:25 fa ny lehilahy dia tokony ho tia ny vadiny tahaka ny itiavan'i Kristy ny fiangonana. Ilaina mandray andraikitra i Jaona, ary miaraka amin'ny andraikitra dia tonga ny fahefana. Izy dia tokony ho entitra am-pitiavana amin'ny vadiny. Tokony hanome antoka an'i Maria izy fa naratra izy raha mbola zaza, fa rehefa manafaka ny tenany amin'Andriamanitra izy amin'ny alalan'ny fahatokiana azy dia hahazo toky indray izy fa tsy ny lehilahy rehetra no toy ny rainy.

Tokony hanao zavatra maro i Jaona; nefa toa an'i Maria, izy ihany dia manao "foto-pisaina" izay manokatra varavarana ho an'ny devoly mba hihazonana azy ho voafatotra. Misy ihany ny ady miseho ao an-tsain'i Jaona tahaka an'i Maria, dia notevatevaina tamin'ny teny tamin'ny fahazazany. Ny Reny mpanjakazaka dia manome lela maranitra ary matetika no nilaza zavatra nandratra taminy, zavatra toy ny hoe: "Jaona, tsy misy ilaina anao; tsy mba hahavita na inona na inona mihitsy ianao".

Niezaka mafy iJaona hanome ny fahafaham-po ny reniny satria naniry mafy ny fankasitrahany izy (tahaka ny ataon'ny zanany rehetra); nefa arakaraka ny ezaka mafy nataony no hanaovana fahadisoana bebe kokoa. Nanana fahazarana mikavihivihy izy, noho izany ny reniny dia nilaza taminy mandrakariva fa mpanimba zavatra izy. Mazava ho azy,

latsaka ny zavatra teny an-tanany satria niezaka mafy izy mba hanome fahafaham-po ka mahatonga azy ho endratrendratra ary tamin'izany dia tsy tratrany ny tanjony.

Tsapany ihany koa ny fahoriana mampalahelo avy amin'ireo ankizy izay niriany mba ho namany. Io karazan-javatra io dia miseho amin'ny ankamaroantsika amin'ny fotoana sasany eo amin'ny fiainantsika, nefa nandrava an'i Jaona izany satria efa tsapany fa nahilikiliky ny reniny izy.

Ary nisy ankizivavy izay tena tiany tamin'izy vao nianatra tao amin'ny lisea izay nanilikilika azy noho ny zazalahy hafa. Tamin'ny fotoana izay nifanojoan'ireo zavatra ireo teo amin'ny fiainan'i Jaona, ary ny devoly niasa taminy, nanangana manda tao an-tsainy nandritra ny taona maro, tsy nanana fahasahiana hanao na inona na inona i Jaona fa nangina, menatra ary nihatakataka.

Jaona dia karazana olona mipetrapetraka izay misafidy fotsiny ho tsy hahatonga olana. Nandritra ny taona maro izy dia nanana fisainana izay nitodika taminy izay toy izao: "tsy misy ilaina ny milaza na amin'iza na amin'iza izay heverinao; tsy hihaino anao izy. Raha tianao hanaiky anao ny olona, dia ilainao fotsiny ny manaiky izay mety ho tiany. Aza miditra fotsiny amin'ny zavatra, tsy hanova na inona na inona anie izay lazainao".

Tamin'ny fotoana vitsy izay niezahany hihazona ny heriny amin'ny olona iray, dia toa miafara amin'ny tsy fahombiazana mandrakariva, noho izany dia nanapa-kevitra izy fa ny fifandrinana dia tsy nilaina niezahana.

"Ho resy ihany aho amin'ny farany" hoy ny fiheviny "koa nahoana no hanomboka zavatra iray"

Inova No Vahaolana?

"Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, satria manosotra Ahy [Ilay Voahosotra, ny Mesia] hitory Teny soa mahafaly (ny

Filazantsara) amin'ny malahelo Izy; naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina [izay nohitsakitsahana, torotoro, montsana, ary ketraka noho ny fahadisoam-panantenana], Hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah [ny andro izay maha be ny famonjena sy ny fahitana fitia malalaka avy amin'Andriamanitra]."

LIOKA 4:18-19

Amin'ny olana mampiady an'i Maria sy Jaona, dia tsy sarotra loatra ny maminavina hoe manao ahoana ny fiainan-tokantranony. Tsarovy, nilaza aho fa maro ny ady ao anatin'izany. Ny ady dia tsy ady miseho mandrakariva. Matetika ny ady dia fahatezerana miafina ao an-tokantrano izay fantatry ny rehetra fa ao, nefa tsy misy mitady vahaolana amin'izany. Ny atmosfera ao an-tokatranony dia mahatsiravina – feno fienjanana ary tian'ny devoly izany!

Inona no hitranga amin'i Jaona sy Maria ary ireo zanany? Hahomby ve izy? Kristiana izy ireo – fahamenarana hahita ny fanambadiany ho tsy mahomby sy hahasimba ny ankohonany. Ny marina, anefa, dia miankina amin'izy ireo. Jaona 8:31-32 dia Soratra Masina fanalahidy ho an'ny fanapan-keviny. Raha mitohy mianatra ny Tenin'Andriamanitra izy, dia ho fantany ny marina, ary ny fihetsehana amin'ny fahamarinana hanafaka azy ireo. Nefa tsy maintsy miatrika ny fahamarinana momba azy ireo ny tsirairay sy ny lasany rehefa asehon'Andriamanitra azy izany.

Ny marina dia voambara mandrakariva amin'ny alalan'ny Teny, nefa mampalahelo tsy manaiky izany mandrakariva ny olona. Fiasan-javatra mampangirifiry ny miatrika ny fahadisoantsika ary mamaha ny olany. Amin'ny ankapobeny, ny olona dia manamarina ny tsi-fahaizany mitondra tena. Avelany ny lasany sy ny fomba izay nanabeazana azy mba hiantraika amin'ny fomba miiba ny andro sisa ao amin'ny fiainany.

Ny lasantsika dia mety hanazava ny antony nijaliantsika, nefa tsy tokony hampiasaintsika izany ho fiala-tsiny amin'ny fitoerana amin'ny fanangejana.

Tsy misy manana fialan-tsiny ny rehetra satria Jesosy dia vonona mandrakariva mba hanatanteraka ny teny fampanantenany mba hanafahana ny mpifatotra. Hitondra antsika eo amin'ny fahatongavana amin'ny fandresena izy amin'izay mety ho sehatra rehetra raha vonona isika ny handeha niaraka Aminy hamakivaky izany.

Ny Lalana Ivoahana

"Tsy misy fakam-panahy (tsy misy fitsapana heverina ho ota manintona), [na inona na inona fomba iaviany na izay itarihany] nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona [izany fakam-panahy na fitsapana tonga aminareo izay ambonin'ny azon'ny olombelona toherina ary tsy manandrify ny anisan'ny traikefan'olombelona ary izay mety ho zakan'ny olona], nefa mahatoky Andriamanitra [amin'ny Teniny sy ny toetrany onena], ka tsy hamela anareo halaim-panahy [azo itokiana] mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany [mandrakariva] lalana hahafahanareo (fomba ialana amin'ny fianjerana) koa mba hahazakanareo zany. "

1 KORINTIANA 10:13

Antenaiko fa hitanao avy tamin'ity fanoharana amin'ny fomba andraisan'i Satana ny tranga eo amin'ny fiainantsika ary manangana fiarovana mafy eo amin'ny fiainantsika – ahoana ny fomba iadiany eo amin'ny sehatry ny saina. Nefa, isaorana Andriamanitra, fa manana fitaovam-piadiana isika mba handrodanana ny fiarovana mafy. Andriamanitra tsy mandao antsika ary tsy mamela antsika ho tsy afaka hanao na inona na inona. 1 Korintiana 10:13 dia mampanantena antsika fa Andriamanitra tsy hamela antsika ho alaim-panahy mihoatra izay mety ho zakantsika, nefa amin'ny fakam-panahy rehetra dia hanome lalana ivoahana ihany koa Izy, ny fandosirana.

N'iza n'iza amintsika dia mety ho Maria na Jaona. Azoko antoka fa ny ankamaroantsika dia manana fifandraisana amin'ny tantara.

Ny olany dia anatiny – ao an-tsainy sy toe-pony. Ny fitondrantenany ivelany dia vokatry ny fiainana anaty fotsiny. Fantatr'i Satana fa raha azony baikona ny saintsika, dia afaka baikony ny fihetsikitsika.

Mety misy fiarovana mafy eo amin'ny fiainanao izay ilaina ho potehina. Mamela ahy hamapahery anao amin'ny filazana fa "Andriamanitra miaraka amintsika". Misy ady miseho, ary ny sainao no sehatry ny ady. Nefa ny vaovao mahafaly dia, Andriamanitra miandany amintsika.

Toko

2

Ny Zavatra Tena Ilaina

Toko

Ny Zavatra Tena Ilaina 2

> *"Fa tahaka ny heviny ao ampony ihany ny toetrany"*
>
> OHABOLANA 23:7

Io andinin-tsoratra Masina io fotsiny dia mampahafantatra antsika ny maha zava-dehibe ny isainantsika amin'ny fomba mety. Mahery ny fisainana ary araka ny hevitry ny mpanoratra ny bokin'ny Ohabolana dia manana fahaizana mamorona izany. Raha ny fisainantsika no miantraika amin'izay toetrantsika, dia tokony ho laharam-pahamehana mazava ho azy ny isainantsika fihevitra marina.

Tiako ny handresy lahatra anao ny tena ilana feno ny hahatonga ny fisainanao hifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra.

"Tsy afaka hanana fiainana tsara s saina tsy mahomby ianao"

Ny Sainan'Ny Nofo Mifanohitra Amin'ny Sain'ny Fanahy

"Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa dia mihevitra izay zavatry ny fanahy [Masina]."

ROMANA 8:5

Ao amin'ny dikan-teny "King James" ny Romana toko faha-valo dia mampianatra antsika fa raha "misaina" ny zavatry ny nofo isika, dia handeha arak any nofo, nefa raha "misaina" ny zavatry ny Fanahy isika, dia handeha araka ny Fanahy.

Mamela ahy hilaza izany amin'ny fomba hafa: raha isaina fisainana araka ny nofo isika, fisainan-diso, ratsy, dia tsy afaka handeha araka ny

Fanahy isika. Ny fisainana nohavaozina, tahaka ny an'Andriamanitra dia tena ilaina ho amin'ny fiainana Kristiana mahomby.

Mety misy fotoana indraindray, mahakamo antsika olombelona ny zavatra iray raha tsy tsapantsika ny maha zava-dehibe ny tokony hifantohana amin'io zavatra io. Nefa, rehefa tsapantsika fa zavatra hitarika olana lehibe izany rehefa hodiantsika tsy hita, dia mihetsika ihany isika.

Andeha ohatra holazaintsika fa miantso anao ny banky ary milaza aminao fa ananany trosa enina alina sy iray tapitrisa Ariary ianao. Tonga dia jerenao akaiky haingana ilay olana. Angamba amin'ny fikarohana no hahitanao fa tsy mbola nanao petra-bola ianao nefa niheritreritra ny efa nanao izany. Dia mihazakazaka miaraka amin'izay any amin'ny banky ianao miaraka amin'ny petra-bola, mba tsy hanananao olana hafa indray.

Tiako ianao raha mba hihevitra tsara ity momba ny fanavaozana ny saina ity mitovy amin'io toe-javatra io.

Mety mikorontana ny fiainanao noho ny fisainana diso nandritra ny taona maro. Raha izany, dia zava-dehibe no hahazoanao an-tsaina fa "tsy hilamina ny fiainanao raha sy miova ny sainao". Tokony ho heverina fa io sehatra io dia "tena ilaina". Ataovy ho vaindoha-draharaha ny mandrodana ny fiarovana mafy natsangan'i Satana ao an-tsainao. Ampiasainao ny fitaovam-piadianao, ny Teny, ny fiderana, ary ny vavaka.

Amin'ny Fanahy

"Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana fa amin'ny Fanahiko hoy Jehovah Tompon'ny naro"

ZAKARIA 4:6

Iray amin'ny fanampiana tsara indrindra ho amin'ny fahafahana ny fangatahana fanampiana betsaka amin'Andriamanitra – ary mangataka matetika.

Iray amin'ny fitaovam-piadiana ny vavaka (fangatahana). Tsy afaka handresy ny toe-javatra atrehinao amin'ny fahavononan-tsaina fotsiny ianao. Ilaina ho tapa-kevitra ianao, nefa tapa-kevitra ao amin'ny Fanahy Masina, fa tsy amin'ny ezaky ny nofonao. Ny Fanahy Masina no Mpanampy anao – katsaho ny fanampiany. Miankina Aminy. Tsy mahefa irery ianao.

Tena Ilaina

Ho an'ny mpino, ny fisainana tsara dia tena ilaina. Ny zavatra tena ilaina dia zavatra tena manan-danja ka tsy afaka ny ho velona ny tena raha tsy eo izy – tahaka ny fitempon'ny fo dia tena ilaina, na ny tosi-dra dia tena ilaina. Tsy misy fiainana raha tsy eo ireo zavatra ireo.

Nandresy lahatra ahy ny amin'io fahamarinana io ny Tompo taona maro lasa izay dia ny momba ny fifandraisana Aminy manokana amin'ny vavaka sy ny Teny. Sarotra tamiko ny mamehy tena mba hanao ireo zavatra mandra-panehony tamiko fa tena zava-dehibe ireo. Tahaka ny fiainako ara-nofo miankina amin'ny famantaram-pahavelomana tena ilaina, toy izany koa ny fiainako ara-panahy dia miankina amin'ny fandaniana fotoana mitohy, tena tsara miaraka amin'Andriamanitra. Rehefa fantatro fa zava-dehibe io fifandraisana Aminy io, dia nataoko ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainako izany.

Tahaka izany ihany koa, rehefa tsapako fa ny fisainana tsara dia zava-dehibe ho amin'ny fiainam-pandresena, dia lasa noraisiko tamin'ny foko rehetra ny amin'ny fisainana izay tokony hosainiko, ary fifidianana amim-pahamalinana ny fisainako.

Araka Ny Saininao, Dia Izay Ianao

"Koa ataovy tsara ny hazo (salama sy tsara), mbamin'ny voany (salama sy tsara), na ataovy ratsy ny hazo (marary sy ratsy) mbamin'ny voany (marary sy ratsy); fa ny voany no ahafantarana ny hazo."

MATIO 12:33

Milaza ny baiboly fa ny hazo dia fantatra amin'ny voany.

Marina ihany koa izany amin'ny fiainantsika. Ny fisainana no mitondra vokatra. Manana fisainana tsara, dia ho tsara ny vokatra eo amin'ny fiainanao. Manana fisainana ratsy, dia ho ratsy ny vokatra eo amin'ny fiainanao.

Ny marina, afaka mijery ny toe-pon'ny olona ianao ary mahalala ny karazana fisainana mibahana eo amin'ny fiainany. Ny olona malemy sy tsara fanahy dia tsy manome fisainana ratsy sy mamaly faty. Araka izany famantarana izany, ny olona tena ratsy dia tsy manana fisainana tsara, feno fitiavana.

Tsarovy ny ohabolana 23:7 ary avelao izany hanana fiantraikany eo amin'ny fiainanao: araka ny heverinao ao am-ponao, ny toetranao. Milaza matetika aho fa "Izay alehan'ny saina, no arahan'ny olona".

Toko

3

Aza Milavo Lefona

Toko

Aza Milavo Lefona

3

> *"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika raha tsy ketraka isika"*
>
> GALATIANA 6:9

Na manao ahoana na manao ahoana ny faharatsian'ny toe-javatra eo amin'ny fiainanao sy ny sainao, aza milavo lefona! Raiso indray ny faritany izay nangalarin'ny devoly taminao. Raha ilaina, mahazoa azy tsikelikely, amin'ny fiankinana mandrakariva amin'ny fahasoavan'Andriamanitra fa tsy amin'ny fahaizanao manokana mba hahazoana ny vokatra nirina.

Ao amin'ny Galatiana 6:9, ny Apostoly Paoly dia mampahery antsika fotsiny mba hihazona ny fanohizana! Aza miala! Aza manana ilay fanahy tranainy "milavo lefona". Andriamanitra mitady olona izay handeha miaraka Aminy amin'ny lalana rehetra.

MAMAKIVAKIA

"Raha mita ny rano ianao, dia homba anao Aho; ary raha mita ny ony ianao, dia tsy hanafotra anao izy; ary raha mandeha mamaky ny afo ianao, dia tsy ho may, ary tsy hirehitra aminao ny lelafo."

ISAIA 43:2

Na inona na inona mety atrehanao na tsapanao amin'izao fotoana izao eo amin'ny fiainanao, dia mampahery anao aho, mamakivakia izany ary aza milavo lefona!

Milaza ny Habakoka 3:19 fa ny fomba hampitombontsika ny tongotry ny diera vavy eo amintsika (ny dieravavy dia biby afaka mianika ny tendrombohitra amin'ny fomba haingana) dia **"mandeha"**

[tsy mijanona noho ny tahotra, fa mandeha] ary mandroso [ara-panahy] amin'ny havoana [an'ny zava-tsarotra, hirifiry ary andraikitra]!

Ny fomba fanampian'Andriamanitra antsika handroso ara-panahy dia ny fiarahany amintsika amin'ny fampaherezana sy ny fandrisihana antsika "hiazona ny fitohizana" amin'ny fotoan-tsarotra.

Mora ny miala; mila finoana mba hamakivakiana.

Anao Ny Safidy

"Miantso ny lanitra sy ny tany aho anio ho vavolombelona aminareo fa efa nataoko teo alohanao ny fiainana sy fahafatesana ary ny fitahiana sy ny fanozonana; koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona ianao sy ny taranakao."

DEOTORONOMIA 30:19

Amin'arivony maro ny fisainana aseho amintsika isan'andro. Tsy maintsy havaozina mba hanaraka ny Fanahy ny saina fa tsy ny nofo. Ny saintsika ara-nofo (an'izao tontolo izao) dia miasa tamin'ny fomba malalaka loatra ka mazava ho azy fa tsy mila ezaka isika mba hisaina ny saina ratsy.

Etsy an-daniny, dia ilaina isika misafidy ny fisainana tsara. Rehefa avy nanapa-kevitra farany isika hitovy fisainana amin'Andriamanitra, avy eo dia ilaina isika "hisafidy" sy "hanohy hisafidy" ny fisainana tsara.

Rehefa manomboka mahatsapa isika fa sarotra loatra ny adin'ny saina ary tsy handresy isika, dia tsy maintsy mahay manaisotra izany fisainana izany isika ary "misafidy" ny hiharitra fa handresy isika! Tsy hoe tsy maintsy hisafidy isika fa handresy, fa tsy maintsy manapa-kevitra fa tsy hiala. Rehefa tafihin'ny fisalasalana sy ny tahotra isika, dia tsy maintsy mijoro ary milaza hoe "tsy hilavo lefona mihitsy! Miaraka amiko Andriamanitra, tia ahy Izy, ary manampy ahy Izy!"

Izaho sy ianao dia manana safidy tsara hatao eo amin'ny fiainantsika. Ao amin'ny Deotoronomia 30:19 ny Tompo dia nilaza tamin'ny olony fa nametraka manoloana azy ireo ny fiainana sy ny fahafatesana ary nandidy azy ireo "hifidy" ny fiainana. Ary ao amin'ny Ohabolana 18:21 dia ambara amintsika fa "Ny mahafaty sy ny mahavelona samy hain'ny lela, koa izay manarama azy dia hihinana ny vokany."

Ny fisainantsika no lasa fitenintsika. Noho izany, dia zava-dehibe ny "hisafidianantsika" ny fisainana miteraka fiainana. Rehefa ataontsika izany dia hanaraka ny teny tsara.

Aza Milavo Lefona

Rehefa toa tsy misy fiafarany ny ady ary mihevitra ianao fa tsy handresy, tsarovy ny mamerina indray ny fisainana araka ny nofo, an'izao tontolo izao mba hisaina arak any fisainan'Andriamanitra.

Tsy azo tanterahina? "Tsia"

Sarotra? "Eny"

Nefa, hevero fotsiny, fa manana an'Andriamanitra isika ao amin'ny ekipantsika. Heveriko fa izy no "mpanao programa-na solosaina" mahay indrindra eo amintsika. (Ny sainao dia toy ny solosaina izay nanana fako narafitra nandritra ny fiainana iray manontolo ao anatiny). Miasa aminao Andriamanitra; farafahakeliny, miasa Izy rehefa nasainao mba hanapaka ny fisainanao. Mamerina ny sainao amin'ny laoniny Izy. Mitohiza miara-miasa Aminy fotsiny – ary "aza milavo lefona"!

Tena hila fotoana tokoa izany, ary tsyho mora mihitsy, nefa mandeha any amin'ny fitodihana marina ianao raha misafidy ny fomba fisainan'Andriamanitra. Handany fotoana hanao zavatra iray ianao, ka mety handroso ihany koa izany fa tsy mijanona eo amin'ny tsi-fahombiazana eo amin'ny andro-piainanao sisa.

Mitodiha Ary Lovao

"Jehovah Andriamanitra niteny tamintsika tany Horeba ka nanao hoe: Aoka izay ny itoeranareo amin'ity tendrombohitra ity; mihodina ianareo dia mandehana ka mankanesa any amin'ny tany havoan'ny Amorita...

Indro efa natolotro eo anoloanareo ny tany; idiro ka lovao ny tany izay efa nianian'i Jehovah tamin'ny razanareo, Abrahama sy Isaka ary Jakoba, homena azy sy ny taranany mandimby azy."

DEOTORONOMIA 1:6-8

Ao amin'ny Deotoronomia 1:2, Mosesy dia maneho tamin'ny zanak'israely fa iraika ambin'ny folo andro fotsiny dia mankany amin'ny sisin-tanin'ny Kanana (ny Tany Nampanantenaina) nefa nila efapolo taona vao tonga tany. Avy eo izy ao amin'ny andininy faha 6 dia nilaza taminy hoe: "Jehovah Andriamanitra niteny tamintsika hoe "Aoka izay ny itoeranareo amin'ity tendrombohitra ity".

Efa ela loatra ve no nitoeranao teo amin'io tendrombohitra io? Nandany efapolo taona ve ianao mba hiezahana hanaovana dia iraika ambin'ny folo andro?

Teo amin'ny fiainako manokana, dia farany nilaina nifoha aho ary nahatsapa fa tsy lasa nankaiza. "Kristianina tsy manam-pandresena aho", tahaka an'i Maria sy Jaona dia nanana fomba fisainana diso sy fiarovana mafy ara-tsaina maro izay niorina aman-taonany maro aho. Nandainga tamiko ny devoly, ary nino azy aho. Noho izany dia niaina tao amin'y fitaka aho.

Ela loatra no nitoerako teo amin'ny tendrombohitra iray. Nandany efapolo taona aho mba hanaovana izay tokony hatao amin'ny dia fohy kokoa raha mba nahalala ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra.

Nasehon'Andriamanitra ahy fa ny Zanak'israely dia nitoetra tao amin'ny tany hay satria nanana ny "toe-tsain'ny tany hay" – karazana

fisainana diso izay niazona azy ireo ho voageja. Horesahantsika ao amin'ny toko ao aoriana io lohahevitra io, nefa ankehitriny dia mamela ahy handidy anao mba handray fanapahan-kevitra tsara mba hanavaozanao ny sainao ary hianatra ny hisafidy amim-pahamalinana ny fisainanao. Manapaha-hevitra mba tsy hiala sy hilavo lefona mandra-pisy ny fandresena ary handovanao ny lova tokony ho anao.

Toko

4

Tsikelikely

Toko

Tsikelikely 4

Haka toerana "tsikelikely" ny fanavaozana ny saina, noho izany aza kivy raha toa ka miadana ny fandrosoana.

> *"Ary horoahin'I Jehovah Andriamanitrao eo alohanao tsikelikely ireny firenena ireny; tsy haharoaka azy faingana ianao, fandrao hihamaro ny bibidia ka hamely anao."*
>
> DEOTORONOMIA 7:22

Mialoha ny tena nidiran'izy ireo ny Tany nampanantenaina, ny Tompo dia niteny tamin'ny Zanak'Israely fa horoahany tsikelikely eo anoloan'izy ireo ny fahavalo sao hihamaro eo amin'izy ireo ny bibidia.

Heveriko fa ny fireharehana no "bibidia" hihinana antsika raha mahazo fahafahana be loatra amin'ny fomba haingana loatra isika. Tsaratsara kokoa raha ny marina no mahazo fahafahana amin'ny sehatra iray amin'ny fotoana iray. Amin'izay fotoana izay, mankasitraka bebe kokoa ny fahafahantsika isika; tsapantsika fa fanomezana marina avy amin'Andriamanitra izany fa tsy zavatra afaka asehontsika amin'ny hevintsika manokana.

Fahoriana Mialoha Ny Fanafahana

"Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra [izay mizara ny fitahiana rehetra sy ny fahitam-pitia], izay efa niantso anareo ho any amin'ny voninahitra mandrakizay ao amin'I Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety ianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo."

1 PETERA 5:10

Nahoana isika no ilaina miaritra fahoriana "vetivety"? Mihevitra aho fa hatramin'ny fotoana hahafantarantsika marina fa manana

olana isika mandra-panafahan'I Jesosy antsika, dia miaritra karazana fahoriana isika, nefa miravoravo bebe kokoa ny rehefa tonga ny fahafahana. Rehefa miezaka manao zavatra amin'ny herintsika isika, tsy mahomby ary avy eo tonga saina fa tsy maintsy miandry Azy, dia mitobaky ny fisaorana ny fontsika ary fiderana rehefa mitsangana Izy ary manao izay tsy afaka ho vitantsika.

Tsy Misy Fanamelohana

"Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ... ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy ... fa ao amin'i Kristy Jesosy, izay miaina [sy] mandeha araky ny lalàn'ny Fanahy"

ROMANA 8:1-2

Aza mandray fanamelohana rehefa misy fahalemena na andro ratsy. Miverena fotsiny ihany, kopay ny vovoka, ary manomboha indray. Rehefa mianatra mandeha ny zazakely iray, dia mianjera im-betsaka izy mialohan'ny hanany fahatokiana amin'ny fandehanana. Na izany aza anefa, ny zavatra tsara iray amin'ny zazakely dia, na dia mety mitomany kely aza izy rehefa avy nianjera, dia mitsangana mandrakariva izy ary miezaka indray.

Hiezaka araka izay mafy indrindra ny devoly mba hanakana anao amin'io sehatry ny fanavaozana ny saina io. Fantany fa ny fanapahany eo aminao dia tapitra raha vao mianatra ny hisafidy ny fisainana tsara ianao ary manda ireo ratsy. Hiezaka izy hanakana anao amin'ny alalan'ny fahakiviana sy fanamelohana.

Rehefa tonga ny fanamelohana, ampiasao ny "Teny fitaovam-piadiana". Lazao ny Romana 8:31, amin'ny fampahatsiarovana an'i Satana sy ny tenanao fa tsy mandeha araka ny nofo ianao fa araka ny Fanahy. Ny fandehanana araka ny nofo dia ny fiankinana amin'ny tenanao; ny fandehanana arak any Fanahy dia ny fiankinana amin'Andriamanitra.

Rehefa tsy mahomby ianao (ary hisy izany), dia tsy midika fa tsi-fahombiazana ianao. Midika fotsiny izany fa tsy manao ny zavatra rehetra amin'ny mety ianao. Tsy maintsy manaiky isika rehetra ny amin'ny zava-misy fa miaraka amin'ny hery dia manana ireo fahalemena ihany koa isika. Avelao fotsiny Kristy hahery ao amin'ny fahalemenao; avelao Izy ho herinao amin'ny andron'ny fahalemenao.

Haveriko indray: "Aza mandray fanamelohana". Ho avy ny fandresena feno ho anao, nefa mila fotoana izany satria ho avy "tsikelikely".

Aza Kivy

"Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko, ka mitoloko anatiko? Mananten an'Andriamanitra ianao, fa mbola hidera Azy ihany aho noho ny famonjen'ny tavany."

Salamo 42:5

Ny fahakiviana mandrava ny fanantenana, mazava ho azy ny devoly dia miezaka mandrakariva mba hanakivy antsika. Rehefa tsy misy fanantenana dia milavo lefona isika, izany no tian'ny devoly ataontsika. Lazain'ny baiboly miverimberina amintsika mba tsy kivy na ketraka isika. Fantatr'Andriamanitra fa tsy ho tonga amin'ny fandresena isika raha toa kivy, noho isany dia mampahery antsika mandrakariva Izy rehefa manomboka tetik'asa iray amin'ny filazana hoe: "Aza kivy". Tian'Andriamanitra isika mba hahery fa tsy ho kivy.

Rehefa miezaka handresy anao ny fahakiviana na ny fanamelohana, dia diniho tsara ny hevitrao ny amin'ny fiainana. Karazana fisainana toa inona no nosaininao? Tahaka izao ve no mety ho fisehony?

"Tsy hahomby aho; sarotra loatra ity. Tsy hahomby mandrakariva aho, tsy miova mihitsy fa izao foana, tsy misy miova. Azoko antoka fa ny olon-kafa dia tsy manana olana be mba hampiovana ny sainy. Mety hilavo lefona ihany koa aho. Reraka ny miezaka aho. Mivavaka aho,

nefa toa tsy mandre Andriamanitra. Tena tsy mamaly ny fivavako Izy satria tena diso fanantenana amin'ny fomba fihetsiko."

Raha izany no ohatra mampiseho ny fisainanao, dia tsy mahagaga raha kivy ianao na tonga amin'ny fanamelohana. Tsarovy, izay fisainanao no tonga maha izy anao. Rehefa misaina ny fahakiviana ianao , dia ho kivy. Rehefa misaina fanamelohana ianao, dia tafiditra eo ambany fanamelohana. Ovay ny fisainanao ary aoka ho afaka!

Ovay toy izao ny fisainana tsy mahomby:

"Eny, mandeha miadana ny zavatra, nefa misaotra an'Andriamanitra fa mandroso aho. Faly amin'ny antoka aho fa eo amin'ny l làna izay hitarika ahy amin'ny fahafahana. Nisy andro mafy omaly. Nisafidy fisainana ratsy aho omaly tontolo andro. Ray ô, mamela ahy, ary ampio aho 'hitana ny fitohizana. Nanao fahadisoana aho, nefa farafahakeliny fahadisoana iray tsy haveriko intsony. Andro vaovao anio. Tia ahy ianao, Tompo. Vaovao isa-maraina ny famindramponao."

"Laviko ny ho kivy. Laviko ny ho meloka. Ray ô, ny baiboly dia milaza fa tsy manameloka ahy Ianao. Naniraka an'i Jesosy Ianao mba ho faty ho ahy. Ho azoko ny aiko – ho tsara ny andro anio. Manampy ahy ny hisafidy ny fisainana tsara Ianao anio."

Azoko antoka fa afaka tsy hahatsapa sahady ny fandresena ianao ao amin'ny karazam-pisainana mitovy amin'Andriamanitra, feno faherezana, fahombiazana!

Tiantsika ho miaraka amin'ny vava miteny ny zavatra rehetra. Ananantsika ny vokatry ny faharetana ao anaty, nefa avela hivoaka aty ivelany izany. Indraindray Andriamanitra maka ny fotoanany amin'ny fitondrana antsika amin'ny fanafahana feno. Ampiasainy ny vanim-potoana sarotra amin'ny fiandrasana mba hampiasaina ny finoantsika ary hamela ny faharetana hanao ny asany tanteraka (jereo Jakoba 1:4). Tanteraka ny fotoanan'Andriamanitra. Tsy mba diso aoriana mihitsy Izy.

Inty misy fisainana tsara hafa hosainina: "Mino an'Andriamanitra aho. Mino aho fa miasa ato anatiko Izy na manao ahoana na manao ahoana izay mety ho tsapako na mety ho fisehoan'ny toe-javatra. Nanomboka asa tsara tato anatiko ny Tompo, ary ho vitainy tanteraka izany" (jereo Filipiana 2:13; 1:6).

Amin'izany fomba izany no hahafahanao mampiasa amin'ny fomba mahomby ny fitaovam-piadiana Teny mba handrava ny fiarovana mafy. Manoro hevitra anao mba tsy hisaina tsy hisaina amim-piniavana ny fisainana tsara fotsiny ianao, fa handeha maily iray fanampiny ary hiteny mafy azy ireo ho faneken'ny vavanao.

Tsarovy, Andriamanitra mandefa anao, "tsikelikely", noho izany aza kivy ary aza mihevi-tena ho meloka raha manao fahadisoana ianao.

"Manàna faharetana amin'ny tenanao".

Toko

5

Aoka Ho Pôzitiva

Toko

Aoka Ho Pôzitiva 5

> *"araka izay ninoanao, no hatao aminao"*
>
> MATIO 8:13

Ny saina Pôzitiva mahatonga ny fiainana Pôzitiva. Ny saina "negative" (miiba) mahatonga fiainana "negative". Ny fisainana Pôzitiva dia feno finoana mandrakariva sy fanantenana. Ny fisainana "negative" dia feno tahotra sy fisalasalana mandrakariva.

Ny olona sasany matahotra ny hanantena satria naratra mafy teo amin'ny fiainana. Maro loatra ny fahadisoam-panantenany, tsy mihevitra izy fa afaka miatrika fahoriana indray. Noho izany dia mandà ny hanantena izy mba tsy ho diso fanantenana.

Io fisorohana ny fanantenana io dia karazana fiarovana faharatrana. Mandratra ny fahadisoam-panantenana! Aleon'ny olona misoroka ny faharatrana, maro ny olona no mandà ny hanantena na hino fa hisy zavatra tsara mba hiseho aminy. Io karazana fomba fiainana io dia manangana karazana fomba fiainana negative. Ny zavatra rehetra dia lasa "negative" satria negative ny fisainana. Tsarovy ny Ohabolana 23:7 Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany ny toetrany."

Taona maro lasa izay dia tena "negative" diso tafahoatra aho. Milaza mandrakariva aho fa raha nisaina pôzitiva loatra aho amin'ny filaminany dia ho voan'ny kirampy ny saiko. Toy izao ny filozofiako iray manontolo: "Raha tsy manantena zavatra mety ho tsara hiseho ianao, dia tsy ho diso fanantenana ianao rehefa sy miseho izany."

Nahita fahadisoam-panantenana tena maro aho teo amin'ny fiainana – zavatra tena maro nahaketraka no niseho tamiko – ka natahotra aho ny hihevitra fa mety hisy zavatra hiseho. Nanana fijery ny zavatra rehetra amin'ny fomba "negative" ratsy aho. Satria

"negative" ny fisainako, dia "negative" ny fiteniko; dia lasa toy izany ny fiainako.

Rehefa nanomboka nianatra ny Teny sy natoky an'Andriamanitra mba hanangana ahy aho, ny zavatra voalohany tsapako dia tsy maintsy avela ny fisainana "negative".

Ao amin'ny Matio 8:13 Jesosy dia milaza amintsika araka izay ninoantsika. "Ny dikan-teny King James" dia milaza hoe "araka izay ninoanao, no hatao aminao". Ny zavatra rehetra ninoako dia "negative", dia mazava ho azy maro ny zavatra negativa niseho tamiko.

Tsy midika akory izany fa izaho sy ianao dia afaka hahazo izay mety ilaintsika amin'ny alalan'ny fisainana fotsiny izany. Andriamanitra dia manana drafitra tanteraka ho antsika tsirairay avy.

Raha tsy mahalala izay sitrapon'Andriamanitra ho anao ianao hatreto, dia manomboka misaina hoe "eny, tsy fantatro ny drafitr'Andriamanitra, nefa fantatro fa tia ahy Izy. Na inona na inona ataony dia ho tsara ary ho tahiana aho."

Manomboha misaina mampahery momba ny fiainanao.

Mizàra ho mampahery amin'ny toe-javatra tsirairay izay miseho. Na dia mety tsy tsara loatra aza ny zavatra miseho eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao, antenao fa Andriamanitra hitondra zavatra tsara avy amin'izany, araka izay nampanantenainy ao amin'ny Teniny.

Ny Zavatra Rehetra Miasa Hahasoa

"Ary fantatsika fa [Andriamanitra mpiara-miasa amin'ny asany] ny zavatra rehetra dia miara-miasa [mifanaraka amin'ny drafitra iray] hahasoa izay tia an'Andriamanitra dia izay voantso araka ny fikasany rahateo."

Romana 8:28

Io Soratra Masina io dia tsy milaza fa ny zavatra rehetra dia tsara daholo, fa milaza fa ny zavatra rehetra "miara-miasa hahasoa".

Handeha holazaintsika fa mihevitra ny handeha hiantsena ianao. Miditra ao anaty fiara ianao, ary tsy velona izany. Misy fomba roa afaka hijerenao io toe-javatra io. Afaka milaza ianao hoe "fantatro! Tsy afabela mihitsy. Isaky izay te hanao zavatra iray aho, dia tsy mahomby. Efa azoko an-tsaina fa ho tsi-fahombiazana ny dia ho any an-tsena, ny drafitro rehetra dia toy izany". Na mety milaza ianao hoe: "Eny, te handeha hiantsena aho nefa toa tsy afaka handeha izao dia izao aho. Handeha aho rehefa kelikely, rehefa voavoatra ny fiara. Hatramin'izay dia mihevitra aho fa io fiovana io dia hiasa hahasoa ahy. Mety misy antony ilaiko hijanonana ato an-trano anio, noho izany dia hankafy ny fotoana eto aho."

Ao amin'ny Romana 12:16, ny Apostoly Paoly dia milaza amintsika mba handamina ny tenantsika amin'ny olona sy ny zavatra. Ny hevitra dia ny hoe tsy maintsy mianatra ho tonga karazan'olona izay manao drafitra amin'ny zavatra isika fa tsy mikorontana raha tsy mandeha ilay drafitra.

Tsy ela izay, izaho dia nanana fahafahana tena tsara mba ho fampiarana io fampianarana io. Tany Lake Worth, any Florida izaho sy iDave. Nitory teny nandritra ny telo andro izahay, dia nampirina ny entana ary vonona ny handeha any amin'ny seranam-piaramanidina mba hody. Nihevitra ny hanao pataloha sy ambonin'akanjo miaraka amin'ny kiraro iva aho, mba hahafahako hahazo aina mandritra ny dia miverina.

Nanomboka niakanjo aho ary tsy hitako ny patalohako. Nojerenay ny toerana manontolo ary farany dia hita ilay izy tao ambanin'ny armoara. Niala tamin'ny fiantonana ilay izy ary tena nioritroritra. Nitondra fera fentina mandeha izahay, ary niezaka aho hipasoka hipasoka hanala ny miforiporitra. Nampidiriko ilay izy ary hitako fa tsy ho tsara ny fijery azy. Ny hany safidiko dia ny akanjo sy kiraro avo.

Tsapako ho endratrendra aho noho ny toe-javatra miseho. Hitanao, amin'ny fotoana tsy hahazoantsika izay ilaintsika, dia hiakatra ny fientanam-po ary miezaka mitondra antsika amin'ny fitseran-tena sy

toe-po negativa. Fantatro niaraka tamin'izay nisy safidy tsy maintsy ataoko. Nety ho kirina aho satria tsy niseho araka izay niheverako azy ny zavatra na nampifanojo ny toe-poko amin'ny toe-javatra ary nody sy nifaly tamin'ny dia nody.

Na ny olona iray tena Mampahery aza dia tsy hiseho araka ny fomba izay tiany mandrakariva. Nefa ny olona Mampahery dia afaka mandroso ary manapa-kevitra ny hampifaly sy tenany na inona na inona miseho. Ny olona negativa dia tsy mba faly na amin'ny inona na amin'ny inona.

Tsy mahafinaritra ny miaraka amin'ny olona negativa. Mitondra rakotra maloka amin'ny vina rehetra izy. Misy "fahavesarana" momba azy. Izy dia mpitaraina, mpimonomonona, ary mpahita ho kianina. Na manao ahoana ny zavatra tsara maro miseho, izy matetika dia mahita ilay faritra kely hisehoan'ny olana.

Tamin'izaho tao anatin'ny fisainana negativa lalina, dia raha nandeha niditra tao n-tranon'olona izay vao noravahana aho, dia raha tokony hahita sy hiresaka ny tontolo manodidina mahafinaritra aho , dia ny tsikaritro dia ny faritra kely amin'ny tomotra izay tsy nipetraka tsara na ny tasy eo amin'ny varavarankely. Tena faly aho fa Jesosy nanafaka ahy mba hifaliako amin'ny zavatra tsara eo amin'ny fiainana! Afaka aho mba hino sy hanantena Azy, fa ny zavatra ratsy dia mety avadika ho tsara.

Raha olona negativa ianao, "aza mihevitra ho meloka!". ny fanamelohana dia negativa. Zaraiko aminao ireo zavatra ireo mba hahafahanao mahafantatra ny olanao satria negativa ianao ary hanombohanao hatoky fa Andriamanitra manangana anao, mba tsy hahatonga anao negativa amin'ny fisainana negativa.

Ny làlana mankany amin'ny fahafahana dia manomboka rehefa miatrika ny olana amin'ny tsy fanaovana fialantsiny ny amin'izany isika. Azoko antoka fa raha olona negativa ianao dia misy antony mahatonga izay – misy mandrakariva izany. Nefa tsarovy, fa amin'ny maha Kristianina, araka ny Baiboly, ianao dia olom-baovao ankehitriny.

Andro Vaovao

"Koa raha misy olona [natao grefy] ao amin'i Kristy (ny Mesia) dia olom-baovao izy (olom-baovao tanteraka); efa lasa ny zavatra taloha [ny toetra môraly sy ara-panahy taloha], indreo efa tonga vaovao ireo".

II Korintiana 5:17

Amin'ny maha "olom-baovao" anao dia tsy tokony hamela ny zavatra taloha izayniseho taminao mba hitohy hiantraika amin'ny fiainam-baovaonao ao amin'i Kristy. Olom-baovao ianao miaraka amin'i Kristy. Afaka hanana saina nohavaozina mifanaraka ny Tenin'Andriamanitra ianao. Zavatra tsara no hiseho aminao.

Mifalia! Andro vaovao izao!

Ny Asan'ny Fanahy Masina

"Fa izaho milaza marina aminareo; mahatsara (mampety, hahazonareo tombontsoa) anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, tsy ho avy ny Mpananatra (Mpanolo-tsaina, Mpanampy, Mpisolo vava, Mpanelanelana, Mpampahery, Azo iankinana)

[amin'ny fifandraisana aminareo]; fa raha handeha Aho, dia hirahiko Izy [ho akaiky amin'ny fifndraisana aminareo].

Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana (fahitsian'ny fo sy toerana tsara miaraka amin'Andriamanitra) ary ny fitsarana."

Jaona 16:7-8

Ny ampahany tena mafy amin'ny fahafahana amin'ny saina negativa dia ny fiatrehana ny fahamarinana sy ny fitenenana hoe: Olona negativa aho, ary te hiova. Tsy afaka hanova ny tenako aho, fa mino aho fa Andriamanitra hanova ahy amin'ny fahatokiako Azy. Fantatro fa mila fotoana izany, nefa tsy ho kivy amin'ny tenako aho. "Andriamanitra

manomboka asa tsara tao amiko, ary afaka mahatanteraka izany amin'ny fahafenoana izy" (jereo Fil 1:6).

Angataho ny Fanahy Masina mba handresy lahatra anao isaky ny manomboka ho negativa ianao. Izany no anisan'ny asany. Ny Jaona 16:7-6 dia mampianatra antsika fa ny Fanahy Masina dia mandresy lahatra antsika ny amin'ny fahotana sy ny fahamarinana. Rehefa tong any fandresen-dahatra, angataho Andriamanitra mba hanampy anao. Aza mihevitra fa afaka manova ny tenanao ianao. Miankina Aminy.

Na dia tena negativa tafahoatra ary aho, Andriamanitra dia mamela aho hahafantatra fa raha hahatoky Azy aho, dia hohataony ho tena mampahery. Nandalo fotoan-tsarotra aho mba hiezahana hitahirizana ny saiko ho anatin'ny môdely mampahery. Ankehitriny, tsy zakako ny fisainana negativa. Tahaka ny olona mpifoka sigara. Matetika, ny mpifoka izay niala tamin'ny fifohana dia tsy mazaka ny sigara. Toy izany aho. Nifoka nandritra ny taona maro aho, nefa rehefa niala tamin'izany, dia tsy nahazaka na dia ny fofon'ny setroka aza.

Toy izany koa ny momba ahy ny amin'ny maha negativa. Tena olona negativa aho. Ankehitriny tsy zakako mihitsy ny fomba fisainana negativa, saika ohatry ny fanafintohinana ho ahy izany. Heveriko fa nahita fiovana tsara tena maro aho teo amin'ny fiainako satria nohafahana tamin'ny saina negativa ka ankehitriny aho dia manohitra izay zavatra mety ho negativa.

Miatrika ny zava-misy aho ary mampahery anao hanao izany ihany koa. Raha marary ianao, aza miteny ho "Marary aho", satria tsy marina izany; fa afaka milaza ianao hoe: "mino aho fa Andriamanitra dia manasitrana ahy". Tsy voatery hiteny ianao hoe "hiharatsy ny fahasalamako ary farany hiditra hôpitaly aho"; fa mifanohitra amin'izany, afaka milaza ianao hoe: "ny herin'Andriamanitra manasitrana no miasa ato anatiko amin'izao fotoana izao; mino fa hihatsara."

Tsy fahendrena ny mandà ny hiatrika ny zava-misy; na izany aza anefa raha negativa ny zava-misy eo amintsika dia mbola

afaka hanana fomba fijery mampahery ihany isika miatrika izany. Aoka ho vonona mandrakariva mba hiatrika izay mety hiseho, amin'ny finoana fa Andriamanitra miasa hahasoa amin'ny zavatra rehetra.

Saina Vonona (Zotom-Po)

"Ary ny toe-panahin'ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny Teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan'andro na marina izany na tsia."

Asan'ny Apostoly 17:11

Milaza ny Baiboly fa ilaina isika manana saina vonona. Midika izany fa tokony hanome saina izay misokatra amin'ny sitrapon'Andriamanitra ho antsika isika, na inona na inona izany.

Ohatra, vao tsy ela nisy tovovavy izay fantaro nalahelo noho ny faharavan'ny fifamofoana. Izy sy ilay zatovolahy dia nivavaka na tian'ny Tompo hiaraka izy ireo na tsia, na izany aza dia nanapa-kevitra ny izy ny tsy hivady tamin'izay fotoana izay. ilay tovovavy dia hanohy hanohy ny fifandraisana ary nihevitra , nanantena ary nino fa ny fofom-badiny teo aloha dia hiantso azy ary hanana ny fientanam-po mitovy amin'ny azy.

Nanome tolo-tsaina azy aho mba hanana "saina vonona" raha tsy araka izay noheveriny no miseho. Nilaza izy hoe "Eny, tsy negativa ve izany?"

"Tsia tsy izany!"

Ny fisainana negativa dia hihevitra hoe: "vita ny amiko; tsy misy olona ho tia ahy mihitsy. Tsy nahomby aho, ary ankehitriny dia hijaly mandrakizay aho!"

Ny maha mampahery dia hiteny hoe: "tena malahelo aho noho ny nisian'io zavatra io, nefa hitohy hahatoky an'Andriamanitra aho. Manantena aho fa izaho sy ny olon-tiako dia mbola afaka hiaraka.

Hangataka aho ary hino fa haverina indray ny fifandraisanay; nefa mihoatra ny zavatra rehetra, mila ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka aho. Raha tsy mandeha araka izay noheveriko ny zavatra miseho, "dia handray aho", satria velona ato anatiko Jesosy. Mety ho sarotra aloha izany, nefa mahatoky ny Tompo aho. Mino aho fa amin'ny farany ny zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa.

Izany ny hoe miatrika ny zava-misy, manana saina vonona, nefa mbola Mampahery.

"Izany no heveriko fa fomba fijery salama, voalanjalanja tsara."

Ny Herin'ny Fanantenana

"[Satria araka ny fomba fisainan'i Abrahama amin'ny maha olona] Ary na dia efa tsy nanantena aza, dia nanantena ihany izy ka nino, mba ho rain'ny firenena maro; araka ny voalaza hoe: "Ho tahaka izany ny taranakao"[tsy voaisa]

Ary satria tsy mba nalemy finoana izy, dia nihevitra ny tenany [tena] izay efa hoatra ny maty fa efa tokony ho zato taona izy sy [raha nihevitra] ny fahafatesan'ny kibon'i Saraha."

Romana 4:18-20

Mino izaho sy Dave fa ny asa fanompoanay ao amin'ny Tenan'i Kristy dia hitombo isan-taona. Te hanampy olona bebe kokoa mandrakariva izahay. Nefa tsapanay fa raha manana drafitra hafa Andriamanitra, ary raha miafara amin'ny taona tsy misy fitomboana izahay (toy ny tamin'ny niainganay), dia tsy avelanay manapaka ny fifalianay io toe-javatra io.

Mino zavatra maro izahay, nefa ankoatr'ireo, dia mino ilay Iray izahay. Ilay Iray io dia Jesosy. Tsy fantatsika fotsiny fa miara miasa hahasoa antsika izany!

Arakaraka ny mahatonga antsika ho mampahery, no hahafahantsika miditra amin'ny fikorinan'ny herin'Andriamanitra.

Mazava ho azy Andriamanitra dia mampahery, mba hahafahana mikoriana miaraka amin'ny heriny, dia tsy maintsy mampahery ihany koa isika.

Mety tena feno fanoherana ny toe-javatra eo aminao. Mety hihevitra ianao hoe: Joyce a, raha mba fantatrao ny toe-javatra misy ahy, dia tsy afaka ny hanantena ahy ho mampahery ianao. "Ny maha mampahery ao amin'ny toe-javatra mampahery mora. N'iza n'iza dia afaka ny ho izany. Nefa, raha mampahery isika ao anatin'ny toe-javatra negativa dia mampiseho fahatokiana an'Andriamanitra tena izy izany ary fahalehibiazana ara-panahy izay mahafaly sy manome vononahitra an'Andriamanitra.

Te hampahery anao aho mba hiverina hamaky ny Romana 4:18-20 izay hitantarana fa Abrahama, rehefa mijery ny haben'ny toe-java-misy (tsy nodiany tsy hita ny zava-misy), noheveriny (fisainana fohy) ny tenany efa tena malemy sy ny fahamomban'ny kibo efa maty an'i Saraha. Na dia efa tsy nisy nanantena intsony aza araka ny hevitr'olombelona, dia nanantena tamim-pinoana izy.

"Tena mampahery iAbrahama niatrika toe-javatra tena negativa!"

Ny Hebreo 6:19 dia milaza amintsika fa ny fanantenana no vatofantsiky ny aina. Ny fanantenana no hery izay miazona antsika ho matanjaka amin'ny fotoanan'ny fitsapana. Aza mitsahatra manantena. Raha mitsahatra manantena dia hanana fiainana mijaly ianao satria tsy manana fanantenana, manomboha manantena. Aza matahotra. Tsy afaka mampanantena anao aho fa ny zavatra rehetra dia hiseho foana araka izay noheveranao azy mihitsy. Tsy afaka mampanantena aho hoe tsy ho diso fanantenana mihitsy ianao. Nefa na amin'ny fotoana mandiso fanantenana aza, raha tonga izany, dia afaka hanantena sy ho pôsitiva foana ianao. Apetraho ao amin'ny tontolo iasàn'ny fahagagan'Andriamanitra ny tenanao.

Manantenà fahagagana eo amin'ny fiainanao.

Manantenà zavatra tsara !

Manantenà Ny Handray! Handray! Manantenà!

"Koa Jehovah [amin'ny fony] dia mbola hiandry [manantena, mitady ary maniry fatratra] mandra-pamindrany fo aminareo, ary mbola hitoetra any amin'ny avo Izy mandra-piantrany anareo. Fa Andriamanitry ny fahamarinana Jehovah. Sambatra (tahiana, navahana, irin'ny olona) izay rehetra miandry azy, izay miandry sy mitady ary maniry fatratra Azy [ny fandreseny, ny fahitana fitia eo imasony, ny fitiavany, ny fifaliany ary ny maha tsy manam-paharoa Azy sy ny fiarahany tsy mety ho rava]!"

Isaia 30:18

Io Teny io dia tonga anisan'ny Soratra Masina tena tiako. Raha misaintsaina izany ianao, dia hanomboka hitondra fanantenana lehibe izany. Ao amin'izany, Andriamanitra dia milaza fa mitady olona hanehoana ny fahasoavany (fahatsarana) nefa tsy afaka ho olona manana fijery marikivy sy saina negativa izany. Tsy maintsy ho olona izay manantena (miandry sy maniry fatratra an'Andriamanitra ho tsara aminy na lahy izy na vavy).

Tsindrimandry Ratsy

Inona ny "tsindrimandry ratsy"?

Tsy taorian'ny nanombohako nianatra ny Tenin'Andriamanitra, raha nibango volo indray maraina tao amin'ny efitra fandroana aho dia nahatsapa atmosfera toa tsy hay faritana manodidina ahy, fahatsapana mampatahotra fa hisy zavatra ratsy hiseho. Tonga saina aho fa ny marina dia nanana io fahatsapana io aho tamin'ny ankamaroan'ny fiainako.

Nanontany ny Tompo aho hoe:
"Inona io fahatsapana hananako mandrakariva io?"
"Tsindrimandry ratsy" no teny napetrany tao am-poko.

Tsy fantatro izay heviny, na nandre izany mihitsy aho. Fotoana kely taty aoriana, dia hitako ilay andian-teny ao amin'ny Ohabolana 15:15 hoe: **"Ratsy avokoa ny andron'ny ory [fisainana feno fanahiana sy tsindrimandry ratsy] fa ny faharavoravoam-po dia ny fanasana mandrakariva [na manao ahoana ny trangan-javatra]."**

Fantatro tamin'io fotoana io fa ny ankamaroan'ny fiainako dia nataon'ny fisainana sy tsindrimandry ratsy ho ory. Eny, nisy ny tranga izay tena sarotra, nefa na dia tsy nisy aza izany dia mbola ory ihany aho satria ny fisainako dia nanapoizina ny fijeriko ary nandroba tamiko ny fahafahana mifaly amin'ny fiainana sy mahita andro tsara. Na dia tsy nisy zava-dratsy niseho aza tamin'izany fotoana izany, fa nanana fahatsapana tsy mari-pototra aho fa misy zava-dratsy efa hitranga. Noho izany dia tsy afaka tena nankamamy ny fiainako aho.

Arovy Amin'ny Ratsy Ny Lelanao!

"Fa na iza na iza maniry fiainana sy ta-hahita andro soa [tsara – na hita na tsia] aoka izy hiaro ny lelany amin'ny ratsy ary ny molony mba tsy hiteny fitaka (famadihana, hafetsena)."

1 Petera 3:10

Ity andininy ity dia milaza fotsiny amintsika fa ny fifaliana eo

amin'ny fiainana sy ny fahitana andro tsara ary ny fananana saina sy teny mampahery dia mifamatotra.

Tsy mampaninona na negativa manao ahoana ianao na efa ela ianao no toy izany, dia fantatro fa afaka miova ianao satria izaho efa niova. Nila fotoana sy "fanampiana be" avy amin'ny Fanahy Masina izany, nefa nilaina izany.

Mendrika ho anao ihany koa izany. Na inona na inona miseho, matokia ny Tompo – ary aoka ho pozitiva! Aza avela hisy tsindrimandry ratsy hivezivezy ao amin'ny atmosferanao, mifanohitra amin'izany tohero amin'ny fahavononana hiady izy amin'ny anaran'i Jesosy Kristy.

Toko

6

Fanahy Mamatotra Ny Saina

Toko 6

Fanahy Mamatotra Ny Saina

> *"Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'I Kristy Jesosy."*
>
> Filipiana 4:6-7

Teo aloha dia tonga tamin'ny toerana tamin'ny fiarahako nandeha tamin'Andriamanitra izay sarotra tamiko ny nino ny zavatra sasany izay ninoako tany aloha. Tsy azoko an-tsaina izay tsy nety tamiko, ary vokatr'izany dia sadaikatra aho. Arakaraka ny maha ela ny fitohizan'ny olana, dia mihasadaikatra ihany aho. Toa mitombo toy ny dingan'olona goavambe ny tsi-finoana. Nanomboka nisalasala ny amin'ny antsoko aho; nihevitra aho fa niala tamin'ny vina nomen'Andrimanitra ahy ho an'ny ara-panompoana. Ory aho (ny tsi-finoana dia miteraka fahoriana mandrakriva). Votsa ny saiko ary nahatsapa toa tsy afaka nino an'Andriamanitra aho na manao ny hamafin'ny ezaka nataoko.

Roa andro misesy dia nandre andian-teny tonga tao amin'ny fanahiko aho "Fanahy mamatotra ny saina". Ny andro voalohany dia tsy nisaina be loatra izany aho. Na izany aza anefa, ny andro faharoa, rehefa nanomboka ny fotoana vavaka fifonana aho, dia nandre indray efa ho in-efatra na in-dimy: "fanahy mamatotra ny saina". Na dia tsy zatra tamin'io andian-teny io aza aho, dia nisy dikany ny fiheverana ny fahatsapako ara-tsaina.

Fantatro amin'ny olona rehetra izay nitoriako teny fa marobe amin'ny mpino no manana olana amin'ny sainy. Nihevitra aho fa ny Fanahy Masina dia nitarika ahy mba hivavaka ho an'ny tenan'I

Kristy hanoherana ny fanahy antsoina hoe "Famatoran'ny saina". Dia nanomboka nivavaka aho ary nanohitra ny fanahy mamatotra ny saina amin'ny anaran'I Jesosy. Taorian'ny roa minitra nivavahana fotsiny, dia tsapako ny fahafahana lehibe tonga tao amin'ny saiko. Ny fisainana avy amin'ny fanahy ratsy niafina teo amin'ny manodidina dia mampitsangam-bolo ary tena nisy. Jesosy dia niantso ny demonia tamin'ny anarany ary nandidy azy hiala.

Afaka Tamin'ny Fanahy Mamatotra Ny Saina

Satria ny fanafahana nentin'Andriamanitra tamiko dia niandalana ary tonga tamin'ny finoana sy ny fanekena ny Tenin'Andriamanitra tamin'ny vava. Ny Jaona 8:31-32 sy ny Salamo 107:20 no vavolombeloko. Ao amin'ny Jaona 8:31-32 dia milaza Jesosy hoe "raha maharitra amin'ny teniko ianareo ... dia ho mpianatro tokoa; ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo" ny Salamo 107 dia milaza ny amin'ny Tompo hoe: "Nandefa ny Teniny Izy mba hahasitrana azy ary nanafaka azy tamin'ny longoa nianjerany."

Nefa tamin'ity fotoana ity dia tsapako ary fantatro niaraka tamin'izay fa nisy zavatra niseho tao an-tsaiko. Tao anatin'ny minitra vitsy dia afaka nino indray ny sehatra izay nampiady saina ahy aho mialoha kely ny fotoana fivavahako.

Hanome anao ohatra iray aho. Mialoha ny nanafihan'ny fanahy ratsy mamatotra ny saina, dia nihevitra aho fa araka ny Tenin'Andriamanitra, ny maha vehivavy avy any Fenton,

Missouri aho, izay tsy fantatr'olona n'iza n'iza dia tsy hahatonga fihavahana ao amin'ny fiainako sy ny asa fanompoana (Gal 3:28). Rehefa vonona Andriamanitra, dia hamoha varavarana maro tsy azon'ny olona akatona, "Izy" (jereo Apok 3:8), ary hitory ny hafatra izay manafaka izay nomeny ahy manerana izao tontolo izao aho.

Nino aho fa hanana ny tombontsoa hizara ny filazantsara manerana ny firenena amin'ny alalan'ny onjam-peo ary amin'ny fahitalavitra ihany koa (tsy noho izaho, fa na dia izaho aza). Fantatro fa araka ny Soratra Masina, Andriamanitra dia mifidy ny zavatra malemy sy adala hahamenatra ny hendy (jereo 1 kor 1:27). Ninoako fa ny Tompo hampiasa ahy mba hanasitrana ny marary. Ninoako fa ny zanakay dia ampiasaina ao amin'ny asa fanompoana. Nino karazan-javatra mahafinaritra maro izay napetrak'Andriamanitra tao am-poko aho. Ny ankamaroan'izy ireny dia toa fahadalana amin'ny fisainana na tsy eken'ny saina, nefa Andriamanitra nametraka azy tao am-poko ry nanome ahy finoana "surnaturel" mba hino izay tsy azo hinoana amin'ny hita maso.

Na izany aza anefa, rehefa misy fanahy ratsy manafika ahy, dia toa tsy afaka nino na inona na inona aho, nino izany fotsiny aho satria tiako izany, mety tsy hiseho mihitsy. "Nefa rehefa niala ireo fanahy ireo, dia nihazakazaka niverina ny fahafahana hino

Io fahatsapana io dia nanazava tamiko bebe kokoa noho ny teo aloha ny amin'ny fomba hanoheran'ny devoly ny saintsika amin'ny fomba masiaka. Fantany fa raha afaka feheziny ny saintsika dia afaka feheziny ny fiainantsika.

Tandremo ny toetran'ny saintsika ary hazony ho afaka, feno fiadanana, ary feno finoana.

Manapaha Hevitra Ny Hino

"Ary toy izany koa, ny Fanahy[Masina] no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina."

Romana 8:26

Amin'ny maha Kristianina, isika dia ilaina ny mianatra ny "hanapa-kevitra" ny hino. Matetika Andriamanitra no manome antsika finoana (vokatry ny Fanahy) ho an'ny zavatra izay toa tsy afaka manaiky ny saintsika mandrakariva. Ny saina dia te hahazo ny zavatra rehetra – ny hoe nahoana, ny rahoviana, ary ahoana ny momba izany rehetra izany. Matetika, rehefa tsy omen'Andriamanitra io fahazoana an-tsaina io, ny saina dia mandà ny hino izay tsy azony.

Ny miseho matetika, dia ny mpino "mahalala" zavatra iray am-pony (ao anaty lalin'ny maha olona azy), nefa ny sainy dia miady amin'izany.

Efa ela tany aloha aho no nanapa-kevitra ny hino ny lazain'ny Teny, ary hino ny "Rhema" (ny Teny nambara) izay nomen'Andriamanitra ahy (ny zavatra nolazainy tamiko sy ny Teny fikasana nomeny ahy manokana), na dia tsy azoko aza hoe nahoana, rahoviana ary ahoana no hahatanterahan'izay eo amin'ny fiainako. Amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika, iray amin'ireo tombontsoa ananantsika dia ny finoana ny tsy azo tanterahana.

Nefa io zavatra izay niadiko io dia hafa; mihoatra ny fanapahan-kevitra izany. Voafatotr'ireo fanahy mamatotra ny saina ireo aho ary tsy afaka mitondra ny teniko mba hino.

Isaorana Andriamanitra fa tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia nasehony tamiko ny fomba fivavaka, ary mandresy ny Heriny.

Azoko antoka fa eo am-pamakiana ity boky ity ianao ankehitriny satria notarihana ho amin'izany ianao. Ianao ihany koa mety manana olana eo amin'io sehatra io. Raha izany, tohero ny fanahy ratsy rehetra izay manakana ny fisainana araka an'Andriamanitra. Raha tsapanao fa votsa, kamo, ary tsy afaka hino, dia tohero amin'teny ny "fanahy mamatotra ny saina". Mivavaha toy izany tsy hoe indray mandeha fotsiny fa amin'ny fotoana mety hahatsapanao fahasarotana eo amin'io sehatra io.

Tsy lany mihitsy ny zana-tsipikan'ny devoly hitifirana antsika rehefa miezaka ny handroso isika. Ampiankaro ny ampingan'ny finoanao ary

tsarovy ny Jakoba 1:2-8 izay mampianatra antsika mba hahafahantsika mangataka fahendrena amin'ny fitsapana ary homeny antsika izany ary hampisehoany amintsika izay tokony hatao.

Nanana olana aho, zana-tsipika mirehitra mbola tsy hitako teo aloha. Nefa Andriamanitra nampiseho tamiko ny fomba fivavaka, ary afaka aho.

Ho afaka ihany koa ianao.

Toko

7

Saino Izay Tokony Hosainina

Toko

Saino Izay Tokony Hosainina 7

Ny tenin' Andriamanitra dia mampianatra antsika izay tokony andaniantsika fotoana hosaintsainina.

> *"Ny didinao no hosaintsainiko, ary hodinihiko ny lalanao [ny lalan' ny fiainana marihin'ny làlanao]".*
>
> Salamo 119:15

Nilaza ny Mpanao Salamo fa nisaintsaina ny didin' Andriamanitra. Midika izany fa nandany fotoana be izy nandinika sy nisaina ny lalàn' Andriamanitra, ny toro-làlana sy ny fampianarana. Ny Salamo 1:3 dia milaza fa ny olona manao izany dia " tahaka ny hazo ambolena [karakaraina] eo amoron' ny ranovelona, mamoa amin' ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa [ary miha-matotra izy].

Misy tombontsoa lehibe ny fisainana ny Tenin' Andriamanitra arakaraka ny andanian'ny olona iray fotoana betsaka hisainana ny Teny, dia hahazo vokatra avy amin'ny Teny izy.

Tandremo Izay Saintsainao

Ary hoy Izy taminy: Diniho izay teny renareo; araka ny ohatra anoharanareo ihany [amin'ny fisainana sy ny fianarana] no hanoharana ho anareo [amin'ny fahamarinana sy fahalalana], ary [ary ambonin'izany] homena mihoatra aza ianareo.

Marka 4:24

Akory ny hatsaran' izany Soratra Masina! Akory ny hatsaran' izany Soratra Masina! Manambara amintsika izany fa arakaraka ny fotoana betsaka lanintsika hisainana ny Teny izay vakiantsika sy henointsika, dia hanana hery bebe kokoa sy fahaizana hanaovana ireny isika hanana

fahalalana fanambarana amin'ireny no vakiantsika sy norenesintsika. Amin'ny fototra hiorenany, milaza izany fa ho azontsika avy amin'ny Teny izay ataontsika aminy.

Mariho indrindra ny fampanatenana fa ny habetsaky ny fihevitra sy fianarana laniantsika amin'ny Teny no hametra ny habetsaky ny fahatsaran-toetra sy fahalalana hiverina amintsika.

Ny Rakibolana "expository Dictionary of Biblical Words" dia milaza fa ao amin'ny Soratra Masina sasany an'ny "King James Version" ny teny Grika "dunamis" midika hoe Hery dia nadika hoe hatsarana toe-panahy. Araka ny konkordansa "The new strong's exhaustive Concordance of the Bible", ny dika hafa an'ny "dunamis" dia fahaizana. Ny ankamaroan'ny olona dia tsy mitoetra tena lalina ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Vokatr'izany, dia very hevitra ny amin'ny hoe nahoana izy ireo no tsy Kristiana mahery ary miaina ny fiainam-pandresena.

Ny marina ny ankamaroany dia tsy miezaka amin'ny fianarana ny Teny. Mandeha izy ary mihaino ny hafa mampianatra sy mitory ny Teny. Mety mihaino kapila maro misy toriteny izy ireo na mamaky Baiboly ihany koa, nefa tsy tena manoka-tena amin'ny fanaovana ny Teny ho ampahany betsaka eo amin'ny fiainany, ao anatin'izany ny fandaniana fotoana hisainana izany.

Amin'ny maha izy azy ny nofo dia kamo, ary maro ny olona no te hahazo zavatra maimampoana (tsy misy ezaka avy aminy); na izany aza anefa tsy izany no tena fandehany. Averiko indray, "ny olona iray dia hahazo avy amin'ny Teny izay tiany atao aminy."

Saintsaino Ny Teny

"Sambatra (manana tombony, manan-karena, miroborobo ary irin'ny hafa) ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy [manaraka ny tolo-tsainy, ny drafiny ary ny tanjony], ary tsy mijanona [tsy manaiky

ary tsy mietsika] eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota, ary tsy mipetraka [miala sasatra sy mijanona] eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira [mpaneso].

Fa ny lalàn'I Jehovah (ny fampianaran'Andriamanitra, ny toro-lalany) no sitrany, eny ny lalàny no saintsaininy (dinihiny sy ianarany) andro aman'alina."

Salamo 1:1-1

Araka ny rakibolana "Webster", ny teny "misaintsaina" dia midika "1.misaina lalina: MANDINIKA, 2.Manao drafitra na minia ao an-tsaina ... miditra amin'ny fandinihana." Ny rakibolana an'I Vine "expository Dictionary of Biblical Words" dia milaza fa ny "misaintsaina" dia midika aloha, 'miahy' ... miezaka mba, mankato, ... 'mazoto amin'ny', ... mankato ny hevitra voalohan'ny Teny, ... 'mandinika', 'manao ary an-tsaina' ... 'misaintsaia mialoha.'

Milaza ny Ohabolana 4:20 hoe "Anaka, tandremo ny teniko; atongilano ny sofinao hihaino ny filazako." Raha akambantsika amin'ny Ohabolana 4:20 miaraka amin'ny famaritana ny Teny "misaintsaina" isika, dia midika fa mitandrina ny Tenin'Andriamanitra isika amin'ny fisaintsainana azy, amin'ny fandinihana ary amin'ny famerimberenana sy fankatoavana azy ao amin'ny fisainantsika. Ny hevitra fototra dia rah ate hanao izay ambaran'ny Tenin'Amdriamanitra isika, dia tsy maintsy mandany fotoana misaina izany.

Tsarovy ny fomba fiteny tranainy hoe "ny fanazara-tena mahatonga ny olona ho tanteraka"!. Tsy afaka ny hanantena ho tena tompo-pahaizana amin'ny zavatra iray eo amin'ny fiainana na inona na inona isika raha tsy manao fanazaran-tena betsaka, koa nahoana no antenaintsika fa hafa noho izany ny maha-Kristiana?

Ny Fisaintsainana Mitondra Fahombiazana

"Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman'alina. Hitandremanao hanao araka

izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny làlanao ianao sady hambinina."

Josoa 1:8

Raha tianao ny hambinina sy hahomby amin'izay rehetra ataonao, hoy ny Baiboly dia tsy maintsy misaintsaina ny Tenin'Andriamanitra andro aman'alina.

Ahoana ny halavan'ny fotoana laniana hisaintsainana ny Tenin'Andriamanitra? Raha manana olana na amin'inona na amin'inona eo amin'ny sehatry ny fiainanao, ny valinteny marina an'io fanontanina io dia mety hafa hampiseho ny antony hoe nahoana.

Amin'ny ankamaroan'ny fiainako, dia tsy nisaina izay tokony hosainiko aho. Nosainiko fotsiny izay tonga ao an-dohako. Tsy nanana fanambarana fa Satana dia afaka hampiditra fisainana ao amin'ny saiko. Ny betsaka tao an-tsaiko dia na lainga izay holazain'I Satana na zavatra tsy misy dikany fotsiny – zavatra izay tsy nilaina andaniana ny fotoana hosainina. Nanapaka ny fiainako ny devoly satria nanapaka ny fisainako.

Saino Izay Tokony Hosaininao

"Teo amin'ireo no nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin'ny filàn'ny nofontsika, ka nanaovantsika ny danin'ny nofo sy ny saina; ary araka ny toetsika dia zanaky ny fahatezerana toy ny sasany koa isika."

Efesiana 2:3

Mampitandrina antsika I Paoly fa tsy tokony hanjakan'ny toetrantsika voajanahary isika ary hankato ny danin'ny nofo, ny fisainan'ny nofo.

Na dia Kristiana aza aho, dia nanana olana aho satria tsy nianatra hifehy ny fisainako. Nihevitra zavatra izay nihazona ny saiko hiasa aho nefa ireo dia tsy namokatra tamin'ny fomba pôzitiva.

"Nilaiko ny nanova ny fisainako"!

Zavatra iray no nolazain'ny Tompo tamin'ny nofo rehefa nanomboka nampianatra ahy ny mandresy ao amin'ny fisainana Izy ary tonga kion-dalana ho ahy.

Hoy Izy hoe "hevero izay saininao". Rehefa nanomboka nanao izany aho, dia tsy ela no nanombohako nahazo hoe nahoana aho no nanana olana lehibe teo amin'ny fiainako.

"Mikorontana ny saiko".

Nisaina ny zavatra ratsy rehetra aho.

Nankany am-piangonana aho, ary nanao izany nandritra ny taona maro, nefa izaho tsy nisaina marina izay norenesiko. Niditra tamin'ny sofina iray izany ary nivoaka tamin'ny sofina iray, izay no ilazana azy. Namaky Soratra Masina tao amin'ny Baiboly isan'andro aho tsy nisaina mihitsy izay novakiako. Tsy "nitandrina" ny Teny aho. Tsy nisaina sy nianatra izay reko aho. Noho izany dia tsy fahatsaran-toetra na fahalalana niverina tamiko.

Saintsaino Ny Asan'Andriamanitra

"Efa nieritreritra ny famindrampona izahay, Andriamanitra ô, tao anatin'ny Tempolinao."

Salamo 48:9

Ny Mpanao Salamo Davida dia niresaka matetika ny momba ny fisaintsainanao ny asa mahafinaritra nataon'ny Tompo – ny asa mahery nataon'Andriamanitra. Nilaza izy fa nisaina tamin'ny Tenin'ny Tompo, ny famindrampon' Andriamanitra, ny fitiavan'Andriamanitra sy zavatra hafa maro toy izany.

Rehefa nahatsapa ho rera-tsaina izy, dia nanoratra ao amin'ny Salamo 143/4-5 **"Dia reraka ny fanahiko ato anatiko [rakotry ny alahelo]; fadiranovana ny foko ato anatiko. Mahatsiaro ny andro**

fahiny aho ary misaina ny asanao rehetra; ny asan'ny tananao no eritreretiko".

Hitantsika avy amin'io ampahan-tsoratra Masina io fa ny famalian'I Davida an'io fahatsapana fahararerahan-tsaina sy alahelo io dia ny tsy fisaintsainana ny olana. Mifanohitra amin'izany dia manohitra tamin'ny fomba mavitrika izy tamin'ny "fisafidianana" ny hahatsiaro ny andro tsara tamin'ny lasa – misaintsaina ny asan'Andriamanitra sy ny asan'ny tanany. Amin'ny fiteny, mieritreritra zavara tsara ao, ary manampy ahy handresy ny fahararerahan-tsaina izany.

Aza adinoina mihitsy izao: "mandray anjara lehibe amin'ny fandresenao ny sainao."

Fantatro fa ny herin'ny Fanahy Masina miasa amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra no mitondra fandresena eo amin'ny fiainantsika. Nefa ny ampahan'asa lehibe izay ilaina hatao ho antsika di any hanitsy ny fisainantsika amin'Andriamanitra sy ny Teniny. Raha mandà ny hanao izany na misafidy ny hisaina isika fa tsy zava-dehbe izany, dia tsy hahazo fandresena mihitsy isika.

Miovà Amin'ny Fanavaozanao Ny Sainao

"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao (izao vanim-potoana izao), [narafitra arak any nampanojoana ny fomba ivelany sy maniditsidina]; fa miovà amin'ny fanavaozana[tanterak] ny saina [amin'ny alalan'ny idealiny vaovao sy ny fihetsika vaovao], hamantaranareo[ho an'ny tenanareo] ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina [eo imasony ho anao]"

Romana 12:2

Eto amin'ity ampahan-tsoratra Masina ity ny Apostoly Paoly dia milaza fa raha te hahalala ny sitrapon'Andriamanitra dia izay tsara sy tanteraka eo amin'ny fiainantsika isika dia afaka – "raha" Nohavaozina

ny saintsika. Nohavaozina ho amin'ny inona? Nohavaozina araka ny fomba fisainan'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fisainana izany dia ovaina na havaozina ho araka izay heverin' Andriamanitra ho antsika. Nataon'I jesosy ho fanovana tanteraka io tamin'ny alalan'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty. Lasa zava-misy eo amin'ny fiainantsika izay amin'ny alalan'ny fanavaozana ny saina.

Mamelà ahy hilaza aminao eto amin'ity teboka ity, mba hisorohana ny fifanipahan-kevitra, fa ny fisainana tsara dia tsy "misy" ifandraisany amin'ny famonjena. Ny famonjena dia miorina fotsiny ihany amin'ny ran'I Jesosy, ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana sy ny fitsanganany tamin'ny maty. Maro ny olona no ho tonga any an-danitra satria tena nanaiky an'I Jesosy ho mpamonjiny, nefa maro amin'ireo olona ireo no tsy handeha amin'ny fandresena mihitsy hifaly amin'ny planina tsara nomen'Andriamanitra azy satria ny sainy sy nohavaozina araka ny Teny.

Nandritra ny taona maro, dia anisan'ireo olona ireo aho. Efa nateraka indray aho. Handeha ho any an-danitra.Nankany ampiangonana sy nanaraka fombafomba-pivavahana, nefa sy mba tena nanana fiainam-pandresena teo amin'ny fiainako. Ny antony dia satria nisaina zava-diso aho.

Hevero Ireto Zavatra Ireto

"Farany, ry rahalahy, na inona na inona masina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha te ho tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izay."

Filipiana 4:8

Mampiseho toro-lalana an-tsipiriany maro ny amin'ny karazan-javatra tokony hoheverintsika ny Baiboly. Azoko antoka fa hitanao avy

amin'ireo Soratra Masina ireo fa isika dia ampianarina mba hihevitra zavatra tsara izay hampandroso fa tsy hanimba.

Ny fisainantsika mazava ho azy dia manimba ny fientanam-po sy toetra. Ny zavatra rehetra lazain'ny Tompo amintsika dia hahatsara antsika. Fantany izay hahasambatra antsika sy hahatonga antsika ho ory. Rehefa misy olona feno fisainana diso dia ory izy ary mianatra avy amin'ny traikefa manokana.

Fa rehefa misy olona ory dia matetika izy miafara amin'ny fanaovana ny hafa ho ory. Tokony ho raisina tsirairay amin'ny fomba tsy tapaka izay sainina ary hanontany tena hoe "Inona no nosainiko?" manokana fotoana handinihina ny fiainan'ny fisainanao.

Hevero fa izay sainina dia tena sarobidy satria Satana dia matetika mamitaka ny olona amin'ny fisainana fa ny loharanon'ny fahoriana sy ny olana dia zavatra hafa noho izay tena izy. Tiany izy ireo hisaina fa ory izy ireo noho izay mitranga "manodidina" azy ireo (ny tranga atrehany), nefa ny fahoriana dia ny marina dia avy amin'ny izay miseho ao "anatin" ireo (ny fisainany).

Nandritra ny taona maro nihevitra fa ory aho noho ny zavatra nataon'ny hafa na tsy nataony. Nomeko tsiny Rangahy vadiko sy ny zanako ho fototry ny fahoriako. Raha mba hafa ny toetrany, raha mba nitandrina hahalala ny ilaiko, raha mba nanampy ahy izy tao an-tokantrano, dia, noheveriko, fa ho sambatra aho. Zavatra iray izay ary hafa indray nandritra ny taona maro. Farany, niatrika ny marina aho, fa tsy misy amin'ireo zavatra ireo mihitsy no nahatonga ahy ho ory raha nisafidy ny toe-po tsara aho. Ny fisainako no nahatonga ahy ho ory.

Mamelà ahy hilaza farany: *"hevero izay saininao". Mety ho voafaritrao ny olanao sasany ary eo an-dalan'ny fahafahana amin'ny fomba haigana.* traarakarakanyandanian'nyolonairayfotoanabetsakahisainananyTeny, diahahazovokatraavyamin'nyTenyizy.

Part II

Toetry ny Saina

Fampidirana

> *Fa zahay manana ny tenin'i Kristy (ny Mesia) ary mihazona ny fisainana (fienta am-po sy tanjona) ny fony.*
>
> I Korintiana 2:16

Manao ahoana ny toe-tsaina?

Efa nomarihinao ve miovaova ny toetry ny sainao ? indray mandeha dia mety ho tony sy feno fiadanana, ary amin'ny fotoana hafa dia matahotra sy miahiahy. Na mety mandray fanapaha-kevitra ianao ary manana antoka ny amin'izany, avy eo dia hitanao mikorontana ny sainao mahakasika io ihany; izay nazava taminao nefa teo aloha ary nanananao antoka.

Nisy fotoana teo amin'ny fiainako manokana nahatsapako ireo zavatra ireo ihany koa toy ny hafa. Nisy fotoana izay toa afaka nino an' Andriamanitra tsy misy olana mihitsy aho, ary avy eo nisy fotoana hafa nisy fisarahana sy tsy finoana mieloelo tamiko tamin'ny fomba tsy misy famindram-po.

Satria tsy mety ho amin'ny toetra maro ny saina, dia nanomboka nanontany tena aho, hoe rehefa rahoviana ny saiko no "normal" ? tiako ho fantatra hoe inona no normal mba hahalehako mianatra ny hanova ny fomba fisainana tsy "normal" miaraka amin'izany rehefa tonga izy ireo.

Ohatra, ny saina mitsikera, mitsara, sy miahiahy dia tokony hoheverina fa tsy "normal" ho an'ny mpino iray. Na dia izany aza anefa, tamin'ny ampahany betsaka teo amin'ny fiainako, dia "normal" ho ahy izany na dia tokony tsy ho izany aza. Izany no nahazatra ahy, ary na tena diso ary ny fisainako ary nahatonga ny olana maro teo amin'ny fiainako, dia tsy fantatro fa ny zavatra diso tamin'izay no nisainiko.

Tsy fantatro fa misy zavatra azoko natao momba ny fiainan'ny fisainako. Efa mpino aho, ary nandritra ny taona maro, nefa tsy mba nahazo fampianarana ny fiainanan'ny fisainako na ny momba ny toetra tokony ho izy ho an'ny sain'ny mpino.

Ny saintsika dia tsy nateraka indray niaraka tamin'ny fotoana nahateraka indray antsika ka natao hohavaozina izany (jereo Rom 12:2). Araka ny efa nambarako in-betsaka, ny fanavaozana ny fisainana dia miandalana ka mila fotoana. Aza ketraka na dia mamaky fizarana manaraka an'ity boky ity ary mahita fa amin'ny ankamaroan'ny fotoana ny sainao dia manana toetra tsy tokony ho izy ho an'ny olona iray milaza tena fa Kristy no Mpamonjy azy. Ny fahafantarana ny olana no dingana voalohany ho amin'ny fahasitranana.

Raha ny momba ahy manokana, dia nanomboka nihatsara ny fifandraisako tamin'ny Tompo taona maro lasa izay, ary tamin'izany fotoana izany no nanomboka nasehony tamiko fa maro tamin'ny olako ny dia vokatry ny fisainan-diso. Nikorontana ny saiko! nisalasala aho fa tao amin'ny toetra tokony ho izy izany ary raha izany dia tsy naharitra ela.

Tsapako ho nikorontana ny saiko rehefa nanomboka hitako ny hahabetsaky ny fisainan-diso ahy.

Niezaka aho ny hanaisotra ny fisainan-diso izay tonga tao an-tsaiko, fa niverina eo no ho eo izany. Nefa tsikelikely , dia tonga ny fahafahana sy ny fanafahana.

Satana dia hiady hanohitra ny fanavaozana ny sainao amin'ny fomba maherisetra nefa tena tena ilaina ny handroso ianao sy hanohy hivavaka sy hianatra eo amin'io sehatra io mandra-pahazoanao fandresena azo tsapan-tànana.

Oviana ny sainao no tokony ho izy ? noheverina hivezivezy eo an-toerana ve, sa tokony afaka hihazona izany hifantoka amin'izay ataonao ianao? tokony hanahy sy hikorontana ve ianao sa tokony hanam-piadanana ary hanana antoka marina ny amin'ny làlana

tokony halehanao eo amin'ny fiainanao ? tokony ho feno fisalasalana sy tsy finoana ve ny sainao, tokony hatahotra sy hanahy ve ny sainao, ampahorian'ny tahotra? fa tombotsoan'ny zanak' Andriamanitra ny mametraka ny fanahiana eo Aminy (jereo 1 Petera 5:7)?

Mampianatra antsika ny tenin' Andriamanitra fa manana sain'i Kristy isika . inona no heverintsika ho sain'i Kristy rehefa niaina teto an-tany Izy tsy amin'ny maha Zanak' Andriamanitra fotsiny nefa ihany koa amin'ny maha Zanak'olona?

Mitohiza miaraka amin'ny vavaka ao amin'ny toko manaraka mandresy ao amin'ny Saina. Heveriko fa hanokatra ny masonao ho amin'ny toe-tsaina tokony ho izy sy tsy tokony ho izy ho an'ny olona izay mpianatr'i Jesosy ary tapa-kevitra ny handeha amin'ny fandresena.

Toko

8

Oviana ny Saiko ho ara-dalàna

Toko

Oviana ny Saiko ho ara-dalàna 8

Mariho fa i Paoly dia mivavaka mba hahazo fahendrena izaho sy ianao amin'ny fananana "ny mason'ny fo" ahariratra. Miorina amin'ny zavatra maro nianarako, ny hamaritako ny "mason' ny fo" dia ny saina.

Amin'ny maha Kristiana, dia manao ahoana no tokony ho toetran'ny saintsika ? amin'ny fomba fiteny hafa, dia manao ahoana no tokony ho izy ny amin'ny sain'ny mpino? mba hahafahana mamaly io fanontaniana io, dia tsy maintsy jerentsika ny fiasa samihafa an'ny saina sy ny fanahy.

> *[I] Fa mivavaka mandrakariva aho mba homen' Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy fanambarana [ny fahazavan-tsaina amin'ny mistery sy zava-miafina] amin'ny fahalalana [lalina sy manokana] amin'ny fahalalana Azy tsara ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina. (Ireo natokana ho Azy)*
>
> Efesiana 1:17-18

Araka ny tenin' Andriamanitra, ny saina sy ny fanahy dia miaraka miasa : io no ilay fomban'ny "saina manampy ny fanahy".

Mba hahazoana tsaratsara kokoa io fiasa io dia handeha hojerentsika ny fomba fiasany eo amin'ny fiainan'ny mpino.

Ny Fiasan'ny Saina - Fanahy

Fa iza no olona mahalala (sy mahazo) ny ao am-pon'olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany? ary

tsy izany koa, tsy misy mahalala (sy mahazo) ny am-pon' Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin' Andriamanitra.

I Korintianina 2:11

Rehefa misy olona mandray an'i Kristy no Mpamonjy ny tenany manokana, dia tonga ny Fanahy Masina monina ao aminy. Mampianatra antsika ny Baiboly fa ny Fanahy Masina mahalala ny sain' Andriamanitra. Tahaka ny fanahin'ny olona ao anatiny ihany no hany mahalala ny fisainany , dia toy izany ny Fanahin' Andriamanitra ihany no hany mahalala ny sain' Andriamanitra.

Satria ny Fanahy Masina mitoetra ao anatintsika, ary Izy mahalala ny sain' Andriamanitra, ny iray amin'ny tanjony dia ny hanambara amintsika ny fahendren' Andriamanitra sy ny fanambarana. Io fahendrena sy fanambarana io dia ampitana amin'ny fanahintsika, ary ny fanahy avy eo manazava ny mason'ny fontsika, izay ny saintsika. Ataon'ny Fanahy Masina izany mba hahazoantsika amin'ny fomba fampianarana izay nambara tamintsika ara-panahy.

Tokony Ho Izy Sy Tsy Tokony Ho Izy?

Amin'ny maha-mpino, isika dia ara-panahy , ary voa-janahary ihany koa. Ny voa-janahary dia tsy mahazo ny ara-panahy mandrakariva ; noho izany, dia tena ilaina ho an'ny saintsika ny mba hohazavaina momba izay mandalo ao amin'ny fanahintsika. Ny Fanahy Masina maniry ny hitondra izany fahazavana izany ao anatintsika, nefa *ny saina matetika dia tsy maharaka izay ezahin'ny fanahy hambara amintsika satia be herehana loatra*. ny saina be herehana loatra dia tsy "normal". Tokony ho izy ny saina rehefa mitsahatra tsy foana, fa mitsahatra.

Tokony tsy ho feno fanatrehana, ahiahy, tahotra, sy toy izany ny saina. Tokony ho tony, milamina ary mazava. Amin'ny fandrosoantsika amin'ny am-panahy faharoa amin'ny boky dia ho hitanao ny toetra maro tsy tokony ho izy an'ny saina ary mety ho ahitanao izy ireo fa toetran'ny sainao matetika.

Zava-dehibe ny hahazoanao fa ilaina ny saina ho azonina ho "tokony ho izy" araka izay ambara ao amin'ity toko ity.

Ampitahao amin'izay toetra mahazatra ny sainao dia ho hitanao hoe matetika dia tena kely ny fanambarana azontsika avy amin'ny FanahyMasina, ary nahoana ombieny ombieny iska dia mahatsapa tsy fahampiana fahendrena sy fanambarana.

Tsarovy, ny Fanahy Masina dia miezaka ny hanazava ny fisainan'ny mpino. Ny Fanahy Masina ho manome fahalalana avy amin'Andriamanitra ho an'ny fanahin'olona, ary raha mifanampy ny fanahiny sy ny sainy, dia afaka mandeha amin'ny fahendrena sy ny fanambarana avy amin'Andriamanitra izy. Nefa raha be herehana loatra ny sainy, dia tsy ho takany izay hezahin'ny Tompo hambara aminy amin'ny alalan'ny fanahiny.

Feo Nitsoka Malemy

Ary hoy Jehovah : Mivoaha ka mitsangana eo ambonin'ny tendrombohitra eo anatrehan'i Jehovah. Ary indro, nandalo Jehovah, ka nisy rivotra be sady mahery namakivaky ny tendrombohitra sy nanorotoro ny harambato teo alohan'i Jehovah; nefa Jehovah tsy tao amin'ny rivotra; ary manarakaraka ny rivotra nisy horohoron-tany; nefa Jehovah tsy tao amin'ny horohoron-tany; ary manarakaraka ny horohoron-tany nisy afo; nefa Jehovah tsy tao amin'ny afo; ary manarakaraka ny afo dia nisy feo nitsoka malemy.

1 Mpanjaka 19:11-12 KJV

Nandritra ny taona maro dia nivavaka aho hahazo fanambarana, mangataka an'Andriamanitra mba hanambara zavatra amiko avy amin'ny Fanahiny Izay monina ato anatiko. Fantatro fa ara-tsoratra Masina izany fangatahana izany. Nino ny teny aho ary nahatsapako antoka fa hangataka aho dia hahazo. Nefa matetika dia mahatsapa izay antsoiko ho "sarona ara-panahy". tamin'izay dia nianatra aho fa

tsy nandray betsaka avy amin'izay tian'ny Fanahy Masina nambara tamiko tamin'ny fomba tsotra satria ny saiko dia tsy voafehy sy be irehana ka tsy mahazo ny fahalalana nomena.

Alaivo sary an-tsaina ny olona roa miaraka ao an'efitra no iray. Ny iray miezaka mibitsibitsika zava-miafina amin'ny iray. Raha feno tabataba mafy ilay efitrano, na dia nampitaina aza ny hafatra, ilay miandry ny hafatra miafina dia tsy hahazo izany. Satria feno tabataba ny efitra ka tsy afaka mandre izy. Raha tsy tena mihaino izy, dia mety tsy hahatsapa fa misy miresaka aminy.

Tahaka izay ihany koa ny serasera amin'ny Fanahin' Andriamanitra sy ny fanahintsika. Ny fomban'ny Fanahy Masina dia malemy fanahy, amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia miteny amintsika Izy tahaka ny nataony tamin'ny mpianany eo amin'ireto androny ireto amin'ny "feo mitsoka malemy". noho izany dia zava-dehibe ny ianarantsika ny hitahiry ny antsika amin'ny toetra mitondra ho fihaonana.

Ny Fanahy Sy Ny Saina

Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy [Fanahy Masina izay ato anatiko] no mivavaka [amin'ny fahirantan-tsaina]an-tsaina koa aho.

1 Korintiana 14:15

Angamba ny fomba tsaratsara koa mba hahazoana io fiasan'ny saina manampy ny fanahy io dia ny fisainana ny amin'ny vavaka. Eto amin'ity andinin'ity ny Apostoly Paoly dia milaza fa mivavaka tamin'ny fanahiny sy ny sain'ny miaraka izy.

Azoko izay lazain'ny Paoly satria manao zavatra mitovy amin'izany aho. Matetika aho no mivavaka am-panahy (amin'ny fiteny tsy fantatra); rehefa avy mivavaka toy izany kelikely aho, matetika dia misy zavatra tonga ao an-tsaiko ny hivavaka amin'ny fiteny anglisy (ny fiteniko). Heveriko fa amin'ny fomba toy izany no anampian'ny saina sy fanahy. Miara-miasa ireo mba hahazoana fahalalana sy

fahendren'Andriamanitra amiko amin'ny fomba iray izay hahafahako mahazo ary.

Miasa ihany koa izany amin'ny fiandohan'izay miasa. Misy fotoana rehefa te hivavaka aho dia manomana ny tenako amin' Andriamanitra mba hivavaka. Raha tsy misy fanetsehana manokana ao amin'ny fanahiko dia manomboka mivavaka an-tsaina fotsiny aho. Mivavaka momba ny olana na ny toe-javatra tonga ao an-tsaiko. Indraindray toa tena maina ireo vavaka ireo tsy misy fanampiana tonga avy amin'ny fanahiko. Teo mitolona aho, noho izany dia manohy amin'ny zavatra hafa izay fantatro aho.

Mitohy ao anatin'izany ihany aho mandra-pahtonga ny Fanahy Masina ao anatiko mihazona ahy ny amin'ny olana anakiray. Rehefa manao izany Izy , dia fantatro fa tonga eo amin'ilay zavatra tiany ho entiko aman-bavaka aho, fa hoe tsy zavatra ezahiko entina amam-bavaka fotsiny. Amin'izany ny saiko sy ny fanahiko miara-miasa, mifanampy amin'ny fanatanterahana ny sitrapon' Andriamanitra.

Teny Tsy Fantatra Sy Fandikana

Koa aoka izay miteny amin'ny teny tsy fantatra hangataka [ny hery] mba hahay mandika teny koa. Koa raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra aho, dia ny fanahiko [amin'ny alalan'ny Fanahy Masina] ihany no mivavaka fa ny saiko kosa tsy mahavanona [tsy mitondra vokatra izany ary tsy manampy na iza na iza]

1 Koritiana 14:13-14

Ny ohatra hafa ny amin'ny fiaraha-miasan'ny fanahy sy ny saina dia ny fanomezam-pahasoavana miteny amin'ny fiteny tsy fantatra miaraka amin'ny fandikan-teny. Raha tsy mahazatra anao ny fanomezam-pahasoavanan'ny Fanahy Masina, dia mampahery anao indrindra aho mba hianatra azy ireo ao amin'ny Soratra Masina ary hanokatra ny sainao amin'Andriamanitra amin'io sehatra io. Mivavaha ary mangataha Aminy mba hampianatra anao momba ny fanomezam-

pahasoavana "surnaturel" an'ny Fanahy Masina ary ihany koa hitarika anao amin'ny loharano tsara izay hanampy anao hianatra sy hahazo fahalalana. Ny Korintiana voalohany toko 12, 13 ary 14 no toerana tsara hiaingana.

Rehefa miteny amin'ny teny tsy fantatra aho, dia tsy mahavokatra ny saiko mandrapanomen'Andriamanitra ahy na ny tenako na olonkafa mba hahazo izay lazaiko; dia tonga mahavanona ny saiko.

Tsarovy azafady fa ny fanomezam-pahasoavana dia tsy teny tsy fantatra sy fandikan-teny. Ny fandikan-teny dia fitanterana arabakiteny sy hafatra, fa ny fanazavan-teny dia olona iray manome fahazoana izay nambaran'ny olona hafa, fa amin'ny fomba fitenin'ilay mpandika araka izay ambaran'ny amin'ny alalan'ny maha izy azy manokana.

Avelao aho hanome ohatra iray: mety mitsangana ao ampiangonana i ranabavy Smith ary manome hafatra amin'ny teny tsy fantatra. Tonga avy amin'ny fanahiny izany, ary na iza na izany olonkafa tsy misy mahalala izay nolazainy. Mety ataon' Andriamanitra azoko ny hafa, nefa angamba amin'ny ankapobeny. Satria mandeha izay voalaza, nataoko ho azon'ny rehetra ny hafatra. nefa tonga tamiko tamin'ny fomba fiteniko manokana.

Ny fivavaka am-panahy (amin'ny fiteny tsy fantatra) sy ny fandikana (io teny tsy fantatra io) dia fomba mahafinaritra ahazoana ny fomba fiasan'ny "saina manampy ny fanahy". Ny fanahy dia miteny zavatra iray, ary ny saina manome fahazoana an-tsaina.

Hevero fotsiny izao: raha miteny amin'ny teny tsy fantatra ranabavy Smith, ary Andriamanitra mitady olona mba hitondra fandikan-teny, dia handalo ahy izy raha tsy voafehy ny saiko ary maro ierehana ka tsy mahaino. Na dia miezaka manome ahy ny dikan-teny aza izy, dia tsy handray izany aho.

Raha mbola tanora fanahy tao amin'ny Tompo aho ary nianatra momba ny fanomezam-pahasoavana, dia nivavaka tamin'ny fiteny

tsy fantatra saika feno aho. Taty aoriana, dia nanomboka leo ny amin'ny fiainam-bavaka aho. Rehefa niresaka tamin'ny Tompo momba izany aho, dia navaliny hahalala aho fa leo aho satria tsy nahazo izay nentiko amam-bavaka. Na dia tsapako aza fa tsy voatery hahazo "mandrakariva" izay lazaiko aho rehefa mivavaka amin'ny fanahy, dia fantatro fa io karazam-bavaka io dia tsy mifandanja ary ny teny mahavokatra be dia raha tsy mahazo "mihitsy"aho.

Saina Miadana, Mailo

Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka [amin'ny firehany sy ny toetrany] satria matoky Anao izy.

Isaia 26:3

Antenaiko fa hitango ampitiavana ireo ohatra ireo ka ny sainao sy ny fanahinao dia miara-miasa marina, ary ireo roa ireo dia mifandray akaiky. *Noho izany, dia tena zava-dehibe ny hihazonanao ny sainao amin'ny toetra "normal".*

Raha tsy izany dia tsy afaka hanampy ny fanahinao amin'ny amin'ny fanampiana anao ho amin'ny fiainana feno fanahy.

Satana, mazava ho azy dia mahalala io toe-javatra io, noho izany dia manafika ny sainao, miady manohitra anao eo amin'ny sehatry ny sainao. Tiany hovesarina tafahoatra ny miasa loatra ny sainao amin'ny famenoana azy aminy karazana sain-diso noho izany dia tsy afaka ny ho vonona ho amin'ny Fanahy Masina miasa amin'ny alalan'ny fanahinao.

Tokony ho tehirizina hiadana ny sainao. Araka ny ambaran'ny mpaminany Isaia amintsika, rehefa mitombona amin'ny zavatra monina ny saina, dia hiadana. Na dia izany aza ny saina tokony ho mailo. Tsy ho tanteraka izany rehefa vesaran-javatra tsy natao ho entiny.

Saino tsara: manao ahoana ny habetsahan'ny fotoana maha tokony ho izy ny sainao?

Toko

9

Saina Mivezivezy, Misalasala

Toko

Saina Mivezivezy, Misalasala 9

> *Koa amin'izany sikino ny sainao*
> 1 PETERA 1:13 KJV

Tao amin'ny toko teo aloha dia nomarihintsika fa ny saina miasa loatra dia tsy "normal". Ny toetry ny saina tsy "normal" dia noho izy mivezivezy eny rehetra eny. Ny tsy fahafahana mifantoka dia famantarana ny fanafihan'ny devoly.

Matetika ny olona toa tsy afaka mifantoka no mihevitra fa tsy ampy saina izy ireo. Na izany aza anefa, ny tsy fahafahana mifantoka dia mety ho vokatry ny taona maro namelana ny saina hanao izay tiany, rehefa te hanao izay izy. Ny tsy fahampiana fifantohana dia ho soritry ny tsy fahampiana vitamina; ny vitamina B sasany dia mampitombo ny fifantohana. Noho izany, raha tsy afaka mifantoka ianao, dia manontania tena raha misakafo tsara ianao ary araka ny tokony ho izy ny haninao.

Ny fahavizanana tafahoatra dia mety hanimba ny fifantohana. Hitako fa rehefa tena reraka be iny aho dia miezaka hanafika ahy satana satria fantany fa sarotra kokoa amiko ny manohitra azy amin'io fotoana io. Tian'ny devoly izaho sy ianao hisaina fa manana olana ara-pisainana isika ka hahatonga tsy hiezaka hanao na inona na inona mety hanahirana azy. Tiany isika hanaiky ho azy izay lainga lazainy amintsika.

Ny anankiray amin'ireo zanakay vavy dia nanana olana ny amin'ny fifantohana nandritra ny fotoan-pahazazany. Ny famakian-teny dia sarotra taminy satria ny fifantohana sy ny fahazoana dia miara-dàlana. Maro ny ankizy ary na dia ny olon-dehibe sasany aza no tsy mahazo ny teny vakiany. Ny mason'ireo mijery ny teny eo amin'ny takila, nefa ny saina dia tsy mahazo tsara izay vakiany.

Matetika ny tsy fahampiana fahazoana dia vokatry ny tsy fahampiana fifantohana. Fantatro izany, ho an'ny tenako, mamaky toko iray ao amin'ny Baiboly aho na boky iray tsy tapitapitr'izay dia tonga saina fa tsy azoko mihitsy izay novakiako. Afaka miverina aho ary mamaky indray, ary toa vaovao amiko ny zava-drehetra, satria na dia jeren'ny masoko daholo ireo teny eo min'ilay pejy, dia ny saiko nivezivezy tany ho any.

Satria tsy nihazona ny fifantohana tamin'ny nataoko, dia tsy nahazo izay novakiako aho.

Matetika ny tena olana ao ambadiky ny tsy fahampiana fahazoana dia tsy fahampiana fifantohana noho ny saina mivezivezy. Vao tsy ela izay, izaho sy Dave dia niaraka tamin'ny namanay tany Utch. Tamin'izay ilay mpivady namana sy izaho dia nandre an'i Dave niteny "velona ny tenako". Nihomehy izahay rehefa nahalala fa na dia nievona mafy aza Dave, dia tsy nisy na dia iray aza taminay no nandre marina azy satria efa lasa lavitra tany ho any ny sainay, niteny mafy aho hoe" miala tsiny fa tsy nandre anao aho; tany amin'ny birao tany St Louis ny saiko"

Ilay lehilahy nipetraka tao aoriana dia nihomehy ary nilaza hoe" tany Florida nikarakara fandraharahana sasany aho." nihomehy ihany koa ramatoa vadiny ary niteny hoe "tany Dallas tamin'ny biraoko aho mikarakara toe-javatra iray."

Tao anatin'ny fotoana fohy izahay teo dia lasa tany amin'ny fitoeran'ny saina hafa. Nampiseho antsika izany ny afaka mampivezivezy ny saina amin'izay miseho avy eo amin'ny toerana misy antsika. Nampisokatra ny saina hahazo ny fomba nampiala ny saintsika amin'izay miseho manodidina antsika amin'ny tsy fifantohana amin'izay miseho.

Saina Mivezivezy

Tandremo ny tongotrao [saino izay ataonao]

Mpitoriteny 5:1

Heveriko fa ny fomba fiteny "tandremo ny tongotrao" dia midika hoe "mijoroa tsara aza avela amin'ny làlana". Ny famantarana io fiteny io dia milaza fa tsy miala làlana ny tena amin'ny fametrahana saina amin'izay atao.

Nanana saina mivezivezy aho ary tsy maintsy nanazatra izany ho amin'ny fifehezana azy. Tsy mora izany, ary indraindray dia mbola miverina izany. Rehefa miezaka manatanteraka drafitr'asa aho, dia mahatsapa tampoka fa mivezivezy indray ny saiko amin'ny zavatra hafa izay tsy misy fifandraisany amin'izany atrehana. Mbola tsy tonga tamin'ny toeran'ny fifantohana tanteraka aho, nefa fara-fahakeliny dia azoko koa manao ahoana ny maha zava-dehibe ny tsy famelana ny saina handeha amin'izay tiany, rehefa iriny izay.

Ny rakibolana "Western" dia mamaritra ny teny mivezivezy hoe: "1. mihetsiketsika tsy misy tanjona : miriorio 2. mandeha amin'ny lalana tsy mahitsy na amin'ny dingana tsy mipetraka: mirenireny 3. mandroso amin'ny zotra na fihetsika tsy mahitsy: MIOLIKOLIKA.... 4. misaina na miteny amin'ny fomba tsy mazava na tsy mitombina"

Raha toa ahy ianao, dia mety mipetraka ao anaty fanompoam-pivavahana mihaino ny mpitoriteny, tena mankafy sy mandray tombotsoa amin'izay resahina raha tampoka eo manomboka mivezivezy ny sainao. Rehefa afaka kelikely "mifoha ianao" dia tsapanao fa tsy tsaroanao ny zavatra norenesinao. Na dia nipetraka tao am-piangonana aza ny tenanao, ny sainao dia

nandeha tany amin'ny ivo-toerana fiantsenana mijery ny magazay na any an-trano mahandro sakafo an-dakozia.

Tsarovy, amin'ny ady ara-panahy ny saina no tanim-piadiana. Eo no anafihan'ny fahavalo. Fantany tsara fa dia manatrika fivoriam-piangonana azy ny olona iray, raha tsy afaka mifantoka amin'izay ampianarina izy , dia tsy handray na inona na inona mihitsy amin'ny fanatrehany eo. Fantatry ny devoly fa ny olona izay dia tsy afaka mifehy ny tenany mba hanatanteraka drafitr'asa iray raha tsy afaka mifehy ny sainy ary mametraka izany ao amin'izay ataony.

Io trangan'ny saina mivezivezy saina io ihany koa dia miseho mandritra ny fifampiresahana. Misy fotoana rehefa rangahy vadiko Dave, no miresaka amiko ary mihaino kely aho ao anaty fotoana fohy; avy eo tampoka eo dia tsapako fa tsy mandre na dia kely amin'izay resahiny aho. Nahoana? Satria navelako ny saiko hivezivezy amin'ny zavatra hafa. Ny tenako no nijoro teo toy ny mihaino, nefa ny saina tsy mandre na inona na inona.

Nandritra ny taona maro, rehefa niseho ny zavatra toy izany, dia nitompo teny fatatra fa nahalala marina izay nolazain'ny Dave. Ankehitriny dia manapaka ny teniny aho ary miteny hoe: "mba afaka miteny miadana ve ianao ary mamerina izany? Navelako nirenireny ny saiko, ary tsy nisy reko izay nolazainao."

Amin'izay fomba izay, dia tsapako fara-fahakeliny fa mamaha olana aho. ny fanatrehana ny olana no hany fomba tokana hahatongavana amin'ny fandresena amin'izany?

Tapaka ny hevitro fa raha ny devoly nisahirana mba hanafika ahy amin'ny saina mivezivezy, dia angamba misy zavatra voalaza izay nilaiko harenina.

Ny fomba izay handresena ny fahavalo eo amin'ny sehatra io dia ny fakana tombony amin'ny hafatra noraisim-peo omen'ny ankamaroan'ny fiangonana. Raha mbola tsy nianatra hifehy ny sainao hifantoka amin'izay lazaina ao am-piangonana ianao, dia mividiana raki-peon'ny toriteny isan-kerinandro ary mihainoa ireny araka izay maro ilainao mba hahazoanao ny hafatra.

Ny devoly dia hilavo lefona rehefa hitany fa tsy manahy ho resy ianao Tsarovy tian'i satana ianao hisaina fa tsy ampy saina ianao fa misy zavatra tsy mety aminao. Nefa ny marina dia ilaina fotsiny ianao manomboka mifehy ny sainao. aza avela hivezivezy any an-tànan-dehibe izy, manao izay tiany. Anio, manomboha "mitandrina ny tongotrao", ampifantohy amin'izay ataonao ny sainao. Mila fotoana ny fizaranao izany. Ny fialana amin'ny fahazaran-dratsy ary ny

fomoronana fahazarana vaovao dia mila fotoana mandrakariva nefa mendrika izany amin'ny farany. Ny ankehitriny no fanomezana tsara indrindra hananantsika avy amin'Andriamanitra, nefa raha tsy tena miaina izany isika dia misy zavatra ho verintsika.

Saina Misalasala

Lazaiko aminareo marina tokoa: na zovy na zovy no hilaza amin'ity tendrombohitra ity hoe: mifindrà ka mianjera any an-dranomasina ka tsy hiakanakana ao am-pony, fa hino fa ho tonga ny zavatra lazainy, dia ho azony izany.

Koa lazaiko marina aminareo: na inona na inona finonareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa (matokia) fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.

Marka 11:23,24

Rehefa miatrika zavatra anakiray na hafa aho, dia nanomboka nandre ny tenako miteny hoe, "manontany tena aho" ohatra.

"manontany tena aho hoe hanao ahoana ny andro rahampitso."

"manontany tena aho hoe inona no akanjo anaovako amin'ny lanonana."

"manontany tena aho hoe manao ny nataon'ny Danny [zanakolahy] ao amin'ny bileta."

"manontany tena aho hoe firy ny olona ho avy amin'ny seminera"

Ny rakibolana dia mamaritra amin'ny ampahany ny teny manontany tena amin'ny endrika anarana toy ny "fahatsapana fahanomezan-kevitra na fisalasana" ary amin'ny endrika ny matoanteny dia "feno fitia te-hahalala na fisalasalana".[2]

Tonga tamin'ny fianarana aho fa tsaratsara kokoa amiko ny manao zavatra pozitiva noho ny manontany tena matetika ny zavatra rehetra

azo heverina. Raha manontany tena ny amin'ny naoty ho azon'i Danny aho, dia afaka mino fa hahazo naoty tsara izy. Raha manontany tena ny amin'ny tokony akanjo tokony hanaovako ary amin'ny lanonana, dia afaka manapa-kevitra ny amin'ny hanaovana. Raha manontany tena ny amin'ny toetr'andro na ny amin'izany hantrika ny anankiray amin'ireo fivoriana ataoko, dia afaka mametraka ny olana amin'ny Tompo, amin'ny fahatokiana Azy hahatonga ny zavatra ho tsara, tsy miankina amin'izay miseho izany.

VAOVAO: ny zanakay lahy Danny dia tsy dia tia fianarana ary sahirana mihitsy nandritra izany fotoana izany, ary dia tena niahiahy be mihitsy aho ny aminy sy ny ho aviny. Heveriko fa ho faly ianao mahalala fa izy no PDGn'ny Joyce Meyer Ministries. Ireo fanahiako izany dia fandaniam-potoana fotsiny ihany. Andriamanitra mahalala ny ho aviny ary nifehy ny zavatra rehetra.

Ny fianahanahana ny amin'ny zavatra iray dia tena misy, kanefa raha diso tafahoatra izany dia mitarika any amin'ny tsy fanampahan-kevitra, ary ny tsy fanapahan-kevitra miteraka saina vaka.

Ny fianahanahana, ny tsy fanapahan-kevitra ary ny saina vaka dia manakana ny olona handray avy amin'Andriamanitra, amin'ny finoana, ny valin'ny vavaka nataony na izay ilainy.

Mariho fa ao amin'ny Marka 11:23-23 Jesosy dia tsy nilaza hoe "na inona na inona hinoanareo amin'ny fivavahana, manontania tena raha ho azonao izany. Mifanohitra amin'izay nilaza Izy hoe" na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana, minoa fa handray ianareo dia ho azonareo.

Amin'ny maha Kristiana, amin'ny maha mpino, dia tokony hino isika fa tsy hisalasala.

Toko

10

Saina Vaka

Saina Vaka

Hitantsika fa ny fianahanahana sy ny saina vaka dia mifampiankina. Ny fianahanahana, nefa tokony hoe hanana eritreritra mari-pototra tsara, dia mety ary mitarika fisalasalana sy saina vaka.

Ny Jakoba 1:5-8 dia Soratra Masina tena tsara manampy antsika mba hahazo ny fomba fandresena ny fianahanahana, ny fisalasalana, ary saina vaka ka handraisantsika izay ilaintsika avy amin'Andriamanitra. Araka ny hevitro, "ny olon'ny saina roa" (antsoin'ny "King James Version" hoe "miroa-saina") dia maneho an-tary ny saina vaka satria dia mandroso dia miverina foana, ka tsy manapa-kevitra na amin'inona na amin'inona mihitsy. Raha vao heverina fa nanapa-kevitra izy, dia tonga ny fianahanahana, fisalasalana ary saina vaka ka mahatonga azy mihetsika indray amin'ny saina roa. Mampisalasala azy ny zavatra rehetra.

[I]ary raha misy ianareo , tsy manam-pahendrena aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary hanome azy izany.

Nefa aoka hangatak finoana (tsy milasala); fa izay miahanahana(misalasala) dia toy ny alim-dranomasina entin'ny rivotra ho atopitopiny. Fa aoka tsy hanompo handray zavatra [angatahiny amin'ny] amin'ny Tompo izany olona izany; [satria] olona _____ (misalasala, tsy tapa-kevitra), [izy dia] miovaova amin'ny alehany rehetra [saininy, tsapany, fanapahan-kevitra][I]

JAKOBA 1:5-8

Toy izay no niainako ny ankabeazan'ny fiainako, tsy fantatro akory fa ny devoly dia efa nanangana ady tamiko

ary ny saiko no toera-piadiana. Tena vaka ny saiko ny amin'ny zavatra rehetra ary tsy azoko hoe nahoana.

Fisaintsainana Mitarika Ho Amin'ny Saina Vaka

[B] nahoana ianareo, ry kely finoana, no miara-misaina?
Matio 16:8 kjv [B]

Hatreto isika dia niresaka momba ny fanontanin-tena ary hiresaka bebe kokoa momba ny fisalasalana ao amin'ny toko manaraka. Amin'izao dia hamelabelatra bebe kokoa ny amin'ny saina vaka aho.

Azo lazaina fa isan-jatony maro amin'ny vahoakan'Andriamanitra dia manana saina vaka. Nahoana? Araka ny efa hitantsika, ny antony izay dia ny fianahanahana. Antony hafa koa dia ny fikajiana (fiheverana). Ny rakibolana dia mamaritra amin'ny ampahany ny teny hoe fiheverana amin'ny maha anarana azy dia "maneho tranga na hery manosika izay mitarika any amin'ny fisainana ny lojika ho an'ny petra-kevitra na tranga" ary amin'ny matoanteny. Ho "mampiasa ny fahaizana misaintsaina: misaina ara lojika."

Ny fomba tsotra ilazana ary dia ny fisaintsainana dia miseho rehefa misy olona iray miezaka ny mahazo an'eritreritra ny "nahoana" ao ambadiky ny zavatra iray. Ny fikajiana dia mitarika ny saina hiodina eo amin'ny ny toe-javatra, olana, na tranga iray mandra-pahazony ny pitsopitson'ny zavatra rehetra. Mihevitra sy mikajy tsara isika rehefa mamakafaka fanambarana iray na fampianarana mba hahita raha lojika izany, ary tsy manaiky rehefa tsy izany izy. Matetika Satana no mangalatra ny sitrapon' Andriamanitra amintsika noho ny fisaintsainanana. Mety mitarika antsika hanao zavatra iray ny Tompo, nefa raha toa tsy misy dikany raha tsy lojika dia mety ho alaim-panahy handà izay isika. Izay tarihin' Andriamanitra ataon'ny olana iray dia mandrakariva dia tsy misy dikany lojika ho an'ny saina. Ny fanahiny dia mety manamarina izay ary ny sainy mandà izany, raha toa tsy mahazatra izany na tsy fahazoana aina. Mahafinaritra mandrakariva raha miray hevitra ny fanahy sy ny saina, fa raha tsy izany isika dia tokony hisafidy mandrakariva ny hanaraka ny fanahy.

Aza Misaintsaina Amin'ny Saina, Ekeo Fotsiny Ao Amin'ny Fanahy

Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba handray izay an'ny Fanahy Masin' Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.

I Koritiana 2:14 KJV

Inty misy fanehoana azo ampiarina sy niainako izay antenaiko fa hanampy hitondrana fahazoana ity resaka fisaintsainan'ny saina mifanohitra amin'ny fanahy.

Indray maraina rehefa niakanjo aho fa hitoriteny amin'ny fivoriana isan-kerinandro izay notarihako akaikin'ny tanàna fonenako, dia nanomboka nisaina amin'ny vehivavy izay miasa tao asa-fanompoana fanampiana ao sy ny maha mahatoky azy. Nisy faniriana nivoaka tao am-poko mba hanao zavatra mba hotahiana azy amin'ny fomba iray.

"Ray ô! Ruth Ann dia tena fitahinana ho anay nandritra ny taona maro". Hoy aho nivavaka, inona no azoko hatao mba hitahiana azy?

Niaraka tamin'izay, ny masoko dia nitopy tamin'ny "robe" mena iray izay niantona tao amin'ny fitoeran'akanjoko ary fantatro tao am-poko fa ny Tompo dia nanosika ahy mba hanome io "robe" io ho an'i Ruth Ann. Na dia efa telo volana izay no nividianako azy, dia tsy mbola nanaovako mihitsy izy ity. Ny marina dia mbola nihantona tao ambany kitapo plastika nitondra azy tato an-trano izy ity. Tena tiako ilay izy, nefa isak'izay misaina ny hanao azy aho, noho ny antony tsy fantatro loatra dia tsy nisy faniriana mihitsy taty anatiko.

Tsarovy, nilaza aho fa rehefa nitopy tany amin'ilay robe mena ny masoko, dia fantatro fa tokony homena an'i Ruth Ann izy ity. Na izany aza anefa, izaho dia tsy te hanome azy, noho izany niaraka tamin'ny nanomboka nisaintsaina aho fa Andriamanitra tsy afaka ho niteny tamiko ny hanome azy ny robe mena satria tena vaovao be, tsy

mbola nanaovana, sady lafobe ary efa nividy kavina mena sy varahina mifanaraka aminy aho!

Raha nesoriko ny saina ara-nofo teo amin'io toe-javatra io ary ho nandeha tsara ny zavatra rehetra, nefa isika olombelona dia manana fahaizana mba hamitahana ny tenantsika amin'ny alalan'ny fisaintsainana rehefa tsy tena te hanao izay ilazin'Andriamanitra isika. tao anatin'ny roa minitra dia adinoko ny zavatra rehetra ary nanohy izay nataoko. Ny antony dia tsy te hanome ilay robe aho satria vaovao ilay izy ary tiako. Nisaintsaina aho fa ny fanirina tsapako dia mety ho avy amin' Andriamanitra, fa ny devoly dia niezaka nanaisotra tamiko ny zavatra tiako.

Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia niomana mba hivory ao amin'io toerana io ihany aho, tahaka ny teo aloha, fa mbola niverina teo am-poko indray ny anaran'i Ruth Ann. Nanomboka nivavaka ho azy aho. Naveriko indray ny zavatra rehetra tamin'ny fitenena hoe. "Ray ô, Ruth Ann dia tena fitahiana ho anay?," inona no azoko hatao mba hitahiana azy? Niaraka tamin'izay dia hitako indray ilay robe mena ary nanome fientanam-po rendrika tao amin'ny nofoko aho satria tsaroaka ny tranga teo aloha (izay nananako faingana sy adino tanteraka).

Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nisy azo nialana tamin'izany; na izaho nilaina ny hiatrika zava-misy fa Andriamanitra nampiseho tamiko izay tokony hatao ary hanao izay, na izaho fotsiny tsy maintsy miteny hoe, Fantatro fa Ianao Andriamanitra ô mampiseho amiko, Tompo, nefa izaho tsy hanao izany tsotr'izao. tiako loatra ny Tompo amin'ny finiavako, amin'ny fahafantarana ny tsy fankatoavako Azy, noho izany dia nanomboka niresaka Taminy momba ilay robe mena aho.

Tao anatin'ny minitra vitsy dia tsapako fa tamin'ny tranga teo aloha dia nisaitsaina aho fa ny làlako dia ivelan'ny sitrapon' Andriamanitra, ary nila fotoana ny hanaovana izany. Nieritreritra aho fa tena nandre avy amin'ny Tompo aho satria vaovao ilay robe. Nefa ankehitriny

tsapako fa ny Baiboly tsy milaza ny amin'ny fanomezana ny zavatra tonta tsotra fotsiny ihany! Tokony ho tena sorona ho ahy ny hanome ilay robe satria vaovao ilay izy, nefa tokony ho fitahiana kokoa ho an'i Ruth Ann ilay izy.

Rehefa nosokafako tamin' Andriamanitra ny foko, dia nasehony tamiko fa novidiko ho an'i Ruth Ann ilay robe ho fanombohana; izay no antony tsy nahafahako nanao azy mihitsy. Ny tompo efa nanomana aho mba ho hampiasany ho iray mba hitahiana azy amin'ny fotoana rehetra. Nefa izaho nanana hevitro manokana momba ilay robeko, ary mandra-pamelako ny hevitro, dia tsy afaka notarihan'ny Fanahy aho.

Io tranga manokana io dia nampianatra ahy zavatra maro.Ny fahatsapako hoe mora foana ny mahatonga antsika ho tarihin'ny saintsika ary hamela ny fiheverana hahatonga antsika hiala amin'ny sitrapon' Andriamanitra dia nampisy tao amiko tahotra "feno fanajana" ny amin'ny fisaintsainana.

Tsarovy, araka ny I Koritiana 2:14, ny olona araka ny nofo tsy mahazo ny olona ara-panahy. Ny saiko ara-nofo (ny maha ara-nofo aho) dia tsy mahazo fanomezana ny "robe" vaovao mbola tsy nanaovako fa ny fanahiko (ny olona ara-panahy) nahazo izany tsara.

Antenaiko fa io ohatra io dia hitondra fahazoana bebe kokoa ho anao eo amin'io sehatra io ary hanampy anao handeha amin'ny sitrapon' Andriamanitra bebe kokoa noho ny teo aloha.

(Eto, dia fantatro fa tena manontany tena ianao raha nomeko an'i Ruth Ann ihany ilay "robe" mena. Eny, nomeko, ary ankehitriny miasa matihanina ao amin'ny biraonay izy ary mbola manao ilay robe mena indrindray rehefa mandeha miasa

VAOVAO FARANY: Rehefa nanaovan'i Ruth Ann nandritra ny taona maro ilay robe mena, dia naveriny tamiko ilay izy ho fanomezana. Tena tsy lamaody intsony izy ankehitriny, nefa notehiriziko mba hampahatsiro amiko ny nisaintsainako ny làlako tsy nankato an'

Andriamanitra amin'izay tsy azo anaovana, tapa-damba lany lamaody izay tsy hisy hanao intsony.

Aoka Ho Mpankato Ny Teny!

Fa aoka ho mpankato ny teny [Mankato ny hafatra] fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo [ho amin'ny famitahana amin'ny fisaintsainana mifanohitra amin'ny fahamarinana]

Jakoba 1:22

Isaky ny mahita izay lazain'ny teny isika ary mandà ny hanao izany, ny fisaintsainana dia tafiditra ary namitaka antsika tamin'ny finoana zavatra hafa noho ny fahamarinana. Tsy afaka mandray fotoana diso tafahoatra iezahana ny hahazo (ara-tsaina) ny zavatra rehetra lazain'ny teny. Raha mijoro ho vavolombelona ao amin'ny fanahy isika, dia afaka mandroso sy manao izany.

Nahita aho fa Andriamanitra tia antsika mba hankato Azy, na tiako na tsy tiako na heverintsika ho hevitra tsara.

Rehefa miteny Andriamanitra, amin'ny alalan'ny Teniny na ao anaty lelantsika, dia tsy tokony hisaintsaina isika, hiady hevitra na hanontany ny tenantsika raha lojika izay nolazainy.

Rehefa miteny Andriamanitra, natao hihetsika isika fa tsy hampiasa saina.

Matoky An' Andriamanitra, Fa Tsy Ny Fisainan' Olombelona

Matokia an'i Jehova amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao

Ohabolana 3:5

Raha lazaina amin'ny teny hafa, aza miankina amin'ny fisaitsainana. Ny fisaintsainana dia manokatra ny varavarana ho amin'ny famitahana ary mitondra amin'ny saina vaka be.

Indray mandeha, nanontany ny Tompo aho hoe nahoana ny olona marobe no vaka ny sainy ary milaza tamiko izy hoe lazao azy mba hitsahatra mba haka sary an-tsaina ny zavatra rehetra, ary hijanona tsy ho vaka ny sainy. Hitako fa marina tanteraka izany. Ny fisaintsainana (fiheverana / fikajiana) sy ny saina vaka dia miara-dàlana.

Izaho sy ianao misaina zavatra izay ao am-pontsika azontsika azonina izany eo anolon'ny tompo ary hitantsika raha iriny ny hanome antsika fahazoana, nefa amin'ny fotoana manomboka tsapantsika manomboka vaka saintsika, dia lasa lavitra loatra isika.

Ny fisaintsainana dia zava-doza noho ny antony maro, nefa ny iray amin'ny ireny dia izao isika dia afaka misaintsaina sy maka sary an-tsaina ny zavatra izay toa misy dikany ho antsika. Nefa izay nosaintsainintsika ho marina dia mbola tsy marina.

Ny sain'olombelona tia ny lojika sy filaminana ary ny fisaintsainana. Tiany ny manao izay azony.

Noho izany, isika dia manana firehana ny hametraka zavatra ao antry boaty kely mazava ao amin'ny efitrefitry ny saintsika. Amin'ny fiheverana hoe "tsy maintsy ho izao no izy satria mipetraka tsara tokoa eto". Mety mahita zavatra hahazoan'ny saintsika aina isika nefa mbola tena diso.

Hoy ny Apostoly Paoly ao amin'ny Romana 9:1 hoe "milaza ny marina ao amin'i Kristy aho, fa tsy mandainga sady miara-milaza amiko ao amin'ny Fanahy Masina[hazavainy sy atorony] koa ny fieritreretako." Fantatr' iPaoly fa nanao ny zavatra marina Izy, tsy hoe satria nisaintsaina izy fa marina izany, fa satria nijoro ho vavolombelona tao amin'ny fanahiny izany.

Araka ny efa hitantsika, ny saina dia, indraindray, manampy ny fanahy. Ny saina sy ny fanahy dia miaraka miasa, nefa ny fanahy dia singa amin'ny tena ambony sy omem-boninahitra kokoa ka tokony hajaina mihoatra ny saina.

Raha fantatsika ao amin'ny fanahintsika fa diso ny zavatra iray, dia tsy tokony hamela ny fisaintsainana hiteny amintsika mba hanao izany isika. Ary ihany koa, raha fantatsika fa marina ny zavatra iray, dia tsy tokony avelantsika ny fisaintsainana hiteny amintsika tsy hanao izany.

Andriamanitra dia manome antsika fahazoana amin'ny zavatra maro, nefa tsy tokony ho azontsika ny zavatra rehetra mba handehanantsika miaraka amin'ny Tompo sy ny fankatoavana ny sitrapony. Misy fotoana izay amelan' Andriamanitra baraingo lehibe ho fitaovana eo amin'ny fiainantsika mba hanitarany ny finoantsika. Ny fanontaniana tsy voavaly dia manombo ny fisaianan'ny nofo. Sarotra ho an'ny olombelona ny hampijanona ny fisaintsainana ary hatoky an' Andriamanitra fotsiny, nefa rehefa tanteraka ny fiasany, ny saina dia miditra amin'ny toeram-pitsaharana. ny fisaintsainana no iray amin'ireo "asa mavitrika" izay hidiran'ny saina ary manakana ny fahaiza-manavaka sy ny fahalalana avy amin'ny fanambarana. Misy fahasamihafany lehibe ny fahalalana ara-tsaina sy ny fahalalana avy amin'ny fanambarana.

Tsy fantatro ny anao, fa tiako Andriamanitra mba hanambara zavatra amiko amin'ny fomba izay fantatro ao amin'ny fanahiko fa izay hambara amin'ny saiko dia marina. Tsy te hisaintsaina aho, hahazoan-tsainao , ary ho lojika, mampiodina ny saiko tsy mitsahatra amin'ny olana mandra-pahavizana sy vaka ny saiko. Te hahatsapa ny fiadananan'ny saina sy ny fo izay avy amin'ny fahatokiana an' Andriamanitra aho, tsy avy amin'ny fahazavan-tsain'olombelona sy ny fahazoany.

Izaho sy ianao dia tsy maintsy mitombo ho amin'ny toerana, iray mahafa-po antsika mba halalantsika ny iray izay mahalala, na dia tsy mahalala aza isika.

Minia Tsy Mahafantatra Zavatra Hafa Afa-Tsy Kristy

Ary izaho koa, ry rahalahy, raha tonga tany aminareo aho, dia tsy tamin'ny teny sy fahendrena marevaka, raha nitory taminareo ny zava-miafina izay an' Andriamanitra [momba izay natao tamin'ny alalan'i Kristy ho amin'ny famonjena ny olona]

Fa ninia tsy hahafantatra zavatra hafa (nifankazatra zavatra hafa, tsy mampiseho zavatra hafa,tsy tonga saina amin'ny zavatra hafa) teo aminareo aho afa-tsy Jesosy Kristy (ny Mesia) indrindra fa Izy voahombo tamin'ny hazo fijaliana.

1 Koritiana 2:1-2

Io no dingana nataon'i Paoly ho amin'ny fahalalana sy fisaintsainana, ary tonga tamin'ny fahazoana sy ny fankasitrahana izany aho. Nila fotoana lava izany, nefa farany fa tamin'ny fotoana maro, raha kely ny fahalalako dia sambatra kokoa aho. Indraindray dia be loatra ny fantatsika, ka mahatonga antsika ho ory.

Izaho dia olona tena liana hahalala, tia manadihady. Nilaiko ny nahazo an-tsaina ny zavatra rehetra mba hahatonga ahy ho afa-po. Nanomboka nasehon' Andriamanitra tamiko fa ny fisaintsainako tsy niato no fototry ny saiko vaka manakana ahy tsy hahazo izay tiany homena ahy. Hoy Izy "Joyce a, tsy maintsy ajanonaony fisaintsainana ara-nofo raha manantena hanana fahaiza-manavaka ianao."

Tsapako ankehitriny fa nahatsapa ho manana fahalemana aho raha nahazo an-tsaina ny zavatra. Tsy te ho tapi-dalan-kaleha eo amin'ny fiainako aho. Te hanapaka aho ary rehefa tsy mahazo aho, dia mahatsapa tena ho tsy afaka mifehy zavatra sy matahotra. Nefa ny zavatra tsy ampy. Tsy nanana fiadanan-tsaina aho ary reraka ara-batana noho ny fisaintsainana.

Io karazana asan'ny saina diso mitohy io dia hahatonga ny vatana ho reraka. Mety hahatonga anao ho vizana be!

Notakian' Andriamanitra aho mba hiala amin'izany ary manolotsaina mafy anao ny mitovy amin'izany ho amin'ny olona izay mety ho fatoran'ny fisaintsainana. Eny hoy aho fatoran'ny fisaintsainana. Mety ho tonga voafatotry hetsika ara-tsaina diso isika tahaka ny olona iray midoroka rongony na toaka na nikôtina, izaho dia nofatoran'ny fisaintsainana ary rehefa nandà izany dia nisy soratry ny fialàko. Nahatsapa ho very sy natahotra aho satria tsy fantatro izay mitranga. Tsapako ho leo aho.

Nandany fotoana betsaka aho tamin'ny fisaintsainana, ka rehefa nilaozako izany dia tonga nanazatra ny saiko tamim-piadanana aho. Nandritra ny fotoana fohy toa nankaleo izany, nefa ankehitriny dia tiako. Rehefa zatra nampadefa ny saiko matetika miodikodina tamin'ny zavatra rehetra aho, ankehitriny dia tsy afaka mandefitra ny hirifiry sy ny asan'ny fisaintsainana aho.

Ny fisaintsainana dia tsy toetra tokony ho izy izay tian' Andriamanitra itoeran'ny saintsika.

Fantaro fa rehefa be fiheverana ny saina dia tsy "normal"; farafahakeliny ho an'ny Kristiana izay mikendry ho mpandresy -- ny mpino izay mikendry ny haharesy ny ady izay iadiana eo amin'ny sehatry ny adin'ny saina.

Toko

11

Saina Feno Fisalasalana Sy Tsy Mino

Toko

Saina Feno Fisalasalana Sy Tsy Mino 11

Zatra miresaka momba ny fisalasalana sy ny tsy finoana miaraka isika toy ny iray izy ireo ary mitovy. Ny marina na dia afaka ampifandraisina aza izy ireo, ireo roa ireo dia zavatra tena samy hafa.

Ry kely finoana nahoana no mihanahana ianao?
MATIO 14:31

Ary gaga izy noho ny tsy finoany
MARKA 6:6

Ny rakibolana "vine's dictionary of old and new testament words" dia mamaritra ny fisalasalana amin'ny endriky ny matoanteny ho mijoro eo amin'ny làlana roa... mitarika tsy fahazoana antoka hoe izao no làlana haleha;... ilazana ny mpino izay kely finoana... manahy, amin'ny alalan'ny teo-tsaina variana, amin'ny fievaevana eo anelanelan'ny fanantenana sy ny tahotra"

Io rakibolana io ihany dia manamarika fa ny iray amin'ireo teny grika roa nadika ho tsy finoana dia "mandrakariva no nadika hoe" tsy fankatoavana "ao amin'ny R.V" (dika tenin'ny King James nohavaozina)

Raha mijery ary ireo fitaovana roa mahery an'ny fahavalo isika, dia hitantsika fa ny fisalasalana mahatonga ny olona iray hievaeva eo anelanelan'ny hevitra roa, fa ny tsy finoana mitarika ho amin'ny tsy fankatoavana.

Heveriko fa tena hanampy ny ahafahana mahalala amin'ny fomba mazava izay ezahin'ny devoly hanafihana antsika. Inona no atrehantsika fisalasalana na tsy finoana?

Fisalasalana

Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo

1 Mpanjaka 18:21

Nandre tantara iray hitondra fahazavana amin'ny fisalasalana isika.

Nisy lehilahy iray izay narary ary nanonona teny tamin'ny tenany, nilazany teny Soratra Masina momba fanasitranana ary nino fa ny amin'ny fahasitranana azy fa hiseho. Teo ampanaovana izany izy, dia voatafika tamin'ny saina misalasala.

Rehefa avy nandalo fotoan-tsarotra izay dia nanomboka kivy, nosokafan' Andriamanitra tamin'ny tontolony ny fanahin'ny masony. Izao no hitany : nisy devoly nilaza lainga taminy, niteny taminy fa ho sitrana izy ary ny filazana ny tamim-pinoana dia tsy hisy vokany. Nefa hitany ihany koa fa isaky ny milaza ny teny Izy dia misy fahazavana mivoaka amin'ny vavany toy ny setroka, ary ny devoly dia mangovitra ary nianjera.

Araka ny nasehon' Andriamanitra tamin'ny fahitany, dia azon'ilay lehilahy hoe nahoana no tena zava-dehibe ny fitohizana miteny ny Teny. Hitany fa tena nanam-pinoana izy, izay hoe nahoana ny fanahy ratsy no nanafika azy tamin'ny fisalasalana.

Ny fisalasalana dia tsy zavatra apetrak' Andriamanitra ao amintsika. Milaza ny Baiboly fa Andriamanitra manome "fatran'ny finoana" (Rom 12:3 KJV). Andriamanitra dia nametraka finoana tao ampontsika, nefa ny devoly dia miezaka ny hanafoana ny finoantsika amin'ny alalan'ny fanafihana antsika amin'ny fisalasalana.

Ny fisalasalana dia avy amin'ny endriky ny fisaorana izay mifanohitra amin'ny Tenin' Andriamanitra. Noho izany dia tena zava-dehibe ho antsika ny mahalala ny Tenin' Andriamanitra. Raha fantantsika ny Teny, dia afaka fantarintsika hoe rahoviana ny devoly no mandainga amintsika. Manana antoka fa mandainga amintsika izy

mba hangalarana izay novidian'i Jesosy ho antsika tamin'ny fahafatesany sy ny fitsanganan'ny tamin'ny maty.

Fisalasalana Sy Tsy Finoana

Ary na dia efa tsy nisy nanantenana aza[noho ny fiainana amin'ny maha olombelona tamin'Abrahama], dia nanantena ihany izy ka nino, mba ho rain'ny firenena maro araka ny voalaza hoe: ho tahaka izany [tsy tambo isaina] ny taranakao ary satria tsy mba nalemy finoana izy, dia nihevitra ny tenany izay efa hoatra [tena] ny mety fa efa tokony ho zato taona izy sy ny fahafataran'ny kibon'ny Saraha.

Ary tsy nihanahana ny amin'ny teny fikasan' Andriamanitra (fanontanina misalasala) tamin'ny tsy finoana izy, fa nampaherezin'ny finoana ka nanome voninahitra an' Andriamanitra.

Ary matoky indraindray fa izay nolazainy dia hainy hatao koa.

Romana 4:18-21

Rehefa ao anaty ady aho, mahalala fa Andriamanitra nampanantena ary efa notafihan'ny fisalasalana sy tsy finoana, tiako ny mamaky na misaintsaina io andian-tsoratra io.

Abrahama nomen' Andriamanitra teny fampanantenana izay hahatonga ary hanana mpandova avy amin'ny taranany. Lasa ny taona maro ary tsy mbola nisy zaza vokatry ny fifandraisan'i Abrahama sy Sahara. Mbola nijoro tamin'ny finoana Abrahama, nino fa Andriamanitra nilaza izay tokony hiseho. Rehefa nijoro izy, dia notafihan'ny sain'ny fisalasalana, ary ny fanahin'ny tsy finoana nanindry ary mba tsy hankato an' Andriamanitra.

Ny tsy fankatoavana teo amin'ny toe-javatra tsy mitovy amin'io dia mety ho filavoana lefona rehefa Andriamanitra manosika antsika tsy hilavolefona. Ny tsy fankatoavana dia fandavana ny feon'ny Tompo, na izay mety lazain' Andriamanitra amintsika manokana, fa tsy fandikana ny Didy Folo fotsiny.

Nitohy ho tsy mihozongozona. Nitohy nidera sy nanome voninahitra an'Andriamanitra. Ny Baiboly dia milaza fa rehefa manao izany izy, dia mihamatanjaka tamin'ny finoana.

Hitanao, rehefa Andriamanitra milaza amintsika zavatra iray, na mangataka antsika hanao zavatra iray, na ny finoana izany na ny hanao izany dia avy amin'ny teny avy amin'Andriamanitra. Mahatsikaiky raha Andriamanitra dia miandry antsika hanao zavatra iray fa tsy manome antsika ny fahafahana hino fa afaka ho ataontsika izany. Fantatr'i Satana ny maha zava-doza rehefa manana fo feno finoana isika, ka manafika antsika amin'ny fisalasalana sy tsy finoana izy.

Tsy hoe tsy *manam-pinoana isika, fa satana fotsiny no miezaka mandrava ny finoantsika amin'ny lainga.*

Mamelà ahy hanome anao ohatra iray. Mikasika ny fotoana rehefa mandry ny antso ho amin'ny fanompoana aho. Maraina tahaka ny hafa mahazatra tamin'izay, afa-tsy ny maha feno aho ny Fanahy Masina telo herinandro teo aloha.

Vao avy nahavita nihaino ny fampianarako nalaina tamin'ny horonam-peo voalohany. Izany dia hafatra nomena ny lohateny hoe "Miampita ery am-pita". Nihetsika ny foko ary gaga fa misy olona afaka nampianatra avy amin'ny Soratra Masina iray nandritra ny ora iray manontolo ary ireo fampianarany dia nahaliana.

Rehefa nampirina ny fandriako aho, tsitapitapitr'izay dia nahatsapa faniriana lalina nivoaka teto anatiko aho mba hampianatra ny Tenin'Andriamanitra. Tamin'izay feon'ny Tompo dia tonga tamiko nilaza hoe : "Handeha any amin'ny toerana maro ianao ary hampianatra ny Teniko, ary hanana fanompoana lehibe amin'ny fampianarana amin'ny horonam-peo ianao".

Tsy nandre feo aho, fa feo tao amin'ny foko izany nahatonga ahy hino fa afa-nanao izay nasehon'Andriamanitra ahy aho.

Tsy nisy antony voa-janahary mihitsy ny hino fa Andriamanitra dia niteny tamiko marina, na afaka hanao na hanao mihitsy izay nosainiko fa reko. Nanana olana maro tao anatiko aho. Tsy ho tokony azo atao ho isan'ny mapanompon'Andriamanitra aho, nefa Andriamanitra mifidy ny malemy sy ny adala eto amin'izao tontolo izao mba hahamenatra ny Hendry (jereo 1 Kor 1:27 KJV). Mijery ny fisin'ny olona izy fa tsy ny nofo (jereo I Sam 16:7). Raha mety ny fo, dia afaka ovan'Andriamanitra ny nofo.

Na dia tsy nisy zavatra teo amin'ny voajanahary aza nampiseho fa tokony hino aho, rehefa tonga teo amiko ny faniriana, dia feno finoana aho fa afaka hanao izay tian'Andriamanitra mba hataoko. Rehefa niantso Andriamanitra dia manome fanirina Izy, finoana ary fahaizana manao ny asa. Nefa, tiako ny hilaza aminao fa nandritra ny taona laniko niofanana sy niandrasana, ny devoly dia nanafika ahy tsy-tapaka tamin'ny fisalasalana sy tsi-finoana.

Andriamanitra dia mametraka nofy sy fahitana ao am-pon'ny olony; manomboka toy ny "Voa" kely izany. Tahaka ny vehivavy iray manana voa nambolena, tao an-kibony rehefa bevohoka izy, dia "bevohoka" isika, izany no ilazana azy, amin'ny zavatra resahan'Andiramanitra sy ampanantenainy. Mandritra ny "fitondrana Vohoka", satria na dia miasa mafy miezaka ny mahatonga antsika ho "afa-jaza" ny amin'ny nofintsika. Iray amin'ny fiadiana ampiasainy dia ny fisalasalana; ny ireny tsi-finoana. Ireo roa ireo dia miasa manohitra ny saina.

Ny finoana dia vokatry ny fanahy; hery ara-panahy izany. Tsy tian'ny fahavalo izaho sy ianao mba hahatonga ny saintsika hifanaraka aminy fanahintsika. Fantany fa raha Andriamanitra mametraka finoana ao amintsika hanao zavatra iray, ary "positive" isika ary manomboka mino tsy mitsahatra fa tena afaka hanao izany isika, dia hitondra fahasimbana tsy toko sy forohana amin'ny fanjakany isika.

Mitohiza Mandeha Eo Ambonin'ny Rano!

Ary efa mba teo ampivoan'ny ranomasina ny sambokely tamin'izay, dia notopatopan'ny olondrano izy, fa notohan'ny rivotra.

Ary tamin'ny fiambenana fahefatra [eo analanelan'ny 3 ora sy 6 ora maraina] amin'ny olona dia nenkeny amin'ny mpianany Jesosy, nitsangatsagana tambonin'ny ranomasina.

Ary nony nahita Azy nitsangatsangana tambonin'ny rano masina ny mpianatra, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Matoatoa io: dia niantso izy noho ny tahotra.

Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin'ny hoe: Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra ary Petera namaly Azy ka nanao hoe: Tompoko, raha Ianao ihany, dia ataovy manatona Anao avy ambonin'ny rano aho.

Ary hoy Izy: Manatòna. Dia nidina niala tamin'ny sambokely Petera ka nandeha tambonin'ny rano hanatona an'i Jesosy.

Fa raha nahita ny rivotra izy, dia natahotra, ary raha vao nihentsika izy, dia naintso hoe: Tompo ô, vonjeo aho!

Ary naninjitra ny tànany niaraka tamin'izay Jesosy, dia nandray azy ka nanao taminy hoe: Ry kely finoana, nahoana no niahanahana ianao? Ary rehefa niakatra teo an-tsambokely Izy, dia nitsahatra ny rivotra.

Matio 14:24-32

Nantitrateriko ny andininy farany satria tiako ny hisarihana ny sainao amin'ny programa nomanin'ny fahavalo eto amin'ity tany ity ampahan-tsorana ity. Petera dia nanomboka nandeha nodidin'i Jesosy

mba hanao zavatra mbola tsy nataony teo aloha. Ny marina, dia tsy nisy olona nanao izany afa-tsy Jesosy.

Mitaky finoana izany!

Nanao fahadisoana Petera, nandany fotoana be loatra izy nijery ny tafio-drivotra lasa natahotra. Nanindry azy ny fisalasalana sy ny tsi-finoana, ary nanomboka nilentika izy. Niantso an'i Jesosy izy mba hamonjy azy ary nataony izany. Nefa mariho fa ny tafiotra dia nitsahatra raha vao niakatra tao an-tsambo Petera!

Tsarovy ao amin'ny Romana 4:18-21 fa eo Abrahama tsy niozongozona rehefa noheveriny ny toe-javatra tsy misy azo atao. Abrahama nahalala ny toe-javatra, nefa tsy toa an'i Petera, ny tranga teo amin'ny fiainany dia toa tsy nanakana ny finoany. Tsy nisaina tokoa azy izy na niresaka azy ireo. Napetrany tao amin'Andriamanitra ny sainy sy ny resany. Izaho sy ianao dia mety hahalala ny tranga eo amintsika nefa, minià mametraka ny saintsika amin'ny zavatra izay hampandroso antsika sy hampitombo ny finoantsika.

Izany no nahatonga an'i Abrahama nitohy nanome voninahitra an'Andriamanitra sy nidera Azy. Manome voninahitra an'Andriamanitra isika rehefa mitohy manao izay fantatsika fa mety na dia ao anantin'ny tranga misy fanoherana. Ny Efesiana 6:14 dia mampianatra antsika fa amin'ny fotoana misy ady ara-panahy, dia tokony haintsika ny fehikibon'ny fahamerenana manodidina antsika isika.

Rehefa tonga eo amin'ny fianinantsika ny tafiotra, dia mijoroa tsara, ataovy mafy ny handrinao, ary mivonona ao amin'ny Fanahy Masina mba hitoetra eo ivelan'ny Sambo! Mety hilaza isika hoe: "Mialà dia nijanona eo ivelany". Matetika ny tafiotra dia mitsahatra raha vantany miala ary miverina ao anatin'ny toerana izay heverinao ho mety sy azo antoka ianao.

Mitondra tafiotra eo amin'ny fianarantsika ny devoly mba hanakiviana antsika. Mandritra ny tafiotra, tsarovy fa ny saina no toera-piadiana. Aza mandray ny fanapahan-kevitrao avy amin'ny

fisainanao na ny fientanam-ponao, fa fantaro amin'ny fanahinao. Rehefa nanao izany ianao, dia hohitanao ny fahitana nitovy tamin'izay tamin'ny voalohany.

Tsy Azo Ekena Ny Mihanahana

Ary raha misy ianareo, tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra tsy mandatsa: ary dia homena azy izany.

Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hihanahana (tsy misalasala) akory; fa izay mihanahana dia tsy ny olon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany.

Fa aoka tsy hanompo handray zavatra [angataka hery] amin'ny Tompo izany olona izany.

Jakoba 1:5-7

Nandre Pasteur aho ilaza ny hoe iraka izy ny hiezaka hanapan-kevitra ny amin'izy ataony rehefa mahavita fianarana tamin'ny kolejy Biblika. Napetrak'Andriamanitra mafy tao am-pony ny hiverina tamin'ny St Louis, any Missouri, ary hanomboka fiangonam-paritra iray rehefa nahazo diplaoma, izay noheverina hatao. Na izany aza anefa, rehefa tonga ny fotoana handehanana, dia teo eo amin'ny dimampolo dolara no tao am-paosiny, nanambady, niteraka iray, ary efa bevohoka ny vadiny. Mazava ho azy fa tsy tena tsara ny tranga nandalovany.

Tamin'izany ezaka handray ny fanapaha-keviny izany, dia nahazo tolotra roa tena tsara ny hiasa amin'ny ekipan'ny asa fanompoana hafa lehibe sy mafy orina tsara izy. Mety ho tsara ny karamany. Nanintona ireo fahafahana manompo ireo, ary raha tsy izany, ny voninahitra fotsiny amin'ny fiasana ho an'ny iray amin'ireo asa fanompoana ireo dia hampitombo ny "fireharehany". Arakaraka ny maha ela ny fandraisany hevitra no mahatonga azy ho vaka saina. (Tahaka ny mamangy azy i Ramose Fisalasalana, tsy izany ve?)

Nisy fotoana fantany mazava izy tiany hatao, ary ankehitriny izy miahanahana eo ampovoan'ny safidy. Satria ny tranga teo amin'ny tsy mahatsara ny fiverenany tany St Louis, dia nalaim-panahy izy hanaiky ny iray amin'ireo tolotra, nefa tsy nety ho nanam-piadanana tamin'ny iray amin'ireo izy, farany izy nangataka ny toro-hevitry ny iray amin'ireo Pasteur izay nanolotra asa ho azy, ary niteny tamim-pahendrena io lehilahy io hoe "Madehana amin'ny toerana iray, aoka ho tony sy hangina, avy eo aza avela hiasa ny sainao. Jereo ny fonao, jereo izay ao anatiny, dia ataovy izany!"

Rehefa narahiny ny torohevitry ny Pasteur, dia hitany haingana fa tao am-pony ny fiangonana tany St Louis. Tsy fantany hoe ahoana no hahafahany hanao izany miaraka tamin'izay teo am-pelatanany, nefa nandroso tamim-pakatoavana izy, ary nahafinaritra ny vokany.

Ankehitriny io Pastera, Rick Helton, io no mpamorona sy Pastera lehiben'ny "Life Christian Center" ao St Louis, any Missouri. Amin'arivony ny olona notahiana sy voaova nandritra ny taona maro tamin'ny alalan'ny fanomopoana. Pastera mpanampy tao aho nandritra ny dimy taona, ary teraka nandritra izany fotoana izany ny asa fanompoako. Hevero fotsiny ny zavatra betsaka nangalarin'ny devoly tamin'ny alalan'ny fisalasalana sy tsy finoana raha notarihin'ny lohany i Pastera Helton fa tsy ny fony.

Safidy Ny Fisalasalana

Ary nony niverina maraina nankany an-tanàna Izy, dia noana.

Ary nahita hazon'aviavy anankiray teo amoron-dàlana Izy, dia nankeo aminy, kanjo tsy nahita na inona na inona teo aminy [nahita Izy fa teo amin'ilay hazon'aviavy ny voany dia miseho miaraka amin'ny raviny], dia hoy Izy taminy: Aza misy voa avy aminareo intsony mandrakizay.

Dia maina vetivety foana ilay hazo aviavy. Ary nony hitan'ny mpianatra izany, dia gaga izy ka nanao hoe: Nanao ahoana re no dia nohamaina vetivety io aviavy io?

Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: [lazaiko aminareo marina tokoa, Raha nanam-pinoana (fahatokiana mafy azo itokiana) ianareo ka tsy miahanahana, dia tsy izao natao tamin'ny aviavy izao ihany no ho vitanareo, fa raha hiteny amin'ity tendrombohitra ity aza ianareo ka hanao hoe: Mifindrà ianao ka mianjerà any an-dranomasina dia ho tonga izany.

Ary na inona an inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana [tena marina] dia ho azonareo.

MATIO 21:18-21

Rehefa gaga ny mpianany ary nanontany an'i Jesosy ny fomba nandravany ny hazo aviavy tamin'ny teny tokana ihany, dia nilaza taminy ny fototr'izany Izy hoe Raha manam-pinoana ianareo ka tsy miahanahana dia afaka manao zavatra mitovy amin'izany ianareo izay nataoko tamin'ny hazo aviavy ary zava-dehibe noho izany aza (jereo Jaona 14:12).

Efa tafatoetra ao anatintsika fa ny finoana dia fanomezan' Andriamanitra, koa dia fatantsika fa manana finoana isika (Rom 12:3). Nefa ny fisalasalana dia safidy. Izany no fitaovam-piadian'ny devoly ho paik'ady hanoherana ny saintsika.

Satria afaka misafidy ny fisainanao ianao, rehefa tonga ny fisalasalana, dia tokony hianatra ny halala izany ianao, lazao hoe "Tsia, misaotra anao" mitohiza amin'ny finoana!

Anao ny safidy !

NY TSI-FINOANA DIA TSI-FANKATOAVANA

Ary rehefa tonga teo amin'ny vahoaka izy ireo, nisy lehilahy anankiray nanatona an'i Jesosy, dia nandohalika teo anatrehany ka nanao hoe, Tompoko, mamindrà fo amin'ny

zanako-lahy, fa mararin'ny androbe izy ka mahantra tokoa, fa matetika izy no mianjera ao amin'ny afo, ary matetika ao amin'ny rano.

Ary nitondra azy tamin'ny mpianatra aho, fa tsy nahay nahasitrana azy izy.

Ary Jesosy namaly, ka nanao hoe: Ry taranaka tsy mino sady efa nivadika, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo? Mandra-pahoviana no handeferako aminareo? Ento aty amiko izy. Ary niteny mafy azy Jesosy, dia nivoaka taminy ny demonia, ka sitrana ilay zazalahy tamin'izay ora izay. Dia nankao amin'i Jesosy mangingina ny mpianatra ka nanao hoe: Nahoana izahay no tsy nahavoaka izy? Ary hoy Jesosy taminy: Noho ny fahakelezan'ny finoanareo ihany.

Matio 17:14-20

Tsarovy fa ny tsy finoana mitarika ho amin'ny tsy fankatoavana.

Angamba Jesosy efa nampianatra zavatra sasany, toy ny fisalasalana, manokana antsika tsy hanao izay niantsoan'Andriamanitra antsika sy nanosorany antsika mba ho tanteraka eo amin'ny fiainana. Izany koa dia manakana antsika tsy hahatsapa ny dikan'ny fialonana izay tiany hifaliantsika satria mahita fitsaharana ho an'ny fanahintsika ao Aminy isika (jereo Mat 11:28,29).

Sabata Fitsaharana

Koa aoka isika hazoto hiditra amin'izany fitsaharana izany, [an'Andriamanitra, mba hahalala sy hahatsapa izay ho antsika], fandrao hisy olona betsaka amin'ny tsi-finoana tahaka izany koa [izay nianjeran'izay tany an'efitra]

Hebreo 4:11

Raha mamaky ny toko fahaefatra iray manontolo an'ny bokin'ny hebreo ianao, dia ho hitanao miresaka momba ny sabata fitsaharana

izy io, izany dia natao ho an'ny vahoakan'Andriamanitra tao amin'ny fanekena Taloha, ny Sabata dia notandremana ho andro fitsaharana!

Ao amin'ny Fanekena Vaovao, io Sabata fitsaharana resahana io dia toera-pitsaharana ara-panahy izay azon'ny mpino onenana. Zon'ny mpino rehetra ny mandà ny hanahy na hatahotra. Amin'ny maha mpino, izaho sy ianao dia afaka miditra ny fitsaharan'Andriamanitra ary mitoetra ao.

Ny fijerena tsara ny Hebreo 4:11 dia manambara fa tsy hiditra mihitsy amin'ny fitsaharana isika raha tsy amin'ny alalan'ny finoana, ary miala amin'izany isika amin'ny alalan'ny tsi-finoana sy tsi-fankatoavana. Ny tsi-finoana mihazona antsika amin'ny "fiainana any an'efitra" nefa Jesosy nanome toera-fitsaharana maharitra, iray izay afaka honenana fa amin'ny alalan'ny fiainana amin'ny finoana ihany.

Velona Avy Amin'ny Finoana Mankany Amin'ny Finoana

Fa avy amin'izany no anehoana fahamarinana avy amin'ny finoana sy ho amin'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: "Ny marina amin'ny finoana no ho velona"

Romana 1:17

Tsaroako nisy tranga iray mety hahatafiditra mazava tsara io teboka io ao an-dohanao. Indray hariva dia nivezivezy tao an-trano aho niezaka hanao asan-tokantrano, ary tena ory aho. Tsy nanam-pifaliana –tsy nisy fiadanana tao am-poko. Nitoky nanontany ny Tompo aho hoe "Inona no tsy mety amiko? Matetika no nahatsapa tena tsy izany, ary tiako hofantarina ny olana teo amiko. Niezaka aho hanaraka ny zavatra rehetra nianarako tamin'ny fandehanako niaraka tamin'i Jesosy, nefa azony antoka hoe nisy zavatra tsy ampy.

Tamin'izany fotoana izany naneno ny telefona ary raha mbola niresaka aho dia nahakasika ny tao anatin'ny boatin'ny karatra Soratra

Masina nalefan'olona ho ahy. Tsy tena nijery azy aho, fa mamadibadika azy fotsiny rehefa eo amin'ny telefona aho. Rehefa avy nitelefona aho, dia tapa-kevitra fa hifidy iray izay tsirambin'ny tanako ary hijery raha afaka nahazo fampaherezana avy amin'izany.

Nosintoniko ny Romana 15:13: Ary Andriamanitra ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra finoanareo [amin'ny alalan'ny traikefan'ny finoanareo] mba hitomboanareo (hangotrankotrahanareo) amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina.

Nahita izany aho!

Ny tena olako dia ny fisalasalana sy tsi-finoana. Nanao ny tenako ho ory tamin'ny finoana ny laigan'ny devoly aho. "Negative" aho. Tsy afaka nanana fifaliana sy fiadanana aho satria tsy mino. Tsy afaka manana fifalina sy fiadanana aho ary miaina amin'ny tsi-finoana.

Manapà hevitra mba hino an'Andriamanitra fa tsy ny devoly.

Mianàra mba hiaina avy amin'ny finoana mankany amin'ny finoana. Araka ny Romana 1:17, Io no làlana hanambarana ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny Tompo tsy maintsy nanambara tamiko fa raha tokony ho niaina avy amin'ny finoana mankany amin'ny finoana aho dia matetika no miaina avy amin'ny finoana mankany amin'ny fisalasalana mankan'ny amin'ny tsi-finoana. Ary dia miverina amin'ny finoana vetivety indray aho, ary aty aoriana, miverina amin'ny fisalasalana sy tsi-finoana. Mandroso ny mihemotra aho ary mankany any amin'iray ho any amin'ny iray. Izany no antony nananako olana be sy fahoriana teo amin'ny fiainako.

Tsarovy, araka ny Jakoba 1:7–8 (KJV) ny olona miroa saina dia tsy marin-toerana amin'ny fomba rehetra ary tsy mahazo mihitsy izay tiany avy amin'ny Tompo. Manapaha hevitra fa tsy hiroa saina ianao, aza miaina ao amin'ny fisalasana!

Andriamanitra manana fiainana tsara narafitra ho anao. Aza avela ny devoly hangalatra izany aminao amin'ny alalan'ny lainga!

Mifanohitra amin'izany, "fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana [marina] marina an'Andriamanitra, ...ka mamabo hevitra rehetra amin'ny fahalalana an'i Kristy (ny Mesia, ilay voahosotra)" (2 Kor 10:5).

Toko

12

Saina Matahotra Sy Manahy

Saina Matahotra Sy Manahy

> *[I] Aza matahotra fa tsy fahendrena izany [I]*
>
> SALAMO 37:8 KJV

Ny tahotra sy ny fanahiana dia samy fanafihana ao amin'ny saina irina mba hahavariana antsika be tsy hanompo ny Tompo. Ny fahavalo dia mampiasa ireo fampahoriana ireo ihany koa mba hanindrina ny finoantsika, be tsy hahafahana mitsangana ary hanampy antsika hidina amim-pandresena.

Ny olona sasany dia manana olana be amin'ny fanahiana ka mety azo lazaina fa midoroka fanahiana. Raha tsy manan-javatra hanahiana ny tenany manokana izy, dia hanahy ny amin'ny toe-javatra eo amin'ny fiainan'ny olon-kafa. Nanana izany olana izany aho, dia tena haiko ny milaza ny toe-javatra.

Satria aho manan-javatra anahiana tsy tapaka, dia tsy mba faly tamin'ny fiadanana izay nahafatesan'I Jesosy mba hananako.

[I] Tsy afaka ho tanterahana ny sady hanahy no hiaina amim-piadanana [I]

Ny fiadanana dia tsy zavatra azo apetraka eo amin'ny olona iray, vokatry ny Fanahy izany (jereo Gal 5:22) ary ny vokatra dia noho ny fitoerana ao amin'ny Jesosy (jereo Jaona 15:4). Ny fitoerana dia mifandray amin'ny fidirana amin'ny "fitsaharan'Andriamanitra" voalaza ao amin'ny toko faha-efatra ao amin'ny Hebreo ary ao amin'ny toeran'kafa ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ihany koa. Jesosy nanome ny fiadanany ho antsika (jereo Jaona 14:27), nefa nilaza Izy fa tsy tokony hamela ny tenantsika hatahotra, menarina sy fitsapantoetra. Raha ambara amin'ny teny hafa, ny fiadanana dia misy ao anantintsika, nefa tsy maintsy fidiana izay heverin'ny saintsika ara-nofo. Afaka

misafidy ny ho feno fiadanana amin'ny fisafidiana ny hisan'ny zavatra mampandroso ny fiadanana isika fa tsy ny zavatra izay manokatra varavarana ho amin'ny fanahiana sy ny tahotra.

Maro ny teny ao amin'ny Baiboly izay nilaza ny hoe manahy, araka izay dikan-teny vakiana. Ny "King James Version" dia tsy mampiasa ny teny "manahy" ho fanampin'ny "aza matahotra" (Sal 37:8), ny sasany amin'ireo santionan'ny andian-teny mba hampitandremana amin'ny fanahiana dia "aza misaina" (Mat 6:25) "aza mandraharaha na inona na inona" (Fil 4:6) ary "apetrako ny fanahinareo" (I Pet 5:7) ankapobeny dia mampiasa ny "The Amplified Bible" aho, izay mirakitra dikan-teny maro samihafa an'ireo fomba fiteny ireo sy ny hafa mifandray amin'ity lohahevitra ity. Mba hanemorana ny fampianarana amin'ny sisa amin'ity toko ity, dia hilaza ny toetra aho hoe "fanahiana".

Famaritana Ny Fanahiana

Toy izao no ametrahan'i "Webster" ny fanahiana matoanteny tsy misy lazaina 1. Mahatsapa tsy mahazo aina na misamboaravoara ... - matoanteny nisy lazaina 1. Mahatonga hahatsapa matetika, kivy, misamboaravoara – anerana 2. Fototry ny fanahiana manorisory"[1] Reko ihany koa ny namaritana azy ho fampahorian-tena amin'ny fisainana manelingelina.

Rehefa hitako ny ampahany momba ny fampahorian-tena amin'ny fisainana manelingelina, dia nanapa-kevitra aho izany sy teo fa manantsaina kokoa noho izany. Heveriko ho izany ny Kristianina rehetra. Heveriko fa ny mpino dia manam-pahendrena noho ny mipetraka sy mampijaly tena.

Ny fanahiana dia marina fa tsy hanatsara na inona na inona, koa nahoana no tsy hialana?

Ny hampahany iray amin'ny famaritana, avy amin'ny rakibolana "The Random House Unebridge Dictionary", dia nitondra fahazavana ho ahy ihany koa: "Mandrombaka amin'ny tenda amin'ny alalan'ny nify ary

manozongonzona na mandrotindrotika, tahaka ny ataon'ny biby iray amin'ny biby hafa na mandreraka amin'ny fanekerana miverimberina sy ny fanekerana. "tamin'ny fisainana lalina io famaritana io, dia nanao izao fampiafandraisana manaraka izao aho: ny devoly dia mampiasa ny fanahiana mba hanaovana amintsika izay lazaina etsy ambony. Rehefa niady noho fanahiana isika na ora vitsivitsy fotsiny aza, dia izay no tena tsapantsika – tahaka ny nisy olona mandrapa-tongantsika ho vizana tanteraka sy rotidrotika. Ny famerimberenana ny fisainana izay tonga ary tsy miala dia tahaka ny kaikitra naverimberina sy kaikitra voasoratra eto amin'ity famaritana ity.

Ny fanahiana dia marina fa fanafihan'ni satana eo amin'ny saina. misy zavatra sasany izay ampianarina ny mpino mba hataony amin'ny sainy, ary ny fahavalo dia te hanome antsika fa tsy manao izany izy. Noho izany ny devoly dia miezaka ny hihazona ny faritry ny saina ho aro arahana amin'ny karazana fisainana diso ka mahatonga ny sina tsy hiodina amin'ny fampiasana azy ho amin'ny tanjona izay nanaovan'Andriamanitra azy.

Hiresaka ny amin'ny zavatra tsara hatao amin'ny saina isika ao amin'ny toko aoriana, fa amin'izao handeha isika hitohy amin'ny fianarantsika ny fanahiana mandra-pananantsika fanambarana feno amin'ny hoe manao ahoana no tena misy liana izany.

Ny Matio 6:25–34 dia andin-tsoratra Masina tena tsara ho vakiana rehefa mahatsapa "fanafihan'ny fanahiana" tonga amintsika. Andeha hojerentsika mitokana ireo andininy mba hahitana izay ambaranan'ny Tompo amintsika momba io lohahevitra tena lehibe io.

Tsy Mihoatra Noho Ny Zavatra Va Ny Aina?

Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Aza manahy ny amin'ny ainareo, dia izay hohaninareo na izay hosotroinareo, na ny amin'ny tenanareo, dia izay hotafianareo. Moa ny

aina [amin'ny fahatsarany] noho ny hanina va, ary ny tena [ambony lavitra sy mihoatra ny tsara indrindra] noho fitafiana?

Maitio 6:25

Ny fiainana dia natao ho ambony fahatsarana mba hahatonga antsika hankafy azy be tokoa. Ao amin'ny Jaona 10:10, dia nilaza Jesosy, "Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; izaho avy mba hanany fiainana, sady hananahy be dia be (feno, mandra-pitobany)" miezaka satana mba hangalatra io fiainana io avy amintsika amin'ny fomba maro, iray amin'ireny ny fanahiana.

Ao amin'ny Matio 6:25 dia ampianarina isika tsy misy zavatra eo amin'ny fiainana izay tokony hanahiantsika. Tsy misy na endriny inona na inona! Ny hatsaran'ny fiainana izay nomen'Andriamanitra antsika dia ampy amin'ny fahatsarany mba hanomezana ny zavatra rehetra ilaintsika, nefa raha manahy ny amin'ny zavatra isika, dia manery azy ireo tahaka ny fiainana notendreny mba hananantsika.

Tsy Sarobidy Noho Ny Vorona Ve Ianao?

Tsinjovy ny voro-manidina, fa tsy mba mamafy na mijinja, na mitaona ho any an-tsompitra ireny; ary ny Rainareo Izay any an-danitra mamelona azy. Moa tsy mihoatra lavitra noho ireny ve ianareo?

Matio 6:26

Mety hohatsara antsika ny mandany fotoana hibanjinana ny vorona. Izany no nolazain'Andriamanitra antsika mba hatao.

Raha tsy isan'andro, dia fara-fahakeliny indraindray dia ilaina isika maka fotoana mba hijery sy hampahatsiaro antsika hoe manao ahoana ny mahatsara ny fikarakarana ireo vorona namantsika. Izy dia tsy mahalala ara-bakiteny hoe avy aiza no iavian'ny sakafo rehefa avy eo, na izany aza, izaho manokana dia tsy mbola nahita mihitsy

vorona nipetraka teo amin'ny sampa-kazo voan'ny aretin'ny etsika noho ny fanahiana.

"Ny hevitry ny Tompo eto dia tena tsotra tsy sarobidy noho ny vorona ve ianao?"

Na dia miady amin'ny fiheveran-tena ho ratsy aza ianao, dia azo antoka fa ianao dia sarobidy noho ny vorona, ary mijery ny fomba tsara hiahian'ny Ray any an-danitra azy.

Inona No Azonao Amin'ny Fanahiana?

Ary iza ao aminareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro hiainany na ny halavan'ny tenany na dia kely [hakiho iray] manoja aza?

Matio 6:27

Mipetraka haingana ny hevitra fa tsy misy ilaina azy ny fanahiana. Tsy mahatanteraka zavatra tsara na inona na inona. Raha izany, dia nahoana no manahy, nahoana no tena matahotra?

Nahoana No Tena Fanahy?

Ary nahoana no manahy ny amin'ny fitafiana ianareo? Diniho tsara ny fanirin'ny voninkazo any an-tsaha; tsy mba miasa na mamoly ireny;

Nefa lazaiko aminareo fa na dia Solomona tao amin'ny voninahiny (fahatsarany, fahamendrehany ary fahasoavany) rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin'ireny.

Aryrahanyahitraanyan-tsahaizayanyihanyaniokahatsipy ao am-patàna rahampitso, no ampitafin'Andriamanitra toy izany, tsy maika va ianareo ry kely finoana?

Matio 6:28-30

Amin'ny fampiasa ny sorin'iray amin'ireo zava-boaharin'ny Tompo dia manasongadina fa raha ny voninkazo izay tsy manao na inona na inona, dia vakarakara tsara.

Ary tsara endrika ka mihoatra noho Solomona teo amin'ny fiandrianany, dia afaka mino am-pahatokiana isika fa voakarakara sy omena ny ilaintsika.

Noho Izany, Aza Manahy Na Matahotra!

Dia aza manahy ianareo ka manao hoe: Inona no hohaninay? Na inona no nosotroinay? Na inona no hotafinay?

MATIO 6:31

Te hanitatra kely Io andininy io aho ary hampiditra fanontaniana iray "Inona no hataonay?"

Heveriko fa Satana dia maniraka devoly ary ny asany dia tsy misy zavatra hafa afa-tsy ny mamerina io andian-teny io eo an-tsofin'ny mpino mandritra ny andro iray manontolo.

Matetika amin'ny fanontaniana sarotra izy, ary ny mpino dia nandany ny fotoany sarobidy miezaka amin'ny valin-teny tsy ananany. Ny devoly dia manao ady eo sehetry ny ady eo amin'ny saina, amin'ny fampidirana ny Kristiana amin'ny lavareny, efa voasoritra ary mampahory. Ny valin-tenintsika amin'ny fanontanian'ny devoly momba izay hataontsika dia tokony ho tsotra hoe "tsy mbola fantatro aloha izay hataoko eo amin'ny toe-javatra atrehako, nefa Andriamanitra ahalala ary ampy ho ahy izany. Hanoro làlana ahy izy amin'ny fotoana mety".

Mariho ny ampahan'ny andinin'ny 31 izay ampianarin'ny Tompo antsika mba tsy hanahy na hatahotra.

Tsarovy fa araka ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava (jereo Mat 12:34). Fantatry ny fahavalo fa raha afaka azony ny mampiditra

fisainana diso ao amin'ny saintsika, dia hanomboka hivoaka amin'ny vavantsika ireny. Tena zava-dehibe ny tenintsika satria manamarina ny finoantsika – na amin'ny fotoana sasany ny tsi-fahampian'ny finoantsika.

Katsaho Andriamanitra Fa Tsy Fanomezana

Fa izany rehetra izany dia katsahin'ny jentilisa (tsy mpino) fatratra, fa fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany.

Fa katsaho (ataovy ho tarigetra ny miezaka) aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany (ny fomba fanaony sy ny mba ho marina) dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.

Matio 6:32,33

Mazava fa ny zanak'Andriamanitra dia tsy mitovy amin'ny izao tontolo izao! Izao tontolo izao mikatsaka zavatra fa isika natao hikatsaka ny Tompo. Nampanantena Izy fa raha hanao izany isika, dia hanampiny ho antsika ireo zavatra rehetra fantany fa ilaintsika.

Tsy maintsy mianatra mikatsaka ny tavan'Andriamanitra isika fa tsy ny tànany!

Ny Raintsika any an-danitra dia mifaly amin'ny fanomezana zavatra tsara ho an'ny zanany nefa rehefa tsy mikatsaka ireny isika. Ny mikatsaka dia teny mahery midika mikaroka, maniry fatratra, ary mitady amin'ny herinao rehetra. Ekena ny aniriantsika zavatra, nefa tokony hikatsaka an'Andriamanitra fotsiny isika, satria raha tsy noho Izy, ny zavatra havatra rehetra dia tsy misy vidiny.

Fantatr'Andriamanitra izay ilaintsika mialoha ny hangatahantsika. Raha hampahalalantsika Azy, fotsiny izay angatahantsika Aminy (jereo Fil 4:6), dia hitranga izany amin'ny fotoana tsara an'Azy. Ny fanahiana dia tsy hanampy mihitsy amin'ny olona. Izany dia hisahana, raha ny marina ny fandrosoantsika.

Andro Iray Ihany Iainana

Ary amin'izany dia aza manahy ny amin'ny ampitso ianareo; fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy.

Matio 6:34

Tiako ny maneho ny ahiahy na tahotra tahaka ny manoloany ny anio mba hiheverana ny ampitso. Andeha isika hianatra ny hampiasa ny fotoana nomen'Andriamanitra antsika amin' izay efa nomen'Andriamanitra ho amin'izany.

Natao iainana ny fiainana – eto sy anio!

Mampalahelo, fa vitsy ny olona no mahalala ny fomba iainana ny andro tsirairay amin'ny fahafenoany tanteraka. Nefa ianao dia afaka ny ho anisan'ireo. Nilaza Jesosy fa satana, fahavalo, dia tonga mba hangalatra ny fiainanao (jereo Jaona 10:10). Aza avela hanao izany intsony izy! Aza mandany ny anio hanahiana ny rahampitso. Ampy ho anao ny zavatra miseho anio; mila fifantohana feno. Eo aminao ny fahasoavan'Andriamanitra mba handraisanao an-tànana izay mety ilainao ho an'ny anio, nefa ny fahasoavan'ny rahampitso tsy ho avy raha tsy tonga ny rahampitso – noho izany aza laniana foana ny anio!

Aza Matahotra Na Manahy

Aza manahy na inona na inona, fa aoka ny fireharehana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo mambara ny fangatahanareo (fangatahana voaferitra) amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra.

Filipiana 4:6

Ity dia Soratra Masina tsara haverina rehefa tonga ny "fanafihan'ny fanahiana".

Manoro-hevitra anao tokoa aho hiteny ny Tenin'Andriamanitra amin'ny vavanao. Io no sabatra roa lela izay tsy maintsy ampiasaina hanoherana ny fahavalo (jereo Heb 4:12, Efes 6:17). Ny sabatra ao anatin'ny tranony dia tsy misy liana azy mandritra ny fanafihana.

Nomen'Andriamanitra antsika ny Teniny, ampiasao izany! Mianara Soratra Masina toy ity iray ity ary rehefa manafika ny fahavalo, tohero ny fanafihany amin'ny fitaovam-piadiana mitovy amin'izay nampiasan'i Jesosy: ny Teny!

Avelao Ny Kisarisary An-tsaina

Fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanolotra ny fahalalana [marina] an'Andriamanitra; ary .... mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'iKristy (ny Mesia, ilay Voahosotra).

2 Korintiana 10:5

Rehefa ny fisainana nomena anao tsy manaiky ny Tenin'Andriamanitra ny fomba tena tsara hanakombona ny vavan'ny devoly dia ny fitenenana ny Teny.

Ny Teny mivoaka avy amin'ny vavan'ny mpino, amin'ny finoana mba hahamefy izany, no hany fitaovam-piadiana tena mahomby izay azo ampiasaina mba handresena amin'ny ady hanoherana ny ahiahy sy ny tahotra.

Apetraho Amin'andriamanitra Ny Fanahianao

Koa amin'izany manetre tena [akelezo, ataovy omby ny fiheveranao manokana azy] ombamin'ny tàna-maherin'Andriamanitra mba hanandratany anareo amin'ny fotoan'andro, ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miady anareo.

1 Petera 5:6–7

Rehefa miezaka hanome olana antsika ny fahavalo, dia manana tombotsoa manokana ny ametraka izany amin'Andriamanitra isika. Ny teny "apetrako" ny marina dia midika hoe atsipazo. Izaho sy ianao dia afaka manipy ny olantsika amin'Andriamanitra ary, mivoa ahy, afaka mitamby izany Izy. Fantany izay atao amin'izany.

Io ampahan-tsoratra io dia mamela antsika hanetry tena fa tsy hamaly. Ny olona iray izay manahy dia mbola mihevitra fa mbola afaka mamaha ny olany ihany izy. Ny fanahiana dia ny saina mivezivezy, miezaka mitady vahaolana amin'ny toe-javatra mitranga eo aminy. Ny olona mirehareha dia feno ny tenany, fa ny olona manetry tena dia feno an'Andriamanitra. Ny olona mirehareha manahy; ny olona manetry tena miandry. Andriamanitra irery dia afaka mnapaka antsika, ary tiany isika ahalala izany, mba amin'ny toe-javatra rehetra ny famaliantsika voalohany dia ny fiankinana Aminy sy ny fidirana amin'ny fitsikerany.

Ny Fitsaharan'andriamanitra

Ry Andriamanitray ô!, tsy hitsara azy ve Ianao? Fa izahay dia tsy hanan-kery hanohitra ireo olona betsaka ireo, izay avy hamaly anay, koa tsy hotanay izay hataonay; fa Ianao no andraindrain'ny masonay.

2 Tantara 20:12

Tiako ity andininy ity! Ny olona ao anatin'ity dia tonga tamin'ny toerana nahatsapana fa marina ireto zavatra telo ireto:

1. Tsy nanana fahefana nandritra ny fahavalo izy.
2. Tsy fantany izay hatao
3. Nila nanana masony masony nifantoka tamin'Andriamanitra izy.

Ao amin'ny andininy 15 sy 17 an'io ampahan-tsoratra io ihany, dia hitandrina izay nolazain'ny Tompo taminy rehefa tonga tamin'io fahatsapana io izy ary niaiky Azy: "Aza matahotra na mivadi-po ny

amin'ireo olona betsaka ireo; fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra ...Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity; mijanòna tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo."

Inona no toeranao? Ny fiankohofana sy ny fitoerana ao amin'i Jesosy ary ny fidirana amin'ny fitsaharan'Andriamanitra. Ny fiandrasana ny Tompo tsy mitsahatra, ny masonao mifantoka Aminy manao izay dia hanome "tahotra miankohoka" amin'ny fihetsehana ao amin'ny nofo.

Mikasika ny amin'ny fidirana ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra dia teny hiteny toy izao aho: tsy misy zavatra toy ny "fitsaharan'Andriamanitra" tsy misy fanoherana. Mora ny manome fiadanana rehefa tsy misy zavatra mampanahy. Ny tsi-mpino ihany koa dia manam-piadanana mandritra ny fotoana mora. Fa ny "fitsaharan'Andriamanitra" dia fanomezana izay mitahiry ny mpino ho feno fiadanana mandritra ny fotoana misy olana. Izany dia fanomezana avy Aminy ho an'ny zanany.

Mba hanehoana an-tsary izany, dia mamelà ahy hilaza tantara iray izany reko teo aloha mikasika mpanakanto roa izay nangatahana mba hanao sary hoso-doko ny fiadanana araka izay nahitany azy. Ny iray nanao sarina farihy, milamina, tany lavitra tany an-tendrombohitra. Ny anankiray nanao sarina rano mianjera misosa sy mafy fikoriana, misy hazo mivoaka avy eo ary misy vorona miala sasatra ao anaty tranom-borona amin'iray amin'ireo sampan-kazo.

Inona amin'ireo no maneho an-tsary marina ny fiadanana? Ilay faharoa no manao izany, satria tsy misy zavatra toy ny fiadanana tsy misy fanoherana. Ny hoso-doko voalohany dia naneho zavatra tsy mihetsika. Ny farihy izay asehony dia mety ho tony; ny olona dia mety hientana ny te handeha any mba hanavao ny hery. Mety manolotra sary mahafinaritra izany, nefa tsy maneho an-tsary ny "fitsaharan'Andriamanitra".

Hoy Jesosy: "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako [ahy manokana] no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo

izao no fanomeko anareo." (Jaona 14:27). Ny fiadanany dia fiadanana ara-panahy, ary ny fitsaharany dia iray izay miasa eo anivon'ny tafiotra – fa tsy amin'ny tsi-fisiana. Jesosy dia tsy tonga mba hanaisotra ny fanoherana rehetra eo amin'ny fiainantsika, fa mba hanomezana antsika fomba fiatsehana ny tafiotry ny fiainana amin'ny fomba hafa. Natao isika mba andray ny ziogany eo amintsika ary.

Mba hianatra Aminy (jereo Matio 11:29). Midika izany fa natao hianatra ny làlany isika, hiatrika ny fiainana tahaka ny fomba nanaovany izany.

Jesosy tsy mba nanahy, isika ihany koa tsy mila manahy!

Raha miandry ny tsy hanana zavatra anahiana ianao vao hitsahatra amin'ny fanahiana, dia miteny aminao marina aho fa voatery hiandry fotoana ela ianao, satria mety tsy ho tonga izany fotoana izany. Tsy hoe "negative" aho. Tena ny marina nolazaiko! Miaina ao amin'izao tontolo izao feno horohoro isika. Manodidina antsika izany, fa tsy voatery ho ao anatintsika.

Ny Matio 6:34 dia manolo-tsaina mba tsy hanahy ny amin'ny rahampitso isika no ampy amin'ny andro iray ny ratsy miseho ao aminy. Jesosy dia nilaza izany, ary mazava ho azy fa tsy "negative" Izy. Ny fananana fiadanana, fankafizana ny fitsaharan'Andriamanitra eo anivon'ny tafiotra, dia manome voninahitra be ny Tompo satria manaporofo fa izany no fomba fiasany.

Fanahiana, Fanahiana, Fanahiana!

Nandany foana ny taona maro teo amin'ny fiainako anahiana ny amin'ny zavatra tsy misy azoko natao. Tiako raha mba haverina ireny ary afaka hiatrika azy amin'ny fomba hafa aho. Na izany aza anefa, rehefa laninao ny fotoana nomen'Andriamanitra anao, dia tsy azo hatao ny hiverina ary manao ny zavatra amin'ny fomba hafa.

Rangahy vadiko, etsy an-daniny tsy mba manahy mihitsy. Nisy fotoana izay nahatezitra aho tamin' izay satria miara-manahy amiko

izy – ary miara-miezaka amiko ny zavatra meloka mety hiseho raha tsy tanterak'Andriamanitra ny fanomezana izay ilainay. Mipetraka ao an-dakozia aho ohatra, ary mijery fatratra ny faktiora sy ny taratasim-bola, ary mihamikorontan-tsaina amin'izay fotoana izay, satria ny faktiora dia mihoatra ny vola am-pela-tànana.

Dave ao amin'ny efitra ambadika milalao miaraka amin'ny ankizy, nijery fahitalavitra raha mbola nitsambikina teo amin'ny lamosiny ireo ary nametraka "rouleaux" teo amin'ny volony.

Tsaroako aho nilaza taminy tamin'ny fiteny tsy faly hoe Nahoana ianao no tsy manatona ery tsy mihetsika fa tsy mihala nefa izao misaina ny olana! Izao no navaliny: Inona no tianao ataoko? Tsy afaka nisaina na inona na inona aho, nahatonga ho tezitra fotsiny izany fa izy dia hifaly fa izahay nefa miatrika toe-javatra ara-bola mandiso fanantenana.

Nampitony ahy i Dave tamin'ny fampahatsiahivana ahy fa Andriamanitra nanome mandrakariva izay nilainay, fa rehefa nanao ny anjaranay izahay (dia ny fahafolon-karena, ny fanatitra, ny vavaka, ary nahatoky), ary ny Tompo dia hitohy hanao ny anjarany. (Te hanazava aho fa Dave dia nahatoky rehefa namaly aho) Niditra tao amin'ny efitra niaraka taminy sy ny ankizy aho ary fotoana fohy kely taty aoriana taty aoriana dia niverina tao an-tsaiko indray ny fanahiana Nefa inona no hataontsika? Ahoana no handoavantsika ireo faktiora ireo? Dia ahoana raha...?

Avy eo dia toa hitako sary ao an-tsaina toy ireny sarimihetsika ireny toa loza maro - fakana ny antoka, famerenana ny fiara, henatra nanoloana ny fianakaviana sy ny namana raha voatery tsy maintsy hangataka fanampiana ara-bola izahay, etsetra etsetra. Moa va tsy mba efa nandalo zavatra toy izany koa ianao na nieritreritra zavatra toy izany lava tao an-tsainao tao? Mazava ho azy fa manana izany ianao raha tsy izany dia tsy ho namaky ity boky ity ianao.

Raha voarebireby tamin' ny fisainana izay nomen'ny devoly ahy nandritra fotoana fohy aho , dia nivezivezy niverina ao an-dakozia,

namoaka ny faktiora rehetra, ny "calculatrice" ary ny taratasim-bola, ary niverina tamin'ilay olana manontolo indray. nihevitra aho fa raha nijery ela sy mafy dia afaka nahita vahaolana, nefa Andriamanitra ihany no nanana ny vahaolana. Arakaraka ny hamerimberenako ny fijerena ny faktiora dia mila manahy aho. Avy eo dia namerina io seho indray izahay! Nivazavaza tamin'i Dave sy ny ankizy aho satria toa mifaly izy ireo nefa izaho sahirana mandray ny "andraikitra" rehetra.

Ny marina izay tsapako dia tsy andraikitra, fa fanahiana – zavatra nolazain' Andriamanitra manokana tamiko mba apetrako Aminy.

Manao jery todika aho izao ary mahatsapa fa very foana ireo takariva maro izay nomen'Andriamanitra tany amin'ny fiandohan'ny fiainam-panambadiako. Fanomezana sarobidy ny fotoana omeny antsika. Nefa nomeko ny devoly izany. Anao ny fotoanao. Ampiasao amim-pahendrena izany; tsy hiverina amin'izany intsony ianao.

Andriamanitra nanome izay rehetra nilainay, ary nanao izany tamin'ny fomba samihafa Izy. Tsy mba nahafoy anay mihitsy – na indray mandeha aza. Mahatoky Andriamanitra.

Aza Manahy – Matokia An'andriamanitra

Aoka tsy ho amin'ny fitiavam-bola [anatin'izany ny hatendana, fahihirana, filàna, sy faniriana fatratra ny fanana eto an-tany], fa miaina amin'izay anananareo [tranga sy izay anananareo]; fa hoy Izy [Andriamanitra]: Izaho tsy hanao anao mihitsy na hahafoy anao akory (avelao Aminao izay azontsika)! [toy izany mazava ho azy!]

Hebreo 13:5

Ity dia Soratra Masina tena tsara ampiasaina mba hampaherezana ny tenanao rehefa mamaly ianao ny amin'ny hoe raha hiditra an-tsehatra Andrimananitra ary hanome izay ilainao.

Eto amin'ity ampahan-tsoratra ity, ny Tompo dia mamela antsika hahalala fa tsy ilaina mametraka ny saintsika amin'ny vola isika, satria Izy hikarakara ireo zavatra rehetra ireo ho antsika. Nampanantena Izy fa tsy hahafoy na handao antsika mihitsy.

Ataovy ny anjaranao, nefa aza miezaka hanao ny anjaran' Andriamanitra. Mavesatra loatra izany ka tsy ho zaka ary raha tsy mitandrina ianao dia ho montsana eo ambanin'ny vesatr'izany.

Aza manahy. "Matokia (miankina, ary matokia) an'i Jehovah ianao, dia honina amin'ny tany ianao ka ho faly amin'ny fahamarinana" (Sal 37:3) Teny fampanantenana izany!

Toko

13

Saina Mitsara, Mitsikera Ary Miahiahy

Saina Mitsara, Mitsikera Ary Miahiahy 13

> *[I] Aza mitsaran mba tsy ho tsaraina ianareo [I]*
>
> MATIO 7:1

Maro ny fahoriana tonga eo amin'ny fiainan'ny olona noho ny toetra mitsara, mitsikera ary miahiahy. Maro be ny fihavanana no ravan'ireo fahavalo ireo. Haverina indray, ny saina no tanim-piadiana.

Fisainana - "heveriko fotsiny hoe" dia mety ho fitaovana ampiasain'ny devoly hihazonana ny olona iray ho irery. Ny olona tsy te hiaraka amin'ny olona izay mila milaza ny heviny momba ny zavatra rehetra. Matetika isika dia liana kokoa amin'ny filazana amin'ny olona izay heverintsika noho ny mihaino, mahalala, ary manorina fifandraisana tsara.

Mba hanehoana izany an-tsary, teo aloha nahalala vehivavy iray izay manambady lehilahy mpandraharaha tena manan-karena aho. Rangahy dia tena tsy miteny amin'ny ankapobeny ary tian-dramatoa izy mba hiresaka bebe kokoa. Nahalala zavatra betsaka momba ny zavatra maro izy.

Tezitra amin'ilay vehivavy rehefa miaraka amin'ny olona vitsivitsy izy ary misy olona manomboka miresaka lohahevitra iray izay afaka hitondran'ny vadiny fanazavana betsaka. Afaka nolazan-dralehilahy daholo ny zavatra fantany, fa tsy ataony,

"Efa fantatro izay fantatro", hoy ny navaliny. "Miezaka mangina aho ary hitako izay fantatry ny hafa".

Ny toetra mitsara, be di-doha, ary mitsikera dia fomba telo azo antoka hahatonga ny fifandraisana ho rava. Satana, mazava ho azy, dia tia ahy sy ianao mba ho irery sy voahilikilika, ary tafihany amin'ireo sehatra ireo ny saintsika. Ity toko ity, dia antenaina fa hanampy antsika

mba hahalala ny môdelin-tsaina diso ary ianarantsika ny famoahana ny olan'ny fiahiahiana.

Famaritana Ny Fitsarana

Ao amin'ny rakibolana "Vine's Expository Dictionary Of Old and New Testament Words", iray amin'ireo teny Grika nadika ho fitsarana dia faritra amin'ny am-pahany ho fanapahan-kevitra aseho manoloana ny fahadisoan'ny hafa "ary mifandray amin'ny teny "fanamelohana"[1] Araka Io loharano Io ihany, iray amin'ny teny Grika nadika ho mitsara dia faritana amin'ny ampahany ho "mamorona hevitra" ary mifanaraka amin'ny teny "didim-pitsarana"[2]

Andriamanitra ihany no hany tokona Izay manana zo hanameloka noho izany mitsara ny hafa isika, dia, ny marina dia mandratra ny tenantsika ho Andriamanitra eo amin'ny fiainany.

Tsy fantatro ny momba anao, fa mametraka "tahotra an'Andriamanitra" kely tato anatiko izany. Izaho dia tena mavitrika nefa tsy liana ny hiezaka ho amin'Andriamanitra! Ireo dia sehatra izay nananako olana lehibe teo amin'ny maha izy ahy, ary heveriko fa afaka ny hizara zavatra izay nampianarin' Andriamanitra ahy aho, ary hanampy anao izany.

Ny tsikera, ny tsanga-kevitra ary ny fitsarana dia toa mifandray, noho izany dia horesahantsika miaraka izy ireo toy ny olona lehibe iray.

Feno tsikera aho satria toa mahita matetika izay tsy mety raha tokony hahita ny tsara. Ny toetran'olona sasany dia mirona kokoa ho amin'ireo karazana toetran'olona falifaly dia tsy hahita zavatra hafa tsy "zavatra mampihomehy na mahatsikaiky" eo amin'ny fiainana noho izany dia tsy miraharaha loatra ny zavatra mety hanimba io fifaliana io izy. Ny toetran'olona malahelo sy olona te hifaly ny toe-javatra rehetra izay mahita ny ratsy aloha matetika, amin'ny ankapobeny, ny olona manana io karazana toetra io dia mizara betsaka ny heviny negativa sy fiheverany momba ny hafa.

Tsy maintsy fantatsika fa manana ny fomba fahitantsika ny zavatra isika. Sahintsika ny milaza amin'ny olona izay heverintsika, ary izay marina ilay hevitra izay heveriko ho marina ho ahy, nefa tsy voatery ho marina ho anao. Fantatsika rehetra, mazava ho azy, fa ny hoe "Aza mangalatra" dia marina hoan'ny olona rehetra , fa niresaka aho eto ny amin'ny zavatra amin'ny arivony izay atrehantsika isan'andro izay tsy tsara voatery ho ratsy fa safidin'ny tsirairay fotsiny. Mety hanampy aho hoe ireo safidy ireo dia ananan'ny olona zo manokana ny manao azy tsy idiran'ny hafa.

Izaho sy rangahy vadiko dia tena tsy mitovy amin'ny fomba fiantrehana ny zavatra maro. Ny fomba fandravahana trano dia iray amin'ireo zavatra ireo. Tsy hoe tsy tianay izay mety zavatra fidin'ny iray, fa rehefa mandeha miantsena miaraka hividy zavatra momba ny tokantrano izahay, dia tsy hoe Davida dia tia zavatra iray; matetika izaho tia zavatra hafa. Nahoana? Satria fotsiny olona roa samy hafa izahay. Ny heviny dia tsara tahaka ny ahy, ary ny ahy dia tsara toy ny azy; samy hafa fotsiny izy.

Nila taona aho mba hahazoana fa tsy misy zavatra diso akory amin'ny Dave satria tsy mitovy hevitra amiko izy. Ary mazava ho azy, mialoha ny nahafantarako tsaratsara kokoa, dia ampahafantariko azy foana hoe misy tsy mety eo aminy satria tsy mitovy hevitra amiko izy. Hita mazava, fa ny toe-poko dia nahatonga ady teo aminay ary nandratra ny fifandraisanay.

Fireharehana: Olan'ny Izaho

Izao no lazaiko... aza miavonavon-kevitra ka mihevitra noho izay tokony hoheverina [tsy mihevitra diso tafahoatra ny maha lehibe ny tena]; fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy.

Romana 12:3

Ny fitsarana sy ny fitsikerana dia vokatry ny olana lalina befireharehana. Rehefa lehibe noho ny tokony ho izy ny "izaho", dia hahatonga matetika karazan'olona izay horesahintsika. Ny Baiboly dia mampitandrina antsika tsy mijanona ny amin'ny hoe miavonanavon-kevitra.

Rehefa mahay eo amin'ny sehatra iray isika, dia satria fotsiny Andriamanitra manome fahasoavana antsika ho amin'izany. Raha miavonavon-kevitra isika na manana hevitra diso tafahotra ny momba antsika, dia mahatonga antsika hanomby ny hafa izany ary "manamarina" azy. Io karazana toe-po na fisainana io dia manokatra varavarana maro ho an'ny fahavalo eo amin'ny fiainantsika.

Tahotra Masina

Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota tsy nahy aza dia atsanganonareo izay manana ny fanahy [izay mihaino ny Fanahy sy fanahiny] amin'ny famorana izy, ka mihevera ny tenanareo, fandrao ianao koa mba halaim-panahy ihany.

Mifampitondrà (miharitra, mizaka) izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny làlan' iKristy (ny Mesia)

Fa raha misy manao ny tenany ho zavatra [ambony loatra ka hanaiky hiantsoroka ny vesatry ny hafa] kanjo tsinontsinona [tsy ambony afa tsy ao amin'ny fihevin'ny tenany] dia mamitaka ny tenany izy.

Galatiana 6:1-3

Ny fijerena amim-pahamaliana ireo Soratra Masina ireo dia manambara faingana amintsika ny fomba famakiantsika ny fahalementsika hitantsika ao amin'ny hafa. Izany dia mametraka ny teo-tsaina tokony hazonintsika anatintsika. Tsy manana "tahotra masina" momba ny fireharehana isika ary hitandrina betsaka ny amin'ny fitsarana ny hafa na hitsikera ary.

Iza Moa Isika No Mitsara?

Iza moa ianao izay mitsara ny mpanompon'ny hafa? Amin'ny tompony ihany no ijoroany na ahalevony. Nefa hampitoerina ihany izy; fa mahay mpitoetra azy ny Tompo.

Romana 14:4

Toy izay no fomba hiheverana azy: handeha holazaintsika fa ny mpiara-monina aminao dia tonga eo am-baravaranao ary manomboka mampianatra anao izay akanjo hanaovan'ny zanakao handeha hianatra ary ny fianarana tokony hataony. Ahoana no fomba hamalianao izao. Na hevero hoe ny mpiray vodirindrina aminao tonga ao aminao milaza aminao fa tsy tiany ny fomba fanadiovanao ny tranonao. Inona no holazainao amin'ny mpiray vodirindrina aminao? Azo antoka fa hilaza aminy ianao hoe tsy misy iraharahiany izany.

Izany mihitsy no hevitry ao amin'ity Soratra Masina ity. Isika rehetra dia an' Andriamanitra, ary na dia manana fahalemena azy isika, dia afaka mampijoro sy manamarina antsika Izy. Amin' Andriamanitra no anaovantsika ny ampamoaka fa tsy amintsika samy isika; noho izany, dia tsy natao hifampitsara amin'ny fomba mitsikera isika.

Ny devoly dia tena miasa amin'ny fametrahana saina mitsara sy mitsikera ao amin'ny sain'ny olona. Tsarovy rehefa tiako ny mipetraka eo amin'ny zaridaina ho an'ny rehetra na ny teora-pivarotana lehibe ary mijery ny mpandalo ary manana hevitra ao an-tsaiko ny momba azy ireo: ny akanjony, volony, olona miaraka aminy, ets ... ankehitriny tsy afaka manakana ny tenantsika tsy hanan-kevitra isika, kanefa tsy voatery hambarantsika izany. Mino aho fa isika aza dia afaka ny hitombo hatramin'ny hoe tsy manana fiheverana maro, ary raha misy ao anaty dia fisainana tsy mitsikera.

Matetika aho no milaza amin'ny tenako hoe; "Joyce, tsy raharahanao mihintsy izany". ny olana lehibe ny fiketriketrikao an-tsainao rehefa mandinika ny hevitrao ianao mandra-pahatonga ny ho fitsarana. Mihalehibe ny olana arakaraka ny hisaintsainanao izany

mandra-pilazanao azy amin'ny hafa, na mety amin'ilay iray tsarainao. Tonga nipoaka izany ary afaka ny hanao ratsy lehibe eo amin'ny sehatry ny fifandraisana sy amin'ny sehatry ny ara-panahy. Mety afaka ny hisoroka olana ho avy ianao manokana amin'ny fianarana milaza fotsiny hoe: "Tsy raharahako mihitsy izany."

Ny fitsarana sy ny tsikera dia nanjaka teo amin'ny fianankaviko, noho izy dia "niara-nitombo" taminy aho, izay no ilazana azy. Rehefa izany no mitranga tahaka ny mety ho hita eo aminao dia tahaka ny miezaka milalao baolina kitra amin'ny tongotra tapaka. Niezaka nilalao baolina niaraka tamin'Andriamanitra aho, tiako ny nanao ny zavatra araka ny fombany hasaina ny fihetsika araka ny fombany, anefa tsy vitako. Nijaly taona maro aho mialoha ny nianarako momba ny fiarovana mafy tao an-tsaiko izay tsy maintsy nirodana mialohan'ny niovan'ny fitombon'ny tenako.

Tsarovy, tsy miova ny fihetsikao mandrapiovan'ny sainao.

Matio 7:1–6 no sasany amin'ireo Soratra Masina mahazatra momba ny momba ny lohahevitra fitsarana sy tsikera. Rehefa manana olana amin'ny sainao ianao eo amin'io sehatra io, dia vakio ireo sy ny Soratra Masina hafa vakio izy, ary avy eo vakio amin'ny feo avo, ary ampiasao izy ho fitaovam-piadiana henoherana ny devoly izay miezaka managana fiarovana mafy eo amin'ny sainao. Mety misza avy amin'ny alalan'ny fiarovana mafy izay eo izy nandritran'ny taona maro.

Handeha hojerentsika io ampahan-tsoratra Masina io ary hovahavahako ny ampahany tsirairay rehefa mijery azy aho.

Mamafy Sy Mijinja Fitsarana

Aza mitsara, mba tsy ho tsaraina ianareo

Fa araka ny fitiavana ataonareo no hitsarana anareo; ary aoka ny ohatra ataonareo ampiasainareo no hanoharana ho anareo.

Matio 7:1–2

Ireo Soratra Masina ireo dia milaza amintsika fotsiny fa izay hafafintsika no jinjaintsika (jereo Gal 6:7). Ny famazana sy ny fijinjana dia tsy mihatra fotsiny amin'ny fambolena sy ny sehatray ny vola, fa azo ampiasaina ihany koa amin'ny sehatry ny saina. Afaka mamafy sy mijinja toe-po isika tahaka ny atao amin'ny vokatra sy ny vola ampiasaina.

Ny Pasteur izay fantatro dia matetika no milaza fa rehefa mandre olona iray izay niresaka momba azy taminy fahatsiam-panahy sy fitsarana izy, dia manontany tena izy hoe "Mamafy ve izy sa izaho no mijinja?" Matetika isika no mijinja eo amin'ny fiainantsika izay efa nafafintsika teo aloha amin'ny fiainan'ny olon-kafa.

Ry Mpitsabo, Sitrano Ny Tenanao!

Ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao, fa ny andry eo amin'ny masonao dia tsy tsaroanao?

Ary ahoana no ilazanao amin'ny rahalahinao fa hoe: Aoka aho hanaisotra ny sombin-kazo eo amin'ny masonao nefa indro ny andry eo amin'ny masonao?

Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry be eo amin'ny masonao, ary amin'izay vao ho hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao.

Matio 7:3–5

Tian'ny devoly ny mihazona antsika ny handaniantsika fotoana, mitsara ara-tsaina ny fahadisoan'ny hafa. Amin'izay fomba izay, tsy hitantsika mihintsy izay tsy mety eo amintsika sy manamboatra izany!

Tsy mahay manova ny hafa isika, Andriamanitra ihany no mahay izany. Tsy mahay manova ny tenantsika ihany koa, nefa afaka miara-miasa amin'ny Fanahy Masina ary mamela Azy hanao ny asa. Ny dingana voalohany ho amin'izay mety ho fahafahana anefa dia ny fiatrehana ny fahamarinana izay ezahan'Andriamanitra aseho antsika.

Rehefa misaina sy miresaka izay tsy mety eo amin'ny olon-kafa isika, dia voafitaka momba ny fitodran-tenantsika. Noho izany, Jesosy dia handidy mba tsy hiraharahantsika ny amin'izay tsy mety amin'ny hafa nefa isika dia be-fahadisoana. Avelao aloha Andriamanitra hanamboatra anao, avy eo dia hianaranao ny fomba ara-tsoratra Masina mba hanampiana ny rahalahinao hitombo amin'ny làlany amin'ny maha Kristiana.

Mifankatiava

Aza omena ny alika izay Masina; ary aza atsipy eo anoloan'ny kisoa ny soanareo, fandrao hanitsaka azy izy, dia hifotitra ka hamiravira anareo.

Matio 7:6

Heveriko fa io Soratra Masina io dia mifandray amin'izay fahafahana nomen'Andriamanitra mba hifankatia.

Raha izaho sy ianao nomena fahaizana sy didy avy amin'Andriamanitra mba hifankatia, nefa raha tokony hanao izany isika, dia mitsara sy mitsikera azy; dia alaintsika ny zavatra masina (Fitiavana) ary natsimpintsika teo anoloan'ny alika sy ny kisoa (fanahin'ny devoly) nosokafantsika ny varavarana ho azy mba hanitsahany ny zava-masina ary manova sy mandrotika antsika ho montsamontsana.

Ilaina ho azontsika fa ny "fandehanana amin'ny fitiavana" dia fiarovana antsika hanohitra ny fahafihana ratsy. Tsy mihevitra aho fa ny devoly dia afaka manao ratsy betsaka amin'ny olona iray izay tena mandeha amim-pitiavana.

Rehefa nitondra vohoka ny zanako faha-efatra aho, dia Kristiana feno ny Fanahy Masina, nantsoina ho amin'ny asa fanompoana ary mpianatra Baiboly mazoto. Nianatra ny fampiasana ny finoako ho amin'ny fanasitranana aho, nefa, nandritra ny telo volana voalohany tamin'ny nitondrako vohoka, dia tena narary tokoa. Nihanahihy sy kely

hery aho. Nandany ny ankamaroan'ny fotoanako natory teo ambony kidoro, te handoa ary tena reraka fa zara raha afa-mihetsika.

Io toe-javatra io dia tena nampikorontana ahy satria nahatsapa tena ho tsara aho nandritra ny vohoka teo hafa. Tsy nanana fahalalana be momba ny tenin'Andriamanitra aho tamin'izay, na dia tany ampiangonana aza, dia tsy nampiasa ny finoako tamin'ny fomba mavitrika na tamin'inona na tamin'inona. Ankehitriny,efa zatra tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra aho, nefa narary ary tsy nisy habetsaham-bavaka na fanoherana ny devoly afaka nampihetsika ny olana.

Indray andro raha mbola mandry tao am-pandriana aho nandre ny vadiko sy ny ankizy nifaly teo an-tokontany, dia nanontany an'Andriamanitra tamim-pahatezerana aho hoe: "Inona mihintsy no tena tsy mety amiko? Nahoana aho no tena marary? Ary nahoana aho no tsy mihatsara?"

Natosikin'ny Fanahy Masina aho mba hamaky ny Matio 7. Nanontany ny Tompo aho hoe ahoana no nifandraisany tamin'ny tenako sy ny fahasalamako. Nahatsapa aho fa tokony hamaky azy miverimberina. Farany, Andriamanitra nanokatra ny fitadidiako tamin'ny tranga iray izay niseho roa taona teo aloha.

Nanomboka nampianatra Baiboly an-tokantrano aho izay nahatongavan'ny vehivavy tanora izay antsointsika hoe Jane. Jane dia nanatrika ny fampianarana tamin'ny fahatokiana mandra-paha bevohokany, nefa lasa tena sarotra ho azy ny miaraka aminay tsy bevohoka satria reraka mandrakariva izy ary tsy salama.

Ary nandry teo am-pandriana aho tamin'io andro io, dia tsaroako fa nisy "rahavavy Kristiana" sy izaho niresaka, nitsara sy nitsikera an'i Jane satria "tsy miatrika" ny toe-javatra eo amin'ny fiainany izy ary tsy mazoto amin'ny fahatongavana amin'ny fianarana Baiboly. Tsy mba nanampy azy tamin'izay mety hanaovana izany izahay. izahay dia namoron-kevitra fa izy dia mareforefo ary nampiasa ny vohoka ho fialan-tsiny mba ho kamo sy mihantahanta.

Ankehitriny, izaho dia ao amin'ny toe-javatra mitovy amin'izay nisy an'i Jane roa taona teo aloha. Nasehoan'Andriamanitra ahy fa na dia salama aza aho nandritra ny vohoka teo voalohany, dia nanokatra varavarana tena lehibe hoan'ny devoly tamin'ny fitsarana sy fitsikerana.

Nalaiko ny perilako, ny zava-masina (ny fahaizana hitia an'i Jane), voatsipy teo anoloan'ny alika sy ny kisoa ary ankehitriny dia nivadika sy nandrotika ahy ho montsana. Afaka lazaiko anao, mora nibebaka aho. Raha vao nanao izany aho, dia niverina indray ny fahasalamako, ary salama aho nandritra ny fotoana sisa teo amin'ny fitondrako vohoka.

Hatramin'io tranga io dia nianatra lesona lehibe aho momba ny loza ny amin'ny fitsarana sy ny fitsikerana ny hafa. Te hiteny aho fa taorian'io traikefa io dia tsy nanao fahadisoana hafa mitovy amin'io intsony aho, nefa malahelo aho milaza fa nanao fahadisoana maro toy izany mialoha io fotoana io. Isaky ny mitranga izany, Andriamanitra dia tsy maintsy miasa tamiko, izay ankasitrahako Azy.

Isika rehetra manao fahadisoana. Isika rehetra manana fahalemena. Milaza ny Baiboly fa tsy natao hanana fo mafy, fanahy mitsikera amintsika samy isika, fa nifanohitra amin'izany hifamela sy haneho famindram-po tahaka an'Andriamanitra noho ny amin'izay nataon'i Kristy ho antsika (jereo Efes 4:32).

Ny Fitsarana Mitondra Fanamelohana

Koa amin'izany dia tsy manan-kalahatra ianao, ralehilahy, na zovy na zovy ianao izay mitsara, fa izay itsaranao ny sasany no anamelohanao ny tenanao koa, fa ianao izay mitsara aza dia mba manao izany ihany koa [izay tsarainao sy hitsikerao]

Romana 2:1

Raha lazaina amin'ny teny hafa, ireo zavatra mitovy amin'izay itsarantsika ny hafa no ataontsika.

Ny Tompo dia nanome ahy ohatra tena tsara indray mandeha mba hanampiana ahy hahazo io fiasan'io zavatra io. Nihevitra ny antony hanaovany zavatra iray aho ary nihevitra fa tena tanteraka marina izany, nefa mitsara ny olon-kafa izay manao izany. Hoy Izy, "Joyce, ianao nijery ny tenanao amin'ny alalan'ny solomaso mavokely, nefa ianao mijery ny olon-kafa rehetra amin'ny alalan'ny loupe."

Isika dia manala-tsiny ny tenantsika ny amin'ny fihetsiketsika, nefa rehefa ny olon-kafa no manao ny zavatra mitovy amin'ny nataontsika, dia matetika isika no tsy mamindra-fo. Manao amin'ny hafa izay tiantsika ataony amintsika (jereo Matio 7:12) dia fampianarana tsara izay hisorohana ny fitsarana sy fitsikerana maro, raha arahina.

Ny saina mitsara dia fisandrahan'ny saina "negative" – misaina izay diso ny amin'olona iray fa tsy izay marina.

Tokony ho pozitiva fa tsy "negative!"

Ny hafa handray tombotsoa, nefa ianao handray nandray tombontsoa betsaka noho ny hafa.

Tandremo Ny Fonao

Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; fa avy ao aminy no iharan'ny aina.

Ohabolana 4:23

Raha tianao ny hanana fiainana mikoriana aminao sy avy aminao, tandremo ny fonao.

Ny karazana fisainana dia tsy azo sainina ho an'ny mpino iray – anisan'izany ny fitsarana sy ny fitsikerana. Ny zavatra rehetra izay ezahan'Andriamanitra ampiarina antsika dia natao ho tsara ho antsika sy hahasambatra. Ny fanarahana ny làlany dia mitondra vokatra, ny fanarahana ny lelan'ny devoly dia mitondra fahasimbana.

Aoka Hiahy Ny Fiahiahiana

Mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra

1 Korintiana 13:7

Afaka miteny am-pahatsorana aho fa ny fankatoavana io Soratra Masina io dia fanamby ho ahy mandrakariva. Notazaina mba hiahiahy aho. Ny marina nampianarina aho mba tsy hatoky na iza na iza, indrindra raha niseho ho tsara fanahy izy, satria tsy maintsy mila zavatra izy.

Ho fanampin'ny nampianarana ahy hiahiahy ny hafa sy ny hery manosika azy, dia nanana traikefa tena nandiso fanantenana tamin'olona aho, tsy ho nialoha ny nahatonga aho ho Kristiana mavitrika, fa tao aoriana ihany koa. Ny fisaintsainana izay mandrefitra ny fitiavana sy ny fahatsapana fa ny fitiavana izay mino mandrakariva ny tsara indrindra dia nanampy ahy betsaka mba hampivelatra toetsaina vaovao.

Rehefa voapoizina ny sainao na rehefa nahazo fiarovana mafy tao antsainao satana, dia tsy maintsy havaozina araka ny tenin'Andriamanitra izany. Vita izany amin'ny alalan'ny fianarana ny teny sy fisaintsainana (fisainana lalina, tenenina amin'ny tena, misaina) izany.

Manana ny Fanahy Mahafinaritra ao amintsika isika mba hampahatsiaro antsika rehefa mandeha amin'ny zotra diso ny fisainantsika. Ataon'Andriamanitra ho ahy izany rehefa manana fisainana miahiahy aho fa tsy fisainana mitia. Ny olona, dia araraotiny. Angamba, nefa ny tombontsoa dia lehibe lavitra noho ny traikefa "negative"? Ny fahatokiana sy ny finoana mitondra fifaliana ho amin'ny fiainana ary manampy amin'ny fampitomboana ny fandraisana amin'ny hery betsaka indrindra.

Ny fiahiahiana mahatonga ny fifandraisana iray manontolo tsy afa-mihetsika ary manimba azy matetika.

Ny hevitra fototra dia – ny fomban'Andriamanitra mety; ny fomban'olona tsy mety. Andriamanitra dia manameloka ny fitsarana, fitsikerana, ary fiahiahiana, ary tokony ho izany isika. Mamela izay avelany atao ary tsy mamela izay tsy ekeny hatao.

Ny toe-po voalanjalanja no fomba fanao tsara indrindra. Tsy midika izany fa tsy tokony hampiasa fahendrena sy fahaiza-manavaka isika amin'ny fifandraisana amin'ny hafa. Tsy voatery hanakatra ny fiainantsika amin'ny olona rehetra mifanena amintsika isika, hanome fahafahana ny olona rehetra mifanena mba hanapotika antsika. Etsy an-daniny, tsy voatery hijery ny hafa amin'ny maso "negative", miahiahy, miandry mandrakariva fa ny hafa hanararaotra antsika.

Matokia Tanteraka An'andriamanitra Ary Ny Olona Amin'ny Miafina

Ary nony tao Jerosalema Jesosy tamin'ny Paska, dia tamin'ny andro firavoravona, maro no nino ny anarany [mahafantatra ny tenany ho isan'ny antokony], rehefa nahita ny famantarana (Fahagagana) nataony.

Fa Jesosy [tamin'ny anjarany] tsy natoky azy, satria Izy nahalala ny olona rehetra.

Ny tsy nitady olona hanambara olona Izy [tsy nila vavolombelona avy amin'ny olona momba ny olona]; fa ny tenany nahalala izay tao am-pon'ny olona [afaka novakiany ny fon'ny olona].

Jaona 2:23-25

Indray mandeha rehefa avy tafiditra tao anaty toe-javatra tao amin'ny fiangonana izay nandiso fanantenana aho, dia nentin'Andriamanitra hifantoka amin'ny Jaona 2:23-25.

Ity ampaha-tsoratra ity dia miresaka ny amin'ny fifandraisan'i Jesosy tamin'ny Mpianany. Milaza tsotra fa tsy nanankina ny tenany

taminy Izy. Tsy milaza izany fa niahiahy azy Izy na tsy nahatoky azy Izy; manazava fotsiny izany fa satria azony ny maha ny olom-belona Izy (izay toetra ananantsika rehetra); dia tsy nanankina ny Tenany taminy Izy tamin'ny fomba tsy voalanjalanja.

Ny Petera Voalohany 5:8 dia milaza "Mahononatena, (mahon-tena), miombina, fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona [amin'ny hanohanana maha-romotra] mitady izay harapany."

Nianatra aho fa niankina tamin'ny vehivahy tao amin'io vondrona io ary nametraka taminy ny fahatokiana an'Andriamanitra. Afaka ho lasa tena lavitra isika amin'izay mety ho fifandraisana amin'ny olona. Raha mandeha mihoatra ny fahendrena isika, dia hiketriketrika ny olana, dia haratra izy.

Apetraho amin'ny Tompo mandrakariva ny fahatokianao ambony indrindra. Ny fanaovana izany dia hanokana ny varavarana hoan'ny Fanahy Masina mba hampahalala anao rehefa miampita mihoatra ny tsipiky ny fifandanjana ianao.

Ny olona sasany mihevitra fa manana fahaiza-manavaka izy nefa ny marina miahiahy izy. Misy fanomezan'ny Fanahy Masina antsika hoe famantarana fanahy samihafa (jereo 1 Kor 12:12 KJV). Manavaka ny tsara sy ny ratsy izany fa tsy ny ratsy fotsiny. Ny fiahiahiana dia avy amin'ny tsara tsy nohavaozina ; ny fahaiza-manavaka dia avy amin'ny fanahy nohavaozina.

Mivavaha mba hahazo fanomezam-pahasoavana marina – fa tsy nofo misaron-tava ho fanomezan'ny Fanahy. Ny fahaiza-manavaka ara-panahy hahatonga vavaka fa tsy fosafosa. Raha ny olana marina fantarina amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana tena izy, dia hanaraka ny môdely ara-panahy ho enti-manamboatra izany, fa tsy fomba ara-nofo izany hamparitaka sy hanasarotra ny olana.

Ny Teny Mahafinaritra Dia Mamy Sy Manasitrana

Ny fon'ny Hendry mahahendry ny vavany, sady manampy ny fahendrena eo amin'ny molony.

Toho-tantely ny teny mahafinaritra, ka sady, mamin'ny fanahy no mahatsara ny taolana.

Ohabolana 16:23, 24

Ny fisainantsika dia teny mangina izay isika irery sy ny Tompo no mandre azy, nefa ireo teny ireo mahakasika ny maha-olona lalina, ny fahasalamantsika, ny fifaliantsika ary ny toe-pontsika. Ny zavatra sainintsika matetika dia mivoaka amin'ny vavantsika. Ary mampalahelo ny milaza, indraindray mahatonga antsika ho toy ny adala. Ny fitsarana, tsikera, ary fiahiahiana dia tsy mitondra fifaliana mihitsy.

Nilaza Jesosy fa tonga izy mba hananantsika fiainana sy ifaliantsika amin'izany (jereo Jaona 10:10). Manomboha miasa ao amin'i Kristy, dia hanao dingana amin'ny tontolo vaovao eo amin'ny fiainana ianao.

Toko
14

Saina Tsy Miasa

Toko

Saina Tsy Miasa 14

> *[I] Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana [I]*
>
> HOSEA 4:6

Io fanambarana io dia mazava ho azy fa mahakasika ny sehatry ny tsi-fisiana. Ny ankamaroan'ny Kristiana dia tsy zatra akory amin'io teny io, sady tsy fantany ny fomba hahalalana ny fisehony.

Ny tsi-fisiana dia mifanohitra amin'ny fihetsehana. Olana feno loza izany satria ny Tenin'Andriamanitra dia mampianatra mazava fa tsy maintsy mailo isika, mitandrina ary mihetsika (jereo I Pet 5:8) – fa natao hampirehitra ny afo isika ary hanetsika ny fanomezam-pahasoavana ao anatintsika (jereo 2 Tim 1:6).

Namaky famaritana samihafa an'io teny "tsi-fisiana", ary asehoko fa tsi-fahampiana fahatsapana, tsi-fahampiana faniriana, tsi-firaharahiana amin'ny ankapobeny, metimety, ary hakamoana. ny fanahy ratsy dia ao ambadiky ny tsi-fisiana. Ny mahalala fa tsi-fiasana, tsi-fahombiazana amin'ny fanetsehana ny finiavana, dia hitarika ny mpino amin'ny faharesena be. Raha mbola mihetsika manohitra ny devoly ny olona iray amin'ny fampiasana ny finiavany mba hanohitra azy, dia tsy haharesy amin'ny ady ny fahavalo. Fa raha miditra ao anatin'ny toetra tsy miasa izy, dia ao anatin'ny olana be.

Maro ny mpino no tapahan'ny fientanam-pony be ny tsi-fisian'ny faniriana dia ampy mba hanakana azy amin'ny fanaovana izay nampianarina azy mba hataony. Midera izy rehefa te-hanao izany, manome rehefa tiany, mitazona ny teniny rehefa tiany, ary rehefa tsy tiany dia tsy manao izany.

Ny Faritra Foana Dia Toerana!

[B] Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.

Efesiana 4:27 [B]

Ny toerana omentsika an'I Satana dia matetika no toerana foana. Ny saina foana, tsy miasa dia mety ho mora foana no ho feno amin'ny karazana fisainana diso.

Heveriko fa izany marina no nahatonga azy nanan-karena. Hendry ihany koa izy! Tena vitsy ny olona manan-karena tsy manampahendrena. Ary vitsy ny olona no manana namana nefa tsy mampiasa fahendrena amin'ny fifandraisana.

Ny mpino izay manana saina tsi-miasa ary tsy manohitra ireo fisainana diso dia maka azy ho fisainany. Tsy tsapany fa ny fanahy ratsy no mampiditra ireo tao amin'ny sainy satria nisy faritra foana tokony hofenoina.

Ny fomba iray amafana ny fisainan-diso eo amin'ny sainao dia ny fitehirizana ny sainao ho feno fisainana tsara. Azo roahana ny devoly, nefa mandeha sy mivezivezy an-tany foana mandritra ny fotoana voafetra. Rehefa miverina amin'ny tranony taloha izy ary mahita azy foana, dia hoy ny Baiboly ao amin'ny Lioka 11:24-26 hoe miverina izy, mitondra hafa miaraka aminy, ny toetran'ilay olona dia tena ratsy noho ny voalohany.

Tsy milaza aho fa ny olona izay manana sain-dratsy dia manana fanahy ratsy. Fa ny fanahy ratsy matetika dia ao ambadiky ny fisainana ratsy. Ny olona iray dia afaka manala ny sary an-tsaina ratsy tsy mijanona, nefa haverina ireo mandra-piainany ny hameno ny faritra foana amin'ny fisainana tsara. Rehefa miverina ny fahavalo, dia tsy hahita toerana ao anatin'io olona io.

Misy fahotana sokajiana ho masiaka, na fahotana niniana natao, ary misy fahotana tsi-miasa, izay fahotana noho ny tsy nahatanteraka ny tokony hatao. Raha lazaina amin'ny teny hafa,

misy zavatra ratsy ataontsika ary misy zavatra tsara tsy ataontsika. Ohatra, ny fifandraisana dia mety ho simban'ny fitenenana teny tsy voahevitra, nefa ihany hoe mety ho ravan'ny tsi-fitenenana teny tsara fankasitrahana izay tokony horesahana nefa tsy natao.

Ny olona tsy mampiasa saina dia mihevitra fa tsy misy fahadisoana hataony satria tsy manao na inona na inona izy. Rehefa miatrika ny fahadisoany izy, dia hitany hoe, "tsy nanao na inona na inona aho!". Marina ny fanadihadiany, fa ny fihetsiny dia tsy toy izany. Misy ny olana satria tsy nanao na inona na inona izy.

Fandresena Ny Tsi-fiasana

Rangahy Dave vadiko dia nanana olana ny amin'ny tsi-fiasana taona maro lasa izay. Nisy zavatra sasany izay nihetsehany. Nandeha niasa isan'andro izy, nilalao golf rehefa Alahady, ary mijery baolina kitra rehefa Alahady. Ankoatr'izay, dia tena sarotra ny manetsika azy mba hanao zavatra hafa.

Raha nilaiko ny hanatonana ny sary izay eo amin'ny rindrina, dia mety nila telo na efatra herinandro ho azy izany vao vita. Nahatonga disadisa be taminay izany. Noheveriko fa nanao izay tiany natao izy, ary ankoatra izay dia tsy nanao na inona na inona.

Dave dia tia ny Tompo ary rehefa nitady Azy izy nanomboka io olana io, Andriamanitra dia nitarika azy tamin'ny fahafantarana momba ny tsi-fisiana sy ny loza aterany. Hitany fa ny fanahy ratsy dia tao ambadiky ny tsi-fisiana. Misy sehatra sasany izay tsy nananany olana satria mitazona ny finiavany izy teo amin'ireo sehatra ireo, fa tamin'ny sehatra hafa noho ny tsi-fiasany, dia manome ny finiavany tamin'ny fahavalo izy. Nijaly izy tamin'ireo sehatra ireo ary nifindra tamin'ny toerana izay tsy nananany farisiana, tsy "te", tsy nandrisika azy mihitsy anefa izany mba ahavita asa maro samihafa.

Ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra sy ny vavaka dia sehatra hafa izay tsy niasany. Satria fantatro fa tsy nitady ny Tompo izy hanome

toro-làlana, dia sarotra tamiko ny nihaino azy. Nanana olana ny amin'ny fikomiana aho aloha, ary hitanao ny fomba nampiasan'ny devoly ny fahalemeny hifanoherana. Maro ny olona no misaram-panambadiana noho ny olana toy izany. Tsy azony tsara izay tsy mety.

Ankehitriny aho dia lasa masiaka loatra. Nihazakazaka mandrakariva aho nialoha an'Andriamanitra, teo amin'ny nofo, "nanao izay tiako" ary niandry ny Tompo mba hitahy izany. Dave dia tsy mba nanao na inona na inona afa-tsy ny miandry an'Andriamanitra izay nanirikiry ahy fatratra. Mihomehy izahay ankehitriny rehefa misaina izany toetra nahazatra anay izany izahay roa, nefa dia toetra tsy nahafaly akory ary tsy nahasarika an' Andriamanitra, ary mety nitarika anay ho anisan'ny antontan'isan'ny nisara-panambadiana .

Dave dia nilaza tamiko fa mandeha mialoha an'Andriamanitra mandrakariva aho, ary mamaly aho amin'ny filazana hoe izy dia folo kilometra aorian'Andriamanitra. Masiaka loatra aho, fa Dave tsy niasa loatra.

Rehefa tsy mikasika eo amin'ny sehatra manokana io dia mihena na lasa tsy afa-mihetsika. Arakaraka ny tsy hanaovany na inona na inona no mahakely ny fitiavana zavatra maro. Ny ohatra iray tena tsara dia ny fampiasam-batana.

Manana fandaharam-potoana fampiasam-batana tena tsara aho, ary arakaraka ny maha-betsaka ny fampiasana azy no maha mora azy. Fony aho vao hanomboka, dia tena mafy. Nanaratra foana aho isaky ny manao izany, satria aho tsy mihetsika sy tsi-niasa momba ny fampiasam-batana nandritra ny fotoana ela. Arakaraka ny maha ela ny tsy nanaovako na inona na inona, no tena manimba ny toe-pahasalamako. Lasa nihamalemy aho noho ny tsi-fampiasana ny hozatro.

Nanomboka hitan'i Dave ny olana! Nanomboka niatrika ny fanahy ratsy izay nampijaly azy izy noho ny tsi-fiasana ela. Rehefa nambaran'ny Fanahy Masina taminy io fahamarinana io, dia tapa-

kevitra iDave fa hihetsika indray ary vonona hiatrika, fa tsy kamo ary hanao ampitso lava.

Ny fandraisana fanapahan-kevitra no ampahany mora, ny fanaovana izany ho hetsika no ampahany mafy. Mafy izany satria ny sehatra tsirairay izay tsy niasany dia tokony "ampiasaina" mandrapahatongany.

Nanomboka nifoha tamin'ny 05 maraina izy mba hamaky tenin'Andriamanitra sy hivavaka mialoha ny nandehanany hiasa. Nanomboka niady izy! Ny devoly tsy te hiala amin'ny tany izay efa azony, ary tsy hiala izy raha tsy misy ady. Mifoha iDave mba handany fotoana miaraka amin'Andriamanitra nefa resy tory eo ambony "divan". Na dia nisy aza andro maraina naharesy tory azy, dia tena nisy fandrosoana izy satria niezaka mafy izy ny hifoha avy ao am-pandriana ary niezaka ny hanangana fiainam-bavaka.

Nisy ny fotoana izay nankaleo azy, nisy ihany koa ny andro izay nahatsapany fa tsy mandroso izy, satria tsy nahazo izay tenin'Andriamanitra novakiany akory, na tsy lasa lavitra ny vavaka izay nataony. Nefa nitohy hatrany izy satria noho ny fanambaran'ny Fanahy Masina momba io toetra nantsoina hoe "tsi-fiasana" io

Nanomboka tsikaritro fa rehefa nila ny fanampian'i Dave hanantona sary iray aho na hanamboatra zavatra eo amin'ny trano, dia mamaly ahy arak'izay izy. Nanomboka nanao izay ao antsainy indray izy ary mandray ny fahapahan-keviny manokana. Matetika izy no tsy te hanao izany na ihany koa manao izany ho mandeha ho azy. Nefa izy dia nandeha nihoatra ny fitiavany sy ny faniriany ao anaty. Arakaraka ny nihetsehany arak'izay fantany fa nety sy marina, no nahatsapany fahafahana bebe kokoa.

Ho tsotra aho ary hilaza aminao fa tsy mora taminy izany. Afaka izy tao anatin'ny andro vitsivitsy na ihany koa herinandro vitsivitsy. Ny tsi-fiasana dia iray amin'ireo toetra sarotra resena satria araka izay nambarako, dia tsy misy fitiavana hanolotra fanohanana.

Nitozo niaraka tamin'ny fanampian'Andriamanitra iDave, ary ankehitriny izy dia tsy mba tsi-niasa intsony. Izy no mpitantana ny asa fanompoany, miandraikitra ny fitorianay amin'ny radio sy ny fahitalavitra ary manao andraikitra amin'ny endriky ny fanompoana amin'ny ara-bola. Miaradia amiko maty hanina ary mandray ny fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana amin'ny dia. Izy ihany koa dia raim-pianakaviana tsara. Mivavaka izy ary mandany fotoana tsy tapaka amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Rehefa fintinina, izy dia lehilahy tokony hajaina sy alain-tahaka.

Mbola milalao golf sy mijery fanatajahan-tena izy, ary nefa ihany koa manao ny zavatra hafa tokony hataony. Ny fahafantarana azy ankehitriny sy ny fahitana izay rehetra vitany, dia tsy mampino hoe izy dia olona tsy niasa teo aloha.

Ny toetra tsi-miasa dia tokony horesena. Nefa ny dingana voalohany amin'ny fandresena ny tsi-fiasana amin'ny hetsika dia fandresena tsi-fiasana eo amin'ny saina. Tsy afaka nandroso iDave mandra-pandraisany fanapahan-kevitra sy nanovany ny fomba fisainany.

Ny Fihetsika Mety Mitaky Fisainana Mety

> Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao (ity vanim-potoana ity), [novolavolaina araka ny nampifandrifiana amin'ny fomba ivelany, maivana], fa miovà amin'ny fanavaozana (fiovana) [tanteraka] ny saina [amin'ny alalan'ny idealiny vaovao sy ny toe-po vaovao]
>
> Romana **12:2**

Misy fomba fampianarana dinamika aseho eo amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary tsy misy olona handeha amin'ny fandresena raha tsy azony ny miasa amin'izany izy: ny fihetsika mety dia mitaky fisainana mety ihany koa.

Mamelà ahy hilaza izany amin'ny fomba hafa : tsy hanova ny fitondra-tenanao ianao raha tsy manova ny fisainanao.

Amin'ny fadaminan'Andriamanitra ny zavatra, ny fisainana mety no mandeha voalohany, ary manaraka ny fihetsika mety. Heveriko fa ny fihetsika mety na fitondran-tena mety dia "vokatry" ny fisainana mety. Ny ankamaroan'ny mpino dia mitolona miezaka ny hanao ny mety, nefa ny vokatra dia tsy avy amin'ny tolona. Ny vokatra dia tonga vokatry ny fonenana ao amin'ny foto-boaloboka (jereo Jaona 15). Ary ao anatin'ny fitoerana ao amin'ny foto-boaloboka ny fankatoavana (jereo Jaona 15:10).

Matetika aho no mampiasa ny Efesiana 4:22-29 rehefa mampiasa io fombam-pampianarana. Ny andininy 22 dia milaza hoe "Mba ialanareo ny toetranareo taloha [mamela sy manova ny maha izy taloha tsy nohavaozina] araka ny fitondratenanareo.

Fehiny, izay mihasimba araka ny filan'ny fitaka.

Manohy ny fisainana ny andiniy 24 amin'ny filazana hoe: "Ary mba hotafinareo ny toetra vaovao (ny tena nateraka indray) izay noforonina araka an'Andriamanitra [tahaka an'Andriamanitra] amin'ny fanitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana."

Hitantsika izany fa ny andininy 22 dia manambara antsika amin'ny fotony mba hitsahatra amin'ny fihetsika tsy mety, ary ny andininy 24 dia milaza amintsika mba hanomboka hiasa amin'ny fomba tokony ho izy.

Nefa ny andininy 23 dia izay antsoiko hoe "Soratra Masina tetezana". Milaza amintsika izy ny fomba ialana amin'ny andininy 22 (fiasana amin'ny fomba tsy mety) ka mankany amin'ny andininy 24 (fihetsika mety) : "Ary mba hotafinareo ny toetra vaovao [manana toetra vaovao sy toe-po ara-panahy]."

Sarotra tanteraka ny fialana amin'ny toetra ratsy ho amin'ny fitondran-tena tsara raha tsy manova fisainana aloha. Ny olona tsy miasa dia mety te hanao zavatra tsara, nefa tsy hanao izany mihitsy

izy mandra-panetsehany ny saina amin'ny fanahy minia ary manitsy izany amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Sitrapony.

Ohatra iray izay tonga ao an-tsaina dia ny amin'ny lahilahy iray izay mangata-bavaka tamin' ny iray amin'ny seminera nataoko. Nanana olana ny amin'ny filàna izy. Tena tia ny vadiny izy ary tsy tiany ho rava ny fanambadiany; nefa nilaina novahany ny olany fa hanimba ny fanambadiany izany.

Joyce, manana olana ny amin'ny filàna aho "hoy izy." "Toa tsy afaka miala amin'ny vehivavy hafa tsotra izao aho. Mba mivavaha ho an'ny fanafahako. Nivavaka im-betsaka aho nefa toa tsy nandroso mihitsy."

Izao no natosiky ny Fanahy Masina mba holazaina aminy, "Eny hivavaka ho anao aho, nefa tsy maintsy tompon'andraikitra ny amin'izay avelanao miseho eo amin'ny sary ao antsainao ianao. Tsy azonao atao ny mijery sary vetaveta ao an-tsainao, na misaina ny tenanao miaraka amin'ireo vehivavy hafa ireo, raha te hahatsapa fahafahana ianao."

Tahaka io lehilahy io, ny hafa dia mahatsapa, eo amin'ny ady, nahoana izy no tsy mahatsapa fahafahana na dia te ho afaka aza: mila manova ny fihetsiny izy fa tsy ny fisainany.

Ny saina matetika no sehatra izay "ilalaovan'ny olona amin'ny fahotana". Hoy Jesosy ao amin'ny Matio 5:27,28 "Efa ranareo fa voalaza hoe : Aza mijangajanga". Fa izaho kosa nilaza aminareo fa izay rehetra mijery vehivahy hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady."

Ny làlana mankany amin'ny hetsiky ny ota dia sokafan'ny fisainana feno ota.

Ny vehivavy iray izay nanatrika ny fianarana Baiboly an-trano voalohany nataoko dia nanolotra ny fiainany ho an'ny Tompo ary tiany mba halamina ny tokantranony sy ny fanambadiany. Ny zavatra rehetra teo amin'ny fiainany dia tsi-fahombiazana – tonkatrano, ankizy, fanambadiana, vola, toe-batana, ets. Nolazainy mivantana fa tsy tiany rangahy vadiny; ny marina tena mankahala azy izy. Nahalala

izy fa ny toe-pony dia tsy araka an'Andriamanitra, fa hitia azy izy, nefa hita fa tena tsy nahazaka ny miaraka aminy izy.

Nivavaka izahay, nivavaka izy, nivavaka ny olona rehetra! Nizara Soratra Masina taminy izahay ary nanome azy fampianarana voarakitra am-peo mba hahenoiny. Nataonay ny zavatra rehetra azonay natao ary toa nanaraka ny toro-hevitra izy, tsy nandroso izy. inona no tsy nety? Nandritra ny fotoana nihainoana azy, dia niseho fa mpanonofy antoandro izy teo amin'ny fiainany iray manontolo. Izy dia naka sary an-tsaina ny fiainan'ny angano mpanao fahagagana.

Izy no zanaka vavin'ny Mpanjaka ary ny Printsy Maneho fitiavana dia tonga avy any am-piasana mitondra voninkazo sy vatomamy, mirehitra amin'ny fitiavana azy sy tena mihevitra azy.

Nandany ny fotoanany nisaina toy izany izy, ary rehefa nody avy niasa mafy nandritra ny tontolo andro ny vadiny, reraka, mavesatra, tsemboka, maloto (banga iray ny nifiny) dia nataony tsinontsinona izy.

Saino vetivety io toe-javatra io. Nateraka indray ilay vehivavy, nefa ny fiainana mbola nikorontana. Te hankato an'Andriamanitra sy ho velona ho Azy izy, ary te hitia ny vadiny izy satria fantany fa izany no sitrapon'Andriamanitra. Te hahazo fandresena teo amin'ny fiainana izy ary ny fanambadiany, nefa ny sainy dia naharesy azy. Tsy nisy fomba afaka nandreseny ny nampaharikoriko azy ny vadiny manadrapanombohany ny hihetsika avy amin'ny "saina salama":

Niaina ara-tsaina tao amin'ny tontolo izay tsy nisy sy tsy hisy mihitsy izy. Noho izany dia tsy vonona tanteraka ny hiatrika ny zavamisy. Nanana saina tsy niasa izy, ary satria tsy nisafidy ny sainy arakany Tenin'Andriamanitra, ny fanahy ratsy dia nampiditra fisainana tao an-tsainy.

Raha mbola nisaina izy fa fisainany ireo ary tiany, dia tsy hahatsapa fandresena mihitsy izy. Novainy ny fisainany ary nanomboka niova ny fiainany. Novainy ny fomba fisainany ny amin'ny vadiny, ary

nanomboka nanova ny ivelany sy ny fitondran-tenany tamin'ny vadiny ilay lehilahy.

Saino Ny Any Ambony

> Koa raha niara-nitsangana tamin'i Kristy ianareo, [ho amin'ny fiainam-baovao, noho izany mandray anjara amin'ny fitsanganany amin'ny maty] dia hetseho ny [harena maharitra mandrakizay] ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra.
>
> Saino ny zavatra any ambony (ny zavatra avo) fatsy ny zavatra ety an-tany.
>
> Kolosiana **3:1, 2**

Hitantsika indray ity fombam-pianarana ity: raha tianao ny hiaina ny fiainam-pitsanganana tamin'ny maty izay nomen'i Jesosy, dia katsaho ilay fiainam-baovao, mahery amin'ny fisainana ny zavatra ary ambiny ary mitahiry azy amin'izany, fa tsy amin'ny zavatra ety an-tany.

Tsotra ny lazain' ny Apostoly Paoly fa raha te hanana fiainana tsara izaho sy ianao dia tsy maintsy mitahiry ny saintsika amin'ny zavatra tsara.

Maro ny mpino no te hanana fiainana tsara, nefa tsy miasa, mipetraka ary maniry ny hisian'ny zavatra hiseho aminy. Matetika, dia mialona ny hafa izay miaina amim-pandresena izy ary feno fangidiana fa tena sarotra ny fiainany.

Rehefa maniry ny fandresena amin'ny olanao ianao, raha tena te hiaina ny fiainana fitsanganana amin'ny maty, dia tsy maintsy manana hazon-damosina fa tsy taolam-panirina fotsiny! Tsy maintsy mihetsika fa tsy tsi-miasa. Ny hetsika tsara dia manomboka amin'ny fisainana tsara. Aoka tsy ho tsi-mihetsika an-tsaina. Atombohy anio ny fisafidianana ny fisainana tsara.

Toko
15

Ny Sain'I Kristy

Ny Saina'I Kristy

> *[I] Fa iza no nahafantatra ny sain'(ny tolo-tsina sy tanjona) ny Tompo mba hampianatra Azy? Fa izahay manana ny sain'I Kristy (sy Mesia).*
>
> 1 Korintiana 2:16

Heveriko fa efa nandray fanapahan-kevitra hentitra ianao mba hisafidy fisainana tsara, noho izany handeha ho jerentsika ny karazana fisainana izay heverina ho marina araka ny Tompo. Maro ireo karazana fisainana izay tsy mba noheverin'I Jesosy fony Izy tety an-tany. Raha te hanaraka ny diany isika, dia tsy maintsy manomboka misaina tahaka ny nataony.

Azo antoka fa tonga dia hisaina ianao hoe "tsy azo tanterahana izany, Joyce â. Jesosy anie tanteraka e! Mety afaka manatsara ny fisainako aho, nefa tsy ho afaka hisaina tahaka ny nataony aho".

Eny, ny Baiboly milaza amintsika fa manana ny sain'I Kristy isika – ary fo sy fanahy vaovao.

Fo Sy Fanahy Vaovao

> [B] Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny fonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo.
>
> Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy.
>
> Ezekiela **36:26,27** [B]

Amin'ny maha Kristiana, izaho sy ianao dia manana toetra vaovao, izay ny marina dia toetra napetraka ao anatintsika tamin'ny fahaterahana indray.

Hitantsika avy amin'ny Soratra Masina fa raha hitandrina ny didin'Andriamanitra sy handeha araky ny lalàny isika dia homeny antsika ny Fanahy sy fo vaovao (ary saina). Ny Romana 8:6 dia miresaka ny amin'ny sain'ny nofo ary milaza amintsika fa ny fahafatesana no vokatry ny fanarahana ny sain'ny nofo, ary fiainana no vokatry ny fanarahana ny sain'ny Fanahy.

Hanao dingan'ny fadrosoana be isika amin'ny fianarana fotsiny ny fomba hanavahana ny fiainana sy ny fahafatesana.

Raha misy zavatra izay mitarika fahafatesana ho anao, aza manao izany intsony. Rehefa misy karazana fisainana mameno anao, feno amin'ny fahafatesana (Karazana fahoriana), dia fantatra miaraka amin'izay fa tsy ny fisainan'ny Fanahy izany.

Mba hanehoana izany, handeha holazaintsika fa misaina tsi-fahamarinana nampijaly ahy aho noho ny amin'ny olona iray. ary dia manomboka tezitra aho. Manomboka misaina ny haben'ny tsy hitiavako io olona io aho. Raha mahay manavaka aho, dia ho voamariko fa feno fahafatesana aho. Lasa mikorontana aho, kirina, manahy – mety mahatsapa tsy fahazoana aina ara-batana aho. Ny aretina an-doha, ny haretim-bavony, na havizanana diso tafahoatra dia mety ho vokatry ny fisainana ratsy. Etsy an-daniny, raha misaina aho fa tena tahiana sy tsara amiko Andriamanitra, dia hahay hanaraka aho fa feno aina.

Tena hanampy be ny mpino ny mianatra manavaka ny fiainana sy ny fahafatesana ao amintsika. Jesosy dia nanao fandaminana ho antsika mba hafenina ny aina amin'ny fametrahana ny sainy ao amintsika. Afaka misafidy ny hikoriana ao amin'ny sain'i Kristy isika.

Ao amin'ny pejy manaraka amin'ity toko ity dia misy lisitra zavatra maro hatao mba hikoriana ao amin'ny sain'i Kristy isika.

Dingana I: Aoka hisaina Mampahery

Ho tafara-dàlana ve ny roa, raha tsy efa nifanaiky?

AMOSA 3:3

Raha misy olona iray misaina araka ny sain'i Kristy, dia hanao ahoana ny fisainany? Ho "positive" izany, azo antoka izany. Tamin'ny andininy teo aloha dia efa noresahantsika ny ilàna tanteraka ny fisainana "positive". Mety ho tianao ny hiverina amin'ny Toko 5 eto amin'ity teboka ity ary mamela ny fitadidianao amin'ny zava-dehibe ny maha-"positive".

Izaho dia niverina taminy ary namaky azy ary notahiana ny tenako na dia nanoratra izany aza aho.

Tsy ampy ny azo lazaina momba ny tenin'ny maha- "positive", ary raha izaho sy ianao te hikoriana miaraka, dia tsy maintsy tonga amin'ny fitoviana marimaritra iraisana ary manomboka misaina amin'ny fomba "positive". Miresaka ny amin'ny fampiasa ny fifehezana ny saina aho, fa ho olona feno, "positive".

Manàna fijery sy toe-po pôsitiva. Azony ny fisainana "positive"sy ny fanantenana. Manaova resaka "positive".

Jesosy dia azo antoka fa nampiseho fomba fijery sy toe-po "positive". Niaritra zava-tsarotra maro izy ao anatin'izany ny fanafihan'olona – nolaingana, nilaozan'ny mpianany tamin'ny fotoana tena nilany azy ireo, nohesoina, manirery, tsy azon'ny olona, ary zavatra maro hafa nahakivy. Nefa teo anivon'ireo zavatra "negative" ireo, dia nitoetra ho "positive"Izy.

Nanana fijery nampahery mandrakariva Izy, fa teny nampahery; nanome fanantenana ireo rehetra nohakaikeziny izy. Ny sain'iKristy ao amintsika dia "positive" noho izany fotoana maha negative antsika, dia tsy mihetsika amin'ny sain'i Kristy isika. Amina tapitrisa ny olona marenin'ny izay antsoina hoe "Kotroka" eo amin' ny fiainana. Ny fahakiviana, fahararahan-tsaina ary fahadisoam-panantenana, nefa tsy heveriko ho azo heverina ny ho ketraka ny tarehy raha tsy "negative" – raha tsy ara-pahasalamana ny antony. Na dia amin'io tranga io aza ny maha "negative" dia hampitombo ny olana sy ny fitrangany fotsiny. Rehefa misy olona ketraka ny tarehiny, ny zavatra rehetra momba azy

dia ketraka. Ny lohany mitanondrika, ny sisin'ny vavany dia milatsaka, ny masony midina, ny vavony mihetsika; ary matetika dia te hipetraka sy hatory izy.

Araka ny Salamo 3:3, dia Andriamanitra no voninahitsika sy mpampitraka ny lohantsika. Tiana ny hampitraka ny zavatra rehetra ny fanantenantsika, ny toe-pontsika, ny tarehintsika, ny loha, tànana ary fo – ny saintsika manontolo. Izy no Andriamanitra mampitraka!

Andriamanitra te hanandratra antsika, fa ny devoly te hanindry antsika. Satana dia mampiasa ny tranga "negative" sy ny toe-javatra eo amin'ny fiainantsika mba handreraka antsika. Ny famaritan'ny rakibolana ny teny mandreraka dia manambany ny saina: MAMPALAHELO!![1] Raha an'i "Webster", ny zavatra amin'ny hetraka dia "endrika ambany eo amin'ny faritra manodidina; DEBOKA"[2] Ketraka dia midika ho endrika manindry sy mihazona ambanin'ny tany. Isika matetika dia afaka misaina saina "negative", nefa izany dia hanindry antsika lalindalina kokoa. Ny maha "negative" dia tsy hamaha ny olantsika; fa hanampy izany fotsiny.

Reseo Ny Fahararerahan-Tsaina

Ny Salamo 143:3-10 no milaza ny amin'ny fahararerahantsaina sy ny fomba handresena azy. Andeha ho jerentsika io ampahan-tsoratra io amin'ny an-tsipirihany mba hahitana ny dingana izay azontsika hatao mba handresena io fanafihan'ny fahavalo io.

1. Fantaro ny toetra sy ny nahatonga ny olana.

> fa nanenjika ny fanahiko ny fahavalo, namaly ny aiko ho lavo tamin'ny tany izy; nampitoeriny tao amin'ny maizina aho, toy izay efa maty ela.
>
> Salamo 143:3

Mitoetra "ao amin'ny toy ny efa mety ela", mazava ho azy amiko dia toy ny filazana ny olona iray kivy araka ny mety ho kivy.

Mariho fa ny antony sy ny loharanon'io fahararerahan-tsaina io, io fanafihana ny fanahy io dia Satana.

2. Fantaro fa ny fahererahan-tsaina dia mangalatra ny fiainana sy ny fahazavana

Dia reraka ny fanahiko ato anatiko [fonosina amin'ny alahelo] fadiranovana ny foko ato anatiko.

SALAMO 143:4

Ny fahararerahan-tsaina mampahory ny fahafahana ara-panahy sy ny hery.

Ny fanahintsika (ampaherezin'ny Fanahin' Andriamanitra) dia mahery sy afaka. Noho izany, satana dia mihetsika ny hampahery ny heriny sy ny fahefany amin'ny famenoana ny saintsika amin'ny fahamaizinana sy ny alahelo. Fantaro azafady fa zava-dehibe ny hanoherana ny fahatsapana antsoina hoe "fahererahan-tsaina" miaraka amin'izay amin'ny fahatsapana ny fahatongavany. Arakaraka ny fahaelan'ny amelana azy hipetraka, no mahamety ny fanoherana azy.

3. Tsarovy ny fotoana tsara

Mahatsiaro ny andro fahiny aho ary misaina ny asanao rehetra; ny asan'ny tànanao no eritreretiko.

SALAMO 143:5

Eo amin'ity andininy ity dia hitantsika ny asetrin'ny mpanao Salamo amin'ny mahazo azy. Mahatsiaro, mandinika; sy misaina lalina dia asan'ny saina. Fantany mazava ho azy fa ny fisainany dia hiantraika amin'ny fientanany noho izay dia misaina ny amin'ny karazan-javatra izay hanampy azy handresy ny fanafihana ny sainy izy.

4. Derao ny Tompo eo amin'ny olana

Mananty tànana Aminao aho; ny fanahiko dia tahaka ny tany mangetana [mila rano] eo anatrehanao, Sela [fijanonanana, saino amim-pahatoniana izany]

SALAMO 143:6

Fantatry ny mpanao Salamo ny maha zava-dehibe ny fiderana, manandratra ny tànany amin'ny vavaka izy. Manambara Izy fa ny iriany marina dia – Izy mila an'Andriamanitra. Andriamanitra irery no afaka mahatonga azy hahatsapa ho afa-po.

Matetika loatra rehefa rera-tsaina ny olona, dia satria misy zavatra ilainy, ary mihetsika izany ary amin'ny toerana tsy izy; izy, izay manampy ny olana fotsiny.

Ao amin'ny Jeremia 2:13 ny Tompo dia nilaza hoe "Fa zava-dratsy roa loha no nataon'ny oloko; efa nahafoy Ahy, loharanon'ny aina izy ka nihady lavaka famorian-drano ho an'ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatan-drano."

Andriamanitra irery no afaka manandratra ny fanahy mangetaheta. Aoka tsy ho voafitaka amin'ny fiheverana fa misy zavatra hafa afaka mahafeno anao feno sy tanteraka. Ny fitadiavana ny zavatra ratsy dia hahatonga anao ho diso fanantenana, ary ny fahadisoam-panantenana dia manokatra ny varavarana ho amin'ny faharerahan-tsaina.

5. Angataho ny fanampian'Andriamanitra

> Faingana hamaly ahy, Jehovah ô; fa reraka ny fanahiko; aza manafina ny tavanao amiko, fandrao ho tahaka izay midina any am-pasana aho.
>
> SALAMO 143:7

Mangataka fanampiana ny mpanao Salamo. Milaza izy fa toy izao hoe "Faingàna Andriamanitra, satria tsy afaka hitohy ela aho raha tsy eo Ianao".

6. Henoy ny Tompo

> Ampandreneso ny famindraponao aho nony maraina, fa Ianao no itokiako, ampahalalao ahy izay làlanao tokony halehako; fa aminao no hananganako ny fanahiko.
>
> SALAMO 143:8

Mahalala ny mpanao Salamo fa ilaina ny mandre avy amin'Andriamanitra izy. Ilaina izy hanana antsika ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahalemem-panahy. Mila ny fikarakaran'Andriamanitra sy ny toro-làlany.

7. Mivavaka ho an'ny fanafahana

> Jehovah ô; vonjeo amin'ny fahavaloko aho; ao aminao no iereko.
>
> Salamo **143:9**

Ambaran'ny mpanao Salamo indray fa Andriamanitra irery ihany no afaka manampy azy.

Mariho azafady fa amin'ny alalan'ity resaka ity dia mitahiry ny sainy ao amin'Andriamanitra izy fa tsy amin'olona.

8. Tadiavo ny fahendren'Andriamanitra, fahalalany ary ny fitarihiny.

> Ampianaro hanao ny sitraponao aho; fa Ianao no Andriamanitra; aoka ny fanahinao no hitarihanao ahy amin'izay tany marina.
>
> Salamo **143:10**

Angamba ny mpanao Salamo manondro fa niala tamin'ny sitrapon'Andriamanitra izy ary noho izany nanokatra ny varavarana ho fanafihana ny fanahiny. Tiany ny hitoetra ao amin'ny Sitrapon'Andriamanitra satria fantany ankehitriny fa io ihany no toeran'ny fahalemena azo ihetsehena.

Avy eo izy mangataka an'Andriamanitra mba hanampy azy ho mari-toerana. Heveriko fa ny fiteny, "Tariho amin'ny izay tany marina" dia milaza fientanam-po tsy mitombina. Tiany izy ho mari-toerana-fa tsy ambany dia ambany.

Ampiasao Ny Fitaovam-piadinao

> Fa tsy avy amin'ny nofo [fiadian'ny nofo sy rà] fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy.

> [Amin'izay hevitra izay] mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay antsangana hanohitra ny fahalalana marina an'Andriamanitra izahay ka nomeko ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy (ny Mesia, ilay Voahosotra)
>
> 2 Korintiana **10:4,5**

Ampiasan'i Satana ny faharerahan-tsaina sy ny "fahaketrahana" eo amin'ny firenena mba hisarihana ny olona an-tapitrisa ao amin' ny lavaky ny fahamaizinana sy ny fahadisoam-panantenana. Famonoantena matetika no vokatry ny fahererahan-tsaina. Ny olona mamono tena dia matetika izay tena "negative" ka tsy mahita fanantenana mihitsy hoan'ny ho avy.

Tsarovy: ny fahatsapana "negative" dia avy amin'ny fisainana "negative."

Ny saina no tanim-piadiana, ny toerana izay handresena an'ady na haharesena. Fidio ny ho pôsitiva anio – manaisotra ny sary an-tsaina "negative" rehetra ary mitondra ny sainao ho amin'ny fankatoavana an'i Jesosy Kristy (jereo 2 Kor 10:5 KJV).

Dingana 2 : Aoka hanana ny sain'Andriamanitra

> Ny saina [ny fiarahany sy ny toetrany] tsy miovaova dia harovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao Izy.
>
> Isaia **26:3**

Jesosy dia nanana fifaneraserana tsy tapaka tamin'ny Rainy izay any an-danitra. Tsy azo tanterahana ny hananana fifaneraserana feno amin'olona iray raha tsy misaina io olona io ianao. Raha izaho sy ny vadiko miaraka ao anaty fiara, ary miresaka amiko izy, nefa ny saiko amin'ny zavatra hafa, dia tsy tena mifanerasera izahay satria tsy liana tanteraka aminy aho. Noho izany, dia heveriko fa afaka miteny amim-pahalalana aho fa ny fisainan'ny olona iray miasa amin'ny sain'i Kristy dia ho amin'Andriamanitra sy amin'ny asa tsitoha.

Saintsaino Andriamanitra Sy Ny Asany

Toy ny voky tsoka ny tavy no hahavokisan'ny fanahiko, ary amin'ny molotro falifaly no hideran'ny vavako Anao.

Raha mahatsiaro Anao eo am-pandriako aho, dia mieritreritra Anao amin'ny fiambenan'olona.

Salamo **63:5,6**

Eny hisaina ny asanao rehetra aho ary hihevitra ny nataonao [Mahery]

Salamo 77**:12**

Ny didinao no hosaintsainiko, ary hodinihiko ny làlanao [ny làlan'ny fiainana voamariky ny lalànao].

Salamo **119:15**

Mahatsiaro ny andro fahiny aho ary misaina ny asanao rehetra, ny asan'ny tànanao no eritreretiko.

Salamo **143:5**

Ny mpanao Salamo Davida dia niresaka matetika momba ny fisaintsainana an'Andriamanitra, ny fahatsarany sy ny asany ary ny làlany. Tena manandratra betsaka ny misaina ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny asan'ny tànany mahafinaritra.

Faly aho mijery fahitalavitra rehefa mampiseho ny zava-bohary, ny biby, ny fiainana ao amin'ny ranomasina ets, satria mandoko ny fahalebiazan'Andriamanitra sy miha matahotra Azy. Ny zava-boahary tsy voafetra, ary ahoana no ihazonany ny zavatra rehetra amin'ny heriny (jereo Heb 1:3).

Ny fisainantsika an'Andriamanitra sy ny làlany ary ny asany dia ilaina ho tonga anisan'ny fiainana mahazatra anao raha te hahatsapa fandresena ianao.

Iray amin'ireo andinin-tsoratra Masina tiako dia ny Salamo 17:15 izay ilain'ny mpanao Salamo ny amin'ny Tompo hoe ny endrikao [ny

manana fisainana mamy Aminao] no hahafa-po ahy raha mifoha [mahita ny tenako].

Niaina andro maro tamin'ny fahoriana aho satria nanomboka nisaina ireo zava-dratsy rehetra raha vao nifoho isa-maraina. Afaka miteny tenim-pahamarinana aho fa afa-po bebe kokoa rehefa nanampy ahy ny Fanahy Masina mba hiasa araka ny sain'i Kristy (sain'ny Fanahy) izay ao anatiko. Ny fifaneraserana amin'Andriamanitra vao maraim-be dia iray amin'ny fomba azo antoka mba hanombohana ny andro tsirairay amin'ny fomba tsara ary manomboka nifaly amin'ny fiainana.

Fifaneraserana Amin'ny Tompo

> Fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho aty aminareo [amin'ny fifandraisana akaiky] ny Mpananatra (Mpampahery), fa raha handeha Aho dia hirahiko ho aty aminareo Izy.
>
> Jaona **16:7**

Ireo teny ireo nolazain'i Jesosy mialoha ny hiakarany any an-danitra izay ipetrahany eo an-kavanan'Andriamanitra amin'ny voninahitra. Mazava ho azy avy amin'io Soratra Masina io fa sitrapon'Andriamanitra ny hananantsika fifandraisana Aminy.

Tsy misy zavatra akaiky antsika noho ny fisainantsika. Noho izany raha fenointsika ny Tompo ny saintsika, dia hitondra Azy ao amin'ny fieritreretantsika ary hanomboka ny hifaly amin'ny fifaneraserana Aminy izay hitondra fifaliana, fiadanana avy fandresena eo amin'ny fiainantsika isan'andro isika.

Izy dia hiaraka amintsika mandrakizay araka ny hampanantenana fa hanao izany (jereo Matio 28:20; Heb 13:5). Nefa tsy hahatsapa ny fanatrehana isika raha tsy misaina Azy. Afaka ny ho ao anaty efitra iray miaraka amin'olona iray aho ary mihevitra zavatra maro hafa. Toy izany ny momba ny tombontsoan'ny fifandraisana amin'ny Tompo. Miaraka amintsika mandrakariva izy, nefa ailaina isika misaina Azy ary mahatsapa ny fanatrehany.

Dingana3. Aoka homena saina fa "Tia ahy Andriamanitra"

Ary isika efa mahalala (mahazo, manaiky, tonga saina Aminy, amin'ny fibanjinana sy fahatsapana) sy mino (manaiky, mametraka finoana amin'ny, miankina Aminy) ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia fitiavana, ary izay mitoetra amin'ny fitiavana no mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy.

1 Jaona 4:16

Nianatra aho fa ny zavatra mitovy amin'izany dia marina ny amin'ny fitavan'Andriamanitra izay marina amin'ny fanatrehany. Raha tsy mba misaintsaina ny fitiavany antsika mihitsy isika, dia tsy hahatsapa izany.

Nivavaka i Paoly ao amin'ny Efesiana 3 fa mba hahatsapan' ny olona ny fitiavan'Andriamanitra azy. Milaza ny Baiboly fa tiantsika Izy. Nefa firy moa ny zanak' Andriamanitra no tsy ampy fanambarana momba ny fitiavan'Andriamanitra?

Tsaroako rehefa nanomboka asa fanompoako aho. Ny herinandro voalohany dia nitarika fivoriana aho. Nanontany ny Tompo aho izay tiany hampianariko ary dia namaly Izy hoe "lazao ny oloko fa tiako Izy."

"Fantany izany" hoy aho "Te hampianatra azy zavatra tena mahery aho, fa lesona sekoly Alahady avy amin'i Jaona 3:16."

Hoy ny Tompo tamiko, "tena vitsy amin'ny oloko ny tena mahalala fa be ny fitiavako azy. Raha fantany izany; dia ho hafa ny fihetsiny."

Rehefa nanomboka hianatra ny lohahevitra ny amin'ny fandraisana ny fitiavan'Andriamanitra aho dia tsapako fa tena mila izany aho. Notarihan'ny Tompo amin'ny fianarana ny 1 Jaona 4:16 izay nanambara fa tokony hahalala ny fitiavan'Andriamanitra isika. Midika izany fa tokony ho zavatra tsy afaka ao an-tsaintsika izany.

Nanana fahazoana tsy tapaka, manjavozavo aho fa tia ahy Andriamanitra, nefa ny fitiavan'Andriamanitra dia midika ho hery be ao amin'ny fiainantsika, iray izay hitondra antsika na dia amin'ny fitsapana tena sehatra ho fandresena.

Ao amin'ny Romana 8:35 ny Apostoly Paoly dia mampahery antsika hoe "iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjahana? Sa mosary sa fatanjahana? Sa loza sa sabatra ? Avy eo amin'ny andininy 37 dia nanohy izy milaza hoe."

Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika.

Nianatra tao amin'io sehatra io aho nandritra ny fotoana lava, ary tonga saina sy mahalala ny fitiavan'Andriamanitra ahy tamin'ny alalan'ny fisainana ny fitiavany sy miaiky izany mafy. Nianatra Soratra Masina momba ny fitiavan'Andriamanitra aho ary nisaintsaina an'izy ireo ary niaiky izany mafy tamin'ny vavaka nataoko.

Niverimberina izany nandritra ny volana maro, ary tamin'ny fotoana rehetra ny fanambarana ny fitavany tsy misy fepetra dia tonga zava-misy hatrany hatrany ho ahy.

Ankehitriny, ny fitiavana tena izy ho ahy ka na dia amin'ny fotoana sarotra aza, dia mahery aho amin'ny "fahalalana an-tsaina" fa tia ahy Izy ary tsy tokony hihaina amin'ny tahotra intsony aho.

Aza Matahotra

> Tsy manan-tahotra ny fitiavana, fa ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra.
>
> 1 Jaona 4:18

Tanteraka ny fitiavan'Andriamanitra antsika, amin'ny maha Izy antsika. Ny Romana 5:8 dia nilaza amintsika fa "Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy."

Ny mpino mihetsika ivelan'ny sain'i Kristy dia tsy hihevitra fa ratsy izy, hanana fahamarinana miorina amin'ny fisainana izy. Tokony hanana fahatongavan-tsaina marina, amin'ny fisaintsainana tsy mitsahatra ny amin'ny hoe iza ianao "ao amin'ny Kristy". Tsy manana

toerana marina miaraka amin'Andriamanitra isika satria raha manao ny zavatra marina rehetra, nefa satria Izy manome antsika ny toerana marina ho fanomezan'ny fahasoavany. Rehefa noraisina tamin'ny finoana, ny fanomezana fahamarinana hanomboka hamokatra toetra tsara hatrany hatrany.

Aoka Ho Tonga Saina Amin'ny Fahamarinana Fa Tsy Tonga Saina Amin'ny Fahotana

> Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota [amin'ny endriny ivelany] hamonjy antsika mba ho tonga [hita ho toy ny, sy ohatra ny] fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy isika [izay tokony ho ekena amin'ny fifandraisana marina Aminy; amin'ny fahatsarany]
>
> 2 Koritiana 5:21

Ny maro be amin'ny mpino dia ampijalian'ny fisainana "negative" momba azy. Ny fisainana ny momban'Andriamanitra dia tsy maintsy ho tsy nahafaly aminy noho ny fahalemeny sy ny tsi-fahombiazana.

Manao ahoana ny halavan'ny fotoana laninao hiaina eo amin'ny fahamelohana sy fanamelohana? Mariho fa nilaza aho fa manao ahoana ny halavan'ny fotoana laninao, satria izany marina fa ny karazana fisainana rehetra, dia fotoana lany foana.

Aza sainina hoe toy ny ahoana ny faharatsianao talohan'ny nanatonanao an'i Kristy. Mifanohitra amin'izany, saino ny fomba nanaovana anao ho fahamarinan' Andriamanitra ao Aminy. Tsarovy : ny fisainanao nivadika ho hetsika tsotra kokoa ianao, dia tsy maintsy manova ny ho ainareo aloha. Ny fitohizana misaina momba ny hoe ratsy ianao, dia hihetsika amin'ny fomba tena ratsy ianao. Isaky ny misy fisainana negativa, manome loka tonga ao an-tsainao, dia ampahatsiarovy ny tenanao fa Andriamanitra dia tia anao, ary natao ho fahamarinan'Andriamanitra ianao ao amin'i Kristy.

Miova ho tsatsara kokoa ianao amin'ny fotoana rehetra.

Isan'andro dia mitombo ara-panahy ianao. Manana drafitra feno voninahitra ho an'ny fiainanao Andriamanitra. Ireto ny fahamarinana tsy maintsy saininao.

Izao no tokony hataonao amin'ny sainao!

Aoka hinia hisaina araka ny Tenin'Andriamanitra ianao aza misaina fotsiny izay tonga ao an-tsainao, mandray azy ho toy ny fisainanao.

Tohero ny devoly ary mandrosoa amin'ny fisainana marina.

Dingana 4. Manàna saina mampahery

Izay mananatra (mampahery) dia aoka ho amin'ny fanorenana.

ROMANA 12:8

Ny olona manana sain'i Kristy dia misaina mampahery, fisandratana, fisainana mampandroso momba ny olon-kafa tahaka ny momba ny tenany sy ny toe-javatra eo amin'ny fiainany.

Ny fanompoana mampahery dia tena ilaina eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Tsy hampahery ny olona amin'ny teninao ianao raha tsy nanana fisainana tsara momba io olona io. Tsarovy fa na inona na inona ao am-ponao dia hivoaka amin'ny vavanao. Aoka hinia "Hisaina amim-pitiavana".

Alefa fisainana fitiavana amin'ny olon-kafa. Mitenena teny fampaherezana ho azy.

Ny rakibolana "Vine's Expostory Dictionary of Old And New Testament Works" dia mamaritra ny teny Grika parakalo dia namadika hoe hoe mamapahery ho Voalohany, miantso ny olona iray (para amin'ny sisiny, kaleo, miantso).... manoratra, mampahery, mananatra olona mba hitohy amin'ny rafi-pitondra-tena mety. Adikako io famaritana io ho midika miaraka amin'ny olona iray ary mananatra azy mba handroso amin'ny zotrin'ny hetsika. Ny fanomezam-pahasoavanan'ny fananarana resahan' ny Romana 12:8 dia afaka ho

hita mora ao amin'ireo izay manana azy. Izy dia matetika no miteny zavatra mampahery na manandratra ho an'ny rehetra – zavatra izay mahatonga ny hafa hahatsapa tena ho tsara kokoa na mampahery azy mba handroso.

Mety tsy manana ny fanomezam-pahasoavana fanompoana mampahery daholo isika rehetra, nefa na iza na iza dia afaka mianatra ny mampahery. Ny fitsipika dia izao: raha ratsy, dia aza misaina na mifehy izany.

Ny olona rehetra dia efa samy manana olana avokoa, koa tsy ilaina intsony ny manampy fahasahiranana amin'ny fanambaniana azy. Natao hampandroso ny hafa amim-pitiavana isika (jereo Efes 4:29). Aza adinoina : ny fitiavana dia mino ny tsara indrindra avy amin'ny hafa mandrakariva (jereo 1 Kor 13:7).

Rehefa manomboka misaina tsara sy maha te ho tia momba ny olona ianao, dia hahita azy mitondra-tena amin'ny fomba maha-te ho tia kokoa. Ny saina sy ny teny dia fitahirizana na fitaovam-piadiana mba hitondrana hery mamorona na mandrava. Afaka ampiasaina hanohitra an'i Satana sy ny asany ve afaka marina manampy azy amin'ny drafitry ny fandravana.

Andeha holazaintsika fa manan-janaka izay manana olana amin'ny fitondra-tena ianao ary feno ilana ovana izany. Mivavaka ho azy ianao ary mangataka an'Andriamanitra mba hiasa eo amin'ny fiainany, mba hanao izay fiovana ilaina. Ankehitriny inona no atao amin'ny fisainanao sy ny teny mikasika azy mandritra ny fotoana fiandrasana? Maro ny olona dia tsy mahita ny valim-bavaka mihitsy satria satria manafoana izay nangatahany tamin'ny fisainany manokana sy ny teny mialoha ny ahafahan'Andriamanitra ho azy.

Mivavaka ho an'ny zanakao mba hiova ve ianao ary avy eo mihevitra karazan-pisainana maro momba azy? Na, angamba mivavaka ho an'ny fiovana ary avy eo mihevitra sy miteny amin'ny hafa hoe "Tsy hiova mihitsy io zaza io".

Mba hahafahana miaina amin'ny fandresena dia tsy maintsy manomboka manitsy ny fisainanao amin'ny tenin'Andriamanitra ianao.

tsy afaka nandeha araka ny teny isika raha mifanohitra anivon'izay lazain'ny fiasantsika. Tsy nandeha araka ny teny isika raha tsy misaina amin'ny teny.

Rehefa mivavaka ho an'ny olona iray ianao, dia hampifanitsio amin'ny fisainanao sy ny teny izay nivavahanao dia hanomboka hahita famakiana ianao.

Tsy nanolo-tsaina anao hoe tsy hisy fifandanjana ary hanohitra ny hanaiky, fa misy ny olana. Raha manana olan'ny fitondra-tena ny zanakao any an-tsekoly, ary ny namanao manontany hoe manao ahoana izy, inona no hataonao raha, ny zava-misy dia tsy nisy fiovana niseho? Afaka miteny ianao hoe "Eny, tsy mbola nahita famakiana isika, nefa mino aho fa miasa Andriamanitra ary hahita fahagagana isika atao ho ato."

Dingana 5: Ampitomboy ny saina feno fisaorana

> Midina eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; misaora Azy, mankalazà ny anarany.
>
> SALAMO **100:4**

Ny olona mikoriana ao amin'ny sain'i Kristy dia hahita ny fisainany ho feno fiderana sy fisaorana.

Maro ny varavarana sokafana hoan'ny fahavalo amin'ny alalan'ny fitarainana; Ny olona sasany dia marary ara-batana ary miaina fiainana malemy, tsy misy hery noho io aretina antsoina hoe fitarainana izay manafika ny fisainana sy ny resak'olona isika.

Ny fiainana feno hery dia tsy afaka hiainana tsy misy fisaorana. Ny Baiboly dia mampianatra antsika miverimberina amin'ny fiasan'ny saina mankasitraka. Ny fitarainana ao an- tsaina na amin' ny teny dia toy ny fisainana maty, ary ny fisaorana sy ny fanaovana toy izany dia fiasan'ny saina ho amin'ny fiainana.

Raha tsy manana fo (Saina) misaotra ny olona iray, ny fisaorana dia tsy hivoaka amin'ny vavany. Rehefa feno fisaorana isika dia hiteny toy izany.

Aoka Ho Feno Fisaorana Amin'ny Fotoana Rehetra

> Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alàlany ho an'Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany.
>
> Hebreo 13:15

Rahoviana isika no manolora fisaorana? Amin'ny fotoana rehetra – amin'ny toe-javatra rehetra, amin'ny zavatra rehetra – amin'ny fanaovana izany dia miditra ao amin'ny fiainam-pandresena izay tsy azon'ny devoly hifehezana antsika.

Ahoana no hahafahany mifehy antsika raha feno fifaliana sy fisaorana isika na manao ahoana ny toe-javatra eo amintsika! Azo ekena, fa io karazana fomba fisainana io indraindray dia mitaky soron'ny fiderana sy fisaorana, nefa tiako ny hanao sorona ny fisaorako an'Andriamanitra toy izay manao sorona ny fifaliako ho amin'ny satana. Nianarako (tamin'ny fomba sarotra) fa raha marikivy sy mandà ny hisaotra aho, dia hiafara ny hiala amin'ny fifaliako. Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia hahavery izany ho amin'ny fanahin'ny fitarainana.

Ao amin'ny Salomo 34:1 dia milaza ny mpanao Salamo hoe: "Hisaotra an'i Jehovah lalandava aho; ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy". Ahoana no hahafahantsika misaotra ny Tompo? Amin'ny famelana ny fiderana Azy mitohy ao amin'ny saintsika sy ny vavantsika

Aoka ho olona feno fisaorana- feno fisaorana tsy amin' Andriamanitra fotsiny fa amin'ny olona ihany koa. Rehefa misy olona

manao zavatra tsara ho anao, dia avelao izy hahalala fa mankasitraka azy ianao.

Maneho fankasitrahana ao amin'ny ankohonanao eo amin'ny tsirairay avy. Matetika loatra isika no mandray ho zavatra efa hekena ny zavatra nitahin'Andriamanitra antsika. Ny fomba azo antoka haverezana zavatra iray dia ny tsy fankasitrahana azy.

Mankasitraka an-drangahy vadiko aho; efa fotoana ela no nivadianay nefa mbola milaza aminy fa mankasitraka azy. Izy dia tena maharitra amin'ny fomba maro ary manana toetra hafa tena tsara-Fantatro fa manampy sy miazona ny fifandraisana tsara ny mamela ny olona hahalala fa mankasitraka azy isika, milaza mihitsy ny zavatra manokana izay isaorantsika azy.

Miasa amin'ny olona maro aho ary mitohy mahagaga ahy ny fomba fisaoran'ny olona noho ny zavatra kely tsirairay izay natao ho azy, fa ny hafa tsy mety afa-po na manao ahoana ny habetsahan'ny natao ho azy. Heveriko fa ny fireharehana dia zavatra miasa amin'io olona io. Ny olona sasany dia feno ny tenany ka na inona na inona ataon'ny hafa ho azy, dia mihevitra izy fa tsy hoe mendrika izany fotsiny fa be lavitra! Mahalana izy no maneho fankasitrahana.

Ny fanehoana fankasitrahana dia tsy tsara fotsiny ho an'ny olon-kafa fa tsara ho antsika satria mitondra fifaliana ao anatintsika.

Saintsaino isan'andro ny zavatra rehetra tokony hisaoranao. Avereno izany amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo, ary rehefa manao izany ianao dia ho hitanao ny fonao ho feno fiainana sy fahasoavana.

Misaora Mandrakariva Noho Zavatra Rehetra

Ary aza ho mamon-divay ianareo, fa amin'izany dia misy fanaranam-po amin'ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy [Masina].

> Ka mifampilazà [ny dikan-teny "King James" dia milaza "miteny amin'ny tenanao"] amin'ny Salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo [ary amin'ny zava-maneno] ao am-ponareo ho an'ny Tompo.
>
> Misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.
>
> EFESIANA **5:18-20**

Andian-tsoratra Masina mahery manao ahoana re izany!

Ahoana no ahafahako sy ianao ho feno ny Fanahy Masina mandrakariva? Amin'ny fitenenana amin'ny tenanao (amin'ny alalan'ny fisainana) sy amin'ny hafa amin'ny alalan'ny teninao) amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy. Tsy heveriko fa midika izany fa tokony hilaza Soratra Masina fotsiny isika ary hihira ho an'ny hafa, fa ao anatin'izany ny hitahirizantsika ny hitahirizana sy feontsika sy ny tenintsika, ho feno ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fanolorana fiderana amin'ny fisaorana an'Andriamanitra mandrakariva noho ny zavatra rehetra

Dingana 6. Misaina ny Teny

> Ary ny Teniny tsy (ny fisainany) tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino izay nirahiny ianao ianareo. [Izany no antony ny itehieizanareo ny hofany ho velona ao anatinao, satria tsy mino ny Mpitondra hafatra izay nirahiny ianareo.
>
> JAONA **5:38**

Ny Tenin'Andriamanitra no fisanany voasoratra eo ambony taratasy mba hianarantsika sy hoheverintsika. Ny Teniny izay saininy momba ny toe-javatra rehetra ny lohahevitra rehetra.

Ao amin'ny Jaona 5:38, Jesosy dia manitsy ny mpino sasany. Hitantsika avy amin'ity dikan-teny ity fa ny Tenin'Andriamanitra dia fanehoana ny fisainany ary ny olona te hino sy hahatsapa ny vokatra

tsara rehetra ny amin'ny finoana dia tsy maintsy mamela ny Teny mba hananana hafatra velona ao am-pony. Izany no ahafahany ny fisainany ho tonga fisainantsika – ny fomba tokana mba hampitombona ny sain'i Kristy ao anatintsika.

Ny Baiboly ao amin'ny Jaona 1:14 dia milaza fa Jesosy no Teny tonga nofo. Tsy afaka ho tanterahana izany raha tsy fenoina ny fisainany mandrakariva ny Tenin'Andriamanitra sy sainy.

Ny fisaintsainana ny Tenin'Andriamanitra dia iray amin'ireo fampianarana momba ny fiainana izay azontsika ianarana. Ny momba ny fiainana izay azontsika ianarana. Ny rakibolana "Vine's Expository Dictionary Of Old and New Tesstament Work" dia mamaritra ny teny roa nadika hoe misaintsaina dia toy izao: "miahy", "manampy, mampihato", "mazotoa", "mankato [amin'ny]" hevitra fototry ny teny "mihevitra lalina, maharesy an-tsaina" "misaintsaina mialoha".[4] . ny loharano hafa dia manampy hoe "miteny moramora" sy "migonongonona" amin'ny famaritana[5].

Tsy ho ampy ny fanantitranteriko ny amin'ny maha zava-dehibe io fito nampianarina io. Antsoiko hoe fampianarana ny fiainana izany satria ny fisainttsainana ny Tenin'Andriamanitra no hiasa fiainana aminao ary farany eo aminareo manodidina anao.

Maro ny Kristianina no lasa matahotra ny amin'ny teny misaintsaina noho ireo fanaovana fisaintsainana ataon'ny fomba fivavahana jentilisa sy maizimaizina. Nefa milaza aminao aho

Mba hahatsiaro fa satana ny marina tsy mba manana hevitra hatrany am-boalohany. Alainy izay an'ny Fanjakan'ny fahazavana ary aodiny ho an'ny fajakan'ny maizina. Tsy maitsy ampy fahendrena isika mba hahazoan-tsaina fa raha nitondra hery be hoan'ny andaniny ratsy ny fisaintsainana, dia hitondra hery ihany koa ho an'ny momba ny tsara. Io foto-pampianaran'ny fisaintsainana io dia avy amin'ny Tenin'Andriamanitra mivantana; handeha hojerentsika izay lazain'ny Baiboly momba izany.

Misaintsaina Dia Ambinina

> Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman-alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny làlanao ianao sady ambinina.
>
> Josoa **1:8**

Ato amin'ity andininy ity, ny Tompo dia milaza amintsika fa tsy afaka ny hampiatra mivantana ny teny mihitsy isika raha tsy mampiatra izany ao an-tsaina aloha.

Ny Salamo 1:2,3 dia milaza ny amin'ny lehilahy araka an'Andriamanitra ary milaza hoe "Fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany; ary ny lalàny (ny didiny, ny toro-lalàny ny fampianaran'Andriamanitra) no saintsaininy andro aman-alina. Dia tahaka ny hazo ambolena [karakarana] eo amoron'ny rano velona izy, izay mamoa amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo; ary ny asany rehetra dia ataony lavorary avokoa [sy tonga amin'ny fahamasahany].

Misaintsaina Dia Sitrana

> Anaka, tandremo ny teniko; atongilano ny sofinao hihaino ny ilazako, aza avela hiala eo imasonao izy, hareketo ao am-ponao. Fa aina ho an'ny mahazo azy izy ary fahasalamana hoan'ny nofo rehetra.
>
> Ohabolana **4:20-22**

Tsarovy fa ny iray amin'ireo Teny mamaritra ny misaintsaina dia "mitandrina mba", hevero tsara io ampaha-tsoratra Masina io izay milaza fa ny tenin'ny Tompo dia loharanon'ny fahasalamana ho an'ny nofo.

Ny fisaintsainana (fiheverana lalina) ny Tenin'Andriamanitra ao an-tsaintsika dia mahakasika ny tenantsika ara-nofo raha ny marina.

Ny fisehoako ivelany dia niova nandritra ny taona izay nanako fifandraisana tamin'i Jesosy. Tsaratsara kokoa ny fahitana ahy satria tsy manahy aho, tsy malahelo, ary tsy ory. Ny alahelo dia hita eo amin'ny tarehintsika, fa ny fifaliana ihany koa dia toy izany. Arakaraka ny mahasambatra antsika no mahatonga antsika hanana tarehy tanora kokoa, na dia mihalehibe aza aho amin'ny taona, ao anaty dia avaozina isan'Andro ary miseho eo ivelany izany.

Mandre Dia Mijinja

> Ary hoy Izy taminy: Diniho izay teny renareo; araka ny ohatra [ny sainy sy ny fianarana] [amin'ny fahamarinana izay renao] ihany no hanoharana [ny marina sy ny fahalalana] no hanoharana anareo – ary homena mihoatra aza ianareo.
>
> Mark 4:24

Ity dia tahaka fotom-pampianaran'ny famafazana sy fijinjana. Arakaraka ny hamafazanatsika betsaka ho hijinjana be amin'ny fotoam-pijinjana. Milaza ny Tompo ao amin'ny Marka 4:24 fa araka ny habetsahan'ny fotoana betsaka laniko sy laninao amin'ny fisaintsainana sy fianarana ny Teny renesintsika, no hahazoantsika betsaka avy amin'izany.

Mamaky Dia Mijinja

> [Ny zavatra izay nafenina amin'ny fotoana voafetra dia fitaovana ho amin'ny fanambarana]. Fa tsy misy takona izay tsy hita na miafina [amin'ny fotoana voafetra] izay tsy haseho.
>
> Marka 4:22

Ireo andininy roa ireo miaraka dia manambara amintsika amin'ny fomba azoantsika fa ny Teny dia nanafina tao amin'ny firaketana harembe, feno hery mba hanome ny zava-miafina izay tian'Andriamanitra, ambara amintsika. Aseho amin'ireo izay misaintsaina mihevitra

lalina, mianatra, mampiatra an-tsaina, ary mitonona ny Tenin'Andriamanitra.

Fantatro manokana, amin'ny maha mpampianatra ny Tenin'Andriamanitra ahy, ny fahamarinan'io foto-pampianarana io. Toa tsy misy fiafarana ny zavatra Tian'Andriamanitra aseho amiko avy

Amin'ny andinin-tsoratra Masina izay. Mianatra azy amin'ny fotoana iray aho dia mahazo zavatra iray, ary amin'ny fotoana hafa mahita zavatra vaovao izay tsy nomaniko akory teo aloha.

Ny Tompo dia mitohy manambara ny zava-miafina ho an'ireo mazoto amin'ny Teny. Aza mba ho isan'ny karazan'olona izay miaina amin'ny fanambaran'ny azon'ny olon-kafa. Mianàra ny Teny ianao manokana ary avelao ny Fanahy Masina mba hitohy ny fiainanao amin'ny fahamarinana.

Afaka manohy lava be momba ny lohahevitry ny fisainana ny Tenin'Andriamanitra aho. Araka ny efa nolazaiko, dia io no anisan'ny zavatra lehibe izay afaka ianaranao sy izaho mba hatao. Mandritra ny indray andro, rehefa mandeha manao ny asanao isan'andro ianao, dia angataho ny Fanahy Masina mba hampahatsiahy anao ny Soratra Masina sasany ary afaka hisaina momba izany ianao. Ho gaga ianao ny amin'ny hery be izay hiasa malalaka eo amin'ny fiainanao amin'ny fankatoavana. Arakaraka ny isainanao betsaka ny Tenin'Andriamanitra no hahafahanao ho afaka ho vonona hisintona ny herin'ny fotoanan'ny olona. Tsarovy : ny hery hanaovana ny Teny dia avy amin'ny fizarana misaintsaina izany.

Raiso Ary Ekeo Ny Teny

> Koa ario ny fahalotoana sy ny lolom-po rehetra, ary ekeo amin'ny fahalemem-panahy (fahatsaram-panahy, fahatsorana) ny teny nambolena [ao am-ponareo) izay mahavonjy ny fanahinareo.
>
> Jakoba **1:21**

Hitantsika avy amin'io Soratra Masina io fa ny Teny dia manan-kery mba hamonjy antsika amin'ny fiainam-pahotana, nefa rehefa raisina, ekena sy ambolena ary miorom-paka ao am-pontsika (saintsika). Io fambolena ny fiorenam-paka io dia miseho amin'ny alalan'ny fitandremana ny Tenin'Andriamanitra – amin'ny fananana izay ao an-tsainao mihoatra ny zavatra hafa.

Raha misaintsaina mandrakariva ny olantsika izaho sy ianao, dia hiorom-paka lalina amin'izany. Raha misaintsaina izay ratsy momba antsika na ny hafa isika dia ho lasa resy lahatra lalina amin'ny olana ary tsy lehibe ny vaha olana mihitsy. Tahaka ny misy fiainana tahaka ny ranomasina be natao ho antsika, ary ny fitaovana nomena antsika mba hisintonana izany dia ny fahazotoana mianatra sy misaintsaina ny Tenin'Andriamanitra.

Ny fikambananay dia nantsoina hoe Mifaly amin'ny Fiainana Isan'andro ary afaka milaza aho avy amin'ny traikefa fa afaka ny hifaly amin'ny fiainana tena feno amin'ny alalàn'ny fitiavana sy ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra isika.

Fidio Ny Fiainana

> Fa ny fihevitry ny nofo [Izay fahatsapana tsy misy Fanahy Masina] dia fahafatesana [fahafatesana miditra ny fahoriana rehetra avy amin'ny fahotana, eto sy aorian'izao fianarna izao], fa ny fihevitry ny Fanhy [Masina] kosa fiananana sy [fanahy] fiadanana [ankehitriny sy Mandrakizay].
>
> Romana 8:6

Ny fisarihana anao hijery ny Filipiana 4:8 dia toa fomba tsara hamaranana ity ampahan'ny boky ity: "Na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahate-ho tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera dia hevero izany [ampifatohy amin'izany ny sainao]."

Ny toetra tokony hananan'ny sainao dia izay voasoratra ao amin'ity Soratra Masina ity. Manana ny sain'i Kristy ianao, manombo mampiasa izany; raha tsy hisaina izany Izy, dia tsy hisaina izany koa ianao.

Amin'ny fikambananao tsy tapaka ny fisainanao no hanombohanao mamabo ny saina rehetra hanaiky an'i Jesosy Kristy [jereo 2 Kor 10:5 KJV].

Ny Fanahy Masina dia mailaka amin'ny fampahatsiarovana anao raha ny sainao manomboka mitondra anao amin'ny làlan-diso, dia anao ny fanapahan-kevitra. Hikoriana amin'ny fihevitry ny nofo ianao sa amin'ny fihevitry ny Fanahy? Ny iray mitarika ho amin'ny fahafatesana, ny iray ho amin'ny fiainana. Anao ny safidy.

Fidio ny fiainana

Part III

Toe-tsain'ny Tany Efitra

Fampidirana

> *[I] Làlana iraika ambin'ny folo andro [ihany] Kadesi-barnea raha ao Horeba, raha ny làlana mahazo ny tendrombohitra Seïra no aleha [ao amin'ny sisintanin'I Kanana, nefa efapolo taona Israely vao tafita izany]*
>
> DEOTORONOMIA 1:2

Ny vahoakan'Israely dia nivezivezy niodinkodina tao amin'ny tany efitra nandritra ny efapolo taona, nanao izay dia tokony ho vita ao antin'ny iraika ambin'ny folo andro. Nahoana? Noho ny fahavalony, ny toe-javatra, ny fitsapana teny andàlana, na zavatra tena hafa ve no nisakana azy tsy ho tonga tany amin'ny fiafaran'ny diany?

Rehefa nisaina lalina ity toe-javatra ity aho, dia nomen'Andriamanitra fanambarana feno hery izay nanampy ahy manokana sy ireo olona hafa amin'arivony. Hoy ny Tompo tamiko, "Nandany efapolo taona tany an'efitra ny zanak'Israely raha tokony ho iraika ambin'ny folo andro ny diany satria nanana ny "toe-tsain'ny efitra" izy.

AOKA IZAY NO ITOERANAREO ETO

> [B] Jehovah Andriamanitra niteny tamintsika tany Horeba ka nanao hoe : aoka izay ny itoeranareo amin'ity tendrombohitra ity
>
> DEOTORONOMIA 1:6 [B]

Ny marina tsy tokony hijery ny Israelita amin'ny fahagagana be isika satria ny ankamaroantsika dia nanao zavatra mitovy amin'izany. Mitohy miodikondina eo amin'ny tendrombohitra eo isika fa tsy mandroso. Ny vokany dia, mila taona maro isika vao mahatsapa fandresena eo amin'ny zavatra izay afaka sy tokony malamina tamin'ny fomba haingana.

Heveriko fa ny Tompo dia milaza zavatra mitovy amin'izany amiko sy aminao ankehitriny amin'izay nolazainy tamin'ny Israely tamin'ny androny:

[I] "Aoka izay ny itoeranao amin'ity tendrombohitra ity"

Saino Ary Tehirizo Tsy Hiova

> Saino ny zavatra any ambony, (ny zavatra avo) fa tsy ny zavatra ety an-tany.
>
> Kolosiana 3:2

Nasain'Andriamanitra tamiko ny "toetsain'ny efitra" noho izay nihazona ny Israelita tany an'efitra. Ary toe-tsaina efitra toe-tsaina diso.

Mety manana toe-tsaina marina sy diso isika. Ny marina manome tombontsoa amintsika fa ny diso mandratra antsika sy manakana ny fandrosoantsika. Ny Kolosiana 3:2 dia mampianatra antsika hisaina sy hitahiry izany tsy hiova. Ilana ny saintsika hifantoka amin'ny làlana marina. Ny toe-tsaina diso dia tsy manimba fotsiny ny toe-javatra hatrehantsika, fa manimba be ihany koa ny fiainantsika anatiny.

Ny olona sasany dia manana karazan-piainan'ny tany efitra, satria izy no tany efitra.

Nisy fotoana izay tsy ratsy loatra ny toe-javatra natrehako nefa tsy afaka nifaly na tamin'inona teo amin'ny fiainako aho satria "tany efitra aho" ny tato anatiko. Izaho sy Dave dia nanana trano mahafinaritra, zanaka efatra maha te ho tia, asa tsara, ary vola ampy hahafahana miaina finaritra. Tsy afaka nifaly tamin'ny fitahianay izahay satria manana toetsain'ny efitra maro aho. Niseho ho toy ny tany efitra ny fiainako satria izany no fomba nahitako ny zavatra rehetra.

Ny olona sasany dia mahita ny zavatra amin'ny fomba negativa satria nahatsapa toe-javatra mampahory izy tamin'ny fiainany iray manontolo ary tsy afaka mahazo sary an-tsaina zavatra mihatsara. Noho izany dia misy olona mahita ny zavatra rehetra ho ratsy sy

"negative" satria fotsiny izany no fomba fisainany anaty. Na inona na inona antony, ny fijery "negative" dia mahatonga ny olona iray ho ory ary hoe tsy afaka mandroso ho amin'ny tany Kanana.

Andriamanitra dia niantso ny zanak'israely avy amin'ny fanandevozana tany Egypta mba handeha ho any amin'ny tany mampanantenainy mba homena azy ho lova mandrakizay – tany tondra-dronono sy tantely ary ny zavatra tsara rehetra azo sainina; tany izay tsy nisy tsy fahampiana izay nilainy, tanim-panambinana amin'ny sehatry ny fiainana rehetra.

Ny ankamaroan'ny taranaka niara-nihira izay nantsoin'Andriamanitra avokoa ny tany Egypta dia tsy niditra ny tany kanana mihitsy, fa maty tany an'efitra. Tsara ny hevitro, izany no anisan'ny zavatra mampalahelo indrindra mety hiseho eo amin'ny zanak'Andriamanitra manana zavatra vonona maro nefa tsy afaka faly amin'izany.

Iray amin'ny olona izany aho nandritra taona maro teo amin'ny fiainako amin'ny taona maro teo amin'ny fiainako amin'ny maha Kristiana ahy. Nandeha teo amin'ny làlana mankany an-danitra aho, fa tsy faly tamin'ny dia. Ory tao an'efitra aho. Nefa isaorana Andriamanitra noho ny famindrampony, nisy fahazoana mamiratra teo amin'ny haiziko, ary navoaka tamin'izany aho.

Mivavaka aho mba ho fahazavana ho anao ity ampon'ny boky ity ary hanomana anao mba hiala amin'ny efitra ho an'ny amin'ny fahasoavana feno voninahitra an'ny Fanjakan'Andriamanitra mahafinaritra.

Toko

16

Faritan'ny Lasako
Ny Ankehitriniko Ny Hoaviko

Toe-tsain'ny efitra #1

Ny israelita dia tsy mba nanana fahitana "positive" hoan'ny fiainany – tsy nisy nofinofy. Fantany hoe avy taiza izy, nefa tsy fantany hoe ho aiza izy. Ny zavatra rehetra dia niorina tamin'izay efa hitany sy afaka hitany. Tsy fantany ny fahitana amin'ny "mason'ny finoana".

> *[B] Raha tsy misy fahitana, dia ringana ny oloko [I]*
>
> Ohabolana 29:18 KJV

Voahosotra Mba Hitondra Fanafahana

[B] Ny Fanahin'I Jehovah no ato amiko,satria nanosotra ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy, naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra. Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahoriana.

Hitory ny saina ankasitrahan'I Jehovah

Lioka **4:18,19** [B]

Izaho dia avy amin'ny sehatra feno fanararaotana; lehibe tao anaty ankohonana tsy nilamina aho. Feno tahotra sy horohoro ny fahazazako. Ny manam-pahaizana dia nilaza fa toetran'ny zaza dia miforina ao anatin'ny dimy taona voalohany eo amin'ny fiainany. Nikorontana ny maha izy ahy! Niseho niaina tao ambadiky ny didin'ny fiarovan-tena aho, natsangako izany mba hisakana ny olona mba tsy handratra ahy. Nidiko ny hafa teny ivelany, fa nanidy tena tao anatiko ihany koa aho. Nijaly ny zavatra rehetra aho, tena feno tahotra ka ny hany fomba nahafako niatrika ny fiainana dia ny fahatsapana fa mifaly ny toe-javatra aho, dia tsy nisy olona afaka nanandratra.

Amin'ny maha tanora efa lehibe aho, dia niezaka aho hivelona hoan'I Kristy ary manaraka ny fomba fiainana Kristiana, fantatro hoe avy taiza aho, nefa tsy fantatro hoe handeha ho aiza. Tsapako fa ny ho aviko dia homarihan'ny lasako mandrakariva mihevitra aho hoe, Ahoana no ahafahan'ny olona iray izay manana lasa toy ny ahy no hiaina tsara? Tsy azo tanterahana izany! Jesosy anefa nilaza fa tonga.

Izy dia hanasitrana ny marary, ny torotoro fo, ny maratra ary ny nampahoriana, ireo rotiky ny loza.

Tonga Jesosy mba hanokatra ny varavaran'ny tranomaizina ary handefa ny mpifatotra. Tsy nandroso aho mandra-pinoko fa afaka ny ho afahana aho. Tsy maintsy nanana jery lavitra pôsitiva ho an'ny fiainako aho, tsy maintsy nino aho fa ny hoaviko dia tsy feran'ny lasako na ny ankehitriniko aza.

Mety nanana lasa feno fahoriana ianao, mety ao anatin'ny toe-javatra izay tena negativa sy mandrera-tsaina mihitsy ianao izao. Mety miatrika toe-javatra tena ratsy ianao ka tsy manana antony marina mba hanantenanao. Nefa milaza aminao amim-pahasahiana aho fa, ny hoavinao dia tsy faritan'ny lasanao na ny ankehitrininao!

Manàna toe-tsaina vaovao. Minoa fa amin'Andriamanitra dia hainy ny zavatra rehetra (jereo Lioka 18:27) amin'ny olona dia mety misy zavatra tsy hainy, nefa isika dia manompo an'Andriamanitra izay nahary ny zavatra rehetra hitantsika avy amin'ny tsy nisy na inona na inona (jereo Heb 11:3). Omeo Azy ny tsi-fisiana na inona na inona eo amin'ny fiainanao ary ho hitanao fa hiasa Izy. Izay hino Azy, ary Izy no hanao ny sisa.

Maso Mba Hahita Ny Sofina Mba Handre

Ary hoy Solofo mitsimoka eo amin'ny fototr'i Jese, ary hisy mitsambikina avy eo amin'ny fakany;

Ary ny fanahin'i Jehovah hitoetra ao aminy, dia ny Fanahin'ny fahendrena sy fahazavan-tsaina, sy ny faherezana, ny Fanahin'ny fahalalana sy ny fahatahorana an'i Jehovah

> Ary ho hanitra ankasitrahana aminy ny fahatahorana an'i Jehovah, ka tsy hitsara araka ny hitan'ny masony, Izy, hampiaiky araka ny ren'ny sofiny.
>
> Isaia **11:1-3**

Tsy mahay mitsara ny zavatra amin'y fahamarinana isika amin'ny fahitan'ny masontsika voajanahary. Tsy maintsy manana "maso ara-panahy mba hahitàna" isika sy "sofina ara-panahy mba handrenesana". Ilaina isika ny handre izao. Avelao Andriamanitra hiteny momba ny ho avinao aminao fa tsy ny olon-kafa.

Ny Israelita dia nitoky nijery sy niresaka momba ny zavatra araka ny fandehany. Andriamanitra dia nitondra azy nivoaka avy tamin'i Egypta ho tànan'i Mosesy, miresaka taminy tamin'ny alalany ny momba ny tany Kanana. Tiany ny hihazona ny masony mba hijery izay nalehany ary niala tamin'izay nisy azy. Andeha hojerentsika ny Soratra Masina vitsy izay milaza mazava ny toe-pony diso.

Inona No Olana?

> Dia nimonomonona tamin'ny Mosesy sy Arona ny zanak'israely rehetra, ka hoy ny fiangonana rehetra taminy, Inay anie isika mba maty tany amin'ny tany Egypta ihany; na inay anie isika mba maty tany an'efitra.
>
> Ary nahoana Jehova no mitondra antsika ho amin'ity ahy ho lavin-tsambatra, ary ny vadintsika sy ny zanatsika madinika ho babo; tsy aleontsika miverina ho any Egypta?
>
> Nomery **14:2,3**

Mampahery anao aho mba hijery tsara ity ampahan-tsoratra ity. Mariho ny maha- "negative" ireto olona ireto nitaraina, vonona ny hilavo lefona maro, te hiverina amin'ny fanandevozana fa tsy hamakivaky ny efitra ka ho tonga any Kanana

Ny marina, tsy nanana olana izy, fa izy no olana!

Ny Fisainana Ratsy Mitondra Teo-po Ratsy

[B] Ary tsy nisy rano ho an'ny fiangonana, ka dia niangona izy hiodina amin'i Mosesy sy Arona.

Dia nila ady tamin'i Mosesy ny olona ka niteny hoe : inay anie izahay mba maty tamin'ny nahafatesan'ny rahalahinay teo anatrehan'i Jehovah!

Fa nahoana no nitondra ny fiangonana'i Jehovah ho amin'ity efitra ity ianareo; mba hahafaty anay sy ny ambinay eto?

Nomery **20:2-4**

Mora hita avy amin'ny teniny fa tsy natoky an'Andriamitra mihitsy ny Israelita. Nanana toe-po "negative" sy tsi-fahombiazana izy.

Nanapa-kevitra ny tsy hahomby izy mialoha ny tena nanombohany, satria tsy tanteraka fotsiny ny toe-javatra rehetra. Nampiseho toe-po izay avy tamin'ny toe-tsaina.

Ny toe-po ratsy dia vokatry ny fisainan-dratsy.

Tsi-fahampiana Toe-misaotra

Ary niala tany an-tendrombohitra Hora izy ka nahazo ny làlana mankany amin'ny Ranomasina Mena nanodidina ny tany Edoma; dia kivy (rera-tsaina) ny fanahin'ny olona noho [ny fitsapana] làlana.

Ary niteny nanome tsiny an'Andriamanitra sy Mosesy ny olona ka nanao hoe: Nahoana no nentinao avy tany "Egypte" izahay hofaty aty an'efitra? Fa tsy misy mofo na rano aty; ary mihamonomonona ny fanahinay itony mofomofo (tsy mendrika, maivana) foana itony.

Nomery **21:4,5**

Miaraka amin'ireo toe-po ratsy hafa rehetra efa hitantsika tao amin'ireo Soratra Masina teo aloha, eto amin'ity ampaha-tsoratra ity

dia hitantsika misongadina tao amin'ny Israelita ny tsi-fahampiana fankasitrahana goavana. Tsy afaka niala tamin'ny fisainana ny amin'ny niaviany ny zanak'israely, ary lavitra ny amin'ny hahatogavan'izay halehany.

Ho nanampy azy ny fiheverana an'i Abrahama razam-beny. Nandeha fahatsapana sasany tsy nisy nanantenana teo amin'ny fiainany, nefa tsy namela azy hireny hahakasika ny ho aviny amin'ny fomba "negative".

Tsy Misy Fiainana Miaraka Amin'ny Ady

> Dia niady ny mpiandry ombin'i Abrahama sy ny mpiandry ombin'i Lota, ary ny Kananita sy ny Perizita no tompon-tany tao Kanana fahizay [ka sarotra ny nahazoana ahitra].
>
> Ary hoy Abrahama tamin'io Lota, aoka re mba tsy hay ady amintsika roalahy, na amin'ny mpiandry ombiko sy ny mpiandry ombinao, fa mpirahalahy isika.
>
> Moa tsy eo anilanao ve ny tany rehetra? Masina ianao aoka hisaraka amiko ianao, raha hianavaratra ianao, dia hianatsimo aho, fa raha hianatsimo ianao , dia hianavaratra kosa aho.
>
> Ary Lota nanopy ny masony ka nitazona ny tany rehetra teny amorin'i Jordana hatrany akaikin'i Zoara, fa azon-drano avokoa izy rehetra talohan'ny nandravan'i Jehovah an'i Sodoma sy Gomoro izany, tahaka ny sahan'i Jehovah ny tahaka ny tany Egypta.
>
> Dia nofidin'i Lota ho azy ny tany rehetra amoron'i Jordana ka nifindra niantsinanana izy; ka dia nisaraka izy roalahy.
>
> Genesisy 13:7–11

Fantatr'i Abrahama ny loza amin'ny fiainana ao anaty ady; noho izany dia nilaza Lota fa nilaina nisaraka izy. Mba handehanana amim-pitiavana, ny hananana antoka mba tsy hisy ady amin'izy ireo amin'ny ho avy, Abrahama dia nanome alalana ny zana-drahalahiny mba hisafidy izay lohasaha tiany aloha. Nifidy ny tsara indrindra iLota – ny tany amoron'i Jordana ary nisaraka izy.

Tsy maintsy tsarovantsika fa tsy nanana na inona na inona Lota mandra-pitahin'i Abrahama azy. Saino ny toe-po azon'i Abrahama nananana nefa tsy nisafidy izany izy! Fantany fa raha mety ny fihetsiny, Andriamanitra dia hikarakara azy.

Atopazy Ny Masonao Dia Mitàzana

> Ary Jehovah niteny tamin'Abrahama taorian'ny nirahan'i Lota taminy ka nanao hoe: atopazy ny masonao, ka hatramin'ity tany itoeranao ity ka mitazàna mianavaratra sy mianatsimo ary miantsinanan sy miankandrefana.
>
> Fa ny tany rehetra izay tazanao dia homeko anao sy ny taranakao mandrakizay.
>
> Genesisy 13:14,15

Ity Ampahan-tsoratra ity dia manambara amin'ny fomba mazava fa na dia tao anaty toe-javatra tsy irina loatra aza Abrahama taorian'ny fisarahany tamin'ny zanadralahiny, dia tian'Andriamanitra izy "hitazana" avy amin'ny toerana nisy azy, ny toerana tiany hitondrana azy.

Abrahama dia nanana toe-po tsara momba ny toe-javatra natrehany, ary vokatr'izany ny devoly dia tsy afaka nihazona ny fitahian'Andriamanitra avy aminy.

Nomen'Andriamanitra azy ny fananana bebe kokoa noho izay nananany nialoha ny fisarahana, ary nitahy azy tamin'ny fomba mahery tamin'ny lafiny rehetra.

Mampahery anao mba hijery amin'ny fomba mampahery izay azo tanterahana amin'ny ho avy ary manomboka "miantso ny tsy misy toy ny misy" (Rom 4:17). Saino ary teneno amin'ny fomba mampahery ny hoavinao, araka izay napetrak'Andriamanitra ao am-ponao, ary tsy araka izay hitanao tamin'ny lasa na mety ho hitanao ankehitriny izao.

Toko

17

Nisy Olona Iray Manao Izany Ho Ahy Tsy Te Handray Andraikitra Aho

Toe-tsaina efitra #2

Nisy Olona Iray Manao Izany Ho Ahy, Tsy Te Handray Andraikitra Aho

Toe-tsaina efitra #2

Toko 17

Ny andraikitra dia matetika faritana ho famaliana ny fahaizan'Andriamanitra. Ny maha tompon'andraikitra dia ny fameliana ny fahafehana manao zavatra izay napetrak'Andriamanitra teo anoloantsika.

[I] Ary Tera nitondra an'I Abrama zanany sy Lota zafiny, zanak'I Harana, ary Saray vinanto-vavy, vadin'I Abrama zanany, dia niaraka taminy ireo ka niala tao Oran'ny Kaldeana hankany avy amin'ny tany Kanàna, dia tonga tao Harana izy ka nonina tao.

GENESISY 11:31

Nomen'Andriamanitra andraikitra ny rain'Abrahama, ezaka mba hamaly ny fahaizan'Andriamanitra. Nafatrany teo anoloany ny fahafahana nankany Kanana. Nefa tsy nandeha tany amin'ny làlan'ny Tompo akory izy, fa nisafidy ny hijanona na ny nonina tao Harona.

Mora ny mientanentana rehefa miteny amintsika voalohany Andriamanitra ary manome antsika fahafahana hanao zavatra iray. Nefa, tahaka an'I Tera, matetika dia tsy vitantsika mihitsy izay atomboka satria te hiroso amin'izany isika ary mahatsapa fa misy zavatra ilaina betsaka noho ny fitsanganam-bolo sy ny fientanentanana.

Maro ny mpino no manao izay ambaran'ny Baiboly, toy ny nataon'I Tera. Manomboka mandeha amin'ny toerana iray izy ary monina amin'ny toerana iray eny an-dàlana. Vizana izy na trotraka; nony hamarana ny hazakazany, nefa tsy te haka ny andraikitra miaraka amin'izany. Raha misy olon-kafa manao izany ho azy, dia tiany ny mijinja ny tombo-tsoa, nefa tsy izany fotsiny no fandehan-javatra.

Ny Andraikitra Manokana Tsy Azo Ampitaina

Ary nony maraina dia hoy Mosesy tamin'ny olona : efa nanao fahotana lehibe ianareo; ary ankehitriny, dia hiaraka ho ao amin'i Jehovah aho, fa angamba hahazo manao fanavotana, ny amin'ny fahotanareo.

Ary Mosesy dia niverina ho ao amin'i Jehovah ka nanao hoe: Indrisy! Efa nanao fahotana lehibe ity firenena ity Ka efa nanao andrimani-bolamena ho azy.

Ary ankehitriny enga anie ka hamela ny fahotany Ianao! Fa raha tsy izany, mifona aminao aho, vonoy eo amin'ny bokinao izay nosoratanao ny anarako.

Eksodosy **32:30–32**

Tamin'ny famakiako teny sy ny fianarako azy, dia voamariko fa tsy te handray andraikitra na tamin'inona tamin'inona ny Israelita. Mosesy no nanao vavaka ihany aza no nanao ny fibebahana ho azy rehefa nanana olona izy (jereo Eks 32:1-14).

tsy manana andraikitra mihitsy ny zazakely, nefa rehefa mitombo ny zaza, dia antenaina ba handray andraikitra bebe kokoa hatrany. Iray amin'ny andraikitra lehibe an'ny ray aman-dreny ny mampianatra ny zanany mba hanaiky ny andraikitra. Maniry ny hampianatra ny zanany zavatra mitovy amin'izany Andriamanitra.

Nomen'Andriamanitra ahy ny fahafahana hanao asa-fanomponana mety hanova – mba hampianatra ny Teny ao amin'ny onjam-peo sy ny fahitalavitra iraisam-pirenena – mba hitory ny filazan-tsara manerana an'i Etazonia sy ny firenen-kafa. Nefa afaka manome antoka anao fa maro isa ny lafiny andraikitra amin'izany antso izany izay tsy fantatry ny maro mihitsy. Maro ny olona no milaza fa te hanao asa fanompoana izy satria mihevitra izy fa tranga ara-panahy mitohy izany.

Matetika ny olona no mangataka asa ao amin'ny asa fanompoana satria mihevitra fa ny zavatra lehibe indrindra mety miseho ho azy dia ny ho tonga ho anisan'ny asa fanompoana Kristiana. Aty aoriana, dia hitany fa tsy maintsy miasa ao toy ny any amin'ny toeran-kafa izy, tsy maintsy mifoha sy tonga any ara-potoana, miditra eo ambany fahefana manaraka zavatra mahazatra isan'andro ets. Rehefa milaza ny olona fa te hiara-miasa aminay, dia lazainay aminy fa tsy miovaova eo ambony rahona izahay mandritra ny andro ary miasa mafy. Mandeha amim-pahitsiana izahay ary manao izay tokony ataonay amin'ny fahatsarana.

Mazava ho azy, tombotsoa manokana ny miasa ao asa fanompoana, nefa miezaka izahay hilaza mazava amin'ny olona vaovao mpangataka asa fa rehefa mihena ny fitsanganam-bolo sy ny fiantanentanana, dia hahita anay izy miandry andraikitra lehibe avy aminy.

Madehana Any Amin'ny Vitsika

Mandehana any amin'ny vitsika, ry ilay malaina, diniho ny fanaony, ka mba hendre,

Tsy manana komandy ireny, na mpifehy na mpanapaka

Nefa mamory ny haniny raha fahavaratra izy, ary manangona ny fihinany amin'ny fararano.

Mandra-pahoviana no mbola handry ihany ianao, ry ilay malaina? Rahoviana no hifoha amin'ny torimaso ianao?

Mbola hatory kely ihany, mbola ho renoka kely ihany, ary mbola hanohon-tànana kely hatory.

Dia ho tonga toy ny lehilahy mimaona hamely ny alahelonao, ary ny fahantranao ho toy ny jiolahy.

Ohabolana **6:6–11**

Io toe-tsaina kamo izay nananan'ny Israelita io dia iray amin'ny zavatra izay nihazona azy tao amin'ny efitra nandritra ny efapolo taona izay dia iraika ambin'ny folo andro.

Tiako ny mamaly ity ampahan-tsoratra ato amin'ny Ohabolana ity izay itarihana antsika mba hijery ny vitsika, izay tsy manana komandry na mpibaiko nefa mitadidy ny haniny sy ny ankohonany.

Ny olona izay tsy maintsy manana olona izay manosika azy dia tsy hanao zavatra lehibe na inona na inona. Ireo izay manana ny tsara ihany rehefa misy olona mijery dia tsy ho lasa lavitra ihany koa. Tsy maintsy manana hery manosika anaty isika, fa tsy avy aty ivelany. Tsy maintsy miaina ny fiainantsika eo an atrehan'Andriamanitra isika, ary mahalala fa mahita ny rehetra izy ary ny valim-pitiantsika dia avy Aminy raha mitazo amin'ny fanaovana izay asain'ny ataontsika isika.

Maro No Antsoina, Vitsy No Fidina

Fa maro no antsoina, nefa vitsy no fidina.

Matio **22:14**

Nandre mpampianatra Baiboly iray aho nilaza indray mandeha fa ity andininy ity dia milaza fa maro no antsoina sy omena fahafahana hanao zavatra iray ho an'ny Tompo, nefa tena vitsy no minia maka ny andraikitra mamaly io andraikitra io.

Araka ny efa nambarako tao amin'ny tiako teo aloha, fa maro ny manana faniriana fa tsy manana hazon-damosina. Ny olona manana ny "toe-tsain'ny efitra dia te hanana ny zavatra rehetra fa tsy te hanao na inona na inona.

Mitsangàna Dia Madehana!

Ary rehefa maty Mosesy, mpanompon'i Jehovah, dia hoy Jehovah tamin'i Josoa, zanak'i Nona, mpanompon'i Mosesy.

Efa maty Mosesy mpanompoko, ka mitsangàna, nitahy ity Jordana ity ianao sy ireo olona rehetra ireo ho any amin'ny tany izay omeko azy, dia ny zanak'israely.

> Ny tany rehetra izay hodiavin'ny faladianao dia efa nomeko anareo araka izay voalazako tamin'i Mosesy.
>
> Josoa **1:1-3**

Rehefa nolazain'Andriamanitra tamin'i Josoa fa maty Mosesy ary izy no natao haka ny toerany sy hitarika ny vahoaka hiampita an'i Jordana ho any Kanana, dia midika ho andraikitra vaovao betsaka ho an'i Josoa izany.

Marina ihany koa izany ho antsika rehefa mandroso mba haka ny lovantsika ara-panahy isika. Izaho sy ianao dia tsy hanana ny tombotsoa manokana mba ho ampiasain'Andriamanitra raha tsy te handray ny andraikitra amin'ny fo.

Indro, Ankehitriny Ny Andro Ankasitrahana!

> Izay fatra-pihevitra ny rivotra tsy hamafy, ary izay manahy ny rahona tsy hijinja.
>
> Mpitoriteny **11:4**

Tamin'ny 1993, rehefa nasehon'Andriamanitra tamiko sy tamin'i Dave fa tiany izahay ny haseho amin'ny Tele, dia hoy Izy, "Manome anareo fahafahana anareo hiseho amin'ny fahitalavitra aho, nefa raha tsy araraotinareo izany ankehitriny, dia tsy hiseho aminareo indray. "Angamba raha tsy nampiasan'Andriamanitra fa nila namaly niaraka tamin'izay izahay, dia mety nanjehy ny amiko lava. farany, izay dia tamin'ny toerana izay nahazo anay. Raha ela loatra ny niandrasanay, dia indraindray Andriamanitra dia tsy maintsy mitady olon-kafa mba hamaly ny antsony eo noho eo."

Nandritra ny sivy taona, dia tao anatin'ny asa "fiterahana" ny fanompona izahay. Ankehitriny, tampoka teo dia nomen'Andriamanitra fahafahana hahatratra olona maro kokoa izahay tianay hatao amin'ny fonay rehetra. Na izany aza anefa, mba hanaovana izany, dia nilainay ny nandao ny toerana nahazoanay asa ary nandray ny andraikitra vaovao.

Rehefa mangataka ny olony mba hanao zavatra iray ny Tompo, dia misy fakam-panahy mba hiandrasana ny "fotoana mety (Asan'ny Apostoly 24:25 KJV)." Hisy mandrakariva ny Fironana mandrapa tsy misy tombam-bidiny na tsy sarotra loatra.

Mampahery anao aho mba ho olona izay tsy matahotra andraikitra. Amin'ny fiatrehana ny fanoherana dia fampiorenana ny herinao izany. Raha ny mora ihany no ataonao, dia hitoetra ho malemy ianao.

Miandry aho sy ianao Andriamanitra ny mba ho tompon'andraikitra sy hikarakara ny zavatra rehetra omeny antsika mba hihetsika amin'izany ary hamokatra voa tsara taha tsy mampiasa ny fanomezam-pahasoavana sy ny talenta izay nomeny antsika isika, dia tsy tompon'andraikitra amin'izay nampiandraketany antsika.

Miomana!

> Koa amin'izany miambena [aoka ho antsika amin'ny fiambenana, mitandrema ary aoka hiasa], ianareo fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora.
>
> Matio 25:13

Ny Matio 25 no toko ao amin'ny Baiboly izay mampianatra antsika izay tokony ataontsika eo am-piandrasana ny fiverenan'ny Tompo.

Ny andaniny roa ambin'ny folo voalohany dia mampitaha antsika virijina folo, ny dimy dia adala ary ny dimy dia hendry. Ny adala tsy te hanao na inona na inona ho fanampiny mba hanana antoka fa vonona hihaona Aminy rehefa niverina Izy. Nanao ny farafakeliny izay vitany izy; tsy te handeha maika mihoatra izy ka naka habetsakin'ny solika fotsiny izay nilaina ho an'ny fanaovan-jirony. Ny virijiny hendry, anefa dia nandeha mihoatra izay tokony ho nataony tokoa. Nanana solika fanampiny betsaka izy mba hanana antoka fa vonona ho amin'ny fiandrasana izy.

Rehefa tonga ny mpampakatra, ny adala dia nahita fa maty ny jirony ary izy, manazava ho azy, fa mila ny virijina hendry mba hanome azy ny sisany tamin'ny soliny. Izany matetika no zava-misy. Ny olona izay kamo sy mpanao ampitso lava matetika dia mila izay miasa mafy mba handray andraikitra mba hanao ho azy izay tokony ho nataony izy tenany.

Ampiasao Izay Nomena Anao

Ry mpanompo ratsy sady malaina!

Matio 25:26

Ny Matio 25 dia mitantara ny fanoharana izay nolazain'i Jesosy momba ny mpanompo telo izay nomena talenta Ray an'ny tompony. Tamin'izay ny tompony dia nandeha tany an-tany lavitra, nanantena izy fa hikarakara koa ny fananany ny mpanompony rehefa lasa izy.

Ny lehilahy nomena talenta dimy dia nampiasa azy ireo. Nampiasa azy izy ary nahazo dimy hafa ho fanampiny. Nanao toy izany koa ny lehilahy nomena talenta roa. Fa ny lehilahy nomena talenta iray dia nandevina izany tao anaty tany satria feno tahotra izy. Natahotra ny handeha ny hanao zavatra izy. Natahotra andraikitra izy.

Rehefa niverina lay tompo dia nidera ny mpanompo toa izay naka izay nomeny azy ary nisy notahiny tamin'izany. Fa hoy izy tamin'ny lehilahy iray nandevina ny talentany ary tsy nanao na inona na inona taminy. "Mpanompo adala sy kamo ary tsy miasa". Nandidy izy avy eo mba hesorina aminy ny talenta iray ary nomena ilay lehilahy iray manana talenta folo ary ilay mpanompo kamo, tsy miasa dia nofaizina mafy.

Mampahery anao aho mba hamaly ny fahaizana izay napetrak'Andriamanitra ao aminao amin'ny fanaovana izay rehetra azonao atao amin'izany, ka rehefa miverina ny tompo, dia tsy hoe afaka manome azy fotsiny izay nomeny anao, fa mihoatra noho izany ho fanampiny.

Mampiseho antsika amin'ny fomba mazava ny Baiboly fa sitrapon'Andriamanitra ny hitondratsika voa tsara (jereo Sam 15:16).

Mametraka Ny Fanahiana, Fa Tsy Ny Andraikitra

> Koa amin'izany manetre tena ambanin'ny tànamaherin'Andriamanitra, mba hanandratana anareo amin'ny fotoan'androny ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra, fa Izy no miahy anareo.
>
> 1 Petera 5:6-7

Aza matahotra . Miànara mametraka ny fanahinareo, fa tsy ny andraikitrareo. Ny olona sasany dia mianatra ny tsy hanahy na inona na inona; lasa mahay "mametraka ny fanahiany", tena mahazo aina izy ka mametraka ny andraikiny ihany koa.

Apetraho amin'izay eo alohanao ny sainao ary aza mandositra na inona na inona satria toe-fanamby ilay izy.

Tsarovy mandrakariva fa raha omen'Andriamanitra anao na inona na inona angatahinao Aminy, dia misy andraikitra miaraka amin'ny fitahiana. Raha manana trano na fiara ianao, dia andrasan'Andriamanitra ianao hikarakara izany. Mety hanafika ny sainao sy ny fahatsapanao ny hakamoana, nefa manana ny sain'i Kristy ianao. Mety ho fantatrao marina ny famitahan'ny devoly ary miala amin'ny fahatsapanao ianao ary manao izay fantatrao fa mety. Mora ny mangataka zavatra ireny...ny maha tompon'andrakitra amin'izany dia ilay ampahany izay mampitombo amin'ny fahatsaran-toetra.

Tadidiko ny fotoana iray izany tsy nitsaharako niteny amin'ny vadiko ny mba hividianana trano eo akaikin'ny Farihy, tsara izay hahafahanay mandeha miala sasatra, mivavaka ary mianatra. Toerana "izay hanadinoana ny zavatra rehetra". Nilàza taminy hahafinaritra izany, ho faly amin'izany ny zanakay sy ny zafinay, ary azo hentina any

ihany koa ny mpitarika miaraka aminay sy manao fivoriana arak'asa mnana fotom-bavaka miaraka feno voninahitra.

Toa ohatra ny tsara izany rehetra izany, ary tsapako fa tsara ho an'ny fientanam-poko, nefa Dave dia tsy nitsahatra niteny tamiko ny zavatra rehetra tokony ataonay hikarakarana izany. Nampahatsiaroviny aho fa efa tena be asa atao izahay ary tsy manana fotoana handraisana andraikitra tokantrano hafa. Nolazaina tamiko ny fikarakarana ny bozaka, ny vola aloha amin'ny fikarakarana, ny vola ets. Nolazainy fa tsara tsara kokoa raha manofa toerana iray izahay rehefa ilainay ny mihataka ary tsy mandray andraikitra amin'ny fananana toerana iray.

Izaho nijery ny lafin'ny fientanam-po an'ny olana, ary izy nijery ny fomba fiasan'ny toe-javatra Isehoan'izay mandray fanapahan-kevitra izahay, dia tokony hijery ny lafiny roa – tsy izay hahafinaritra fotsiny, fa ny andraikitra takian'izany. Ny trano amoron'ny farihy dia tena tsara ho an'izay manana fotoana ho amin'izany, fa izahay tsy manana izany. Fantatro tsara tato anatiko izany nefa nandritra ny taona iray dia niezaka niresaka tamin'i Dave aho mba hividy trano.

Faly aho fa nitoetra ho antitra izy. Raha tsy izany, dia azoko antoka fa ho nividiananay ny toerana, no karakaraina nandritra ny fotoana fohy, nitaraina betsaka ny amin'y fikarakarana azy, ary farany, azo antoka fa nivarotra azy satria nila asa be loatra izany. Izao no niseho, nisy namanay nividy trano amoron'ny farihy avy namela anay hampiasa izany araka ny mampety ny fandaharam-potoananay ny toeranay izahay, ary izay no fotoana nety nandrasana tamin'izany fa tamin'ny fotoana voalohany naniriako ny trano amoron'ny farihy, dia tsy ho fotoana mety teo amin'ny fiainanay hividianana izany. Ny filana zavatra iray dia tsy ampy – tsy maintsy ihany vonona feno amin'ny fandraisana andraikitra amin'izany.

Raha mampiasa fahendrena ianao, dia ho hitanao Andriamanitra manome ny ilainao. Na iza na iza miasa amin'ny sain'i Kristy dia handeha amin'ny fahendrena – fa tsy amin'ny fientanam-po.

aoka ho tompon'andraikitra !

Toko

18

“Miangavy hamoray ny zavatra rehetra,
tsy zakako raha toa mafy loatra izany !”

Toe-tsain’ny Efitra #3

Miangavy hamoray ny zavatra rehetra, tsy zakako raha toa mafy loatra izany !

Toe-tsaina efitra #3

Toko 18

Io toe-tsaina diso io dia mitovy amin'izay efa noresahantsika, nefa olona lehibe eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra ka heveriko fa mendrika hanaovana tokony iray ao amin'ity boky ity.

> *[I] Fa izao lalàna izao, izay andidiako anao anio, tsy dia sarom-patarina aminao, ary tsy lavitra [I]*
>
> DEOTORONOMIA 30:11

Ity no iray amin'ireo fialan-tsiny hazavain'olona matetika izay reko avy amin'olona izay mangata-bavaka. Matetika loatra, misy olona tonga manatona ahy fa mila izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra na izay everiko fa lasan'ny Fanahy Masina, ny valin-teniny dia hoe "Fantatro fa marina izany; nasehon'Andriamanitra tamiko ihany koa ny zavatra mitovy amin'izany. Nefa Joyce a, [I] Sarotra loatra izany!![I]

Nasehon'Andrimanitra tamiko fa ny fahavalo dia miezaka mampiditra Io fomba fiteny io ao an-tsain'ny olona mba hahatonga azy hilavo lefona. Taona vitsy lasa izay, rehefa nambaran'Andriamanitra tamiko io fahamarinana io, dia nampianatra ahy Izy mba hitsahatra amin'ny fitenenana fa sarotra ny zavatra rehetra, nanome antoka ahy izy fa raha manao izany aho, dia ho maro kokoa ny zavatra.

Na dia vonona ny handroso aza isika ary hihetsika dia mandany fotoana tena betsaka amin'ny fisainana sy ny firesahana momba ny hoe "sarotra izany" ka ny tetikasa dia sarotra kokoa ny niafarany satria raha tokony ho pôsitiva isika fa tsy "negative".

Rehefa nanomboka hitako avy amin'ny Tenin'Andriamanitra fa ny tokony hihainako sy hitondrako tena, ary ampitahaiko amin'izay

nisy ahy izany, dia nilazako matetika aho fa "Te hanao ny zavatra araka ny fombanao izahay, Andriamanitra ô!, fa tena sarotra ihany." Notarihin'ny Tompo tamin'ny Deotoronomia 30:11 aho izay ilazany fa tsy sarotra loatra ny didiny, ary tsy lavitra.

Ny antony tsy mahasarotra loatra ny didin'ny Tompo hoantsika dia satria omeny antsika ny Fanahy Masina amin-kery ary ampiany isika amin'izay rehetra angatahiny amintsika.

Ny Mpanampy

> Ary Izaho hangataka amin'ny Ray Izy hanome anareo Mpananatra (Mpanampy, Mpanelanelana, Solovava, Mpampahery) mba ho eo aminareo mandrakizay.
>
> Jaona 14:16

Sarotra ny zavatra rehefa miezaka hanao azy manokana isika ka sy miankina ny hahatoky ny fahasoavan'Andriamanitra. Raha mora daholo ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainana, dia tsy ilain-tsika ny herin'ny Fanahy Masina mba hanampy antsika. Lazain'ny Baiboly ho "Mpanampy" Izy. Ao anatintsika sy miaraka amintsika mandrakariva Izy mba hanampy [I] antsika, hahaizantsika manao izay tsy haitsika hatao–ary, ampiako hoe, mba hanaovantsika amim-pahatsarana izay ho sarotra raha tsy eo Izy.

Ny Làlana Mora Sy Ny Làlan-tsarotra

> Ary rehefa nalefan'i Farao ny olona, dia tsy mba nentin' Andriamanitra amin'ny làlana mankany amin'ny tanin'ny Filistina izy na dia akaiky aza izany; fa hoy Andriamanitra; Andrao hanenina ny olona, raha mahita ady, ka hiverina any Egypta.
>
> Eksodosy 13:17

Afaka manana antoka ianao fa na aiza na aiza hitarihany anao, dia afaka hitahiry anao Izy. Tsy avelany ny zavatra betsaka ho tonga

amintsika mihoatra izay zakan-tsika (jereo 1 Kor 10:13). Na inona na inona takiany, dia halehany. Tsy voatery hihaina amin'ny ady tsy tapaka isika raha mianatra miankina Aminy tsy tapaka ho an'ny hery ilaintsika.

Rehefa fantatrao fa Andriamanitra nangataka anao mba hanao zavatra iray dia aza miverina satria sarotra izany. Rehefa sarotra ny toe-javatra, mandania fotoana betsaka miaraka Aminy, miankina bebe kokoa Aminy ary mandraisa fahasoavana bebe kokoa avy Aminy. (jereo Heb 4:16)

Ny fahasoavana no herin'Andriamanitra tonga amintsika tsy misy sandany, mba hanao amin'ny alalanao izay tsy hanao hatao amin'ny tenanao manokana. Aoka ho tonga saina ianao amin'ny fihevitra izay miteny hoe "tsy vita izany, sarotra loatra izany."

Indraindray Andriamanitra dia mitarika antsika amin'ny fomba sarotra fa tsy amin'ny fomba mora, satria manao asa ao amintsika Izy. Ahoana no ianarantsika manokana mba hiankina Aminy, raha tena mora ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainantsika ka haintsika mitady vahaolana amin'ny alalantsika ny tenantsika?

Andriamanitra dia nitarika ny Zanak'Israely tamin'ny làlana lava, sarotra satria mbola kanosa izy, ary tsy maintsy nanao asa ao aminy izy mba hanomanana azy ho amin'ny ady tsy maintsy hatrehany ao amin'ny tany Kanana na dia sarotra loatra ho azy. Andriamanitra dia tsy nanome antsika mihitsy zavatra betsaka noho izay haintsika zakaina.

Ny ankabetsahan'ny olona dia mihevitra fa ny fidirana tao Kanana dia midika fa tsy misy ady intsony, nefa tsy marina izany. Raha mamaky ny filazana izay niseho rehefa niampita ny onin'ny Jordana ny Israelita ary niditra mba hanana ny tany nampanantenaina, dia ho hitanao fa nifandimby ny adiny. Nefa nandresy tamin'ireo ady ireo izy tamin'ny herin'Andriamanitra ary teo ambanin'ny fitarihany.

Notarihan'Andriamanitra tamin'ny efitra izy dia làlana lavitra, sarotra na dia nisy làlana fohy kokoa aza, mora kokoa satria fantany

fa tsy mbola vonona ho amin'ny ady hatrehany izy mba hahazoana ny tany. Noheveriny fa rehefa nahitany ny fahavalo izy, dia mety hihazakazaka hiverina any Egypta, ka nentiny tamin'ny làlana sarotra izy mba hampianarina hoe Iza moa Izy ary mba tsy nahafahany niankina tamin'ny tenany.

Rehefa mandalo zava-tsarotra ny olona iray, ny sainy dia te hilavo lefona. Fantatr'i satana fa afaka resiny ao amin'ny saintsika izy. Noho izany dia tena zava-dehibe ny tsy hahakivy antsika, ho vizana sy reraka.

Azony Mafy!

> Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika.
>
> Galatiana **6:9**

Ny fahakiviana sy ny farerahana dia milaza ny ilavoana lefona ao amin'ny saina. Milaza amintsika ny Fanahy Masina mba tsy hilavo lefona ao an-tsaintsika, satria raha mitana isika, dia hijinja fotoan'andro.

Hevero ny momba an'i Jesosy. Niaraka tamin'izay rehefa avy natao batisa Izy sy feno Fanahy Masina, dia nentin'ny Fanahy tany an'efitra mba halain'ny devoly fanahy sy ho tsapainy. Tsy nitaraina Izy ary kivy sy rera-tsaina. Ny nisaina na hiteny tamin'ny fomba "negative" Izy. Tsy lasa nikorontana Izy ka niezaka nihevitra hoe nahoana izany no tsy maintsy miseho! Nandalo ny fitsapana tsirairay tamim-pandresena izy.

Teo anivon'ny fitsapana ny fakam-panahy, ny Tompontsika dia tsy nivezivezy tany an'efitra nandritra ny efapolo andro sy alina niresaka ny momba ny maha-sarotra izany. Naka hery avy amin'ny Rainy any an-danitra Izy ary nivoaka tamim-pandrenesana (Jereo Lioka 4:1-3).

Azo alaina sary an-tsaina ve Jesosy nivezivezy tao amin'ny firenena niavaka tamin'ny mpianatra ny mahasarotra ny zavatra rehetra? Azonao heverina na hoe Izy miresaka ny maha-sarotra ny mandala

amin'ny hazo fijaliana...na hoe matahotra ny zavatra ho avy izy...na ho etsy mahafa-po ny miaina amin'ny fepetran'ny fiainany isan'andro: mivezivezy hoe trano, tafolanitra, tsy misy fandriana handriana amin'ny alina.

Amin'ny toe-javatra manokana , rehefa mandeha avy amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana iray eto amin'ny tany mitory ny filazantsara, izaho dia tsy maintsy nianatra ny tsy hiresaka momba ny zava-tsarotra ao anatin'ny asa fanompoana aho mifindrafindra toerana. Tsy maintsy mianatra ny tsy hitaraina ny amin'ny maha-sarotra amin'ny fipetrahana any amin'ny hôtely hafahafa isakin'ny nandeha, nihinana any ivelany matetika, ary matory amin'ny fandriana hafa isaky ny faran'ny herinandro, lavitra ny trano mihaona amin'ny olona vaovao, mahazo aina miaraka aminy ary mifindra toerana. Raha tiako ny tombotsoa manokana amin'ny fanaovana izay ataoko, dia tsy maintsy mandray ny tsi-fahazoana aina izay miaraka amin'ny toe-po tsara.

Izaho sy ianao dia manana ny sain'i Kristy, ary afaka mandray antànana ny zavatra amin'ny fomba nanaovany izany: "vonona ara-tsaina amin'ny alàlan'ny" "fisainana mandresy" – fa tsy "fisainana milavo lefona".

Fahombiazana Manaraka Ny Fiaretana

Koa satria niaritra tamin' ny nofo Kristy, dia alao mba ho fiadianareo koa izany saina izany [miaritra amim-paharetana toy izay tsy afaka mampifaly an'Andriamanitra]; fa izay niaritra tamin'ny nofo [manana ny sain'i Kristy] dia efa afaka amin'ny ota [niniana] [nitsahatra tamin'ny fampifaliana ny tenany sy izao tontolo izao, ary mampifaly an'Andriamanitra], mba tsy handanianareo ny andro sisa iainanareo amin'ny nofo araka ny filan'ny olona intsony, fa [miaina] araka ny sitrapon'Andriamanitra.

1 Petera 4:1,2

Ity ampahan-tsoratra itydia mampianatra antsika momba ny fomba handresena amin'ny zavatra sy fotoana sarotra. Ity no fomba hilazako izao andinin-tsoratra Masina roa ireo:

Hevero ny zavatra rehetra izay nanolo lava an'i Jesosy sy niaretany fahoriana tao amin'ny nofony, ary hanampy anao izany handresy rehefa mamakivavy ny zava-tsarotra. Raiso ny fitao vam-piadiana ho amin'ny ady; miomana tena ho amin'ny fandresena amin'ny fiheverana tahaka ny nataon' iJesosy: "Hiaritra amim-paharetana aho tsy izay tsy afaka hampifaly an'Andriamanitra satria raha miaritra ianao, manana ny sain'i Kristy momba izany, dia tsy hihaina intsony ianao mba hampifaly ny tenanao fotsiny, manao izay mety ho mora sy mandositra iray rehetra sarotra. Fa afaka ny hihaina ho an'ny sitrapon'Andriamanitra ianao fa tsy amin'ny fahatsapanao sy ny fisainana ara-nofo."

Misy fahoriana "ao amin'ny nofo" izay tsy maintsy hiarahantsika mba hanaovantsika ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny nofoko dia tsy mahazo aina mandrakariva amin'ny fomba fiaina amin'ny asa-panompoana mandehandeha, nefa fantatro fa izany no sitrapon'Andriamanitra tokony harahako. Noho izany dia tsy maintsy mandray ny fitaovam-piadiana amin'ny fiainana tsara momba izany aho: raha tsy izany, dia resy aho mialoha ny tena haingana.

Mety misy olona eo amin'ny fiainanao izay tena sarotra iarahana miaina, nefa fantatro fa Andriamanitra anao mba hiraikitra amin'ny fifandraisana fa tsy handositra izany. Mijaly ny nofonao, amin'izany dia tsy mora ny miaraka amin'io olona io, nefa afaka manoman-tena ianao amin'ny fisainana tsara momba ny toe-javatra na dia ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra aza indraindray dia misy zava-tsarotra miaraka amin'izany, ny ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra dia Sarotra kokoa.

Ampy Amin'ny Fahampian'i Kristy

Mahalala mietry aho, ary mahalala hitombo, na aiza na aiza, ary na amin'iona na amin'inona, dia efa hampianarina ny ho voky sy ho noana aho, ary hanam-be sy halahelo.

> Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mamapahery ahy [Vonona aho na amin'inona na amin'inona ary tsy mampaninona ahy na inona na inona amin'ny alalan'ilay mitondra hery anatiko, ampy amin'ny fahafenoan'i Kristy aho].
>
> FILIPIANA **4:12,13**

Ny fisainana tsara "nanome antsika fitaovana fiadiana" ho amin'ny ady. Ny fandehanana miady miaraka amin'ny fisainana diso dia tahaka ny mandeha am-bava – ady tsy manana fitaova-piadiana. Raha nanao izany isika, dia tsy haharitra ela.

Ny Israelita dia "mpitaraina", izany no antony iray nivezivezeny nandritra ny efa-polo taona, nefa dia iraikambin'ny folo andro fotsiny no tokony ho izy. nitazana ny amin'ny zava-tsarotra rehetra izy ary nitaraina isakin'ny misy fanamby vaovao – niresaka mandrakariva ny naha sarotra ny zavatra rehetra. Ny toe-tsainy dia "mba ataovy mora ny zavatra rehetra; tsy zakako raha mafy loatra ny toe-javatra!"

Maro ny mpino no mpiady amin'ny Alahady fa mitaraiana ny alatsinainy. Miresaka tsara izy ny alahady – ao am-piangonana miaraka amin'ny namany rehetra – nefa ny alatsinainay, rehefa fotoana "handehanana araka ny noresahana" ary tsy misy olona mampahery, dia reraka izy raha vao misy fitsapana kely.

Raha mpikoretaka sy mpitaraina ianao manàna toe-tsaina vaovao izay milaza hoe "Mahay ny zavatra rehetra amin'ny alalan'i Kristy izay mampahery ahy" (Fil 4:13 NKJV)

Toko

19

"Tsy hefako izany, efa voafatotra loatra mimonomonona, miampanga ary mitaraina aho"

Toe-tsain'ny efitra #4

“Tsy hefako izany, efa voafatotra loatra mimonomonona, miampanga ary mitaraina aho”

Toe-tsaina efitra #4

Toko 19

Mandra-pianarantsika ny hanome voninahitra an’Andriamanitra amin’ny toe-pontsika mandritra ny fotoana sarotra dia tsy ho afaka isika. Tsy ny fahoriana no manome voninahitra an’Andriamanitra, fa ny toe-po araka an’Andriamanitra no mahafaly Azy sy manome voninahitra Azy.

Raha izaho sy ianao handray zavatra izay tian’Andiamanitra avy amin’ireo andininy ireo, dia tsy maintsy mamaky azy miadana isika ary mitsakotsako ny andian-teny sy ny fehezan-teny amin’ny an-tsipirihany. Manaiky aho fa nianatra azy nandritra ny taona maro tamin’ny fihezahana mba hahazo hoe ahoana no mahafaly be an’Andriamanitra ny mahita ahy mijaly rehefa milaza tsotra ny Baiboly fa Jesosy nitondra ny fangirifiriko sy fijaliako amin’ny fanamelohana (Isaia 53:3–6).

> *[I] fa izao no ankasitrahana (ekena ary mandrika isaorana) : raha misy olona mitondra alahelo ka mandefitra ny tsy marina noho ny fieritreretana ny amin’Andriamanitra.*
>
> *Fa inona no loza [ao anatin’izany] [avy eo], raha tahiny kapohina noho ny fahadisoana ianareo ka mandefitra amin’izany? Fa raha tahiny manao soa kosa ianareo ka mitondra fahoriana sy mandefitra, dia izany no sitrak’Andriamanitra [I]*
>
> 1 Petera 2:19,20

Taona maro taloha izany mandra-pahazoako an-tsaina fa teboka ifantohan’ireo andininy ao amin’ny 1 Petera dia tsy ny fijaliana fa ny toe-po tokony hanana ao amin’ny fahoriana.

Mariho fa ny teny “faharetana” dia ambara ao amin’ity ampahatsotra ity, izay milaza fa raha misy olona mitondra antsika amin’ny

fomba ratsy nefa mandray izany amim-paharetana isika, dia mahafaly an'Andriamanitra izany. Mba hampaherezana antsika amin'ny fahorian-tsika, dia ampaherezina isika mba hijery ny fomba nandraisan'I Jesosy ny fanafihana tamin'ny tsi-fahamarinana natao Taminy.

Jesosy No Fianarana Ho Antsika

> Fa ho amin'izany no niantsoana anareo [tsy misaraka amin'ny fiantsoana anareo izany]; fa Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo, ka namela fianarana [ny azy manokana] ho anareo mba hanarahanareo ny diany.
>
> Izay tsy nanota akory sady tsy nisy fitaka teo am-bavany.
>
> Raha noteriterena Izy, dia tsy mba nanevateva, [rehefa] raha nijaly, dia tsy nandrahona [namaly faty] fa nanolotra ny adiny [ny tenany sy ny zavatra rehetra] ho amin'ny Mpitsara marina.
>
> 1 Petera 2:21–23

Nijaly tamin'ny fomba voninahitra i Jesosy! Tamim-pahanginana, tsy nisy fitarainana, nahatoky an'Andriamanitra na manao ahoana ny fisehon'ny toe-javatra dia nitoetra tsy niova Izy tamin'ny toe-javatra rehetra. Tsy hoe namaly tamim-paharetana izy rehefa inona ny zavatra sy tamin'ny tsi-faharetana rehefa maty na tsy rariny izany.

Ny Soratra Masina eo ambony dia mamela antsika ahalala fa Jesosy no fianarana ho antsika ary tong aIzy mba hampiseho amintsika ny fomba fiainana.

Ny fomba itondratsika tena eo anatrahan'ny olon-kafa no mampiseho azy ny fomba tokony hihainantsika. Mampianatra ny zanantsika bebe kokoa amin'ny ohatra isika noho ny amin'ny teny. Natao ho epistily velona vakian'ny olona isika (jereo 2Kor 3:2,3) – fahazavana mamiratra ao amin'izao tontolo izao maizina (jereo Fil 2:15).

Nantsoina Ho Amin'ny Fanetren-tena, Fahalemem-panahy Ary Fahari-po

> Ary noho izany izaho, mpifatotra noho ny amin'ny Tompo, dia mangataka aminareo mba handeha (hitondra-tena) miendrika ny fiantsoana (an'Andriamanitra) izay niantsoana anareo [amin'ny fitondran-tena izay mendrika ny fiantsoana amin'ny fanompona an'Andriamanitra.
>
> Miaina araka ny nahatonga anao] amin'ny fanetren-tena rehetra sy ny fahalemem-panahy (tsi-fitiavan-tena, fahamoram-panahy) amin'ny fahari-po mifandefitra amin'ny fitiavana.
>
> Efesiana 4:1, 2

Fotoana maro lasa izay teo amin'ny fiainan'ny ankohonako dia nisy toe-javatra izay atao ho fianarana tsara ny amin'ny fampianarako momba ny fijaliana amin'ny fanetren-tena, amin'ny fahalemem-panahy, ary amim-paharetana.

Ny zanako lahy, Daniel, dia vao niverina avy amin'ny dia misionera tany amin'ny Repoblika Dominikana. Nisy nadrotsirotsy nahatsiravina teo amin'ny sandriny ary nisy fery maro nisokatra. Nolazaina taminy fa izany no fisehon'ny aretina avy amin'ny poizin'ny lievra. Tena ratsy ny fisehony noho izany dia noheverinay fa nilainay ny nanamarina hoe inona izany. Tsy teo ny dokoteranay tamin'io aondro io dia nanao fotoana tamin'ny dokotera nisolo toerana azy izahay.

Ny zanakay vavy, Sandra, no niantso ary nanao fotoana, nilaza taminy hoe firy taona i Daniel, ary izy no anabaviny ary hitondra azy any. Maro asa tao izahay tamin'io andro io, ao anatin'izany Sandra. Rehefa avy nandeha fiara tao anatin'ny dimy amby efa-polo minitra, dia tonga tany amin'ny biraon'ny dokotera ka nilaza fotsiny hoe "Miala tsiny, fa ny fomba fiasanay dia tsy mitsabo ny zaza tsy ampy taona tsy arahan'ny ray aman-ndreny izahay."

Nanazava iSandra fa rehefa niantso izy, dia nilaza mazava fa hitondra ny anadahiny – ary matetika izy no mitondra ary tany amin'ny

dokotera teo amin'ny toeranay noho ny dianay. Entitra ny mpitsabo mpanampy fa tsy maintsy misy ray aman-dreny niaraka taminy.

Afaka ny ho sorena iSandra. Nanosika ny tenany hanampy io dia io tamin'ny faharam-pitiavany efa be izy mba hahalany fa ny fandaminanay sy ny ezaka nataoy dia tsy nisy vokany. Tsy maintsy nitondra fiara dimy amby efapolo minitra indray izy, ary toa fandraniam-potoana ny rehetra natao.

Nanampy azy Andriamanitra mba hitoetra ho tony sy feno fitiavana. Nantsoiny ny dadany, izay nitsidika ny reniny, nilaza izy fa ho avy ary hikarakara ny toe-javatra. Tsapan'i Dave fa voatarika ny handalo eo amin'ny biraonay izy tamin'io maraina io ary haka ny bokiko sasany sy ny hafatra ao anaty horonam-peo, fa tsy fantany hoe nataony inona izany. Tsapany fa tokony haka azy ireo izy.

Rehefa tonga teo amin'ny tranon'ny dokotera izy, ilay vehivavy mandray an-tsoratra ny marary sy manampy amin'ny antonta-taratasy dia nanontany an'i Dave raha mpitoriteny izy ary raha vadin'i Joyce Meyer. Nolazaina taminy fa izy no izy, ary nolazain'ilay vehivavhy fa mahita azy teo amin'ny fahitalavitra izy ary nandre betsaka ny momba ny anaran'ny ankohonanay ary nanontany tena raha io ihany ilay olona efa fantany. Niresaka taminy fotoana fohy iDave ary nanome azy ny bokiko momba ny fahasitranana ny fientanam-po.

Ny hevitra tiako asongadina amin'ny fitantarana aminao io tantara io dia izao: nanao ahoana raha tezitra iSandra ary tsy nanam-paharetana? Ho simba ny fijoroany ho vavolombelona. Ny marina izany dia ho nanimba ny ara-panahin'ilay vehivavy izay mahita ahy eo amin'ny fahitalavitra, ary mahita ny ankohonako mitondra tena amin'ny fomba ratsy.

Maro ny olona eto amin'izao tontolo izao no miezaka mitady an'Andriamanitra, ary izay asehontsika azy dia nomen-danja bebe kokoa noho izay lazain-tsika aminy. Mazava ho azy fa zava-dehibe ny izarantsika ny filazantsara am-bava, nefa ny fanaovana izany ary

manafoana izany nolazaintsika amin'ny fitondran-tenantsika dia tena ratsy noho ny tsy milaza na inona na inona.

Sandra dia nitondra ny fijaliany tamim-paharetana teo amin'io toe-javatra io, ary ny tamim-paharetana teo amin'io toe-javatra io, ary ny tenin'Andriamanitra dia manambara fa nantsoina ho amin'ny karazam-pitondran-tena sy toe-po toy io isika.

Fahoriana Tamimpaharetana An'i Josefa

> Naniraka lehilahy hialoha azy Izy, Josefa namidy ho andevo. Nampijaliny tamin'ny fatorana ny tongony, nogadrany vy izy, mandra-pahatongan'ny fotoana [ho an'ny rahalahiny masiaka] hahantanterahan'ny teniny; nizaha toetra azy ny tenin'i Jehovah.
>
> Salamo **105:17–18**

Amin'ny maha ohatra ao amin'ny Testamenta taloha, hevero ny momba an'i Josefa izay nentin'ny rahalahiny tamin'ny fomba tsy ara-drariny. Namidiny ho andevo izy ary nilaza tamin-drainy fa novonoin'ny biby masiaka izy. Tamin'izay, dia novidin'ny lehilahy mpanakarena nantsoina hoe Potifara izy, izay naka azy ho andevo tany an-tranony. Andriamanitra nampahita fitia an'i Josefa tamin'izay rehetra nalehany ary taty aoriana dia nahita fitia tamin'ny tombony vaovao.

Nitohy nisandratra Israely, nefa nisy zavatra tsy ara-drariny niseho taminy. Ny vadin'i Potifara dia niezaka ny hahatonga azy ho voaroiroy tamin'ny fisakaizana taminy, nefa satria izy lehilahy marina dia tsy nanao ratsy taminy. Nandainga tamin-ndragahy vadiny ramatoa, nilaza izy fa nisangy azy Jesefa, izay mahatonga azy ho nigadra noho ny zavatra tsy nataony!

Niezaka nanampy ny hafa Josefa tamin'ny fotoana iray manontolo raha tao an-tranomaizina aza. Tsy mba nitaraina mihitsy izy, ary satria nanana toe-po tsara izay tamin'ny fahoriany Andriamanitra dia manafaka azy ary nanandratra azy. Farany nanana fahefana betsaka

izy tany Egypta ka tsy nisy olona teo amboniny teo amin'ny tany iray manontolo afa-tsy Farao tenany.

Andriamanitra ihany koa namaly an'i Josefa momba ny toe-javatra tamin'ny rahalahiny, satria voatery nankany amin'i Josefa nitady hanina izy rehefa tao anaty mosary ny tany rehetra. Nasehon'i Josefa indray ny toe-po araka an'Andriamanitrea tamin'ny tsy fitondrana ratsy azy na dia mendrika izany aza izy. Nolazainy taminy fa izay noheverin'ny hanaovana ratsy azy, Andriamanitra niasa izany ho soa ho azy – fa teo am-pelatànan' Andriamanitra izy, tsy teo am-pelatànany, tsy nanana zo ny hanao na inona na inona izy fa ny hitahy azy (jereo Gen 39–50).

Loza Vokatry Ny Fitarainana

> Ary aoka tsy haka fanahy ny Tompo isika [hitsapa ny fahari-pony, ho tonga fizahan-toetra Azy, hitsikera Azy, ary hanararaotra ny fahatsarany] tahaka ny nakan'ny sasany tamin'ireny fanahy Azy, ka matin'ny menarana ireny.
>
> Ary aoka tsy himonomonona ianareo tahaka ny sasany tamin'ireny, ka matin'ny mpandrigana (fahafatesana)
>
> Ary izany dia nanjo azy mba ho anatra [fianarana sy fampitandremana ho antsika] sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan'ny faran'izao tontolo izao (ny fahalevonany sy ny vanim-potoana farany).
>
> 1 Korintiana 10:9–11

Avy amin'ireo ampahan-tsoratra ireo, dia afaka hitantsika haingana ny fahasamihafan'i Josefa sy ny Israelita. Tsy nitaraina mihitsy izy, sary ny hany nataony dia nitaraina ny amin'ny zavatra kely rehetra izay tsy nandeha teo amin'ny làlany Mazava.

Ny Baiboly momba ny loza vokatry ny fitarainana, ny fitsikerana ary fitarainana.

Tena mora ny hafatra. Ny fitarainan'ny Israelita dia nanokatra varavarana ho an'ny fahavalo izay tonga ary nanimba azy. Tokony ho nankasitraka ny fahatsaran'Andriamanitra izy – nefa tsy nanao izany – noho izany dia naloany ny vidiny.

Nolazaina tamintsika fa ny fitantarana ny fijaliany sy ny fahafantarany iray manontolo dia voasoratra mba hampisehoana amintsika izay hiseho raha mitondra tena tahaka ny nataony isika.

Izaho sy ianao dia tsy mitaraina amin'ny vavantsika raha tsy nitaraina tao an-tsaintsika aloha. Ny fitarainana dia tena toe-tsain'ny efitra izay misakana antsika hiampita any amin'ny tany Kanana.

Jesosy no fanoharana ho antsika, ary tokony hanao izany nataony isika.

Ny Israelita dia nitaraina ary nijanona tao amin'ny efitra Jesosy dia nidera ary nitsangana tamin'ny maty.

Amin'io fanoharana io, dia afaka hahitantsika ny herin'ny fiderana sy ny fisaorana ary ny heviny fitarainana ihany koa. Eny, ny fitarainana, ny fimonomononana, ary ny fitsikerana dia manan-kery nefa hery "negative" izany. Isaky ny manokatra ny saintsika sy ny vavantsika amin'iray amin'ireo isika, dia manokatra ny fahefan'i Satana amintsika, izay tsy navelan'Andriamanitra mba hananany.

Aza Mimonomonona, Mitsikera, Na Mitaraina

Ataovy ny zavatra rehetra amin'ny tsi-fimonomononana sy ny tsi-fisalasalana [amin'Andriamanitra] [eo aminareo]

Mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka ianareo, dia zanak' Andriamanitra tsy manana adidy [tsy manan-tsiny, tsy misy hokianina) eo amin'ny firenena maloka ny maditra [ratsy ara-panahy] izay isehoanareo tahaka ny fanazavana (kintana na jiro ho an'ny sambo mazava) eo amin'izao tontolo izao [maizina].

Filipiana **2:14,15**

Matetika dia toa mitaraina izao tontolo izao. Maro loatra ny fimonomononana ary kely loatra fisaorana sy ny fankasitrahana. Mitaraina ny amin'ny asany sy ny mpampiasa azy ny olona raha tokony hia feno fisaorana noho ny tanana asa tsy tapaka ary mankasitraka fa tsy mipetraka eo amin'ny fialofana an'ny tsy manan-trano any ho any na milahatra amin'ny fihinana lasopy maimaimpoana.

Maro amin'ireo olona mahantra no maniry mafy ny hanana asa, na dia eo aza any tsy fahatanterahan'izany. Tiany ny hiaraka amin'ny mpampiasa tsy tanteraka loatra mba hananany fidiram-bola mitohy, hiaina ao amin'ny trano azy, ary hahandro ny sakafony.

Mety mila asa tsaratsara kokoa mampidi-bola be ianao na mitondra anao amin'ny fomba tsy ara-drariny ny mpampiasa anao. Mampalahelo izany, nefa ny fomba ivoahana amin'izany dia tsy amin'ny alalan'ny fitarainana.

Aza Matahotra Na Hanahy – Mivavaha Ary Misaora!

> Aza manahy na inona na inona, fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo (fangatahana voafaritra) amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra.
>
> Filipiana 4:6

Eto amin'ity andinin'ny ity, ny Apostoly Paoly dia mampianatra antsika ny fomba hamahana ny olantsika. Mampianatra antsika Izy mba hivavaka miaraka amin'ny fisaorana amin'ny toe-javatra rehetra.

Izao no fomba nampianaran'ny Tompo ahy io foto-pampianarana io: "Joyce, ahoana no hanomezako anao zavatra hafa, raha tsy feno fisaorana ny amin'izay efa anananao ianao? Nahoana Aho no hanome anao zavatra hafa mba hitarainanao?"

Raha tsy afaka manome ny vavaka ataontsika amin'izao fotoana izao avy amin'ny fototry ny fiainana izay feno fisaorana mandrakariva isika, dia tsy hahazo valiny mahafa-po. Ny teny dia tsy milaza hoe mivavaha amim-pitarainana, milaza izany hoe mivavaha miaraka amin'ny fisaorana.

Ny fimonomononana, ny fisalasalana ary ny fitarainana dia matetika no miseho rehefa, na nisy zavatra na olona nandeha araka ny fomba tiantsika na rehefa tsy maintsy miandry zavatra iray elaela kokoa noho izay noheverintsika isika. Mampianatra antsika ny Tenin'Andriamanitra mba haharitra mandritra ireo fotoana ireo.

Hitako fa ny faharetana dia tsy ny fahaizana miandry, fa ny fahaizana mitahiry toe-po tsara eo am-piandrasana.

Zava-dehibe amin'io zavatra io ny hitandremana fitarainana sy ireo karazana fisainana sy isika mifandray amin'izany. Mino amin'ny foko aho fa Andriamanitra dia nanome ahy fahazoana ny amin'ny maha mampidi-doza ny amin'ny fisokafana ny saintsika sy ny vavantsika amin'izany.

Hoy Andriamanitra tamin'ny Israelita ao amin'ny Deotoronomia 1:6 "Aoka izay ny itoeranareo amin'ity tendrombohitra ity". Angamba efa niodikodina teo amin'nytendrombohitra iray im-betsaka ianao ary ankehitriny vonona ny handroso. Raha izany, dia tsara ho anao ny mahatsiaro fa tsy handroso amin'ny toerana fiaigana ianao raha mbola feno fitarainana ny fisainanao sy ny resakao.

Tsy milaza aho fa mora ny tsi-mitaraina, fa manàna ny sain"i Kristy ianao. Nahoana no tsy hataonao ny ankabeazan'izany?

Toko

20

"Aza mampiandry ahy amin'ny zavatra rehetra;
fa mendrika izany izao ankehitriny izao aho"

Toe-tsain'ny efitra #5

"Aza mampiandry ahy amin'ny zavatra rehetra; fa mendrika izany izao ankehitriny izao aho"

Toe-Tsaina efitra #5

Toko 20

Ny tsi-faharetana dia vokatry ny fireharehana. Ny olona mirehareha dia toe tsy afaka miandry na inona na inona miaraka amin'ny toe-po mety. Araka ny efa noresahantsika tao amin'ny toko teo aloha, ny faharetana dia tsy ny fahaizana miandry, fa ny fahaizana mitahiry ny toe-po tsara eo am-piandrasana.

> *[I] Ary amin'izany dia mahareta tsara ny rahalahy [eo am-piandrasana] mandra-pihavin'ny Tompo, indro ny mpiasa tany miandry ny voka-tsoa amin'ny tany [ʃereo] ka mahavita [miambina] mandrapahazony ny ranonorana aloha sy aoriana. [I]*
>
> Jakoba 5:7

Ny Soratra Masina dia tsy milaza hoe "Manàna faharetana" [I] raha [I] miandry ianao, fa milaza hoe manàna faharetana eo am-piandrasana. Ny fiandrasana dia ampahaan'ny fiainanao. Maro ny olona no tsy "miandry tsara", nefa isika ny marina dia mandany fatoana bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika amin'ny fiandrasana fa tsy amin'ny fandraisana.

Izao no tiako holazaina: mangataka zavatra amin'Andriamanitra amin'ny vavaka isika, mino ary avy eo miandry dia niandry ny fisehony. Rehefa tonga izany, dia mifaly isika satria azontsika ferany izay niandrasantsika.

Na izany aza anefa, satria isika olona manana tanjona ka tsy maintsy manana zavatra eritreretina mandrakariva – zavatra antenaina – dia niverina amin'ny fomba fangatahana sy ny finoana an'Andriamanitra zavatra hafa, ary miandry dia miandry indray mandra-pahatongan'ny famaliana manaraka.

Ny fisainana momba io toe-javatra io dia mahatonga aho hahazo an-tsaina fa niafara amin'ny fandaniana fotoana amin'ny fiandrasana aho eo amin'ny fiainako noho ny fandraisana. Noho izany dia tapakevitra aho ny hianatra ny hifaly amin'ny fotoana fiandrasana, fa tsy ny fotoana fandraisana.

[I] ilaina isika mianatra ny mifehy amin'ny misy antsika rehefa eo amin'ny lalany izay alehantsika isika [I]

Fireharehana Manakana Ny Fiandrasana Amim-paharetana

> Fa noho ny fahasoavana (fitiavan'Andriamanitra tsy mendrika horaisina) nomena ahy dia izao no lazaiko amin' olona rehetra izay eo aminareo; aza miavonavon-kevitra ka mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina, fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy.
>
> Romana 12:3

Tsy azo tanterahina ny hifaly amin'ny fandraisana raha tsy hainao ny miandry amim-paharetana. Ny fireharehana manakana ny fiandrasana amim-paharetana satria ny olona mirehareha dia mihevitra ny tenany ho tena ambony ka mihevitra izy fa tsy mba handalo zava-tsarotra.

Na dia tsy tokony hihevitra ratsy ny mombantsika isika, dia natao ihany koa tsy hisaina ambony loatra ny momba ny tenantsika. Mampidi-doza ny manandratra ny tenantsika ho ambony ka mahatonga antsika hanambany ny hafa. Raha tsy manao ny zavatra araka izay tiantsika izy, na haingana araka ny hevintsika araka ny tokony hanaovanao azy, dia mihetsika amin'ny tsi-faharetana isika.

Ny olona manetry tena dia tsy hampiseho toetra tsy maharitra amin'Andriamanitra na amin'ny olona.

Hatreo Ny Zava-misy

> Ary amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana, nefa matokia [mahereza, matokia, manana antoka, aza matahotra] izaho efa naharesy izao tontolo izao [efa nesoriko taminy ny hery hanimba ny ainareo ary efa resiko izany ho anareo]
>
> Jaona 16:33

Ny fomba iray izay ampiasain'i Satana ny saintsika mba hitarihana antsika ho amin'ny fitondra-tena tsy maharitra antsika ho amin'ny alalan'ny fisainana feno idealy fa tsy miatrika ny zava-misy.

Raha manana hevitra isika fa ny zavatra rehetra mombantsika sy ny toe-javatra atrehantsika ary ny fifandraisana antsika amin'ny olona dia tokony ho tanteraka mandrakariva – tsy misy zava-tsarotry, tsy misy sakana, tsy misy olona tsy manam-pitiavana atrehana – dia mametraka ny tenantsika ho ambony isika mba hianjera. Na ny marina lazaiko hoe satana mametraka antsika ho avy amin'ny alalan'ny fisainana diso ho lavo isika.

Tsy manolo-kevitra aho mba "negative" isika. Izaho dia entina amin'ny finoana ny toe-po sy ny fisainana "positive". Fa manolo-kevitra aho mba ho ampy ny fiatrehantsika ny zava-misy mba hahazo an-tsaina mialoha fa tena vitsy ny zavatra tanteraka eo amin'ny tena fiainana.

Tamin'ny taona voalohany niandohanay tamin'ny asa-panompoanay, izaho sy ny vadiko dia nandeha tany amin'ny tanan-dehibe samy hafa isaky ny faran'ny herinandro. Matetika dia nanofa trano fandihizana tamin'ny hôtely sy ivo-toerana an'ny be sy ny maro na fivoriana izahay. Tamin'ny voalohany dia tsy nanampaharetana ahy sy tsy afa-po isak'izay nisy zavatra tsy nety tamin'iray tamin'ireo toerana – zavatra toy ny nandeha tsara ny climatiseur (na mety ny mandeha mihitsy), tsy fahampiana fahazavana ao amin'ny efitra fanaovana kaoferansa, seza iray misy tasy sy mivoha sesika, na ambina mofomamy tamin'ny fampakaram-bady amalian'ny mbola tafajanona eo amin'ny gorodona.

Tsapako fa nando vola tsara izahay amin'ny fampiasana ireo efitra ireo ary nanofa azy izahay amin'ny fiheverana tsara ny hahita azy hilamina tsara, noho izany dia sahirana aho rehefa tsy izany no miseho. Nataony izay azonay atao mba hiezahana hananana antoka fa ny toerana izay nofainy dia nadio sy ahazoana aina nefa eo eo amin'ny 75 isan-jatony amin'ny izy ireo dia tsy araka ny noheverinay.

Nisy fotoana izay efa nampanatenana anay fa afaka tonga dia miditra ao amin'ny hôtely ny ekipa raha vao maraina, nefa tonga izahay ary lazaina fa tsy hisy efitra vonona mandrity ny ora maro.

Ny mpiasan'ny hôtely matetika dia manome fampahafantarana diso momba ny fotoan'ny fivorianay, na dia efa nilaza taminy matetika aza izahay, ary efa nandefa taratasy vita printy ho azy ireo, mampiseho ny daty sy ny fotoana marina. Matetika ny mpiasan'ny hôtely sy ny mpandroso sakafo dia tsy mahalala fomba sy kamo. Matetika ny sakafo nokômandinay ho an'ny sakafo amin'ny seminera dia tsy araka izay tokony ho izy.

Tsaroako manokana indray mandeha rehefa naroso ny tsindrin-tsakafo ho an'ny vehivavy Krsistianina (eo eo amin'ny valin-jato) dia nisy raoma. Ny tao an-dakozia dia nampifangaro ny viliia tamin'izay naroso tamin'ny fampakaram-bady. Tsy ilaina ny milaza, fa somary sadaikitra izahay rehefa nanomboka nilaza taminay ny vehivavy fa toa nisy tsirona toaka ny tsindri-tsakafo.

Afaka manohy hatrany hatrany aho fa ny misongadina dia izao fotsiny: mety misy fa tena mahalana no nahitanay toerana tanteraka, olona tanteraka, ary seminera tanteraka.

Farany nahazo an-tsaina aho fa ny antony iray mahatonga aho ho tsy nanam-paharetana teo amin'ireo toe-javatra ireo ary nitondra teny ratsy dia satria miandry ny fanaperana aho fa tsy ny zava-misy.

Tsy manao drafitra ho amin'ny tsi-fahombiazana aho, fa tena tsaroako fa Jesosy dia nilaza fa eto amin'izao tontolo izao no hahitantsika fahoriana, fitsapana, alahelo ary tsi-fahafaham-po. Ireo

zavatra ireo dia anisan'ny fiainana eto amin'ity tany ity – hoan'ny mpino sy hoan'ny tsy mpino ihany koa. Nefa ireo tranga tsy lavorary eto amin'izao tontolo izao dia afaka haniry ratsy, antsika raha mitoetra ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra isika, ary mampiseho vokatry ny Fanahy.

VAOVAO FARANY: Mbola nandeha be mihitsy izahay, ary taorian'ny dimy amby roapolo taona nandehanany teo amin'ny fanompoana dia mbola tratrany ny zavatra tsy mahafa-po sy tsy lavorary ary amin'ny akamaroan'ny toerana izahay. Nandritra ny kaoferana roa farany, ny fanalahidiny dia tsy nahavoa ny velarana. Tsy azoko an-tsaina ihany hoe nahiana ny rafitry ny solosaina tao amin'ny hôtely no manova ny fanalahidy nefa lehiben'ny hôtely mbola ao, nefa miseho matetika izany. Miandry eo amin'ny lalantsika izahay ary nisy olona mankany amin'ny birao mba haka fanalahidy vaovao ary mazava ho azy fa mialatsiny mandrakariva izy.

Mahalala izahay no sorena ny amin'ny zavatra tsy tanteraka eo amin'ny dianay satria fantatray fa anisan'ny fiainana an-davanandro izany. Ny andraikitra dia tsy ny hifehy ny tranga-javatra atrehintsika, fa ny hamaly azy amin'ny fomba araka an'Andriamanitra.

Faharetana: Hery Hiaretana

> Koa mitafia famindra-po sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanentre-tena , fahalemem-panahy, fandeferana [izay tsy mety reraka ary mahari-po ary manan-kery iaretana na inona na inona mitranga, amin'ny toe-po tsara] araka ny olom-boafidin' Andriamanitra (Solontenany voafidy) sady masina no malala.
>
> Kolosiana 3:12

Mijery io Soratra Masina io matetika aho mba hampahatsiaro ny tenako ny amin'ny karazana fitondrantena tokony asehoko amin'ny toe-javatra rehetra. Mampahatsiaro ny tenako aho fa ny faharetana dia tsy ny fahaizana miandry, fa ny fahaizana mitahiry toe-po tsara rehefa miandry aho.

Ny Faharetana Dia Entin'ny Fitsapana

Ry rahalahiko ataovy ho fifalina avokoa, raha iharan'ny fakampanahy samy hafa ianreo, satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana.

Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra ianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona. [tsy misy tany]

Jakoba **1:2-4**

Ny faharetana dia vokatry ny Fanahy (jero Gal 5:22) ary napetraka ao amin'ny fanahin'ny olona tsirairay nateraka indray. Ny fampisehoana faharetana eo amin'ny vahoakany dia zava-dehibe amin'ny Tompo. Tiany ny olon-kafa ny mba hahita ny toetrany amin'ny alalany zanany.

Ny toko1 ao amin'ny bokin'i Jakoba dia mampianatra antsika fa rehefa tonga tanteraka isika, dia tsy hisy tsy ampy na inona na inona. Ny devoly tsy afaka mifaly ny olona maharitra.

Jakoba 1 dia mampianatra antsika ihany koa fa tokony hifaly isika rehefa tafiditra ao anaty toe-javatra sarotra, mahalala isika fa ny fomba ampiasan'Andriamanitra dia ny mitondra faharetana ao anatintsika amin'izay antsoin'ny New King Jams Vision hoe "fitsapana samihafa".

Hitako teo amin'ny fiainako manokana fa ny "fitsapana samihafa" dia tena nitondra faharetana tao amiko, nefa aloha nitondra zavatra hafa izay tsy toetra araka an'Andriamanitra : zavatra toy ny fireharehana, hatezerany, fikomiana, fitsara-tena, fitarainana, ary zatra hafa maro hafa. toa tsy maintsy atrehana ary vohana ireo zavatra hefa ireo mialoha ny hahatongavan'ny faharetany.

Fitsapana Sa Tsi-fahatomombanana

Ary niala tany an-tendrombohitra Hora izy ka nahazo ny làlana mankany amin'ny Ranomasina Mena hanodidina ny tany Edoma,

> dia kivy (rera-tsaina, ketraka tanteraka) noho ny [fitsapan'ny] làlana.
>
> NOMERY **21:4**

Raha tsaroana, ny toe-po tsy maharitra dia iray amin'ireo toe-tsain'ny efitra izay nihazona ny Israelita nivezivezy tany an'efitra nandritra ny efapolo taona. Sarotra ve ny fizahan-toetra azy, sa tsi-fahazoana aina fotsiny? Azoko antsaina fa ny sasany dia tena ratsy nohony hafa, nefa tena matetika no mimonomonona momba ny zavatra isika fa ny olona lehibe dia tsy handraharaha izany akory.

Ahoana no hahavonona ireo olona ireo handeha any amin'ny tanàna Kanana ary handroaka ireo olona mipetraka ao ka ho afaka hanome ny tany raha ty afaka hitoetra ho mahavita sy miorina tsara mandritra ny tsi-fahatomombanana kely?

Tena mamapahery anao aho mba hiara-miasa amin'ny Fanahy Masina, rehefa mampitombo ny vokatry ny faharetana ao anatinao Izy. Arakaraka ny hanoheranao Azy, no hahalava kokoa ny fandehan'ny asany. Mianara mamaly amim-paharetana amin'ny karazana fizahan-toetra rehetra, ary hiaino fiainana tsara izy tsy iaretana fotsiny ianao fa hifalianao amin'ny fahafenoana.

NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY FAHARETANA SY NY FIARETANA

> Fa tokony hanana faharetana ianareo mba hahazoanareo [ary hifalianao @fahafenony] izay lazain'ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon'Andriamanitra.
>
> HEBREO 10:36

Ny Soratra Masina dia milaza amintsika far aha tsy misy faharetana sy fiaretana dia tsy handray ny teny fakasan'Andriamanitra fa amin'ny alalan'ny finoana ihany sy ny faharetana no handovantsika ny teny fikasana (KJV).

Ny olona mirehareha dia mihezaka amin'ny herin'ny nofony ary miezaka ny hampiseho ny zavatra amin'ny fotoana manokana. Ny fireharehana nilaza hoe "Vonona aho izao!"

Ny fanetren-tena milaza hoe "Fatatr' Andriamanitra ny tsara indrindra, ary tsy ho diso fotoana Izy!"

Ny olona manetry tena miandry amim-paharetana; ny marina izy dia manao tahotra miankohoka amin'ny fihetsehana amin'ny heriny nofony manokana. Fa ny olona mirehareha manao zavatra nifandimby, ary tsy misy vokany daholo.

Ny Lala-mahitsy Dia Lalana Akaiky Indrindra Ho Amin'ny Tanjona Mandrakariva

> Misy làlana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo làlana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany.
>
> Ohabolana **16:25**

Tsy maintsy mianatra isika fa eo amin'ny tontolo ara-panahy, indraindray ny làla-mahitsy dia tsy làlana akaiky indrindra manelanelana antsika sy izay toerana tiantsika hahatongavana. Mety ho làlana akaiky indrindra makany amin'ny faharavana izany! Tsy maintsy mianatra ny ho maharitra isika ary miandry ny Tompo, na dia toa mitondra antsika amin'ny làlana miodinkodina aza izy mba hitondrana antsika any amin'ny tanjona nirina.

Marobe ny Kristiana tsy faly, tsy feno eto amin'izao tontolo izao satria fotsiny miezaka mafy hahatonga ny zavatra iray hiseho, fa tsy miandry an'Andriamanitra amin'ny faharetana mba hahatonga ny zavatra hiseho amin'ny fotoan'Andriamanitra amin'ny fombany.

Rehefa miezaka miandry an'Andriamanitra ianao, ny devoly dia hampihetsika ny sainao tsy tapaka amin'ny fangatahana anao mba "hanao zavatra". Tiany ianao mba hihetsika amin'ny zotom-po ara-

nofo satria fantany fa ny nofo tsy mahasoa na inona na inona (jereo Jaona 6:63; Romana 13:14).

Araka ny efa hitantsika, ny tsi-faharetana dia famantarana ny fireharehana, ary ny vaha-olana tokana ho an'ny fireharehana dia ny fanetre-tena.

Manetre-tena Ary Miandrasa Ny Tompo

> Koa amin'izany manetre-tena [ahetry amin'ny grady ambany, ambanio amin'ny fihevitrao ny tenanao] ambanin'ny tanamaherin'Andriamanitra mba hanandratany anareo amin'ny fotoanandro.
>
> 1 Petera 5:6

Io andian-teny io "ambanio ny tenanao amin'ny fihevitrao" dia tsy midika hoe misaina ratsy ny amin'ny tenanao. Midika fotsiny izany hoe "Aza mihevitra ianao fa ianao irery dia afaka mamaha ny olanao rehetra."

Tsy maintsy mianatra ny manery tena eo ambanin'ny tànamaherin'Andriamanitra isika, fa tsy mandray an-tànana ny zavatra amim-pireharehana. Rehefa fantany fa mety ny fotoana, dia hanandratra sy hampiakatra antsika Izy.

Rehefa miandry an'Andriamanitra isika ary mandà ny hihetsika amin'ny zotom-po ara-nofo dia misy "fahafatesan'ny tena" miraho. Manomboka maty ny amin 'ny làlantsika sy ny fotonantsika isika ary lasa velona amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny làlany ho antsika.

Tokony ho maika hankàto hanao izay lazain'Andriamanitra amintsika isika, nefa tokony hanana tahotra an' Andriamanitra ny amin'ny fireharehana ara-nofo. Tsarovy: ny fireharehana dia any amin'ny fakan'ny tsi-faharetana. Ny olona mirehareha dia milaza hoe "Azafady, aza am-piandrasana na inona na inona aho; mendrika ny handray miaraka amin'ny vava aho".

Rehefa alaim-panahy ianao ny ho tsy afa-po sy tsy-mahandry, dia toroko hevitra ianao mba hanomboka hiteny hoe: "Tompo ô, te hanao ny sitraponao aho amin'ny fotoananao. Tsy te handeha mialoha Anao aho, sady tsy te handeha diso aoriana Anao. Ampio aho, Ray ô, mba hiandry Anao amin-paharetana!"

Toko

21

"Mety Ho Diso Ny Fitondran-Tenako Nefa Tsy Fahadisoako Izany"

Toe-tsain'ny efitra #6

"Mety Ho Diso Ny Fitondran-Tenako Nefa Tsy Fahadisoako Izany"

Toe-Tsaina efitra #6

Toko 21

Ny tsi-fanekena handray andraikitra ny amin'ny fihetsiky ny tena, manome tsiny fa ny zavatra rehetra dia diso na an'ny olon-kafa ny fahadisoana, dia antony lehibe noho ny fiovana an'efitra.

> *[I] Dia hoy ralehilahy: Ny vehivavy izay nomenao ho namako, izy no nanome ahy ny voankazo, ka dia nihinana aho.*
>
> *...dia hoy ravehivavy: Ny menarana no namitaka (nangalatra, fetsy kokoa) ahy ka dia nihinana aho [I]*
>
> GENESISY 3:12,13

Hitantsika ny olana fa miseho hatramin'ny fiandohan'ny fotoana. Rehefa nilazona ny fahotany tao amin'ny saha Edena, Adama sy Eva dia samy nanameloka ny namany, Andriamanitra sy ny devoly, noho izany nandositra ny andraikiny manokana noho ny fihetsiny.

ANAO DAHOLO NY FAHADISOANA

[B] Ary saray, vadin'i Abrama, tsy mba niteraka; ary izy nanana mpanompovavy Egyptiana, Hagara no anarany.

Ary hoy Saray tamin'I Abrama, indro efa tsy nanome zanaka ahy Jehovah; masina ianao, mivadia amin'ny mpanompovaviko, angamba hahazo zaza aminy aho. Dia neken'I Abrahama ny tenin'I Saray.

Ary rehefa nonina folo taona teo amin'ny tany Kanana Abrama, dia nalain'I Saray, vadin'I Abrama Hagara Egyptiana, mpanompovavy, ka nomeny an' i Abrama vadiny mba hovadiny.

Dia nivady tamin'ny Hagara izy ka nanan' anaka ravehivavy; ary rehefa hitany efa nanan-anaka izy, dia nataony toy ny tsinontsinona ny tompovaviny.

> Ary hoy Saray tamin'i Abrama. Hanody anao anie ny fahoriako, fa efa nomeko ho andefimandrinao ny mpanompovaviko; ataovy aminy izay sitraponao. Ary raha nampahorin'i Saray Hagara, dia nandositra ny tavany izy.
>
> GENESISY **16:1-6**

Ny tantara mitovy amin'ny niseho teo amin'ny Adama sy Eva dia hita eto amin'ny ady tamin'i Abrama sy Saray. Reraka ny niandry an'Andriamanitra mba hanatanteraka ny teny fikasany ny amin'ny zaza ho teraka ho azy izy, dia nihetsika araka ny nofo ary "nanao izay mety aminy". Rehefa lasa ratsy ny toe-javatra sy nanomboka niteraka olana, dia nanomboka nifanameloka izy.

Tamin'ny lasa, dia hitako tsara io karazana seho io tamin'ny fotoana tsy voaisa tao amin'ny tokantranoko tamiko sy Dave. Toa nisy fandosirana tsy mitsahatra ny olan'ny fiainana, tsy te hiatrika mihitsy ny zava-misy.

Tsaroako aho mivavaka be ho an'i Dave mba hiovany. Namaky ny Baiboly aho ary hitako bebe hatrany ny kilemany, sy ny ilaina fiovana! Rehefa nivavaka aho, dia niteny tamiko ny Tompo ary nilaza hoe, "Joyce a, tsy Dave no olana.... fa ianao."

Ketraka aho. Nitomany aho ary nitomany. Nitomany nandritra ny telo andro aho, satria nesehon'Andriamanitra ahy ny hoe miara-miaina tamiko tao an-trano.

Nasehony tamiko ny fomba niezahako nibaiko ny zava-drehetra niseho, ny fomba manafintohina sy mitaraina nataoko, manao ahoana ny mahasarotra ny manome fahafaham-po ahy ny maha "negative" aho – ary etsetra etsetra. Kapoka nanaitra tamin'ny fireharehana izany, nefa ihany kao fiandohan'ny fahasitranako tao amin'ny Tompo.

Tahaka ny ankamaroan'ny olona, dia nomeko tsiny ho ny anton'ny zavatra rehetra dia noho ny olona hafa ary ny toe-javatra sasany tsy afaka nofehezina. Nihevitra aho fa nihetsika tamin'ny fomba ratsy satria nohararaotiko, nefa hoy Andriamanitra tamiko "Ny

fanararaotana no mety ihetsehanao amin'izao fomba izao, nefa aza avela ho tonga fialan-tsiny hitoerana ho toy izao!"

Miasa mafy ao an-tsaiko satana – nanangana manda avo izay hisakana ahy ny hiatrika ny marina. Ny marina no hanafaka aminy, ary fantany izany!

Tsy noheveriko fa misy zavatra izay mampihetsi-po marary noho ny fiatrehana ny momba antsika sy ny fitondra-tenantsika. Satria mahery izay. ny ankamaroan'ny olona dia mandositra izany. Tena mora ny miatrika ny marina momba ny olon-kafa fa rehefa tonga ny fiatrehana ny tenantsika, dia hitantsika fa mafimafy kokoa ny mandray izany.

Raha ...

> Ary niteny nanome tsiny an'Andriamanitra sy Mosesy ny olona ka nanao hoe: Nahoana no nentinao niakatra avy tany Egypta izahay ho faty aty an-efitra? Fa tsy misy mofo na rano aty; ary mahamonamonaina ny fanahiny itony mofomofo foana (Tsy mendrika, maivana) itony.
>
> Nomery 21:5

Araka ny tadidinao, ny Israely dia nitaraina fa ny olany rehetra dia fahadisoan'Andriamanitra sy Mosesy. Nandositra tamin-pahombiazana izay mety ho andraikitra manokana izy ny amin'ny hoe ahoana no nijanonany ela loatra tany an'efitra. Nasehon'Andriamanitra ahy fa izany no iray amin'ireo toe-tsaina lehibe an'ny efitra izay nihazona azy tao nandritry ny efapolo taona.

Izay ihany koa no iray amin'ny antony lehibe izay nandaniako taona maro, nihodinkodina ny tendrombohitra iray teo amin'ny fiainako. Ny lisitry ny fialan-tsiny ny antony nitondrako tena tamin'ny fomba ratsy dia tsy nisy fiafarany.

"raha tsy nohararaotina aho tamin'ny fahazazako dia tsy ho mora tezitra."

"raha mba hanampy ahy bebe kokoa ny zanako dia hihetsika tsaratsara kokoa aho."

"Raha tsy nilalao golf i Dave isaky ny alahady dia ho sorisorina taminy aho."

"Raha mba niresaka bebe kokoa tamiko i Dave, dia tsy ho tena manirery aho."

"Raha tsy voatery hiasa aho, dia tsy ho reraka sy kizitina aho" (Dia miala amin'ny asa aho, ary avy eo dia....)

"Raha mba afaka nivoaka bebe kokoa ny trano aho, dia tsy ho sorena."

"Raha mba nanam-bola bebe kokoa izay..."

"Raha mba nanana ny tranonay izahay.... "(Dia nividy trano izahay avy eo, dia....)

"Raha mba tsy nanana faktiora maro be izahay..."

"raha mba nanana mpiray void-rindrina tsaratsara kokoa izahay na namana hafa...."

Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha! Raha!

KANEFA ...

Ary Jehovah niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: Manisà lehilahy vitsivitsy hisafo [ho antsika]ny tany Kanana, izay omeko ho an'ny Zanak'israely dia lehilahy iray avy isam-pirazanany no hisahinareo, ka izay samy lohan'ny fireneny avy. Ary Mosesy dia naniraka azy hiala any an'efitra Parana.... Ary samy lohan'ny firenen'ny zanak'israely ireo lehilahy rehetra ireo.

Ary niverina avy nisafo ny tany ireo, nony afaka efa-polo andro.

Dia nankao amin'i Mosesy sy Arona ary ny fiangaviana, dia ny zanak'israely rehetra, tany an'efitra Parana Izy, dia tany Kadesy, ka

nitondra teny taminy sy ny fiangonana rehetra sady naneho ary ny vokatry ny tany.

Dia nilaza taminy izy ka nanao hoe: Tonga tany amin'ny tany izay nanirahanao anay izahay, koa tondrandronono sy tantely tokoa izy, ary itony no vokatra avy tany.

Kanefa kosa mahery ny olona izay monina eo amin'ny tany; ary ny tanàna dia mimanda sady lehibe dia lehibe, ary koa nahita ny teraky ny bakitra [lavaka sady mahery] tamin'izahay.

NEMERY 13:1-3,25–28 (nampiana ny sora-mandry)

"Raha" sy "kanefa" ireo no teny roa tena mamitaka izay ambolen'i Satana mandrakizay ao an-tsaintsika. ny mpisafotany roa ambin'ny folo izay nirahina tany Kanana dia niverina niaraka tamin'ny ampahambahoaka tena lehibe ka tsy maintsy nentin'ny olona roa tamin'ny bao, nefa ny tatitra nomeny an'i Mosesy sy ny olona dia "negative".

Ny "kanefa" no nandresy azy! Tokony ho nibanjina an'Andriamanitra izy fa tsy olana mety hitranga.

Ny antony iray mahatonga n olantsika mandresy antsika dia satria mihevitra isika fa lehibe noho Andriamanitra izany. Izany ihany koa ny antony mety hananantsika fotoana sarotra amin'ny fiatrehana ny marina. Tsy manana antoka isika fa Andriamanitra dia afaka mandà antsika, ka miafina amin'ny tenintsika isika fa tsy miatrika ny tenantsika amin'ny maha antsika marina.

Tsy sarotra ho ahy ankehitriny ny miatrika ny marina momba ny tenako, rehefa miasa amiko Andriamanitra, satria fantatro fa afaka manova ahy Izy efa hitako izany hainy atao, ary matoky Azy aho. Na izany aza anefa tamin'ny fiandohan'ny niarahako Taminy dia sarotra izany. Nandany ny ankamaroan'ny fiainako niafina ny zavatra iray n any hafa aho. Niaina tao anaty fahamaizinana nandritra ny fotoana tena ela ka tsy mora ny nivoahako tao ho amin'ny fahazavana.

Fahamarinana Ao Am-po

Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ô, araka ny fahasoavanao, araka ny haben'ny fiantranao nony fahadisoako. Sasao madio aho [ary miverimberina] mba ho afa-keloka, ary diovy aho mba ho afa-pahotana.

Fa tsaroako ny fahadisoako eo anatrehako mandrakariva ny fahotako.

Taminao dia taminao ihany no nanotako, ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko, mba ho marina ianao raha miteny, ary tsy hanan-tsiny Ianao raha mitsara.

Indro tamin'ny heloka [tamin'ny toetrany] no niterahana ahy; ary tamin'ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko [ary feno ota ihany koa aho].

Indro fahamarinana ao am-po no sitrako, ary fahendrena ao amin'ny miafina no ampahafantarinao ahy.

Salamo **51:1-6**

Ao amin'ny Salamo 51, Daniela Mpanjaka dia nihiaka tamin'Andriamanitra ho amin'ny famindram-po sy famelana satria miasa aminy ny Tompo momba ny fahotany tamin'i Batseba sy ny famonoana an-drangahy vadiny.

Na inoana na tsia, ny fahotan'i Davida dia niseho iray taona mialoha ny nanoratana ity salamo ity, nefa tsy mbola tena niatrika izany izy ary niaiky izany. Tsy niatrika ny fahamarinana izy nefa tsy mbola tena niatrika izany izy ary niaiky izany. Tsy niatrika ny fahamarinana izy, ary raha mbola nandà ny hiatrika ny marina izy dia tsy afaka tena nibebaka marina. Ary raha mbola tsy afaka nibebaka marina izy, dia tsy afaka namela azy Andriamanitra.

Ny andininy 6 an'ity ampahan-tsoratra ity dia Soratra masina feno hery. Milaza izany fa Andriamanitra dia maniry ny fahamarinana "ao am-po". Midika izany far aha maniry ny handray ny fitahian'Andriamanitra

isika, dia tsy maintsy ho tsotra Aminy momba ny tenantsika sy ny fahotantsika.

Ny Fiekena Mialoha Ny Famelana

> Raha hoy isika: tsy manana ota isika [mandà ny hanaiky fa mpanota isika], dia mamita-tena ary ny marina [izay asehon'ny Filazantsara] tsy ato anatintsika [tsy mitoetra ao am-pontsika].
>
> Raha niaiky [anin-kalalahana] ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy (marina amin'ny maha Izy azy sy ny teny fihasany) ka mamela ny fahotantsika [manaisotra ny tsy fisian-dalàna] ary manadio [mitohy] antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra [ny zavatra rehetra tsy mifanaraka amin'ny sitrapony amin'ny tanjona, fisainana ary hetsika].
>
> Raha hoy isika (mitompo teny): tsy nanota isika, dia mampandainga Azy, ary ny Teniny tsy ato anatintsika [ny hafatr'Andriamanitra ao amin'ny Filazan-tsara] dia tsy ao am-pontsika].
>
> 1 Jaona 1:8-10

Malaky mamela antsika Andriamanitra raha mibebaka marina isika, nefa tsy afaka mibebaka marina isika raha tsy hietsika sy manaiky ny marina momba ny nataontsika.

Ny fanekena fa diso isika, nefa avy eo midatony ny amin'izay, dia tsy fomban'Andriamanitra fiatrehana ny marina. Amin'ny maha voajanahary, isika dia te hanamaria ny tenantsika sy ny fihetsika, nefa ny Baiboly dia milaza fa ny fanamarinana antsika dia hita ao amin'i Jesosy Kristy irery ihany (jereo Rom 3:20-24). Izaho sy ianao dia nohamanina amin'Andriamanitra rehefa avy nanota amin'ny alalan'ny ràna n'i Jesosy irery ihany – fa tsy amin'ny fialan-tsika tsiny.

Tsaroako rehefa ny mpiray vodirindrina amiko niantso ahy indry andro ary nangataka ahy mba hitondra azy any amin'ny banky miaraka

amin'ny vava mialoh ny fikatonany, satria tsy velona ny fiarany. Sahirana tamin'ny "nataoko" aho aty tsy te hampijanona izany, noho izany dia tsy mahalala fomba sy tsy naharitra taminy aho. Raha vao napetrako ny telefaona, dia fantatro fa ratsy ny nataoko ary nilaina niantso azy aho, niala tsiny, ary nitondra azy tany amin'ny banky. Feno ny fialan-tsiny rehetra izay mety homeko azy ny saiko ny amin'ny antony nihetsehako tamin'ny fomba ratsy: "Tsy salama loatra aho..." "Be atao aho...." "Sarotra ihany koa ny androko...."

Nefa ao anatin'ny fanahiko, dia tsapako ny Fanahy Masina milaza amiko mba tsy hiala tsiny!

"Antsoy fotsiny izy ary lazao azy fa diso ianao, tapitra! Aza milaza mihoatra ny hoe "Diso aho ary tsy misy fialan-tsiny tamin'ny fomba fihetsiko. Mamelà ahy anie ianao ary avelao aho hitondra anao any amin'ny banky".

Lazaiko aminao fa sarotra ny manao izany. Nisy krizy teo amin'ny nofoko! Tsapako ilay zavatra kely mihazakazaka tao amin'ny fanahiko ary niezaka nitady toerana hiafenana. Nefa tsy misy hiafenana ny marina, satria ny fahamarinana dia fahazavana.

Ny Fahamarinana Dia Fahazavana

Tamin'ny voalohany [mialoha ny fotoana rehetra] ny teny (Kristy) ary ny Teny tamin'Andrianamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.

Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany.

Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary rahatsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ory izao, na dia izay aza.

Izy no nisiam-piainana, ny fiainana no fanazavana ny olona.

Ary ny mazava dia mamirapiratra ao amin'ny maizina, fa ny maizina tsy nandray azy [namono azy na nitelina azy na naka azy ary tsy afaka nahasehona azy].

Jaona 1:1-5

Ny fahamarinana dia iray amin'ireo fitaovam-piadiana mahery hanoherna ny fanjakan'ny fahamasinana. Ny fahamarinana dia fahazavana, ary milaza ny Baiboly fa ny fahamaizinana tsy mahery noho ny fahazavaao, ary tsy afaka hanao izany mihitsy.

Tian'i satana ny hitady ny zavatra hafenina ao amin'ny fahamaizinana, nefa ny Fanahy Masina te hitondra ny amin'ny fahazavana ny handamina azy, mba hahatonga ahy sy ianao ho afaka marina tokoa.

Nilaza Jesosy fa ny marina no manafaka antsika (jereo Jaona 8:32). io fahamarinana io dia ambaran'ny Fanahin'ny Fahamarinana.

Ny Fanahin'ny Fahamarinana

> Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny.
>
> Fa raha tonga ny Fanahin'ny Fahamariana (Fanahy manome ny fahamarinana] dia Izy no hitari-dàlana anareo ho amin'ny marina rehetra (ny Fahamarinana feno).
>
> Jaona **16:12,13**

Azon'i Jesosy naseho ny mpianany ny fahamarinana rehetra nefa fantany fa tsy vonona ho amin'izany izy, Nolazainy taminy fa tokony hiandry mandra-pidin'ny Fanahy Masina avy any an-danitra mba honina sy hitoetra miaraka aminy izy.

Rehefa avy niakatra tany an-danitra Jesosy , dia naniraka ny Fanahy Masina mba hias miaraka amintsika manomana antsika tsy tapaka ho amin'ny voninahitr'Andriamanitra (fahatsarana) mba hiseho amin'ny alalantsika amin'ny haavo samihafa.

Ahoana no afaka honenantsika ny Fanahy Masina miasa ao amin'ny fiainantsika raha tsy hiatrikak ny fahamarinana isika? Nantsoina hoe "Fanahin'ny Fahamarinana" Izy. Ny lafiny lehibe amin'ny fanompoany aminao sy amiko dia ny manampy antsika hiatrika ny fahamarinana –

hitondra antsika ho amin'ny toeran'ny fahamarinana, satria ny marina ihany no hanafahana antsika.

Nisy zavatra tamin'ny lasanao – olana, tranga na toe-javatra izay nandratra anao – mety ho fototry ny toetranao na fihetsika rasy hafa aza avela izany ho tonga fialan-tsiny mba hijanona amin'ny izany.

Maro amin'ny olan'ny fitondran-tenako no avy amin'ny fanararaotana ahy tamin'ny fananahana, ara-teny, ny fiantanam-po nandritra ny taona maro – hafa voafandrika tao amin'ny môdelin'ny fitondran-tena diso aho raha nampiasa ny fanararaotana ho fialan-tsiny amin'izany. Izany dia tahaka ny fiarovana ny fahavalonao amin'ny fitenenanana hoe "Halako ity zavatra ity, nefa izany no antony nitehirizako azy."

Afaka ny hahatsapa fahafahana feno voninahitra marina amin'ny fandevozana rehetra ianao. Tsy natao handany efapolo taona hivezivezy any an'efitra ianao. Na raha efa lany efapolo taona ianao na mihoatra tany satria tsy fantatrao fa ny "toe-tsain'ny efitra" no nihazona anao tany, anio dia mety ho andro fanapahanao hevitra.

Angataho Andriamanitra mba hanomboka hampiseho aminao ny marina momba anao . rehefa manao izany izy, dia mifikira! Tsy ho mora izany, nefa tsarovy fa nampanatena Izy fa "tsy handao anao mihitsy na hafoy anao akory" (Heb 13:5).

Efa eo an-dàlam-pivoahana amin'ny efitra ianao, mifalia amin'ny Tany Kanana!

Toko

22

"Tena Mahonena Ny Fiainako; Malahelo Ny Tenako Aho Satria Tena Potika Ny Fiainako"

Toe-tsain'ny efitra #7

"Tena Mahonena Ny Fiainako; Malahelo Ny Tenako Aho Satria Tena Potika Ny Fiainako"

Toe-Tsaina efitra #7

Toko 22

Nahatsiaro ho nalahelo diso tafahoatra ny tenany ny zanak'Israely. Ny tsi-fahatomombanana dia lasa ho fialan-tsiny hafa mba hidirana amin'ny fitseran-tena.

> *[I] Dia nanandratra ny feony ny fiangonana rehetra ka nitaraina, ary nitomany [izy] ny olona tamin'ny alina izy dia nimonomonon ....ny zanak'Israely[I]*
>
> Nomery 14:1,2

Tsaroko rehefa niteny tamiko ny Tompo nandritra ny iray amin'ireo "fotoanan'ny fitsapan-tena" ireo. Hoy izy : "Joyce a; na ianao feno fitsarena na mahery, fa tsy afaka hiaraka ireo roa miaraka inao."

Ity dia toko izay tsy tiako hanafina haingana loatra. Zava-dehibe [i] ilaina [I] ny mahazo fa [I] tsy afaka amelombelona ny fahotan'ny fitseran-tena sy hiaraka ihany koa amin'ny hevin'Andriamanitra isika![I]

Aoka Hifananatra Sy Hifampahatanjaka

> [B] Koa mifanara (mampahery) ny mifampahatanjaka (mampahery sy mampandroso), tahaka ny ataonareo ihany.
>
> 1 Tesaloniana 5:11 [B]

Sarotra tamiko ny iala tamin'ny fitsarana, nampiasaiko nandritra ny taona maro izny mba hampinonako ny tenako rehefa reraka anaty aho.

Raha vao misy olona mandratra antsika; dia mahatsapa fahadisoampanatenana avy hatrany isika, manomboka mibitsika amintsika ka ny devoly ny momba ny fomba itondrana antsika tamin'ny fomba ratsy, masiaka ary tsy ara-drariny.

Ny hany ilanao dia ny mihaino fisainana mihazakazaka ao antsainao amin'ny fotoana toy izany ary ho tonga saina ianao ny amin'ny fomba ampiasan'ny fitseran-tena izay mitazona antsika ao amin'ny fanandevozana.

Ny Baiboly, anefa dia tsy manome antsika fahafahana alahelo ny tenantsika. Mifanohitra amin'izany, natao hifampahery sy hifampahatany ka ao amin'ny Tompo isika.

Misy ny fahasoavana marina mahay miara ory, izay fananana, fitsarana aoka an'Andriamanitra ho an'ny hafa izay maratra anaty, ary mandany ny fiainantsika amin'ny fampitoniana ny fahoriany. Fa ny fitseran-tena dia diso làlana , satria fakana ny zavatra izay noheverina mba omena ny hafa ary ahodintsika amin'ny tenantsika.

Tahaka izany koa ny fitiavana. Romana 5:5 dia milaza fa ny fitiavan'Andriamanitra dia nampidirin'ny Fanahy Masina tao ampontsika tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Nataony izany mba hahalantsika ny habetsahan'ny fitiavan'Andriamanitra antsika ary mba hahafahantsika hitia ny hafa.

Rehefa alaintsika ny fitiavan'Andriamanitra izay natao hozaraina ary averina amin'ny tenantsika, dia lasa fitiavan-tena sy fanaovana ny tena ho avo-toerana ny tena, izay ny marina manimba antsika. Marina fa tokony ho tia ny tenantsika amin'ny fomba nifandanja isika, mankasitraka izany nataon'Andriamanitra ary manana fanajana tena, fa ny fitiavan-tena diso tafahoatra dia olana goavana. Ny fitseran-tena dia fanompoan-tsampy – miodina amin'ny tenantsika, mifantoka amintsika sy ny fientanam-pontsika. Mahatonga antsika hisaina ny tenantsika sy ny ilaintsika ary ny momba antsika izany dia tena fomba fiainana ao amin'ny fahareran-tsaina.

Hevero Ny Hafa

Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany koa
Filipiana **2:4**

Vao tsy ela ny iray tamin'ireo fifanekena hitorian-teny dia nofoanana tamin'ny fomba tsy nampoizina. Zavatra iray zay niandrasako izany, ary tamin'ny voalohany dia diso fanantenana kely aho. Nisy fotoana ny zava-nitranga toy izany dia nitondra ahy ho amin'ny krizina fitseran-tena,fitsikerana, fitsarana ny andaniny, sy karazana fisainana "negative" ary ny fihetsika. Hatramin'izay dia nianatra ny hangina aho tamin'io Karazana toe-javatra io, tsaratsara kokoa ny tsy miteny na inona na inona toy milaza zavatra diso.

Rehefa mipetraka nangina aho, Andriamanitra dia nanomboka naneho tamiko ny toe-javatra avy amin'ny fisainana ? ny hafa ho an'ny tafiditra amin'izany. Tsy afaka nahita trano izay hanaovana fivoriana izy, ary nasehon'Andriamanitra ny mampadiso fanatenana izany ho azy. Nanantena ny fivoriana izy, niandry tamin'ny fanatenana be, nefa ankehitriny tsy afaka manao izany.

Mahagaga ny maha mora ny miala amin'ny fitseran-tena rehefa nijery ny momba ny olon-kafa isika fa tsy ny toy ny antsika ihany. Ny fitseran-tena dia tohanan'ny fisaorana antsika ihany fa tsy ny olon-kafa.

Mandrera-tena ara-bakiteny isika ndraindray amin'ny fihezahana mahazo fitserana. Eny,ny fitseran-tena dia fandrika lehibe ary fitaovana tena tian'i Satana hihazonana antsika any an'efitra. Raha tsy mitandrina isika, dia lasa miankin-doha amin'izany.

Ny fiankinan-doha dia zavatra izay atao ho azy ho famaliana fanairana – môdelina fitondran-tena nianarana izay lasa fahazarana.

Manao ahoana ny habetsaky ny fotoana lanianao amin'ny fitseran-tena? Ahoana no famalianao ny fahadisoam-panan-tenana?

Ny Kristiana dia manana tombotsoa tsy fahita firy, satria rehefa diso fanatenana izy dia afaka ny hatsanagana indray. Amin'Andriamanitra

dia misy mandrakariva ny fiangonana vaovao. Ny fitseran-tena anefa dia mihazona antsika ho voafandriky ny lasa.

Avelao Handeha Ary Ekeo Ditra!

> Aza mahatsiaro [amin'ny fo]ny lasa, na misaina ny taloha.
>
> Indro, Izaho efa hanao zava-baovao. Koa ankehitriny dia efa miposaka izany, tsy hahalala izany va ianareo? Eny, any an-efitra no hanaovako làlana ary any amin'ny tany lao no hasiako ony.
>
> Isaia 43:18,19

Nandany taona maro teo amin'ny fiainako tamin'ny fitserana ny tenako aho. Izaho dia isan'ireo trangana fiankinan-doha. Ny valiny nandeha ho azy avy amiko amin'izay mety ho karazana fahadisoam-panantenana dia fitsaran-tena. Tenin'i satana fisainan-diso miaraka amin'izay ny saiko, ary tsy mahalala ny "hisainana izay nosainako, ary tsy mahalala ny hisainana izay nosainiko," nihevitra fotsiny izay mety tonga ao an-dohako aho. Arakaraka ny nisainako, no mahatonga ahy hitsetra tena bebe kokoa.

Matetika aho ny milaza tantara momba ny taona voalohan'ny fanambadianay. Isaky ny alahady tolakandro mandritra ny fotoan'ny baolina kitra, dia te hijery ny lalao eo amin'ny baolina kitra, dia te hijery ny lalao eo amin'ny fahitalavitra iDave. Rehefa tsy fotoanan'ny baolina kitra, "fotoanan'ny baolina" hafa. Tian'i Dave be izany, fa izaho tsy tia an'izany na kely aza. Tiany na inona na inona misy baolina mitontona ary mora azon'ny trangana fanatanjahan-tena izy ka tsy fantany fa misy aho;

Indray andro dia nijory teo anoloany aho, ary nilaza tamin'ny fomba tena mazava hoe "Dave tsy salama mihitsy aho; tsapako fa tahaka ny ho faty."

Tsy nanainga ny masony tamin'ny fahitalavitra izy ary nilaza mazava hoe "E, E, tsara izany, ry malala."

Nandany tolakadron'ny alahady maro tamin'ny fahatezerana sy ny fitseran-tena aho. Matetika aho no nanadio ny trano rehefa tezitra amin'i Dave. Fantatro ankehitriny fa niezaka ny hanameloka azy aho satria sambatra izy fa izaho tena ory. Nisamboaravoara manodidina ny trano mandritra ny asa maro aho, manakaratoka ny varavarana sy ny vatasarihana, mivezivezy ao tamin'ny efitra nisy azy, nitana ny "aspirateur", mampiseho mafy ny niasako mafy.

Mazava ho azy, fa niezaka ny nisarika ny fahalinany aho, raha zara raha hitany aho. Nilavo lefona aho, nandeha tany ambadiky ny trano, nipetraka teo amin'ny taila tao amin'ny trano fidiovana ary nitomany. Arakaraka ny nitomaniako, dia nahatsapa fitseran-tena bebe kokoa aho. Nomen'Andriamanitra fahazavan-tsaina aho tamin'ny taona aty aoriana hoe nahoana ny vehivavy no mandeha any amin'ny trano fidiovana mba hitomany. Nilaza izy hoe satria misy fitaratra lehibe ao, ary rehefa avy nitomany fotoana ela izy, dia afaka nijoro sy nijery ny tenany maharitra azy hitany hoa tena nampitsotra ny fahitana azy.

Tena ratsy ny fahitako ny tenako indraindray be rehefa mahita ny tarehiko amin'ny fitaratra dia nanomboka nitomany indray, dia manao ny dingana farany mamakivaky ny trano-pandraisam-bahiny misy an'i Dave aho, nandeha miadana, ary mbola mampitsotra. Miandry anefa izy mba hangataka amiko mba hitondra dite mangatsiaka ho azy raha ho any an-dakozia aho.

Azo lazaina fa tsy nandeha izany! Nandreratena ara-piantanam-po aho, matetika miafara amin'ny fahatsapana aretim-batana noho ny fientanam-po diso tsapako nandritra ny andro.

Andriamanitra tsy hanafaka anao amin'ny tananao manokana fa amin'y tànany. Andriamanitra ihany no mahay manova ny olona! Na iza na iza tsy afaka nanakivy an'i Dave ny amin'ny fitiavana hijery ny fanatanjahantena araka ny nataony afa tsy Andriamanitra tsitoha. Nianatra ny nahatoky ny Tompo aho ary nitsahatra tamin'ny fitseran-tena rehefa tsy azoko ny niriko, tonga tamin'ny fahaiza-mandanja kokoa iDave momba ny fijeriny ny trangam-panatanjahatena rehetra.

Mbola tiany izany, nefa ankehitriny dia tsy dia manelingelina ahy. Mampiasa ny fotoana aho mba hanao zavatra tiako. Raha tena nangataka an'i Dave amin'ny fahalamem-panahy (fa tsy an-katezerana) ary amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia manaiky izy, mba hanova ny fandaharam-potoana. Misy anefa ireo fotoana ary hisy izany – izay hahazoako ny niriko. Raha vao tsapako miakatra ny fientanam-poko, dia mivavaka aho hoe "Andriamanitra ô, ampio aho ho afa-panadinana." Tsy te-fanodidina ity tendrombohitra ity indray mandeha indray aho!

Toko

23

"Tsy Mendrika Ny Fitahian'Andriamanitra Aho Satria Tsy Misy Vidiny"

Toe-tsain'ny efitra #8

"Tsy Mendrika Ny Fitahian'Andriamanitra Aho Satria Tsy Misy Vidiny"

Toe-Tsaina efitra #8

Toko 23

Rehefa nitarika ny zanak'Israely niampita ny onon'I Jordana ho any amin'ny Tany Kanana Josoa, dia misy zavatra nilan'Andriamanitra natao nialoha ny nahavonona azy hanafika sy hipetraka eo amin'ny tanàna voalohany, izay jereko.

> *[I] Ary hoy Jehovah tamin'I Jesosy androay no nanakodiavaho ny fandetsan'I Egypta ho afaka aminareo. Ary ny anaran'izany tany izany dia nataony hoe Gilgala [fanakodiavana] mandreha androany [I]*
>
> Josoa 5:9

Nandidy ny Tompo fa ny zanak'Israely lahy rehetra dia hoforaina, satria tsy natao izany nandritra ny efapolo taona manenjika izay nivezivezin'y tany an'Efitra. Nitaky fankatoavana izany ary ho famantarana ny amin'ny finiavany nialana amin'ny fomba ara-nofo sy araka izao tontolo izao ary handeha amin'ny làlam-baovao an'Andriamanitra velona.

Rehefa vita izany, ny Tompo dia niteny tamin'I Josoa fa "nakodiany" tamin'ny olona latsan'I Egypta Amin'ny andininy vitsivitsy ary aoriana ao amin'ny foko 6, dia manomboka ny tatitra ny amin'ny nitarihan'Andriamanitra ny zanak'Israely mba handresy sy hamabo an'I sariko. Nahoana ny latsa no tsy maintsy nesoriny tamin'ny aloha? Inona moa ny latsa?

Famaritana Ny Latsa

Ny hoe [I] latsa [I] dia midika "fanamelohana...fahefaham-baraka: henatra" 1 Rehefa niteny Andriamanitra fa "hanakodia" ny latsan'ny Egypta amin'Israelita, dia nisy hevitra asongadiny. Egypta dia maneho izao tontolo izao. Rehefa avy tao amin'izao tontolo izao nandritra ny

taona vitsy ary tonga araka izao tontolo izao, dia mila ny latsa rehetra isika akodia.

Noho ny zavatra izay nataoko sy natao tamiko, dia nanana toetra niarina tamin'ny henatra aho. Nanome tsiny ny tenako aho noho niseho. tamiko (na dia tamin'y fahazavako aza no nisehoan'izany, ary tsy nisy na inona na inona azoko natao mba hanafarana izany).

Efa nolazaintsika fa ny fahasoavana dia ny herin'Andriamanitra tonga amintsika, fanomezana maimaimpoana avy Aminy, isika hanampiana antsika hanao mora foana izay tsy vitantsika. Tian'Andriamanitra ny manome antsika ny fahasoavana, fa satana te hanome antsika fahafaham-baraka, izay teny hafa ilazana ny latsa.

Ny fahafaham-baraka dia nilaza tamiko fa tsy tsara aho – tsy mendrika ny fitiavan'Andriamanitra n any fanampiany. Ny henatra dia nanapoizina ny entin'ny maha olona, fa menatra ny tenako ao anaty lalina ao dia tsy tia ny tenako aho.

Ny fanodikodiana'Andriamanitra ny latsa amintsika dia midika fa isika tsirairay dia tsy maintsy mandray ho antsika ny famelana izay atolony ho an'ny fahotantsika lasa rehetra.

Tsy maintsy mahazo an-tsaina ianao fa tsy afaka ny ho mendrika izany mihitsy ianao. Afaka manaiky fotsiny amim-panetre-tena sy mankasitraka azy ianao, ary hatahotra ny amin'ny mahatsara Azy sy ny habetsaky ny fitiavany anao.

Ny fankahalahan-tena, ny fanilikiliana ny tena, ny fandavana hanaiky ny famelan'Andriamanitra (amin'ny alalan'ny famelana ny tenanao), ny toe-pahasoavana ny fahamarinana amin'ny alalan'ny renin'iJesosy sy olona mifandray amin'izany dia hihazona anao hivezivezy ao amin'ny efitra. Tsy maintsy havaozina ny sainao momba ny fijoroanao mahitsy miaraka amin'ny alalan'i Jesosy fa tsy amin'ny alalan'ny asanao.

Resy lahatra aho, taty aorian'ny asa fanompoana nandritra ny taona maro, fa eo eo amin'ny 85 isan-jaton'ny olontsika avy amin'ny

fomba hahatsapantsika ny momba ny tenantsika. Na iza na iza olona mandeha amin'ny fahamarinana ihany koa.

Fantatro fa tsy mendrika ny fitahian'Andriamanitra aho, nefa raisiko ihany na dia izany aza satria mpiaramandova amin'i Kristy aho (jereo Rom 8:17). Azony izany , ary azoko amin'ny fametrahana ny finoako Aminy.

Mpandova Sa Mpiasa?

> Ka dia tsy mpanompo intsony ianao (andevo) fa zanaka, ary raha zanaka (manaraka ny maha izy anao) dia mpandova koa noho ny ataon'Andriamanitra (amin'ny alalan'i Kristy).
>
> Galatiana 4:7

Zanaka ve ianao sa mpanompo – mpandova sa mpanompo? Ny mpandova dia izay mandry zavatra tsy avy amin'ny fahamendrehana, tahaka ny tany izay ampitaina avy amin'ny olona ira ho amin'ny hafa amin'ny alalan'ny didim-pananana. Ny mpanompo na mpiasa, amin'ny heviny ara-baiboly, dia olona iray ny lalàna. Ny teny dia milaza asa mavesatra sy fahasahiranana.

Nivezivezy nanodidina ny efitra aho nandritra ny taona maro amin'ny maha mpiasa, niezaka ny ho tsara mba ho mendrika izay tian'Andriamanitra omena ahy maimaimpoana amin'ny alalan'ny fahasoavany. Nanana toe-tsaina diso aho.

Voalohany dia nihevitra aho fa ny zavatra rehetra dia tsy maintsy tadiavina sy mendrika ny handray izany: "Tsy misy olona nanao na inona na ionone raha tsy nahazo tambiny". Nampianarina ahy izany foto-pampianarana izay nandritra ny taona maro. Reko niverimberina io hevitra io rehefa nihalehibe aho. Nambara tamiko fa na iza na iza te hanao zavatra ho ahy dia nandainga ary hanararaotra ahy.

Ny fo traikefa eto amin'izao tontolo izao dia mampianatra antsika fa tsy maintsy mendrika ny zavatra rehetra azontsika. Raha

te hanana namana isika, dia hilazana fa tsy maintsy hazonina ho faly mandrakariva izy no manilikilika antsika. Raha mila fisandratana amin'ny asa isika hoy ny olona rehetra, dia tsy maintsy mahalala ny olona mikarakara izany, manambitamby azy amin'ny fomba miavaka, ary angamba indray andro any dia hanana reziky ny hiakatra isika. Amin'ny fotoana maha tsotraka antsika amin'izao tontolo izao sy ny fombany rehetra, ny latsain'izany dia mipetraka ho mavesatra satria amintsika ary ilaina tokoa mba hakodia.

Ahoana No Fahitanao Ny Tenanao

> Ary nahita ny Nefilima [na olona goavam-be] teo izahay, dia taranaky ny anakita avy amin'ny Nefilima, ary teo imasony dia tahaka ny tsingatana izahay; ary toy izany koa izahay teo imasony.
>
> Nomery 13:33

Ny zanak'israely dia nanana io latsa io aminy. Ny zava-misy fa nanana fijery "negative" momba azy no hita eto fa amin'ity andiany ity. Folo amin'ireo mpitsikilo zay nirahina mba hisafo ny toy tany amin'ny Tany Kanana mialoha sy niampitan'ny firenena iray manontolo an'i Jordana dia niverina nilaza fa ny tany dia onenan'ny olona goavana be izay nahita azy toy izay eo imasony.

Izany dia mamela antsika hahalala izay heverin'ireo olona ireo ny momba azy.

Aoka ho tonga saina anie ianao fa satana dia hameno ny sainao (raha avela hanao izany) amin'ny karazana fisainana "negative" momba anao. Nanomboka izy tamin'ny voalohany nanangana fiarovana mafy tao an-tsainao, zavatra maro "negative" momba anao sy izay tsapan'ny olana momba anao.

Mandamina teo-javatra vitsy mandrakariva izy izay hahatsapanao fanilikiliana, ka hahafahana mamerina indray ny fagirifiriana ao amin'ny fahatsiarovana mandritra ny fotoana izay iezahanao handroso.

Ny tahotra ny tsi-fahombiazana sy ny fandikoliana dia mihazona ny olona ao amin'ny efitra. Ny maha mpanompo tany Egypta nandritra ny taona maro ary ny niainana ny fitondrana henjana dia namela latsa teo amin'ny Israelita. Mahaliana ny manamarika fa tsy misy tamin'ny ankamaroan'ny taranaka indray nihira izay nivoaka niaraka tamin'i Mosesy tafiditra ny Tany Kanana. Ny zanany no niditra tao. Na izany aza Andriamanitra dia nilaza taminy fa tsy maintsy nanakodia ny latsa avy taminy.

Ny ankamaroany dia teraka tany an'efitra rehefa avy niala an'i Egypta any ray aman-dreniny. Ahoana no mety nanenenany ny nilatsahan'i Egypta teo aminy nefa izy tsy niaina tao akory?

Ny zavatra izay teo amin'ny ray aman-dreninao dia mety niampita taminao. Ny môdelina teo-po, fisainana ary fitondran-tena dia mety holovana. ny toe-tsaina diso izay nananan'ny ray aman-dreninao dia mety ho lasa toe-tsainao. Ny fomba isainanao ny zavatra resamy dia mety nampitaina taminao, eny ianao aza tsy mahalala hoe nahoana ianao no misaina toy izany.

Ny ray amandreny izay manana sary ratsy momba ny tena, toe-pon'ny tsy fahamendrehana sy ny toe-tsina "tsy –mendrika ny fitahian'Andriamanitra aho" dia mety nampita tokoa io toe- tsaina io amin'ny zanany.

Efa niresaka momba izay aza tany am-piadohan'ny boky, satria tena sehatra lehibe izany mamela ahy hilaza indray fa ilainao ny mahazo an-tsainao momba ny tenanao Andriamanitra dia vonona handray izany ianao. Izy dia tsy namely fitia ny olona tanteraka tsy manantsiny ary tsy mba diso mihitsy, fa ireo izay mametraka ny finoanany Aminy sy mahatoky Azy.

Ny Finoanao An'andriamanitra

Fa raha tsy amin'ny finoana dia tsy misy azo atao ahazaoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy [tena

> ilaina] mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy.
>
> Hebreo 11:6

Mariho azafady fa raha tsy amin'ny finoana dia tsy afaka manonona ahoana ny hamaroan'ny "asa tsara" atolotrao dia tsy ho sitrany izany raha natao mba "hahazoana" fitia avy Aminy.

Na inonao na inona ataontsika ho an'Andriamanitra dia tokony satria ilaintsika Izy, fa satria miezaka ny hahazo zavatra avy Aminy isika.

Ity Soratra Masina feno hery ity dia milaza fa Andriamanitra dia mpamaly soa ireo izay mazoto mitady Azy. Ravoravo aho rahafa farany nahita izany! Fantatro fa nanao fahadisoana maro aho tamin'ny lasa, nefa fantatro ihany koa fa nitady ny Tompo tamin'ny fahazotoana tamin'ny foko rehetra aho. Midika izany fa manana toetra tsara hahazoana valim-pitia aho. Nanapa-kevitra aho fotoana ela izay fa ho raisiko izay mety ho fitahiana tian'Andriamanitra hanana ahy.

Tian'Andriamaitra ny hitondra ny Israelita hiditra ny Tany Kanana ary hitahy azy mihoatra noho izay kisary an-tsain'ny efitra nananany, nefa tsy maintsy avy Aminy tamin'ny fomba mety izy raha mbola novesaran'ny henatra, ny kivy ary ny fahafaham-baraka.

Tsy Misy Tsiny

> Araka ny nifidianany antsika [ny marina notsongainy antsika mba ho Azy sy ho fananany] tao aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, ma ho masina (nohamasinina sy natokana ho Azy) sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika
>
> Efesiana 1:4

Soratra Masina mahafinaritra ity! Ao anatiny dia milaza amintsika ny Tompo fa Azy isika ary mandeha amin'izay iriny ho antsika fa tokony ho fantatsika fa tiany isika, miavaka, sarobidy ary ho masika, tsy misy tsiny.

Mazava ho azy, fa tokony hanao izay azontsika natao isika mba hiaina fiainana masina. Nefa isaorana Andriamanitra, fa rehefa manao fahadisoana isika, dia afaka ny ho voavela sy hatsangana indray ho amin'ny fahamasinana , atao indray ho tsy misy kianina sy tsy manantsiny – "ao Aminy" feno.

Tsy Misy Latsa Na Tsikera

> Ary raha misy ianareo, tsy manam-pahendrena aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka hoan'ny olona rehetra sady tsy mandatsa ary dia homena azy izany.
>
> Jakoba 1:5

Ity dia Soratra Masina mahafinaritra izay mampianatra antsika ny fandraisana avy amin'Andriamanitra tsy amin-datsa.

Fahoka dia vao niresaka teo aloha tamin'olona izay niharan'ny fankampanahy, ary ankehitriny izy dia nilaza aminy fa raha mila fahendrena izy eo amin'ny toe-javatra atrehany, dia tokony hangataka amin'Andriamanitra. Manome antoka azy Izy fa tsy handatsahana na hitsikerana azy – hanampy azy fotsiny Izy.

Tsy ho tafita ny efitra ianao raha tsy misy fanampiana be dia be amin'Andriamanitra.

Fa raha manana toe-po "negative" momba ny tenanao ianao, na dia rehefa miezaka manampy anao izy, dia tsy handray izany.

Raha maniry ny hanam-piainana feno fandresena, mahery, "positive" ianao dia tsy afaka ny ho "negative" momba ny tenanao. Aza mijery fotsiny hoe hatraiza ny farany lavitra handefasanao, fa hitranga ny farany lavitra nahatongavanao. Hevero fandrosoanao ary tsarovy ny filipiana 1:6 "ary matoky indrindra aho fa izany nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany manita-pitahian'ny andron'i Jesosy Kristy [amin'ny fotoana hetraka hiverenany]."

Aoka hisaina sy hiteny amin'ny fomba "positive" momba ny tenanao!

VAOVAO FARANY : Na dia nosoratana taona maro lasa aza ity boky ity, dia mbola resy lahatra mandrakariva aho fa ny fomba hahatsapantsika ny momba antsika dia mahakasika ny faritra rehetra eo amin'ny fiainantsika. Mety tsy tianao ny zavatra rehetra ataonao, nefa afaka tsy tokony hitia ny tenanao ianao. Nanapa-kevitra aho farany fa tena ampy ny nitiavan'i Jesosy ahy ka mety ho ahy Izy, fa ny kely indrindra azoko atao dia ny mitia ny tenako. Nahoana ianao no tsy hamihina ny tenanao ireo dieny izao ary miteny mafy hoe : "Noho izay nataon'i Jesosy, dia tiako ny vonona amin'ny fianam-baovao izay tiany hiovahako aho"

Toko

24

"Nahoana Aho No Tsy Hialona Sy Haniry Ny Hafa Rehefa Tsara Noho Izaho Ny Olona Rehetra"

Toe-tsain'ny efitra #9

“Nahoana Aho No Tsy Hialona Sy Haniry Ny Hafa Rehefa Tsara Noho Izaho Ny Olona Rehetra”

Toe-Tsaina efitra #9

Toko 24

Ao amin’ny Jaona 21, Jesosy dia niresaka tamin’i Petera momba ny zava-tsarotra izay hiaretany mba hanompoana sy hanomezamboninahitra Azy. Raha vao nilaza ireo zavatra ireo taminy Jesosy, dia nitodika Petera, nahita an’i Jaona, ary niaraka tamin’izay dia nanontany an’i Jesosy izay sitrapony ho azy.

Te hanana antoka antoka i Petera fa raha handalo fotoan-tsarotra izy amin’ny ho avy, dia tokony ho toy izany koa i Jaona.

> *“nahoana aho no tsy hialona sy haniry ny hafa rehefa tsara noho izaho ny olona rehetra”*
>
> *[I] Koa rehefa nahita azy [Jaona] Petera, dia hoy izy : Tompoko, inona no ho amin’ity lehilahy ity?*
>
> *Hoy Jesosy taminy : Raha tiako hitoetra izy (ho velona) mandra-pihaviko, ahoana izany ? [Raharahanao ve izany ?] fa manaraha Ahy ianao (I).*
>
> Jaona 21:21,22

Ho valin’izany, Jesosy dia nilaza tamin’i Petera tamim-panajana fa tsy misy raharahany izany.

Ny fisainana (manana ny sainao mipetraka) amin’ny raharahan’ny hafa, dia hihazona anao ao an’efitra.

Ny fialonana, faniriana ny hafa ary ny fampitahana antsaina ny tenanao sy ny toe-javatra atrehanao amin’ny hafa dia toe-tsain’ny efitra.

Tandremo Ny Fialonana Sy Fahamaimaizan-tsaina

[B] Ny fo mivonona no fiainan'ny nofo ; fa ny fahamaimaizan-tsaina dia mahalo ny taolana.

Ohabolana **14:30** [B]

Ny fahamaimaizan-tsaina dia mahatonga ny olona iray hitondra tena amin'ny fomba mafy sy toy ny jiolahim-boto, mety ho tahaka ny biby indraindray. Ny fahamaizan-tsina no mahatonga ny rahalahin'i Josefa hivarotra azy ho andevo. Halany izy satria tian'ny rainy loatra izy.

Raha misy olona ao amin'ny ankohonanao izay toa tian'olona noho ianao, aza mankahala io olona io. Matokia an'Andriamanitra ! ataovy izay asainy ataonao, matokia Azy fa hahita fitia ianao, ary hiafara tahaka an'i Josefa ianao, ho tahiana tokoa.

Ny Rakibolana Vine's Expostory Dictionary Of Glol and New Testament Work dia mamaritra fa ny teny Grika nadika ho famaimaizan-tsaina dia "fihetsehana ho fahasorisorenana Vokatry ny fahitana ny fanambinan'ny hafa". Ny fialonana dia faritan'i Webster ho "fihetsehana fahamaimaizan-tsaina, tahotra na fangidiana". Andohako io famaritana io ho tahotra ny ho very izay hanananao ka homena ny hafa, tsy fitiavana ny fahombiazan'ny hafa, ary amin'ny fahatsapana fahamaimaizan-tsaina.

Aza Mampitaha Sy Mifaninana

Ary nisy hoe fifandirana, tao aminy [toa] ny amin'izay anankiray aminy hatao lehibe. Ary hoy iJesosy taminy : Ny mpanjakan'ny Jentilisa mampanompo azy izay manapaka [manapaka toy ny emperôra – andriamanitra] azo na atao hoe mpanao soa.

> Fa tsy mba toy izany ianareo; fa izay lehibe aminareo dia aoka ho toy ny zandry, azy izay manapaka dia aoka ho toy ny mpanompo.
>
> Lioka **22:24-26**

Tami'izao mbola kely, dia nanana ady be tamin'ny fialonana, fahamaimaizan-tsaina, ary fampitahana aho. Izany dia toetran'ny tsy manan' antoka. Raha tsy manana antoka momba ny maha izy sy ny vidinao amin'ny maha olona manokana anao, dia mazava ho azy fa hifaninana amin'izay olona tia mahomby sy tsara fisainana ianao.

Ny hahalalana fa olona manokana aho (fa Andriamanitra manana drafitra tokana, ho ahy manokana hoan'ny fiainako) ary sarobidy tokoa; fahefana sarobidy no nomen'ny Tompo ahy. Manana antoka aho fa tsy ilaina mampitaha ny tenako (na ny fanompoko) amin'ny hafa.

Mahery mandrakariva aho fa misy fanantenana ho ahy rehefa mijery ny mpianatr'i Jesosy ary mahazo an-tsaina fa miady tamin'ny zavatra maro iadiko izy. Ao amin'ny Lioka 22 dia hitantsika ny mpianatra miady hevitra ny amin'izay lehibe indrindra amin'ireo. Jesosy dia namaly azy fa fitenenana fa ny lehibe indrindra ny marina dia izay te ho heverina ho kely indrindra na izay te ho mpanompo. Ny Tompontsika dia nandany fotoana betsaka tamin'ny fotoana ny mba hampianatra ny mpianany fa ny fiainana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia matetika mifanohitra tanteraka amin'ny fomban'izao tontolo izao na ny nofo.

Zavatra toy izao no nampianaran'i Jesosy : "Maro izay voalohany no ho farany, ary izay farany no ho lohany" (jereo Marka 10:31), "Mifalia miaraka amin'ireo izay vokatry" (jereo Lioka 15:6,9 KJV), "Tiavo ny fahavalonareo, ary mivavaha hoan'izay manenjika anareo" (jereo Mat 5:44). Hiteny izao tontolo izao fa fahadalana izany – nefa nolazain'i Jesosy fa tena hery.

Sorohy Ny Fifaninanana Araka Izao Tontolo Izao

Aoka isika tsy hanandran-tena foana tsy hifampihaiky sy hifampialona.

Galatiana 5:26

Aoka ny lamin'izao tontolo izao, ny toerana tsara indrindra dia ho alohan'ny olon-kafa rehetra. Ny fisainana tian'ny olona dia hihasa fa tokony hilaza fa tokony hiezaka ny ho tonga amin'ny tompony isika, tsy maninona na iza horatraitsika eo am-piankaran-tsika amin'ny avo. Fa ny Baiboly dia mampianatra antsika fa tsy misy fiadanana marina mandra-pahafahantsika amin'ny filàna ny hifaninana amin'ny hafa.

Na dia amin'izay heverina ho "kilalao fialam-boly" aza dia matetika hitantsika fa ny fifaninanana dia tsy mifandanja ka miafara amin'y fifandirana sy fifankahalana, fa tsy fialan-tsasatra sy fiarahana manana fotoana mahafinaritra. Amin'ny maha voajanahary, ny olombelona dia tsy milalao mba ho resy ; ny tsirairay avy dia hanao izay farany hainy. Fa rehefa misy olona tsy afaka ho faly amin'ny lalao raha tsy mandresy, dia tena manana olana izy – mety ho tena lalim-paka ka mahatonga olana hafa amin'ny rehetra maro eo amin'ny fiainany.

Tokony ho tena hanao ny tsara indrindra amin'ny asa isika, tsy misy maha-ratsy ny amin'ny faniriana hanao tsara sy handroso amin'ny asa nofidintsika. Nefa mampahery anao ho mba hahatsiaro fa ny fisandratana ho an'ny mpino dia avy amin'Andriamanitra fa tsy avy amin'olona. Izaho sy ianao dia tsy ilaina manao ny lalan'izao tontolo izao mba ho tonga ho alohany. Andriamanitra dia hanome antsika fitia Aminy sy ny hafa raha manao ny zavatra araka ny fombany isika (jereo ohab 3:3,4 KJV).

Ny Namako irery dia nomen'ny Tompo fanomezam-pahasoavana indray mandeha, zavatra izay ninoako ary niriko efa ela. Ankehitriny, izaho tsy mihevitra io namana io ho mifanakaiky amin'ny maha "ara-

panahy" aho, ary noho izany dia lasa tena nialona sy maniry azy aho rehefa tonga mientanentana manatona ny varavarana anoloana izy; nizara tamiko izay nation'Andriamanitra ho azy. Mazava ho azy, teo anatrehany, dia niseho ho faly taminy aho, nefa ny ao am-poko dia tsy toy izany.

Rehefa lasa izy, dia misy toe-po nandehandeha avy tao anatiko, izay tsy noheveriko fa tao anatiko! Ny marina tsy tiko ny nitahian'Andriamanitra azy satria heveriko fa tsy mendrika izany izy. Nefa jerena, izaho nijanona tao an-trano, nifady hanina sy nivavaka fa izy nivezivezy niaraka tamin'ny namany ary nifaly. Hitanao, "Izaho dia Fariseo", snaoby ara-pivavahana, ary tsy nahalala izany akory.

Andriamanitra dia mandamina ny tranga matetika amin'ny fomba iray tsy hofidintsika satria fantany izay tena ilaintsika. Nilainy aho niala tamin'ny toe-po ratsy bebe kokoa noho izay nilaiko na inona na inona izany izay ninoako. Zava-dehibe ho an'Andriamanitra ny mandamina ny toe-javatra hatrehantsika amin'ny fomba izay tsy maintsy ihatrehantsika azy. Rehefa tsy izany, dia tsy hahatsapa fahafana mihintsy isika.

Rehefa mbola afaka miafina ao amin'ny fanahintsika ny fahavalo, dia hanana hahabe na fampahana eo amintsika izy. Nefa rehefa asehon'Andriamanitra izy, dia eo an-dàlan'ny fahefahana isika, raha mametraka ny tanantsika eo an-tànan'Andriamanitra ary mamela Azy hanao faingana izay iriny hatao.

Andriamanitra dia efa nanao tanjona ho amin'ny fiainako, ny marina, fa ny fanompoana hotantanako dia tena lehibe ary hahatratra olona amina tapitrisa amin'ny alalan'ny onjam-peo sy ny fahitalavitra, aterineto, seminera, boky ary ny "chefonie" amin'ny endriny rehetra, voarakitra amin'ny feo sy ny sary nefa tsy hitondra ahy any amin'ny fahafenoan'izany Izy, raha tsy amin'ny haavo izay "nitombo" tao Aminy aho.

Manana Toe-tsaina Vaovao

> Ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie ianao, tahaka izay anambinana ny fehinao ihany.
>
> 3 Jaona 2

Hevero tsara ity soratra masina ity. Tian'Andriamanitra ny hitahy antsika mihoatra noho ny aniriantsika ny ho tahiana. Nefa tena tiany ihany koa isika ka tsy tahiana mihoatra ny fahaizantsiaka mitondra tsara ny fitahiana ary mitohy manome voninahitra Azy.

Ny fialonana sy fahamaimaizan-tsaina ary fampitahana ny tena amin'ny hafa dia toe-tsaina zaza.

An'ny nofo manontolo ireo ary tsy misy ifandraisany amin'ny zava-panahy. Fa ny fialonana no iray amin'ireo antony mahatonga ny fiainana any an'efitra.

Mariho ny fisainanao amin'ireo rehetra ireo. Rehefa fantatrao fa ny môdelin'ny fisainanao diso no manomboka mikoriana ao an-tsaina, dia miresaha kely amin'ny tenanao. Lazao amin'ny tenanao hoe "Inona no soa ho ahy raha mialona ny hafa aho? Tsy hitahiana ahy izany. Andriamanitra dia manana drafitra manokana ho antsika tsirairay avy, ary hanomboka hatoky Azy aho fa hanao ny tena tsara ho ahy Izy. Tsy reharehako izay fidiny mba hatao amin'ny olon-kafa." Avy eo mivavaha malalaka sy amin'ny finiavana ho azy mba ho tahiana mihoatra izy.

Aza matahotra ny ho tsotra amin'Andriamanitra momba ny fihetseponao. Fantany izay fihetseponao anie, noho izany dia afaka ihany koa ianao ny miresaka Aminy momba izany.

Nilaza zavatra tsy izao tamin'ny Tompo, "Andriamanitra ô ! mivavaha hoan'..... mba ho tahiana mihoatra mandrakariva. Ataovy ambinina izy, tahio amin'ny fomba rehetra izy. Tompo, mivavaka izany amim-pinoana aho. Ao amin'ny fanahiko, mahatsapa

ho mialona sy ambany noho izy aho, nefa "mifidy" ny anao izao araka ny fombanao aho na tiako na tsy tiako".

Vao tsy ela dia nandre olona iray aho niteny fa tsy maninona na tsara manao ahoana ny fahaizantsika manao zavatra, hisy olona hitsangana mandrakariva hahay izany tsaratsara kokoa. Nanena fiantraikany tamiko io fanambarana io satria fantatro fa marina. Ary raha marina izany, dia inona no tanjon'ny fitolomantsika mandritran'ny fiainantsika iray manontolo mba hialoha ny olona rehetra? Raha vao voalohany isika, dia hisy olona hifaninana amintsika ary na ela na ho haingana io olona io dia hiseho ho mahery manao izay haintsika ho tsaratsara bebe kokoa noho izay haintsika.

Hevero ny amin'ny fanatanjahantena, toa tsy mampaninona izay "record" vitan'ny atleta, hisy atleta hafa hanamontsana izany. Manao ahoana ny momban'ny sehatry ny fialam-boly? Ny kintana ankehitriny dia fara-tampony mandritra ny fe-potoana ary avy eo olon-kafa indray no tonga maka ny toerany. Fitaka mahatsiravina manao ahoana ny fiheverana fa tsy maintsy mitolona ny ho alohan'ny olon-kafa rehetra isika- ary avy eo miady mbda hitoetra eo. Ny tombam-bidintsika dia tsy miorina amin'izay ataontsika, fa amin'ny zava-misy fa Andriamanitra dia antsika ary naniraka ny zanany lahy tokana mba ho faty ho antsika.

Nolazain'Andriamanitra tamiko efa ela izay ny hahatsiaro fa ny "tain-kintana" dia mikodia haingana ary manintona be, nefa fohy ihany ny fotoana handalovany. Amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia mianjera faingana tahaka ny niakarany Izy. Nilaza tamiko izy fa tsaratsara bebe kokoa no eo ho an'ny dia lavitra ezaka – mihazona ary manao izay asainy ataoko amin'ny fahaizako tsara indrindra. Nanome antoka ahy Izy fa hikarakara ny lalako. Ny anjarako, dia ny manapa-kevitra fa izay tiany ataoko sy maha-izaho aho dia mety amiko. Nahoana? Satria fantany izay haiko raisina an-tànana tsaratsara kokoa noho izay fantatro.

Angamba efa nanana fiarovana mafy ara-tsaina efa ela teo amin'io ianao. Isak'izay mifanena amin'olona iray izay ka lasa aloha kely anao ianao, dia mahatsapa ho mialona, maniry azy, na maniry ny hifaninana amin'io olona io. Raha izany dia mampahery anao aho mba hanova teo-tsaina vaovao. Tsarovy mandrakariva fa ny maha lasa aloha anao amin'olona iray dia tsy mahatonga anao ho sarobidy kokoa anao amin' Andriamanitra noho izay efa maha izy anao.

Ataovy faly amin'ny hafa ny sainao ary matokia an'Andriamanitra amin'ny tenanao manokana. Mila fotoana izany ary faharatana, fa rehefa rava ilay fiarovana mafy efa ela ara-tsaina ary nosoloina ny tenin'Andriamanitra, dia eo an-dalam-pivoahana amin'ny efitra ianao ary miditra ao amin'y tany Kanana.

Toko

25

"Hanao Araka Izay Tiako Aho Na Tsy Hanao Na Inona Na Inona"

Toe-tsain'ny efitra #10

"Hanao Araka Izay Tiako Aho Na Tsy Hanao Na Inona Na Inona"

Toe-Tsaina efitra #10

Toko 25

Nampiseho fahamafisan-doha be ny zanak'Israely sy fikomiana nandritra ny diany tany an'efitra. Izany no antony marina mahatonga azy maty tany. Tsy niteny tsotra izao izay nolazain'Andriamanitra mba hasainy! Miantso an'Andriamanitra izy mba hamonjy azy amin'ny olana rehefa tsy mahomby. Namaly ny toro-lalany tamim-pankatoavana izy – mandra-piovan'ny toe-javatra. Avy eo, dia tsy mitsahatra, miverina amin'ny fikomiana.

[I] Mba hametraka ny fanantenany amin'Andriamanitra Ka tsy hanadino ny asany, Fa hitandrina ny didiny Mba tsy ho tahaka ny razany, Izay taranaka miditra sy miodina izy, Dia taranaka izay tsy nampiomana ny fony, Fady tsy marina tamin'Andriamanitra ny fanahiny [I]

SALAMO 78:7, 8

Io faribolana tsy miova io dia miverimberina sy voarakitra imbetsaka ao amin'ny Testamenta taloha ary saiky tsy mampino izany. Anefa, raha tsy mandeha amim-pahendrena isika, dia handany ny fiainantsika hanao zavatra tsy miova.

Heveriko fa ny sasany amintsika amin'ny maha voajanahary dia mafy loha tokoa sy mikomy noho ny hafa. Ary avy eo, mazava ho azy, dia tsy maintsy mihevitra ny fototra nainantsika isika sy ny fomba nanombohantsika amin'ny fianarana, satria izany dia miantraika amintsika ihany koa. Izaho teraka niaraka tamin'ny toetra mahery ary marina fa nandany taona maro niezaka ny hanao ny zavatra araka ny tiako "na manao ahoana izany. Nefa ny taona izay laniko noararaotina sy nanjakazakaina – niompy ilay toetra mahery – niaraka amin'ny fampitomboana ny toe-tsaina fa tsy misy olona afaka nilaza tamiko izay hataoko."

Mazava ho azy, fa Andriamanitra mantsy miasa amin'io toe-po ratsy io mialoha ny nahafahana nampiasa azy.

Ny Tompo dia mandidy mba hianatra ny hiala amin'ny fombantsika isika ary ho "souple" sy azo volavolaina eo an-tànany. Raha mbola mafy loha sy mikomy isika, dia tsy afaka mampiasa antsika Izy.

Faroko ny mafy loha ho dinihina: Sarotra entina na hiaraha miasa, ary ny mikomy dia fanoherana ny fanapahana, fanoherana fanitsihana, tsy tan-dalàna, fandavana ny fanarahana sy toro-lalana mahazatra. Ireo fanamaritana ireo dia nilaza ny toetrako taloha!

Ny fanararaotana nampijaly ahy teo aloha dia nahatonga teo-po tsy voalanjalanja tamin'ny fahefana. Nefa araka ny nolazaiko teo aloha tato amin'ny boky, izao dia tsy afaka namela ny lasako ho lasa fialan-tsiny mba hijanonako ho voafandrika ao amin'ny fikomiana na zavatera hafa. Ny fiainam-pandresena dia mitaky fotoana eo noho eo sy marina ny Tompo. Mitombo amin'ny fahaizantsika isika sy ny finiavana hametraka an-jorony ny sitrapontsika ary hanao ny Azy. Tena ilaina isika hitohy handroso eo amin'io sehatra io.

Tsy ampy ny mahatratra haavo iray ary mihevitra hoe "Efa nandeha araka izay farany lavitra tokony halehako aho". Tsy maintsy mankato amin'ny zavatra rehefa isika – fa tsy mijanona any aoriana na mihazona varavarana eo amin'ny fiainantsika mba hikatona hoan'ny Tompo. Isika rehetra dia manana sehatra "sasany" izay nifikirantsika araka izay mety nefa mampahery anao aho mba hahatsiaro fa ny leviora kely dia mahasirasira ny vongany iray manontolo (jereo 1Kor 5:6).

Tian'andriamanitra Ny Mankato, Fa Tsy Ny Fanatitra

Fa hoy Samoela: tamin'ny Koly Mpanjaka: Sitrak'i Jehovah moa ny fanatitra dorana sy fanatitra hafa ohatra ny mihoatra noho ny mihaino ny feon'i Jehovah?

> He! Ny manaraka ho tsara noho ny fanatitra ary ny mihaino no tsara noho ny femboran'ny ondrikely.
>
> Fa ny midina dia toy ny heloka amin'ny fankatoavana ary ny ditra dia toy ny manompo sampy sy tarafina (sady mitondra vintana ao an-tokantrano). Satria nandà ny tenin'i Jehovah ianao dia nolaviny tsy ho mpanjaka kosa.
>
> 1 Samoela 15:22, 23

Ny fijerena ny fiainan'ny Paoly dia mampiseho amintsika amin'ny fomba velona fa nomena fahafahana ny ho mpanjaka izy. Tsy nihazona ny toerany ela izy.

Nohon'ny fahamafisan-doha sy ny fikomiana.

Nanana ny heviny manokana momba ny zavatra izy.

Indray mandeha Samoela mpaminany dia nanitsy an'i Paoly noho ny tsy nanaovany izay toro-lalana mbe fatany, ny famalian'i Paoly dia hoe "Dia hoy izaho hoe". Avy eo izy dia nitohyy naneho ny heviny ny amin'ny fomba noheveriny tokony hanaovana ny zavatra. (jereo 1 Samoela 10:6-8; 13:8-14). Ny valin-tenin'i Samoela tamin'i Paoly mpanjaka dia sitrak'Andriamanitra ny mankato noho ny fanatitra. Rehefa "mihevitra be loatra isika, dia mandamina ny làlantsika ho ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra".

Matetika, dia tsy te hanao izay angatahan'Andriamanitra isika, ary avy eo manandrana manao zavatra mba hanoherana ny tsi-fankatoavantsika.

Firy ny zanak'Andriamanitra no tsy mahomby mba "mba hanjaka eo amin'ny fiainana" (Rom 5:17, jereo Apok 1:6 KJV) noho ny hamafisan-dohany sy ny fikomiana?

Ny savalàlana amin'ny bokin'ny Mpitoriteny ao amin'ny "Bible Amplifiée" dia milaza hoe: "Ny tenin'ity boky ity dia ny hanadihady ny fiainana iray manontolo ary hampianatra amin'ny fiafaran'ny

fandinihana fa ny fiainana dia zava-poana raha tsy misy fanajana sy fiankohonana mety ho an'Andriamanitra."

Tsy maintsy azontsika fa raha tsy misy fankatoavana dia tsy misy fanajana sy fiankohofana mety. Ny fikomiana asehon'ny ankizy maro ankehitriny dia noho ny tsy fahampiana'ny fanajana sy fanaovana ny Ray aman-dReny ho ekena. Izany matetika no fahadisoan'ny Ray aman-dReny satria tsy niavona fiainana izay hitarika fanajana sy fanekena izy teo imason'ny ankizy izy.

Ny ankamaroan'ny manam-pahaizna dia manaiky fa nosorantan'i Solomona Mpanjaka ny bokin'ny Mpitoriteny, nomena fahendrena nihoatra izay mety ho lehilahy izy. Raha nanam-pahefana be Solomona, ahoana no mety nanaovany fahadisoana mampalahelo teo amin'ny fiainany? Tsotra ny valiny: mety misy manana zavatra nefa tsy mampiasa azy. Manana ny sain'i Kristy isika, nefa mampiasa izay mandrakariva ve isika? Jesosy dia natao fahendrena avy amin'Andriamanitra ho antsika nefa mampiasa fahendrena mandrakariva ve isika?

Solomona dia te handeha amin'ny làlany manokana sy hanao izay tiany. Nandany ny fiainany izy niezaka aloha hanao zavatra iray ary avy eo zavatra hafa. Nanana na inona na inona zavatra sy ny zavatra rehetra izay azon'ny vola novidiana sy tsara indrindra.

Tamin'ny fahafinaretan'izao tontolo izao nefa izao no nolazaina tamin'ny fiafaran'ny boky:

> Ary rehefa izany rehetra izany, dia izao no faran'ny teny: Andriamanitra no atolory [hajao Izy ary miankofa Aminy, amin'ny fahalalana hoe Iza Izy] ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra [ny tanjona feno, volohany hoan'ny zavaboahariny, ny antony fiheveran'Andriamanitra sy fototry ny toetra, ny fototry ny fahasambarana rehetra, ny fanitsiana ny tsi-fitondrana rehetra amin'ny toe-javatra sy ny fepetra eo ambanin'ny masoandro].
>
> MPITORITENY **12:13**

Mamelà ahy hilaza izany amin'ny fiteniko manokana izay azoko avy amin'ity Soratra Masina ity:

Ny tanjona feno an'ny olona zavaboahary dia ny fanajana sy ny fiankohofana amin'Andriamanitra amn'ny alalan'ny fankatoavana Azy. Ny toetra rehetra araka an'Andriamanitra dia tsy maintsy miorompaka amin'ny fankatoavana izany no fiorenan'ny fahasambarana rehetra. Tsy misy olona mety ho tena sambatra mandrakariva raha tsy mankato an'Andriamanitra. Na inona na inona zavatra eo amin'ny fiainantsika mety ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra dia ho entina hahitsy amin'ny alalan'ny fankatoavana. Ny fankatoavana no andraikitra feno an'ny olona.

Amiko dia Soratra Masina mahate ho tia io, ary mampahery anao aho mba hitohy hianatra azy ianao manokana.

Fankatoavana Sy Tsi-fankatoavana Samy Manana Vo Izany

> Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan'ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan'ny Anankiray.
>
> Romana **5:19**

Ny safidintsika hankato sy tsy hakanto dia tsy miantraika amintsika fotsiny, fa amin'ny olon-kafa maro be. Hevero fotsiny izao: raha nankato an'Andriamanitra niaraka tamin'ny vava miteny ny zanak'israely dia ho nanao ahoana no nahatsara kokoa ny fiainany. Maro tamin'izy ireo sy ny zanany no mety tany an'efitra satria tsy nanaiky ny làlan'Andriamanitra. Ny zanany dia voakasika ny fanapahan-keviny, ary toy izany koa ny antsika.

Vao tsy ela izay, ny zanako lahy matoa dia niteny hoe: "Neny, manan-javatra holazaiko aminao aho, eny mety hitomany aho, nefa henoy aho". Dia nitohy niteny izy hoe: "Nieritreritra anao sy Dada aho ary ny taona laninareo tamin'ity fanompoana ity, ary ny fotoana

rehetra nofidianareo mba hankato an'Andriamanitra sy ny tsy maro mandrakariva ny zavatra rehetra ireo. Tsapako, very, fa ianao sy Dada dia nandalo zavatra tsy fantatry ny olona, ary tiako ho fantatrao fa androany maraina Andriamanitra dia nahatonga saina ahy fa nandray tombontsoa lehibe avy tamin'ny fankatoavana aho, ary mankasitraka izany."

Izay nolazainy dia nidika zavatra betsaka tamiko, ary nampahatsiaro ahy ny Romana 5:19.

Ny fanapahan-kevitra hankato an'Andriamanitra dia mahakasika ny olon-kafa, ary rehefa manapa-kevitra ny tsi-hankato an'Andriamanitra ianao, dia mahakasika ny hafa ihany koa izany. Mety tsy mankato an'Andriamanitra sy misafidy ny hitoetra any an'efitra ianao, nefa ataovy ao an-tsaina azafady fa raha manan-janaka ianao ankehitriny na hanan-janaka, ny fahapahan-kevitrao dia hihazona azy any an'efitra miaraka aminao. Mety ho afaka mivoaka izy rehefa lehibe, nefa afaka manome antoka anao aho fa handoa ny vidiny izy noho ny tsi-fankatoavanao.

Ny fiainanao dia mety ho tsaratsara kokoa an-kehitriny raha nisy olona tamin'ny lasa nankato an'Andriamanitra.

Ny fankatoavana dia zavatra mahatratra lavitra: manakatona ny vavahadin'ny helo sy mamoa ny varavaran'ny lanitra.

Afaka manoratra boky iray manontolo momban'ny fankatoavana aho, nefa ankehitriny dia te hampisongadina aho fa ny fiainana tsi-fankatoavana dia vokatry ny fisainan-diso izay mitarika amin'ny sekoly diso.

Mamabo Ny Hevitra Rehetra Hanaiky An'i Kristy

Fa tsy avy amin'ny nofo [fiadian'ny nofo aman-drà] ny fidian'ny tafikay fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy.

> [Satria] Fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana [marina] an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra hanaiky an'i Kristy (Ny Mesia, ilay Voahosotra)
>
> 2 Korintiana **10:4,5**

Ny fisainantsika no mitondra antsika amin'ny olana matetika.

Ao amin'ny Isaia 55:8 ny Tompo dia milaza hoe: "Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo, ary ny làlanareo kosa tsy mba làlako." Tsy maninona izay mety heveriko sy heverinao, Andriamanitra dia nanoratra ny fisainany ho antsika tao anatin'ny bokiny antsoina hoe Baiboly. Tsy maintsy misafidy ny hijery ny fisainantsika amin'ny fahazavan'ny Tenin'Andriamanitra, vonona mandrakariva ny hampanaiky ny fisainantsika amin'ny fisainany, mahalala fa ny Azy no tsara indrindra.

Izany marina ny hevitra asongadina ao amin'ny 2 Koritiana 10:4,5. Jereo izay ao an-tsainao. Raha tsy mifanaraka amin'ny fisainan'Andriamanitra izany (Ny Baiboly), dia apetraho ny fisainanao ary hevero ny Azy.

Ny olona miaina amin'ny fahafoanan'ny sainy dia tsy mandrava ny tenany fotsiny, fa matetika loatra, mitondra faharavana amin'ny hafa manodidina izy.

Mandresy ao amin'ny saina!

Eo amin'io sehatry ny saina io no handresenao na aharesena amin'ny ady izay alefan'i Satana. Ny tena vavaka ao am-poko dia ity boky ity dia hanampy anao amin'ny fametrahana ny sary an-tsaina, sy ny zavatra avo rehetra izay antsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy.

Bibliôgrafia

Strong, James. Strong's New Exhaustive Concordance of the Bible. Nashville: Thomas Nelson, 1984.

Vine, W.E.; Unger, Merrill; White, William, Jr., eds. Vine's Expository Dictionary of Biblical Words. Nashville: Thomas Nelson, 1985.

Vine, W.E. Vine's Expository Dictionary of Old and New Testament Words. Old Tappan, NJ: Fleming H. Revell, 1981.

Webster's II New Riverside University Dictionary. Boston: Houghton Mifflin Company, 1984.

Momba ny Mpanoratra

Joyce Meyer, iray amin'ireo mpampianatra lehibe amin'ny fampianarana ny Baiboly maneran-tany, nampianatra ny Tenin'Andriamanitra hatamin'ny 1976 ary nanao asa fanompoana matihanina hatramin'ny 1980. Mpanoratra nanana boky lafo betsaka araka ny New York Times, efa nanoratra boky azo anovozana tolo-tsaina eo eo amin'ny sivifolo, ao amin'izay Power Thoughts, 100 Ways to Simplify Your Life, ny ankohonan'ny boky.

Mandresy ao amin'ny foana iray manontolo, ny fanaovany tantara noforonina voalohany tamin'ny The Penny, ary maro hafa. Namoaka fampianarana amina arivony voarakitra tamin'ny horonam-peo izy. Videotheque feno. Ny fandaharan'i Joyce Enjoying Everyday Life amin'ny onjam-peo sy ny fahitalavitra dia haparitaka manerana izao tontolo izao, ary mandeha be amin'ny fanaovana kaoferansa. Joyce sy ny rangahy vadiny, Dave, dia ray aman-drenin'ny ankizy lehibe efatra ary monina any St Louis, Missouri.

Vavaka famonjena

Tia anao Andriamanitra ary te hanana fifandraisana manokana aminao Izy. Raha toa ka mbola tsy nandray an'I Jesosy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy anao ianao, dia afaka ataonao izany izao. Sokafy fotsiny ny fonao ho Azy ary ataovy izao vavaka manaraka izao …

"Ray ô, fantatro fa nanota taminao aho. Mamindra fo amiko. Sasao ho madio aho. Mampanantena aho fa hahatoky an'I Jesosy, ilay Zanakao. Mino aho fa maty ho ahy Izy –Maty Izy teo amin'ny hazofijaliana noho ny amin'ny fahotako. Mino aho fa natsangana tamin'ny maty Izy. Ankiniko amin'I Jesosy ny fiainako manomboka izao.

Misaotra Ray ô ny amin'ny famelan-keloka sy ny fiainana mandrakizay izay fanomezana avy Aminao. Ampio aho hiaina ho Anao. Amin'ny anaran'I Jesosy, Amena"

Satria ianao nivavaka tamin'ny fonao, Andriamanitra dia nandray anao, nanadio anao ary nanafaka anao ny amin'ny fangejan'ny fanahin'ny fahafatesana. Manokana fotoana hamaky sy hianatra ireo andalan-tsoratra masina ary angataho Andriamanitra hiteny aminao satria Izy dia miaraka aminao amin'izao lalam-baovao izay diavinao eo amin'ny fiainanao izao.

Jaona 3:16	1 Koritiana 15:3-4
Efesiana 1:4	Efesiana 2:8-9
1 Jaona 1:9	1 Jaona 4:14-15
1 Jaona 5:1	1 Jaona 5:12-13

Mivavaha ary mangatàha amin'Andriamanitra mba hahita fiangonana tsara izay tena miorina amin'ny tenin'Andriamanitra mba hampahery anao hitombo amin'ny fifandraisana amin'ny Kristy. Andriamanitra dia miaraka aminao hatrany. Hitarika anao isan'andro Izy ary haneho anao ny fomba fiaina ilay fiainana be dia be izay efa nomaniny ho anao!